# IREO ALIN’I PISHÂWAR

**(BOKY FAHAROA)**

# FAMPIDIRANA

Entina hisorohana ny fahatevenan'ny boky havoaka dia heverinay fa hanamora kokoa ny fampiasana azy, ny hitsinjarana an'ity boky nampitondraina lohateny hoe: **"Ireo Alin'i Pishâwar"** ity ho fitambaram-boky anankitelo; fa natao amin'ny fomba ahafahan'ny mpamaky hahazo sy hamaky ny boky tsirairay mba tsy hifampiankina akory amin'ireo boky anankiroa hafa namany.

**Ity boky faharoa ity** dia mamelabelatra ireo ady hevitra samihafa an-tsoratra izay ahitana ny tsy fitovian-kevitr'ireo **"Chiites"[1]** sy ireo **"Sunnites"[2]**. Indraindray izy dia mamelabelatra ireo lohahevitra izay efa natomboka tao amin'ilay boky voalohany, na izay mbola hiresahana sy hiadian-kevitra ao amin'ny boky fahatelo. Ireo lohahevitra samihafa ireo dia noresahina nanomboka tamin'ny fivoriana fahenina sy fahafito ary fahavalon'ny lahadinika, ka ny ventin-kevitra tamin'izany indrindra no holazaina ato amin'ity boky ity.

Arak'izany, ity boky **"Ireo Alin'i Pishâwar"** ity dia miendrika fifanakalozan-kevitra vita an-tsoratra nifanaovan'ireo manam-pahaizana "sunnites" tetsy andaniny, sy Sayyed Mouhammad al-Mousawî Shîrazî izay manam-pahaizana vao 31 taona, nonina tao Iran no tetsy ankilany. Izany lahadinika izany dia naharitra nandritra ny folo alina izay notanterahina tao Pishâwar ao India, nanomboka tamin'ny faha-27 Janoary 1927. Ireo fifanakalozan-kevitra izay natao dia fakan-tahaka iray tokoa teo amin'ny fifanajan'ny andaniny sy ny ankilany. Fa na dia teo aza ny hamafin'ny ady hevitra sy ny fisian'ireo olona miisa 200 nanatrika izany, dia tsy nisy teo amin'izy ireo akory ny fandikana ny fitsipi-

---

[1] Teny frantsay nadikana ny teny arabo hoe شِيعَة «Chy'at » izay midika hoe « Mpanara-dia » ka entina iantsoana ny mpino silamo mpanaraka ny antokom-pinoana islamika tarihin'ireo Olomasina Fianakavian'ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s) izay fantatra amin'ny anarana hoe « Ahl-oul-Bayt(a.s) ».

[2] Teny frantsay avy amin'ny teny arabo hoe أهل السنّة « Ahl-ous-sounnat », izay entina iantsoana ny mpino silamo ao anatin'ny vondron'antokom-pinoana islamika izay lazaina fa mpandala ny سنّة « sunna » na ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s).

pitondrantena. Hita niharihary tanteraka ny fahombiazan'ilay lahadinika, fa nony tamin'ny faran'ny fifanakalozan-kevitra dia manam-pahaizana "sunnite" iray sy manam-boninahitra hafa miisa dimy izay anisan'ireo nanatrika izany no nanambara ampahibemaso ny fanarahan'izy ireo ny antokom-pinoana tarihin'ireo Olomasina "**Ahl-oul-Bayt(a.s)**".

Ny hany fepetra tokana napetraka mialoha ho an'ity fifanakalozan-kevitra ity dia ny mba tsy handraisana porofo avy amin'ireo boky izay tsy ankasitrahan'ireo antokom-pinoana roa tonta. Ny resaka nifanaovana moa dia natao tamin'ny fiteny persianina, izay fiteny matetika fampiasa tao an-tanànan'i Pishâwar. Mpanao gazety efatra no nandray izany an-tsoratra ka navoaka tamin'ny gazety iray, avy eo dia natonta ho boky tao Téhéran[3]. Taty aoriana, izany boky izany dia lasa foto-pampianarana. Izao fandikana an'ity boky ity izao dia niainga avy tamin'ilay boky natonta faninefany tao Téhéran tamin'ny taona 1971 izay fotoana nahafatesan'i Soultân-oul-Wâ'izîn, teo amin'ny faha-75 taonany (Allâh anie hanazava ny endriny!).

Na dia tampoka aza ny nanaovana izany fifanakalozan-kevitra izany, dia hita taratra hatrany ny fananan'i Soultân-oul-Wâ'izîn Chirâzî[4] fahaizana lehibe, izay nahatonga ireo fifanakalozan-kevitra voarakitra an-tsoratra ireo ho natao fakana porofo antsipiriany avy amin'ireo boky "sunnites" an-jatony izay tsy dia malaza loatra, kanefa manaporofo ny fahamarinan'ireo fototra iorenan'ny finoana "chiite".
Arak'izany, dia maro ireo porofo noraisina avy amin'ny antokom-pinoana "Hanafite" izay notarihin'i Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî, sy avy amin'ny antokom-pinoana "Chafi'ite" notarihin'i Sibt Ibn al-Jawzî al-Châfi'î, sy ny hafa koa.

---

[3] Anaran'ny renivohitr'i Iran amin'izao fotoana izao.
[4] Ara-bakiteny izany anarana izany dia midika hoe : « Lehiben'ireo mpitory ara-pinoana ao Chiraz ».

## FIVORIANA FAHENINA

(Ny alin'ny Talata faha-28 Rajab 1345H[5].)

### Fizarana voalohany

Atoa Ghoulâm Imâmain izay mpivarotra "sunnite" iray manana ny maha-izy azy, dia tonga nialohan'ny filentehan'ny masoandro mihitsy mba hanatrika ilay fivoriana. Nilaza ny antony nahatongavany izy. Nolazainy fa izy sy ireo hafa sasany dia tena voasarika mafy tokoa tamin'ireo famelaberan-kevitra izay nataon'i Chirâzî. Izay nandrenesany ihany koa ireo zavatra maro, mbola tsy fahenony teo aloha. Izy sy ireo "sunnites" sasany ireo moa dia efa nanana fifandiran-kevitra tamin'ny manam-pahaizan'izy ireo izay tsy afaka nanohitra akory ireo porofo nentin'i Chirâzî, fa ny mampalahelo dia ny fiziriziriany nitazona hatrany ireo heviny. Tamin'ny fotoam-pivavahana "Maghrib", Atoa Ghoulâm Imâmain dia nanatanteraka ireo fanompoam-pivavahana "Maghrib" sy "'Ichâ" nitambatra izay notarihin'i Chirâzî. Rehefa nihamaro ny olona tonga, dia raikitra ny ady hevitra izay niatomboka tamin'ny alalan'ny fanamarihana nolazain'i Nawwâb Sâhib.

**Nawwâb**: Sitrakao ve ny hanohizana indray ny fifanakalozan-kevitra izay natao omaly hariva? Ny fanazavana ilay andinin-tsoratra masina[6] iny anie ka mbola tsy vita e!

**Chirâzî**: (Nitodika tany amin'ireo manam-pahaizana "sunnites" izy ka namaly nanao hoe:) Raha toa ka mamela ahy hanao izany ianareo!

**Hâfiz**: (Somary nampiseho fahasosorana izy no niteny nanao hoe:) Tsy misy olana fa raha mbola misy zavatra ho lazainao dia vonona ny hihaino izahay.

**Chirâzî**: Efa nazavaiko taminareo omaly hariva teo amin'ny lafiny fitsipi-pitenenana fa tsy marim-pototra ireo fanazavana nataon'ireo

[5] Nifanandrify tany ho any amin'ny daty faha-01 Februoary 1927.

[6] Kor'âny 9/40 : فَأَنزَلَ اللَّهُ سَكِينَتَهُ عَلَيْهِ « Fa narotsak'i Allâh ny fahatoniany teo aminy ».

mpamakafaka ny Kor'âny sasany izay milaza fa io andininy io no manaporofo amin'ny fanendrena ny "khalîfat"[7]. Fa ankehitriny kosa dia hanazava izany aminareo amin'ny lafiny hafa indray aho.
Cheikh Abdous-Salam moa omaly hariva dia nanazava fa misy voninahitra efatra no voalaza ao amin'io andininy io. Araka ny fiheverany, ireo voninahitra ireo no manambara, fa io andininy io dia milaza ankolaka an'ireo "khalîfat" efatra nifandimby, indrindra koa fa voalazan'io andininy io rahateo ny filaharan'izany fifandimbiasan'ireo "khalîfat" efatra[8] ireo izany. Izao àry ny valinteniko mikasika izany:
Voalohany, ireo mpamakafaka ny Kor'âny izay mendri-pitokisana dia tsy mba nilaza toy izany mihitsy momba ny fanazavana an'io andininy io. Ankoatr'izany, dia tokony ho fantatrao fa ny voninahitra omena ny olona iray dia tsy misy dikany raha toa ka tsy mifanaraka amin'ny tena toetrany akory izany. Raha dinihintsika amin'ny fo tsy miangatra tokoa mantsy ireo zava-niseho dia ho tsapatsika fa Imâm 'Alî(a.s) irery ihany no manana an'ireo voninahitra voalazan'io andininy io. Fa ireo voninahitra ireo dia tsy mifanaraka velively amin'ny toetran'ireo olona izay nolazain'ny Cheikh Sâhib.

**Hâfiz**: Ireo andinin-tsoratra masina izay efa notaterinao teto fa milaza momba an'i 'Alî(a.s) ve dia mbola tsy ampy? Izao ianao dia mbola te hilaza aminay ihany koa amin'ny alalan'ny fahaizanao miresaka, fa ity andinin-tsoratra masina ity dia nampidinina mba hanome voninahitra hatrany an'i 'Alî(a.s)?

Andininy miisa 300 manome voninahitra an'ny Imâm 'Alî(a.s).

**Chirâzî**: Tsy milaza lainga akory aho mikasika ireo andininy ao amin'ny Kor'âny masina izay manome voninahitra an'ny Imâm 'Alî(a.s); fa sao dia diso hevitra ianareo. Hodianareo tsy fantatra ve fa ireo mpamakafaka ny Kor'âny tena malaza sy ireo boky azo antoka izay nangonin'ireo manam-pahaizanareo ihany no manambara ny isan'ireo andininy izay manome voninahitra an'ny Imâm 'Alî(a.s) ao amin'ny

[7] Mpitondra ny vahoaka silamo taorian'ny nahafatesan'ilay Mpaminany Mohammad(s.a.s).
[8] 1° khalîfat Abou Bakr, 2° khalîfat 'Omar, 3° khalîfat 'Othmân, 4° khalîfat 'Alî

Kor'âny masina? Koa amin'ny fomba ahoana no ahafahanareo milaza izany, ho hevitra avy aty amiko samirery? Hâfiz Abou Na'îm al-Isfahânî mpanoratr'ilay boky mitondra lohateny hoe: "**Mâ nazala min-al-Qour'ân fî 'Alî**"[9] sy Hâfiz Abou Bakr Chirâzî mpanoratr'ilay boky antsoina hoe: "**Nouzoul-oul-Qour'ân fî 'Alî**"[10], fa angaha izy ireo "chiites"?

Ireo mpamakafaka lehibe momba ny Kor'âny toa an'ny imâm Tha'labî sy Jalâl-oud-Dîn Souyoutî sy Tabarî sy ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî ary ireo manam-pahaizana ambony hafa toa an'Ibn Kathir sy Mouslim sy Hâkim sy Tirmizhî sy al-Nisâî sy Ibn Mâja sy Abou Daoud sy Ahmad Ibn Hanbal ka hatramin'ilay mpitompo teny fantatra Ibn Hajar izay nanangona ao amin'ny bokiny antsoina hoe "Sawâ'iq" ireo andinin'ny Kor'âny masina manome voninahitra an'ny Imâm 'Alî(a.s) , moa ve "chiites" avokoa izy ireo?

Ny sasany amin'ireo manam-pahaizanareo ireo, toa an'i Tabarî sy Mouhammad Ibn Youssouf al-Ganjî al-Châfi'î ao amin'ny fiandohan'ny bokiny fizarana faha-62 izay milaza araka ny fitantaran'Ibn 'Abbâs sy toa an'ilay Mouhaddith avy any Syrie, ao amin'ny bokiny "Târîkh al-kabîr" sy ireo hafa tsy voatanisa, dia samy nanoratra fa maherin'ny 300 ireo andinin'ny Kor'âny masina manome voninahitra an'ny Imâm 'Alî(a.s).

Moa ve ireo olona rehetra ireo dia "chiites" fa tsy ao anatin'ny antokom-pinoanareo? Tsy mila milaza lainga amin'ny andinin'ny Kor'âny masina iray ho manambara an'ny Imâm 'Alî(a.s) akory izahay, mba hanaporofoana ny voninahitra ambony ananan'ity "Amîr-oul-Mou'minîn"(a.s)[11] ity. Ireo fahavalony (tahak'ireo amawis sy ireo nawâsib ary ireo khawârij) moa dia manafina ireo voninahiny, fa ireo namany kosa dia misalasala ny hanambara izany, nohon'ny fahatahorana ny fanenjehana isankarazany. Na izany aza anefa, dia maro ihany ireo boky mampiharihary ireo fahamendrehany sy manazava amin'ny endrika rehetra ny zava-bitany.

---

[9] Midika hoe : « Izay mikasika an'i 'Alî nampidinina ao amin'ny Kor'âny »

[10] Midika hoe : « Fidinan'ny Kor'âny mikasika an'i 'Alî »

[11] Anaram-boninahitra fiantsoana an'ny Imâm 'Alî(a.s), izay midika hoe « Lehiben'ireo Mpino »

Mikasika an'io andininy io, dia tsy miantehitra velively amin'izany "fahaizana miresaka" izany akory aho. Fa ny marina no hambarako araka ny voalazan'ireo bokinareo ihany. Hatramin'izao dia tokony ho tsapanareo fa izaho dia tsy niankina mihitsy tamin'ireo boky nosoratin'ireo "chiites" tamin'ireo fanazavana nataoko. Eny fa na dia avela any amin'ny sisiny aza ireo bokin'ny "chiites" ireo, dia ho porofoiko hatrany ny fahambonian'i 'Alî(a.s) izay tsy ananan'ny hafa.

Izay nolazaiko mikasika io andininy io dia mifanaraka tokoa amin'ny fomba fijerin'ireo manam-pahaizanareo ihany. Mouhammad Ibn Youssouf al-Ganjî al-Châfi'î dia nanambara ao amin'ny bokiny mitondra lohateny hoe "Kifâyat-out-Tâlib" toko faha-23, ilay "hadîth" avy tamin'ny Mpaminany(s.a.s) antsoina hoe "**Hadîth maneho ny fitoviana**" izay milaza fa i 'Alî(a.s) dia mitovy amin'ireo mpaminany(s.a). Milaza izy fa i 'Alî(a.s) dia nampitahaina tamin'ny mpaminany Nouh(a.s) teo amin'ny lafiny fahendrena, satria izy dia tena nafana tokoa tamin'ny fanoherana ireo jentilisa[12] fa malemy fanahy kosa miaraka amin'ireo mpino. Nambaran'i Allâh ao amin'ny Kor'âny masina ireo toetra ireo. 'Ali(a.s) izay niara-dia mandrakariva tamin'ilay Mpaminany(s.a.s), no ilay "**mafana fo manohitra ireo jentilisa fa kosa malemy fanahy eo anatrehan'ireo mpino**"[13].

Raha heverina sahala amin'ny nolazain'ny Cheikh Sâhib, fa ilay fehezanteny hoe: " **ary ireo izay miaraka Aminy**" dia manondro an'i Abou Bakr noho izy niara-dia tamin'ny Mpaminany(s.a.s) nandritra ny andro vitsivitsy tao an-davabato; dia moa ve ny olona tahak'azy dia azo ampitoviana amin'i 'Ali(a.s) izay niaraka teo anilan'ny Mpaminany(s.a.s) foana nanomboka hatramin'ny fahazazany sady koa nandray fahalalana avy Aminy?

'Ali(a.s) no nanambara voalohany amin'ny fanarahana an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny finoana Islâm.

[12] Jentilisa : tsy mpino (kâfir).

[13] Kor'âny 48/29 : مُحَمَّدٌ رَسُولُ اللَّهِ وَالَّذِينَ مَعَهُ أَشِدَّاءُ عَلَى الْكُفَّارِ رُحَمَاءُ بَيْنَهُمْ « Mohammad dia Irak'i Allâh ary ireo izay miaraka Aminy dia mafana fo manohitra an'ireo jentilisa fa malemy fanahy eo anatrehan'izy samy izy ireo »

Ankoatr'izany, tamin'ny fotoana nasahian'i Mouhammad(s.a.s) nanambara ny maha-Mpaminany Azy, dia tsy nisy olona nanohana Azy akory afa-tsy i 'Ali(a.s) irery ihany. Ireo manam-pahaizanareo ambony, toa an'i al-Boukhârî sy Mouslim ao amin'ny bokin'izy ireo avy, antsoina hoe "Sahîhayn", sy ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny "Mousnad", sy ireo maro hafa toa an'Ibn Abd-oul-Birr ao amin'ny boky fahatelon'ny "Isti'âb" pejy faha-32, sy ny Cheikh Soulaymân Balkhî al-Hanafî ao amin'ny boky "Yanâbi'oul-Mawaddat" toko faha-12 araka ny fitantaran'i Tirmizhî sy Mouslim, sy toa an'Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny boky fahatelon'ny "Charh Nahj-oul-Balâghat" pejy faha-258, sy Tirmizhî ao amin'ny boky faharoan'ny "Jâmi'oul-Tirmizhî", pejy faha-314, sy Hamwainî ao amin'ny bokiny "Farâid", sy ny Sayyed 'Alî Hamadânî ao amin'ny boky "Mawaddat-oul-Qourbâ", eny fa hatramin'ilay mpitompo teny fantatra Ibn Hajar aza, ao amin'ny bokiny "Sawâ'iq al-Mouhriqat" sy ireo manam-pahaizana hafa tsy voatanisa, dia samy nitatitra amin'ny fomba mitovitovy ny tantara izay nolazain'i Anas Ibn Mâlik manao hoe: "**Indray andro Alatsinainy no nanambaran'ny Mpaminany(s.a.s) ny maha-Mpaminany Azy, ary ny Talata ampitson'iny no nanehoan'i 'Ali(a.s) ny finoany an'izany**". Misy koa ny fitantarana manao hoe: "**Indray andro Alatsinainy no nanambaran'ilay Mpaminanin'i Allâh ny maha-Mpaminany Azy, ary ny Talata ampitson'iny i 'Alî no niara-nivavaka taminy teo anilany**", na koa manao hoe: "**'Alî no voalohany nanambara ny fanarahany an'ilay Mpaminany(s.a.s)**". Torak'izany koa, ry Tabarî sy Ibn Abî al-Hadîd sy Tirmizhî sy ireo hafa, dia samy nitatitra izany araka ny fitantaran'Ibn 'Abbâs manao hoe: "**'Alî no voalohany nivavaka tamin'i Allâh, taorian'ilay Mpaminany(s.a.s)**".

Miangavy anareo aho mba handinika izay nosoratan'ireo manam-pahaizanareo ara-pinoana ihany, dia i Nour-oud-Dîn al-Sabbâgh al-Mâlikî ao amin'ny bokiny "Fousoul-oul-Mouhimmat" amin'ny toko "Tarbiyat-oun-Nabî" pejy faha-16 sy i Mouhammad Talhâ al-Châfi'î ao amin'ny bokiny "Matâlib-ous-Sou'oul" toko voalohany pejy faha-11, sy ireo hafa izay mitantara manao hoe:

Tamin'ny fotoana nampisy mosary tao Makkat, dia nilaza ny Mpaminany(s.a.s) tamin'i 'Abbâs rahalahin-drainy fa i Abou Tâlib

rahalahin'ity farany dia maro anaka loatra kanefa dia tsy mba nanana ny ampy ara-pivelomana akory izy.

Nanome soson-kevitra ny Mpaminany(s.a.s) fa ny tsirairay amin'izy ireo dia samy hiangavy amin'i Abou Tâlib mba hiandraikitra ankizy iray avy, hanamaivanana ny fahasahiranany. Nankasitrahan'i 'Abbâs moa izany hevitra izany. Tonga dia nankao amin'i Abou Tâlib àry izy ireo nitondra izany hevitr'izy ireo izany, izay neken'ity farany avy hatrany. Noho izany dia noraisin'i 'Abbâs an-tànana i Ja'afar at-Tayyar, fa ilay Mpaminany(s.a.s) kosa dia nandray an'i 'Alî hiaraka Aminy.

Al-Mâlikî no nanohy ny fitantarany toy izao: "**'Alî dia niaina mandrakariva teo anatrehan'ny Mpaminany(s.a.s) hatramin'ilay andro izay nanambaran'ity farany ny maha-Mpaminanin'i Allâh Azy**". Avy hatrany i 'Ali dia nanambara ny fanarahany ny Mpaminany(s.a.s) sy ny maha-mpanara-diany Azy, na dia mbola vao 13 taona monja aza Izy tamin'izany fotoana izany. Arak'izany dia i 'Alî no lehilahy voalohany nanaiky ny finoana Islâm. Ilay vadin'ny Mpaminany(s.a.s), Khadîjat(a.s) no vehivavy tokana nanaiky ny maha-Mpaminany Azy, izay nialohan'i 'Alî.

Ao amin'izany toko izany ihany koa no nanambaran'i al-Mâlik, araka ny fitantaran'Ibn 'Abbâs sy Jâbir Ibn 'Abdoullâh al-Ansârî sy Zaïd Ibn al-Arqam sy Mouhammad Ibn al-Mounkadar ary Rabî'ah al-Marâ'î, fa ny olona voalohany taorian'i Khadîjat(a.s) nino an'ilay Mpaminany(s.a.s) dia i 'Alî. Voalaza fa i 'Alî dia nanao lahateny toy izao (araka ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo): "**Mouhammad, ilay Mpaminanin'i Allâh dia rahalahiko sy zanaky ny rahalahin-draiko. Hamzat izay lehiben'ireo maritiora dia rahalahin-draiko. Fâtimat, zanakavavin'ny Mpaminany(s.a.s) no vadiko ka ireo zanaky ny zanany vavy dia zanako avy amin'i Fâtimat. Koa iza aminareo àry no mba manana voninahitra toy izany? Izaho no voalohany nanaiky ny finoana Islâm na dia mbola ankizy aza aho tamin'izany fotoana izany. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara tamin'ny andron'i Ghadîr al-Khoum fa antery ho anareo ny manaiky ahy ho Mpitarika. (Avy eo Izy dia nilaza in-telo nanao hoe): Loza ho an'izay hiatrika an'i Allâh**

**rahampitso (amin'ny Andro Fitsarana) kanefa izy dia nanao izay nampahory Ahy**".

Mouhammad Talhâ al-Châfi'î ao amin'ny bokiny "Matâlib-ous-Sou'oul" fizarana sy toko voalohany, pejy faha-11, sy ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo dia samy nanamarika fa io lahateny io dia nambara mba ho valin'ny taratasin'i Mou'âwiyat izay nitakian'ity farany fa ny rainy no lehiben'ny fokony tamin'ny "**vanim-potoan'ny habadoana**[14]" ary izy (Mou'âwiyat) no mpanjaka taorian'ny nanekena ny finoana Islâm. Nilaza ihany koa i Mou'âwiyat fa izy no " anadahin-drenin'ilay mpino, mpanoratra ny "Wahî" (fanambarana avy amin'i Allâh), izay lehilahy iray mendri-piderana".

Rehefa avy namaky izany taratasy izany i 'Alî(s.a) dia namaly nanao hoe: "Ny olona manana toetra tahak'azy – **ilay zanaky ny vehivavy izay nihinana aty**[15] – dia mahasahy mirehareha eo anatraheko!". Mou'âwiyat, na dia teo aza ny fankahalany mafy an'i 'Alî, dia tsy afaka ny handà velively ireo voninahiny.

Al-Hâkim Aboul-Qâsim al-Haskânî, iray amin'ireo manam-pahaizanareo dia nitantara avy tamin'i Abdoul Rahmân Ibn 'Awf, mikasika ireo Qouraych folo voalohany nanaraka ny finoana Islâm, ka i 'Alî no voalohany amin'izy ireo. Ny imâm Ahmad Ibn Hambal, ny al-Khatib Khawârizmi, sy i Soulaymân Balkhi al-Hanafî dia samy nitantara avy tamin'i Anas Ibn Mâlik fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza hoe: « **Ireo Anjely dia nitso-drano anay, izaho sy i 'Alî, nanditra ny fito taona, fa nandritra io fotoana io mantsy dia tsy mba nisy feo afa-tsy ny ahy sy an'i 'Alî ihany no nankalaza ny fahatokanan'i Allâh** ».

**Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî**, ao amin'ny **Sharh Nahj al-Balâghah**, boky voalohany, pejy 373-5, dia nanoratra hadith maro izay

---

[14] Vanim-potoana talohan'ny nahatongavan'ny finoana Islâm nentin'ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s)

[15] Entina hanodroana an'i Hind, renin'i Mou'âwiyat izay taorian'ny adin'i Ouhoud, nohon'ny hatezerana diso tafahoatra dia namaky ny vatan'i Hamzat ka nalainy ny aty ary dia nohaniny notsakotsakoiny.

voarakitr'ireo manam-pahaizanareo, milaza fa i 'Alî no voalohany amin'ny olon-drehetra mikasika ny fidirana amin'ny Islâm. Rehefa avy naneho fomba filazana maro samihafa sy tantara maro mikasika izany izy dia namintina izany nanao hoe: "**Noho izany, nony farany dia afaka milaza isika fa i 'Alî no lohalaharana amin'ny olon-drehetra ao amin'ny Islâm. Ireo fanambarana manohitra izany dia vitsy sady tsy mendrika ny hohenoina**".

Ny **imâm Abou Abdou Rahmân al-Nisâ'i**, mpanoratra ny iray amin'ireo boky enina mirakitra ireo hadith marina, dia nitantara ao amin'ny **Khasâ'is-oul-'Alawi** ireo hadith enina mikasika izany, sy nanambara fa ny voalohany nanaraka ny Islâm sy voalohany nivavaka teo anilan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia i 'Alî(a.s). Torak'izany koa, ny Cheikh Soulaymân Balkhi al-Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, toko 12, dia nitantara ireo hadith 31 avy tamin'i Tirmizhî sy i Hamwaini, Ibn Maja, Ahmad Ibn Hambal, i Hafiz Abou Nâ'im, ny imâm al-Zhahabi, Ibn al-Maghâzilî, i Abou al-Mou'ayyad al-Khawârizmi ary i al-Dailami, izay samy manambara fa i 'Alî(a.s) no voalohany tamin'ny vahoaka silamo rehetra nanaiky ny Islâm. Eny fa na dia ilay mpitompo teny fantatra, Ibn Hajar Makki aza, ao amin'ny al-Sawâ'iqoul-Mouhriqat, toko 2, dia nitantara ireo hadith mikasika izany, ka ny sasany amin'izy ireo dia noraiketin'i Soulaymân Balkhi al-Hanafî ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat.

Ankoatr'izany, ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, ao amin'ny faraparan'ny toko faha-12, dia notantarainy avy tamin'Ibn Zoubayr, sy avy tamin'i Makki izay nitantara izany avy tamin'i Jâbir Ibn Abdoullâh al-Ansârî, ny hadith iray mikasika ny voninahitr'i 'Alî(a.s), ka tiako hambara eto raha sitrakareo, mba hamaranako ny fanazavako. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza hoe: « **Allâh Ilay Andriamanitra Tsitoha, dia nisafidy ahy ho Mpaminany sy nampitondra ahy ireo soratra masina. Niteny Taminy aho hoe: "Allâh Tompoko ô, Ianao dia naniraka an'i Mosesy tamin'i Firaona. Mosesy dia nangataka taminao an'i Harona rahalahiny ho lefiny, mba hankahery azy amin'ireo teniny. Anjarako indray izao no mangataka Aminao ry Allâh ô! Tendreo ho ahy ny iray amin'ireo fianakaviako, mba ho lefitra izay hampatanjaka ahy.**

**Ataovy ho lefitro i ‘Alî izay rahalahiko, aoka ny fahaiza-miaina no hibahan-toerana ao ampony ary omeo fandresena amin’ny fahavalo izy. ‘Alî no olona voalohany nino ahy sy nanaiky ny faminaniako; izy no olona voalohany nanambara ny mahatokana an’i Allâh niaraka tamiko. ‘Alî no lehiben’ireo mpandimbin’ireo mpaminany rehetra. Ny fanajana azy dia fahasoavana, ny maty teo am-pankatoavana azy dia maty maritiora. Ny anarany dia voasoratra ao amin’ny Taourat miaraka amin’ny ahy; ny vadiny, ilay Olo-marina dia ny zanako vavy; ireo zanany roalahy izay lehiben’ireo tanora ao am-Paradisa dia zanako ihany koa. Aorian’izy ireo, ireo Imâm dia solontenan’i Allâh eo anatrehan’ny zavaboahariny, izy ireo no varavaran’ny fahalalana ho an’ny olombelona. Izay manaraka azy ireo dia voaaro amin’ny Afobe, izay manaraka azy ireo dia voatarika amin’ny làla-mahitsy, izay manam-pitiavana manokana azy ireo dia azo antoka fa hiditra ao am-Paradisa. Noho izany, ry vahoaka manam-pinoana, aoka ianao hitandrina!** ».

Afaka mamaky hadith maromaro mitovy amin’izany aho mandritra izao alina izao; dia ireo hadith izay neken’ireo manam-pahaizanareo ihany. Nefa heveriko fa efa ampy izay voalaza izay. ‘Alî(a.s) irery tokoa no niara-dia tamin’ilay Mpaminany(s.a.s) hatramin’ny fahazazany; mazava ho azy, araka ny fiheveranay azy, fa izy no ilay olona voatondron’ilay andininy milaza hoe: “**ary ireo izay miaraka Aminy**”[16]; fa tsy izay olona niara-dia tamin’ilay Mpaminany(s.a.s) nandritra ny andro vitsivitsy fotsiny.

**Hâfiz** : Ianao dia nanome porofo araka ny fomba fiheveranao, ary tsy misy mihitsy anie ny mandà fa i ‘Alî no voalohany nanaiky ny finoana Islâm. Tsy midika anefa izany fa izy no manan-danja kokoa mihoatra ireo sakaizan’ilay Mpaminany(s.a.s) hafa. Marina fa ireo “khalîfat” lehibe ireo dia nanao fanekem-pinoana tao amin’ny Islâm taona maromaro taorian’i ‘Alî, kanefa ny fanekem-pinoana nataon’izy ireo dia samihafa sy mendrika kokoa noho ny nataony. Ny antony izany, dia noho i ‘Alî izay mbola ankizy nefa kosa ireto olona ireto tamin’izany fotoana izany dia efa olon-dehibe. Mazava ho azy fa ny finoan’olon-dehibe sy matotra dia manan-

[16] Kor’âny 48/29

danja kokoa noho ny finoan'ankizy. Ankoatr'izany, ny finoan'i 'Alî dia fanarahana an-jambany fotsiny fa ny an'ireto olona ireto dia niankina tamin'ny fahendrena. Ny finoana vokatry ny fahendrena dia mendrika kokoa noho ny finoana an-jambany. Tsy natao antery amin'ny ankizy ny fanatanterahana ireo adidy ao amin'ny finoana na ireo asa aman-draharaha ary ny fanekem-pinoana izay ataony dia tsy mifototra akory amin'ny fahendrena. Arak'izany, i 'Alî izay ankizy vao 13 taona monja dia nanao fanekem-pinoana an-jambany.

**Chîrâzî** : Mahagaga ahy tokoa raha toy izany no porofo avy amin'ny olona avara-pianarana. Manontany tena aho, ahoana ny fomba hamaliako izany teny izany. Ny hilaza fa ianao dia miteny izany nohon'ny fankahalana ka ny hanome izany toetra izany amin'ny olona avara-pianarana dia mifanohitra amin'ny sitrapoko. Avelao àry aho hametraka fanontaniana aminao: Imâm 'Alî(a.s) ve nanaiky ny Islâm araka ny faniriany sa noho ilay Mpaminany(s.a.s) izay niantso azy?

**Hâfiz** : Nahoana ianao no manana fomba fijery sarotra mikasika izany hevitra izany? Rehefa misy ny mampisalasala anay dia tsy maintsy hiadianay hevitra izany. Ary ho valin'ny fanontanianao, dia manaiky aho fa i 'Alî dia niditra tao amin'ny Islâm nohon'ny fiantsoan'ilay Mpaminany(s.a.s) azy.

**Chîrâzî** : Raha niantso an'i 'Alî(a.s) ilay Mpaminany(s.a.s) mba hiditra ao amin'ny Islâm, moa ve tsy hainy fa ny ankizy dia tsy voadidy hanatanteraka ireo adidin'ny finoana? Ny hilaza fa tsy hainy izany, dia manendrikendrika azy ho bado; fa raha mahay izany kosa izy nefa mbola niantso an'i 'Alî(a.s) ho ao amin'ny Islâm, amin'izay fotoana izay io asa nataony io dia tsy misy fotony. Ary araka ny efa fantatrareo fa, ny fiampangana an'ilay Mpaminany(s.a.s) ho manao asa tsy misy fotony toy izany, dia porofon'ny tsy finoana satria ny mpaminany dia madio ara-panahy. Hoy indrindra i Allâh milaza ny momba azy ao amin'ny Kor'âny masina manao hoe: « **Fa tsy diso làlana akory ilay namanareo no sady**

**tsy tafiditra ao anatin'ny fahadisoana. Ary tsy miteny araka ny sitrapony izy. Fa izany dia faminaniana tonga taminy** »[17].

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nametraka an'i 'Alî(a.s) ho mendrika antsoina ho ao amin'ny Islâm. Izany moa dia tsy misy fifandraisany akory amin'ny fahatanorana izay tsy voatery mifanohitra velively amin'ny fananana fahendrena. Zava-dehibe tokoa ny fahamatorana ho an'izay hanatanteraka ireo adidy ao amin'ny finoana fa tsy voatery miankina amin'izany kosa ny fananana fahendrena. Ny fananam-pinoana dia miankina tanteraka amin'ny fananam-pahendrena; fa tsy miankina amin'izany kosa ny fanatanterahana ireo lalàm-pinoana. Arak'izany, ny fananan'i 'Alî(a.s) finoana hatramin'ny fahazazany dia manan-kery tokoa tahaka ny voalazan'ny Kor'âny masina mikasika ny tranga niseho tamin'i Jesosy toy izao manaraka izao: « **Fa hoy izy (zazakely): Tena mpanompon'i Allâh tokoa aho. Nanome ahy Boky Izy ary nanendry ahy ho Mpaminany** »[18].

Ao amin'io toko io ihany koa Izy Allâh dia milaza mikasika an'i Yahya(a.s) manao hoe: « **... Nomenay fahendrena izy (Yahya) hatramin'ny fahazazany** »[19].

Sayyed 'Alî al-Humairi al-Yamani (nodimandry tamin'ny 179H.) dia nanamafy izany hevitra izany ao amin'ny tononkalony manao hoe: « **Tahaka an'i Yahya izay nahazo voninahitry ny maha-Mpaminany azy tao anatin'ny fahazazana, i 'Alî izay mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s) sady rain'ireo taranany dia voatendry ho solontenan'i Allâh sy ho mpiahy ireo olombelona ihany koa na dia mbola zaza aza izy** ».

Ny hatsarana sy ny voninahitra izay omen'i Allâh dia tsy miankina velively amin'ny taona. Ny fahendrena sy ny fahakingan-tsaina dia miankina amin'ny toetoetra fony fahakely. Io fanamarihana nataonareo io

[17] Kor'âny 53/2-4
[18] Kor'âny 19/30
[19] Kor'âny 19/12

dia tena mahagaga ahy tokoa satria toy izany koa ireo fanaporofoana atolotr'ireo "**Nassibites**" sy ireo "**Kharijites**" izay nampirisihin'ireo "Omayyades". Izy ireo dia manambanimbany ny finoan'i 'Alî(a.s) amin'ny alalan'ny filazana fa nanaiky an-jambany izay zavatra nalentika ao an-dohany izy.

Ireo manam-pahaizanareo ihany dia manaiky ireo voninahitr'i 'Alî(a.s) mikasika izany. **Talhah al-Châfî'î, Ibn Sabbâgh al-Mâlikî, Ibn Abî al-Hadîd** sy ireo hafa dia samy nitantara ireo tononkalon'i 'Alî(a.s). Hoy izy ao amin'ny iray amin'ireo tononkalo ireo manao hoe: « **Izaho no voalohany indrindra teo aminareo nanaraka ny Islâm na dia mbola ankizy aza aho tamin'izany** ». Raha ny fananan'i 'Alî(a.s) finoana tamin'ny taonany mbola marefo toy izany no tsy misy fahamendrehana, dia tsy mba nidera azy tamin'izany toetra izany akory ilay Mpaminany(s.a.s).

**Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** ao amin'ny bokiny **Yanabi'oul-Mawaddat**, toko faha-55, pejy faha-202, dia nitantara avy tamin'i **Ahmad Ibn Abdoullâh al-Châfî'î**, araka ny voalazan'ilay khalîfat faharoa, **Omar Ibn al-Khattâb** nanao hoe: « **Abou Bakr, Abou Obaïda Ibn Jarrah sy vondron'olona iray dia teo anatrehan'ilay Mpaminan'i Allâh tamin'izy mamaipaika ny sorok'i 'Alî sady niteny hoe: Ry 'Alî! Ianao no voalohany nankato tamin'ireo mpino sy ireo silamo. Ianao eo amiko dia tahaka an'i Haroun eo amin'i Moussâ** ».

Torak'izany koa, i Ahmad Ibn Hambal dia nitantara avy tamin'Ibn Abbâs izay nilaza nanao hoe: «**Omar, Abou Bakr, Abou Obaïda Ibn Jarrah sy ireo hafa dia niaraka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'izy nametraka ny tanany teo amin'ny sorok'i 'Alî sady niteny hoe: Ry 'Alî! Ianao no voalohany nankato tamin'ireo mpino sy ireo silamo. Ianao eo amiko dia tahaka an'i Haroun eo amin'i Moussâ. Ry 'Alî! Izay milaza olona ho sakaizako kanefa fahavalonao dia mpandainga**».

Ibn Sabbâgh al-Mâlikî dia nanambara hadith iray mitovy amin'izany ao amin'ny Fousoul al-Mouhimmah pejy 125, araka ny voalazan'ny Khasâ'is al-'Amal nosoratan'ny imâm Abou Abdou-Rahmân

al-Nisâ'î, hatramin'ny fitantaran'i Abdallâh Ibn Abbâs manao hoe: « **Reko Omar Ibn al-Khattâb niteny hoe: "Antsoy am-panajana ny anaran'i 'Alî satria nahare an'ilay Mpaminany masina aho izay nitanisa ireo voninahitra telo ananan'i 'Alî. Na dia iray fotsiny amin'ireo voninahitra ireo moa no mba hananako, fa ny tsirairay amin'ireo voninahitra ireo dia tena sarobidy amiko tokoa mihoatra izao tontolo izao"** ».

Ankoatr'izay efa nanambara teo, Ibn al-Sabbâgh dia nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza tamin'i 'Alî(a.s) nanao hoe: « **Izay mitia anao dia mitia ahy ary izay mitia ahy dia Allâh tia azy fa izay tian'i Allâh dia hiditra ao am-Paradisa. Izay mankahala anao kosa dia mankahala ahy, ary izay mankahala ahy dia halan'i Allâh ihany koa ka hosaziany ao amin'ny Afobe** ».

Ny fanambaran'ny Imâm 'Alî(a.s) ny tenany ho mpino silamo na dia mbola zazalahy kely aza izy dia maneho ny fananany fahendrena sy fahamendrehana, izay tsy misy na iray amin'ireo silamo manana izany. Al-Tabarî ao amin'ny bokiny Tarîkh dia nitantara an'i Sa'ad Ibn Abî al-Waqqas izay nilaza hoe: « **Nanontany ny raiko aho raha i Abou Bakr no mpino silamo voalohany. Namaly ahy izy hoe: Tsia. Mihoatra ny dimam-polo ny isan'ny olona nanaraka ny Islâm talohan'i Abou Bakr, kanefa dia lehibe noho isika izy amin'ny mahasilamo** ». Noraiketiny an-tsoratra ihany koa fa i Omar Ibn al-Khattâb dia nanaraka ny Islâm taorian'ny fanarahan'ireo lehilahy miisa dimy amby efa-polo sy vehivavy miisa raika amby roa-polo. « Ny mpisava làlana teo amin'ny Islâm sy fananam-pinoana, dia tsy misy afa-tsy i 'Alî Ibn Abî Tâlib(a.s) ».

Porofo hafa maneho fa i 'Alî(a.s) no voalohany nanaraka ny finoana Islâm, dia ny fananany voninahitra voatokana ho azy, izay mavesa-danja kokoa noho ireo voninahiny hafa: ny fidiran'i 'Alî(a.s) tao amin'ny Islâm dia avy amin'ny natiorany fa ny an'ireo silamo hafa kosa dia nitranga taorian'ny tsy finoana teo aloha. Miavaka amin'ireo silamo hafa sy ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s), i 'Alî(a.s) dia tsy mbola nanompo sampy mihitsy.

**Al-Hâfiz Abou Na'im al-Isfahânî** ao amin'ny bokiny milohanteny hoe "**Mâ Nazal Min al-Qour'ân fî 'Alî**" sy **Sayyed 'Alî Hamadânî** ao amin'ny **Mawaddat-oul-Qourbâ**, dia samy nitantara avy tamin'Ibn Abbâs izay niteny hoe: « **Mianiana amin'i Allâh aho fa tsy misy olona ankoatr'i 'Alî no nanaraka ny finoana Islâm ka tsy mba nanompo sampy teo aloha. Izy dia niditra tao amin'ny Islâm no sady tsy mbola nanompo sampy velively** ».

**Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny bokiny **Kifâyat al-Tâlib**, toko faha-24, dia nitantara ny fanambaran'ilay Irak'i Allâh(s.a.s) hoe: « **Amin'ireo mpanara-dian'ireo Mpaminany izay nanaiky ny mahatokana an'i Allâh no sady tsy mbola nanompo sampy nandritra ny fiainany dia miisa telo: 'Alî Ibn Abî Tâlib sy ilay lehilahy voalaza ao amin'ny sourat Yassin ary ilay mpino tao amin'ny vahoakan'i Firaona. Ny anaran'izy ireo dia i Habîb al-Najjar avy amin'ny taranak'i Yassin, Ezekiel avy amin'ny taranak'i Firaona ary 'Alî Ibn Abou Tâlib izay miavaka indrindra amin'izy ireo** ».

**Sayyed 'Alî Hamadânî** ao amin'ny **Mawaddat-oul-Qourbâ, Mawaddat faha-7, al-Khatîb al-Khawârizmî** ao amin'ny **Manâqib** sy ny **imâm al-Tha'labî** ao amin'ny bokiny **tafsîr** dia nitantara avy tamin'ny **khalîfat faharoa Omar** niteny nanao hoe: « **Mijoro vavolombelona aho fa naheno an'ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza hoe: Raha apetraka eo amin'ny ilan'ny lela mizana iray ireo lanitra miisa fito ary ny finoan'ny Imâm 'Alî(a.s) eo amin'ny ilany, dia ny finoan'i 'Alî no mavesa-danja kokoa noho ireo lanitra ireo** ».

Mitovy hevitra amin'izany koa ny voalazan'ireo tononkalo nosoratan'i Soufiân Ibn Mous'ab al-Koufî manao hoe: « **Ianiavana amin'i Allâh! Ijoroako vavolombelona fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: "Aoka ho fantatry ny rehetra fa raha ny finoan'ireo zava-manan'aina rehetra eto an-tany no atambatra ka apetraka eo amin'ny ilan'ny lela mizana iray ary ny an'ny Imâm 'Alî(a.s) irery ihany no amin'ny ilany iray, dia ny finoan'i 'Alî no mbola mavesa-danja kokoa"** ».

‘Ali(a.s) no manam-boninahitra betsaka indrindra noho ireo sakaizan’ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny vahoaka silamo manontolo

**Sayyed ‘Alî al-Hamadânî al-Châfi’î** dia nitantara hadith maro ao amin’ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ, izay manambara ireo voninahitra hananan’ny Imâm ‘Alî(a.s). Ao amin’ny boky Mawaddat faha-7, izy dia nitantara avy tamin’Ibn Abbâs izay nilaza fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: « **Ny olona mendrika indrindra amin’ny olombelona rehetra amin’ny vanim-potoanako dia i ‘Alî** ».

Ny ankamaroan’ireo manam-pahaizanareo mahitsy fo dia manaiky ny fahambonian’i ‘Alî(a.s). **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin’ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** dia nilaza marina fa i **Abou Ja’afar Iskâfî**, ilay lehiben’ny antokom-pinoana “**Mou’tazilite**”, dia nanambara fa i **Bashr Mou’tamar**, i **Abou Mousâ**, i **Ja’afar Ibn Moubash’shir** sy ireo manam-pahaizana hafa avy ao **Baghdad**, dia samy manaiky avokoa fa « **ny olona tena mendrika indrindra amin’ireo silamo rehetra dia i ‘Alî Ibn Abou Tâlib, manarakarak’azy dia ny zanany al-Hassan, avy eo ny zanany al-Houssein; manarak’azy i Hamzat avy eo i Ja’afar Ibn Abî Tâlib** ». Namafisiny fa ny mpampianany i Abou Abdoullâh al-Basrî, ny Cheikh Aboul-Qâsim al-Balkhî sy ny Cheikh Aboul-Hassan al-Khayyât dia mitovy fiheverana amin’i Abou Ja’afar al-Iskâfî ihany koa, mikasika ny fahambonian’i ‘Alî(a.s). Nazavainy ny finoan’ny antokom-pinoan’ireo “Mou’tazilites” ireo amin’ny fanambarana manao hoe: « **Ny mendrika indrindra amin’ireo olombelona aorian’ilay Irak’i Allâh(s.a.s) dia ilay mpandimby(a.s) azy izay vadin’i Fâtimat(a.s), i ‘Alî; manarak’azy dia ireo zanany roalahy, i al-Hassan sy al-Houssein, avy eo dia i Hamzat sy i Ja’afar (al-Tayyâr)** ».

**Cheikh** : Raha mba hainao moa ireo fanambarana’ireo manam-pahaizana mikasika ny fahambonian’i Abou Bakr, dia tsy mba nilaza tahak’izany ianao.

**Chîrâzî** : Ireo manam-pahaizana azo itokisana rehetra avy amin’ny “sunnites” dia manaiky avokoa ny fahambonian’i ‘Alî(a.s). Ohatra, azonao hamarinina izany ao boky faharoan’ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** pejy

faha-264 **nosoratan'Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî**, izay ahitana hevitra mitovy ihany koa amin'ny voalazan'i Jâhiz manambara fa ny finoan'i Abou Bakr no ambony kokoa noho an'i 'Alî. Na izany az a anefa, i **Abou Ja'afar al-Iskânî** iray amin'ireo manam-pahaizanareo lehibe ao amin'ny antokom-pinoana "**Mou'tazilite**", dia mitsipaka izany hevitra izany sy manamarina fa ny finoan'i 'Alî dia tena ambony kokoa noho ny an'i Abou Bakr sy ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) hafa rehetra. Nilaza i **Abou Ja'afar** hoe: « **Izahay dia tsy mandà ny fahamendrehan'ireo sakaiza ireo; saingy heverinay kosa fa tsy misy na iray aza amin'izy ireo no mendrika kokoa mihoatra an'i 'Alî** ». 'Alî dia manana voninahitra avo dia avo ka ny filazana ny anarany miaraka amin'ny an'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) hafa dia tena tsy mifanandrify tokoa. Ireo voninahitr'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy afaka mitaha akory amin'ireo voninahitr'i 'Alî(a.s).

**Sayyed 'Alî al-Hamadânî** dia nitantara ao amin'ny bokiny Mawaddat faha-7, avy tamin'i Ahmad Ibn Mouhammad al-Karzî al-Baghdâdî izay nilaza fa naheno an'i Abdoullâh Ibn Ahmad Ibn Hambal nanontany an-drainy, i Ahmad Ibn Hambal mikasika ny laharam-boninahitr'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s). Notanisainy i Abou Bakr, i Omar sy i Othmân ary avy eo izy nitsahatra tamin'ny fitanisana. Nanontany azy indray àry i Abdoullâh nanao hoe: «**Fa manao ahoana kosa momba an'i 'Alî?**» Namaly izy hoe: «**Izy dia anisan'ireo taranaka masin'ilay Mpaminany(s.a.s). Isika dia tsy afaka hilaza ny anarany (nohon'ny fahamboniany tafahoatra) miaraka amin'ny an'ireto olona ireto**».

Fantaronareo koa fa ny Boky masina Kor'âny, ao amin'ny andininy mikasika ny "**Moubâhalat**", i 'Alî dia voatondro ho toy ny sombinain'ilay Mpaminany(s.a.s).

Misy hadith iray manamarina izany hevitra izany voarakitra ihany koa ao amin'ny Mawaddat faha-7, avy tamin'i **Abdoullâh Ibn Omar Ibn al-Khattâb**. Nilaza izy fa indray andro, raha nitanisa ireo anaran'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza ny anaran'i Abou Bakr sy i Omar ary Othmân. Tamin'izay, dia nisy olona iray nanontany nanao hoe: « **Ry**

**Abou Abdour-Rahman! Nahoana no tsy nolazainao akory ny anaran'i 'Alî?** » Namaly izy hoe: « **'Alî dia taranak'ilay Mpaminany(s.a.s). Izy dia tsy azo atambatra na amin'iza na amin'iza, fa izy dia mitovy saranga amin'ilay Mpaminany(s.a.s)** ».

Aoka ianareo hitantarako hadith iray hafa avy ao amin'ny boky "**Mawaddat**" hatrany. Araka ny voalazan'i **Jâbir Ibn Abdoullâh al-Ansârî** fa indray andro, teo anatrehan'ireo "**Mouhâjirine**"[20] sy ireo "**Ansâr**"[21], no nilazan'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'i 'Alî(a.s) nanao hoe: « **Ry 'Alî! Raha misy olona iray manatanteraka ireo salât ampanentren-tena tokoa kanefa manana fisalasalana amin'ny fahamboniana anananao sy ny fianakavianao, ny fonenana hipetrahan'izany olona izany dia ao amin'ny Afobe** ».

(Tamin'ireo fanazavana ireo, ny mpivory rehetra, indrindra moa fa i M. Hâfiz dia naneho fanenenana, nohon'ny fahatahorana ho anisan'ireo manana fisalasalana).

Izaho dia tsy nilaza taminareo afa-tsy hadith vitsivitsy fotsiny. Anjaranareo ny misafidy na hitsipaka ireto hadith voasoratra ao amin'ireo bokinareo ireto, na hanaiky ny fahambonian'ny finoan'i 'Alî(a.s) mihoatra ny an'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s), ka anisan'izany i Abou Bakr sy Omar.

Miangavy anareo ihany koa aho mba handinika ny hadith (eken'ireo antokom-pinoana roa tonta), izay nilazan'ilay Mpaminany(s.a.s), tamin'ny fotoana nisian'ny ady antsoina hoe "**Ghazwat al-Ahzab**"[22], rehefa i 'Alî(a.s) nahafaty an'i **Amrou Ibn Abdou Woudd** tamin'ny alalan'ny sabatra, nanao hoe: « **Ny velin-tsabatra iray nataon'i 'Alî tamin'ny "Ady Khandaq" (Adin'ny lavaka) no mendrika kokoa nohon'ny valisoan'ireo asa soa vitan'ireo vahoakako manontolo (jiny sy ny olona) hatramin'ny andro farany** ». Koa raha ny iray amin'ireo

---

[20] Vahoaka silamo tao Makkat nifindra monina tao Madînat.

[21] Vahoaka silamo tao Madînat nanavotra sy nandray an'ireo "Mouhâjirine" ireo.

[22] Ady fantatra ihany koa amin'ny anarana hoe "**Adin'ny lavaka**".

velin-tsambany no mendrika kokoa noho ireo salât nataon’ireo jiny sy ny olombelona rehetra mitambatra, dia mazava ho azy avy hatrany fa tsy misy na iza na iza afaka mandà ny fahamendrehany afa-tsy izay mpikiribiby amin’ny hevi-diso sy mpialona.

Na dia tsy nisy aza ny porofo hafa mikasika ny fahambonian’i ‘Alî[a.s], ilay andininy momba ny “**Moubâhalat**” dia ampy hanaporofoana izany fahamendrehany izany. Voalazan’izany andininy izany fa i ‘Alî[a.s] dia toy ny “**tenanay**” izany hoe, toy ny tenan’ilay Mpaminany[s.a.s]. Iaraha-mahalala fa ilay Mpaminany[s.a.s] no be voninahitra mihoatra ny olombelona rehetra hatramin’izay ka ho mandrakizay. Noho izany, ny voambolana “**Anfousanâ**” (**Tenanay**) ao amin’ilay andininy izay manondro an’i ‘Alî[a.s] dia manambara ihany koa fa izy dia be voninahitra mihoatra ny olombelona rehetra hatramin’izay ka ho mandrakizay. Manaiky amin’izay angamba ianareo ankehitriny fa ilay andininy “**ary ireo izay miaraka Aminy**”[23] dia manondro an’i ‘Alî?! Fa izy no niaraka tamin’ilay Mpaminany[s.a.s] hatramin’ny nahaterahany tao anatin’ny Islâm.

Fa mikasika ny fanontaniana nahoana i ‘Alî no tsy niaraka tamin’ilay Mpaminany[s.a.s] ny alin’ny fifindramonina nankany Madînat, dia noho izy nametrahan’ilay Mpaminany[s.a.s] andraikitra lehibe. Tsy nisy olona mendrika afaka nanatanteraka izany afa-tsy i ‘Alî[a.s]. Nijanona tao Makkat aloha izy mba hamerina amin’ny tompony tsirairay avy, ireo fananana izay napetrak’olona tamin’ilay Mpaminany[s.a.s]. Ny andraikitra hafa ankoatr’izany ho tanterahan’i ‘Alî[a.s] ihany koa dia ny handefa ireo fianakavian’ Mpaminany[s.a.s] sy ireo mpino silamo sasany tao Madînat. Koa na dia tsy tafaraka tamin’ilay Mpaminany[s.a.s] tao an-davabato aza i ‘Alî[a.s] tamin’io alina io dia nanatanteraka kosa andraikitra manan-danja kokoa tamin’ny alalan’ny fatoriana teo amin’ny fandriany ho solontenany.

Ireo manam-pahaizanareo ihany no manambara izany voninahitra izany ao amin’ny boky tafsîr nosorotan’izy ireo. **Ibn Sab’ al-Maghribî** ao amin’ny boky **Shifâ’-ous-Soudour**, **Tibrânî** ao amin’ny **al-Awsat** sy **al-Kabîr**, **Ibn Athîr** ao amin’ny **Ousoud-oul-Ghâbat** boky faha-4 ao

[23] Kor’âny 48/29

amin'ny pejy faha-25, **Nour-oud-Dîn al-Sabbâgh al-Mâlikî** ao amin'ny **al-Fousoul lil-Mouhimmat fî Ma'arifat-il-A'immat** ao amin'ny pejy faha-33, **Abou Is'hâq al-Tha'labî**, **Fazil al-Nisâpourî**, **Fakhr-oud-Dîn al-Râzî** sy **Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî**, ao amin'ny boky tafsîr nosoratan'izy ireo tsirairay avy, **al-Hâfiz Abou Na'im Isfahânî** ao amin'ny "**Mâ Nazala Min al-Qour'ân fî 'Alî**" toko faha-62, ny **imâm Ahmad Ibn Hambal** ao amin'ny **Mousnad**, **Ibn Hishâm** ao amin'ny **Sîrat-oun-Nabî**, **al-Hâfiz Mouhaddith Dimashq** ao amin'ny **Arba'în Tiwâl**, ny **imâm al-Ghazalî** ao amin'ny **Ihyâ-oul-'Ouloum** boky faha-3 pejy faha-223, **Abou al-Sa'adat** ao amin'ny **Fadhâ'il-oul-'Itrat-il-Tâhirat**, **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, **Sibt Ibn al-Jawouzî** ao amin'ny **Tazh'kirat** sy ireo hafa, dia samy nanamarika fa nohon'ny baikon'i Allâh, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanaiky ny handao am-panajana ny tanànan'i Makkat mba hifindramonina ho any Madînat.

Niangaviany i 'Alî mba hirakotra ny lambany maintso firakofany rehefa matory sy mba hatory eo ambony fandriany. Natory teo amin'ny fandriany nisolontena azy àry i 'Alî. Allâh Ilay Tsitoha nanao fanambarana tamin'i Anjely Gabriel sy Michael fa izy roa ireo dia manana firahalahiana ihany koa saingy ny iray amin'izy roa no lava andro iainana kokoa noho ny iray. Nanontany àry i Allâh, iza amin'izy roa no afaka hahafoy ny androm-piainany ho an'ny rahalahiny mba hiainany ao anatin'ny fotoana lavalava kokoa, izay tsy misy amin'izy roa ny mahalala izany faharetan'ny androm-piainana izany. Nanontany an'i Allâh ireo Anjely ireo raha toa ka tsy maintsy misafidy izy roa. Tsy voatery misafidy anefa izy roa hoy i Allâh. Tsy nisy na iray amin'izy roa anefa nahafoy ny androm-piainany ho an'ny rahalahiny. Izany no nahatonga an'i Allâh nilaza nanao hoe: « **Ataoko ho mpirahalahy ilay solontenako, i 'Alî sy ilay Mpaminaniko, i Mouhammad. 'Alî dia nahafoy ny ainy mba hiarovany ny ain'ilay Mpaminaniko** ». Ny fatoriany teo ambony fandriany dia fiarovany ny fiainan'ilay Mpaminany. Ankehitriny dia didiko ianareo roa mba hidina eny ambony tany ka mba hiaro an'i 'Alî amin'ireo fikasan-dratsin'ireo fahavalo.

Arak'izany dia nidina tety an-tany ireo Anjely roa ireo. Gabriel nipetraka teo an-dohan'i 'Alî ary i Michael teo an-tongony. Avy eo niteny

i Gabriel hoe: « **Ankasitrahana ry zanak'i Abou Tâlib izay nampirehareha an'i Allâh tokoa ny nandefa ho azy ireo Anjeliny!** »

Avy eo dia nampidinina tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) ny andininy milaza manao hoe: « **Ary misy amin'ny olona no manakalo ny ainy mba ho fikatsahana ny fankasitrahan'i Allâh. Fa i Allâh dia mamindrafo amin'ireo mpanompony** »[24].

Noho izany indrindra tompoko, dia miangavy anareo aho mba handinika ampitoniana an'io andininy io ao an-tranonareo avy amin'ity takariva ity sy mba handray fanapahan-kevitrareo manokana mikasika izany. Iza no manana fahamboniana kokoa noho ny hafa? Ilay niaraka nandeha lavitra nandritra andro vitsivitsy teo anilan'ilay Mpaminany(s.a.s) foana tsy nisy fahatahorana na tebiteby akory sa ilay nanolotra ny ainy amin-kerimpo sy finiavana ao anatin'ny loza mitatao tamin'io alina io ihany, mba hiarovana an'ilay Mpaminany(s.a.s)?

Toy izany koa no notantarain'i **Abî al-Hadîd** ao amin'ny boky fahatelon'ny **famoamboasana ny Nahj-oul-Balâghat** pejy 269-281, ilay **imâm Ja'afar al-Askâfî**, 'âlim[25] lehibe iray sady lehiben'ireo Mou'tazilites, dia nanamarina fa ny fatorian'i 'Alî(a.s) teo ambony fandrian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia fihetsika iray manan-danja lehibe tokoa noho ny fiarahan'i Abou Bakr tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) nandritra ny fotoana fohy monja. Hoy ny fanazavany hoe: « **Ireo manam-pahaizana silamo dia miara-manaiky fa tena marina ny fahambonian'i 'Alî tamin'io alina io dia tafakatra fara-tampony ka tsy misy olona afaka manana izany fahamboniana izany afa-tsy i Isaka sy Abrahama izay vonona ny hanao sorona ny ain'izy ireo ho fankatoavana an'i Allâh** » (Ankamaroan'ireo mpanao tafsîr, ireo manam-pahaizana sy ireo mpahay tantara no milaza fa Ismael no nanao sorona ny ainy fa tsy i Isaka).

Ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, pejy faha-271, **Abou Ja'afar al-Askâfî** dia namaly an'i Abou Othmân al-Jâhiz ilay Nâsibite tamin'ny fitenenany nanao hoe: « **Efa nolazaiko tetsy ambony fa ny**

---

[24] Kor'âny 2/207

[25] Manampahaizana ara-pinoana.

**fatorian'i 'Alî teo ambony fandrian'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'ny alina fifindramonina, dia fihetsika iray manan-danja kokoa mihoatra ny fihetsika nataon'i Abou Bakr nijanona niaraka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) tao an-davabato. Ho fanamafisana izany teniko izany, dia porofoiko amin'ny alalan'ny hevitra anankiroa hafa izany. Voalohany, ilay Mpaminanin'i Allâh, izay nanana fifandraisana tena akaiky sy naharitra ela tamin'i 'Alî, no tena tian'ity farany. Arak'izany, ny fisarahana amin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia miteraka alahelo mafy ho azy. Etsy andaniny, Abou Bakr, dia nanararaotra ny tombontsoany tafara-dia tamin'ilay Mpaminany(s.a.s). Nohon'ny haben'ny fahorian'i 'Alî amin'izany fisarahana izany, dia lehibe tahak'izany koa ny valisoa azony satria, arakaraka ny haben'ny fahoriana amin'ny fankatoavana an'ilay Mpaminany(s.a.s) no mahabe valisoa azo avy amin'izany.**

**Faharoan'izany, noho i Abou Bakr izay nikasa ny handao ny tanànan'i Makkat, izay efa nanao izany izy samirery, dia vao mainka manaratsy endrika azy amin'ny mahavahoakan'i Makkat azy izany. Izany hoe, ny fandaozany an'io tanàna io niaraka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nahatanteraka avy hatrany ilay fikasany. Noho izany, eo amin'ny ara-pitondrantena, ny fahamboniana dia ho an'i 'Alî, izay nitebiteby fatratra tokoa teo ampanaovana sorona ny ainy teo anatrehan'ireo sabatry ny fahavalo** ».

<u>Andinin'ny Kor'âny midera an'ny Imâm 'Alî(a.s) izay nisolo toeran'ilay Mpaminany(s.a.s) teo am-pandriany tamin'ny alin'ny Hijrat[26]</u>

**Ibn Sab' al-Maghribî** dia nanambara ao amin'ny bokiny **Shifâ'-ous-Soudour** mikasika ny fananan'i 'Alî(a.s) herim-po, nanao hoe: « **Ireo manam-pahaizana arabo dia miara-manaiky amin'ny filazana fa tamin'ny alin'ny fifindramonina (hijrat), ny fatorian'i 'Alî(a.s) teo amin'ny fandrian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia fihetsika iray tena sarobidy tokoa noho ny fiarahana taminy. 'Alî noho izany dia nisolontenan'ilay Mpaminany(s.a.s) sy nanao sorona ny ainy mba**

[26] Fifindramonina

**hiarovana ny ain'ilay Mpaminany(s.a.s). Izany hevitra izany dia tena mazava miharihary ka tsy misy mihitsy ny mandà izany afa-tsy ireo izay tra-pahaverezan-tsaina na ireo izay mpitompo teny fantatra** ».

Avelako eo ny amin'iny fa hiverina amin'ny fototr'ilay ady hevitra aho. Ianareo milaza fa ilay andinin'ny Kor'âny masina hoe: "**mafana fo manohitra ireo jentilisa**"[27] dia manondro an'ilay Khalîfat faharoa, Omar Ibn al-Khattâb. Izany fanambarana tsotra izany anefa dia tsy azo ekena satria ianareo ihany no milaza izany. Isika dia tokony hamaritra raha toa ka misy aminy izany toetoetra izany na tsia. Raha hananany izany toetoetra izany dia vonona ny hanaiky io fanambaranareo io aho. Iaraha-mahalala aloha fa ny hafanam-po dia miseho amin'ny endrika roa samihafa: miseho mandritra ireo ady hevitra ara-pinoana ka mahatonga ireo manam-pahaizana mpifanandrina aminy tsy mahita ny hotenenina intsony, nohon'ny fananany porofo matanjaka; na miseho mandritra ny ady masina.

Eo amin'ny lafiny ireo ady hevitra, dia tsy misy na dia iray aza ny tantara manambara fa i Omar dia nanana ny hafanam-po tamin'iray amin'ireo ady hevitra izay nataony. Tsy mba nahita mihitsy aho na dia sombin-tantara milaza mikasika izany. Mahafaly ahy ny mba hitantaranareo amiko ohatra iray fotsiny mikasika izany.

Raha ny marina dia ireo manam-pahaizanareo no manaiky fa i 'Alî ihany no mamaha ireo olana misy eo amin'ny lalàna sy ny finoana nandritra ny fitondran'ireo Khalîfat telo voalohany. Eny fa na dia namorona hadith maro tamin'ny anaran'izy ireo aza, ireo "Omayyades" sy ireo mpanara-dia anjambany an'i Abou Bakr, dia tsy afaka nanafina fa rehefa tonga tamin'i Abou Bakr na i Omar na i Othmân ireo olona avy amin'ny finoana hafa mba hitady vahaolana goavana, dia lasa mila fanampiana avy amin'i 'Alî(a.s) avokoa ireo Khalîfat telolahy ireo.

---

[27] Kor'âny 48/29 : مُحَمَّدٌ رَسُولُ اللَّهِ وَالَّذِينَ مَعَهُ أَشِدَّاءُ عَلَى الْكُفَّارِ رُحَمَاءُ بَيْنَهُمْ « Mohammad dia Irak'i Allâh ary ireo izay miaraka Aminy dia mafana fo manohitra an'ireo jentilisa fa malemy fanahy eo anatrehan'izy samy izy ireo »

Omen'i 'Alî porofo matanjaka maharesy lahatra izy ireo ka betsaka tamin'ireo tsy mpino silamo aza no niditra ny finoana Islâm vokatr'izany. Ny faneken'i Abou Bakr sy Omar ary Othmân ny fahambonian'i 'Alî dia ampy hanamarinana ny hevitro. Ireo manam-pahaizanareo ireo ihany no mitantara fa i Abou Bakr dia niteny hoe: « **Miesora amiko! Miesora amiko ianareo! Fa izaho dia tsy mendrika ho anareo hatramin'ny ela raha mbola eo aminareo ihany i 'Alî** ». Ilay Khalîfat Omar dia niaiky farafahakeliny im-pitoplo niteny nanao hoe: « **Raha tsy teo i 'Alî, dia very làlana i Omar** ». Maro ireo trangan-javatra maneho zava-doza voasoratra ao amin'ireo boky, fa tsy tiako ny hanasaro-javatra mikasika izany. Mbola misy maro rahateo ireo lohahevitra tena tsara indrindra hiadian-kevitra.

**Nawwâb** : Inona izany tsara indrindra hiadian-kevitra izany ankoatr'izao lohahevitra izao? Moa ve izany voasoratra ao amin'ireo bokinay? Raha eny, dia mba ampahafantaro anay raha sitrakao!

**Chîrâzî** : Ireo manam-pahaizana ao amin'ny antokom-pinoanareo izay manana fo madio dia samy nanaiky fa i Omar dia matetika nilaza an'i 'Alî tonga nanampy azy.

## Fizarana faharoa

<u>Porofo fa i Omar dia niteny tokoa nanao hoe:</u>
<u>"**Raha tsy teo i 'Alî, dia very làlana i Omar**"</u>.

Ilay **al-Qâdhî Fadhloullâh** (na i **al-Fadhl**) **Ibn Rouzbhân**, ilay marivo saina, ao amin'ny bokiny **Ibtâl-oul-Bâtil**, **Ibn Hajar al-'Asqalânî** ao amin'ny **Tahzhîb-oul-Tahzhîb**, natonta tao Hyderabad Daccan, pejy 337, **Ibn Hajar** ao amin'ny **al-Isâbah**, boky faha-II, natonta tao Ezypta, pejy 509, **Ibn Qoutaybah al-Dînawarî** ao amin'ny **Tâwîl Moukhtalaf-oul-Hadîth**, pejy 201-202, **Ibn Hajar al-Makkî** ao amin'ny **al-Sawâ'iq al-Mouhriqat**, pejy 7, **Hajj Ahmad Afandî** ao amin'ny **Hidâyat-oul-Mourtâb**, pejy 146 sy 152, **Ibn al-Athîr Jazarî** ao amin'ny **Ousoud-oul-Ghâbah**, boky faha-IV pejy 22, **Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî** ao amin'ny

**Târikh-oul-Khoulafâ**, pejy 66, **Ibn Abdoul-Birr Qartabî** ao amin'ny **al-Istî'ab**, boky faha-II, pejy 474, **Sayyed Mou'min Shablanji** ao amin'ny **Nour-oul-Absâr**, pejy 73, **Nour al-Dîn al-Sabbâgh al-Mâlikî** ao amin'ny **al-Fousoul-oul-Mouhimmat**, pejy 18, **Ibn Abî al-Hadîd Mou'tazilî** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-I, pejy 6, **al-'Allâmat al-Qoushashî** ao **amin'ny Sharh al-Tajrîd** pejy 407, **al-Khatîb al-Khawârizmî** ao amin'ny **Manâqib**, pejy 48 sy 60, **Mouhammad Talhah al-Shâfi'î** toko faha-6 ao amin'ny **Matâlib-ous-Sou'oul**, pejy 29, **Sibt Ibn Jawzî** ao amin'ny **Tazh'kirat**, pejy 85 sy 87, ny **imâm al-Tha'labî** ao amin'ny **Tafsîr Kashf-oul-Bayân**, **al-'Allâmah Ibn al-Qayyim al-Jawzî** ao amin'ny **al-Tourouq al-Hakîmat**, "**ireo didim-pitsaran'i 'Alî**" ao amin'ny pejy 41 ka hatramin'ny pejy 53, **Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Shâfi'î** ao amin'ny **Kifâyat-out-Tâlib**, toko 57, **Ibn Maja al-Qazwinî** ao amin'ny **sounan**, **Ibn Maghâzilî al-Shâfi'î** ao amin'ny **Manâqib**, **Mouhammad Ibn 'Ali Ibn al-Hassan al-Hakîm al-Tirmizhî** ao amin'ny **Sharh al-Fat'h-oul-Moubîn**, **al-Dailamî** ao amin'ny **Firdaws**, **Cheikh Soulaymân Balkhî al-Hanafî** ao amin'ny **Yanâbi'oul-Mawaddat** toko 14, **al-Hâfiz Abou Nâ'im Isfahânî** ao amin'ny **Hilyat-oul-Awliyâ** sy "**Mâ Nazala min al-Qour'ân fî 'Alî**" ary ireo manam-pahaizana hafa ankoatr'ireo, ao amin'ny antokom-pinoanareo, na dia misy fahasamihafana kely aza ny fehezanteny nanoratan'izy ireo izany, dia samy nitantara avokoa ilay tenin'i Omar nilaza nanao hoe:

« **Izaho dia mangataka fiarovan'i Allâh amin'ny olana saro-bahana rehetra raha tsy eo i Aboul-Hassan (*i 'Alî*)** ».

« **Ibn al-Khatâb (*milaza ny tenany ihany i Omar*) dia ho levona tokoa raha tsy nisy an'i 'Alî Ibn Abî Tâlib** ».

« **Raha tsy teo i 'Alî, dia levona i Omar** ».

« **Tena matin'ny olana saro-bahana tokoa anie aho raha tsy nisy an'i Aboul-Hassan** ».

Ilay mpahay teolojia lehibe, **Ibn Yousouf al-Ganjî al-Shâfi'î**, toko faha-57 ao amin'ny **Kifâyat-out-Tâlib fî Manâqib 'Alî Ibn Tâlib**, taorian'ny nanambarany ny hadith marina iray, dia nitantara avy tamin'i **Houzhaïfat Ibn Yaman** fa indray andro izy dia nifanena tamin'i Omar izay nanontany azy nanao hoe: « **Tao anatin'ny toetra nanao ahoana ianao tamin'ny fotoana nifohazanao ny maraina teo?** » Namaly azy i

Houzhaïfat hoe: « **Raha nifoha aho ny maraina teo dia nahatsapa fa nankahala ny fahamarinana fa kosa nitia ny hadalana, nijoro vavolombelona amin'ireo zavatra tsy hitako, namaky ireo salât tsy nisy fidiovana masina ary nahafantatra fa izay ananako eto an-tany dia tsy ananan'i Allâh any an-danitra** ». Tezitra noho izany fanambarana izany i Omar ka saika ny hanasazy an'i Houzhaïfat indrindra izy no tonga taminy i 'Alî. Tsikariny tamin'ny alalan'ny endriky ny tarehiny i Omar fa tena nisafoak'hatezerana tokoa ka nanontaniany ny antony nahatezitra azy mafy toy izany. Notantarain'i Omar ny anton'izany nefa hoy i 'Alî taminy: « **Tsy misy na inona na inona akory ny amin'izany. Zava-marina no nolazain'i Houzhaïfat. Ilay fahamarinana izay nankahalainy dia ny fahafatesana. Ilay hadalana izay tiany dia ny harena sy ny zanaka. Raha niteny izy fa nijoro vavolombelona amin'ireo zavatra tsy hitany dia tsy inona izany fa ny fisian'i Allâh Tokana, ny fahafatesana, ny fitsanganana amin'ny maty, ny Paradisa, ny Afobe, ny tetezana antsoina hoe Sirâte, izay nijoroany vavolombelona ny fisiany na dia tsy hitany akory aza. Raha niteny izy fa namaky ireo salât nefa tsy nanao fidiovana masina dia tsy inona no tiany hambara fa ny famakiana ireo salât ho an'ilay Mpaminany(s.a.s) izay tsy mitaky ny fanaovana fidiovana masina akory ny fanaovana izany. Farany, raha nilaza izy fa manana zavatra eto an-tany izay tsy ananan'i Allâh any an-danitra, dia ny vady aman-janany no tiany ho lazaina amin'izany satria i Allâh dia tsy mba manam-bady na manan-janaka tokoa** ». Tamin'izany dia hoy i Omar hoe: « **Raha tsy teo i 'Alî, dia very làlana i Omar** ».

**Ibn Yousouf al-Ganjî al-Shâfi'î** dia nanambara fa io tenin'i Omar io dia azo hamarinina amin'ny alalan'ny ankamaroan'ireo mpitantara ireo hadith. Ny tompon'ilay boky **Manâqib** dia nanoratra fa ilay Khalîfat Omar dia imbetsaka niteny nanao hoe: « **Ry Aboul-Hassan ('Alî) ô! Izaho dia tsy ho anisan'iray amin'ity vahoaka ity raha tsy nisy anao** ». Hoy koa izy hoe: « **Ireo vehivavy dia tsy afaka ny hiteraka zanaka hitovy amin'i 'Alî** ».

Mouhammad Talhah al-Shâfi'î ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oul sy ny Cheikh Soulaymân Balkhî al-Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-

Mawaddat, toko faha-14, milaza an'i Tirmizhî izay mitantara hadith antsipiriany avy tamin'Ibn Abbâs, ka miafara amin'izao fehezanteny izao: « **Ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanana fahazarana nanontany an'i 'Alî mikasika ny raharaha ara-pinoana ary nanaja ny fanapahan-keviny izy ireo. Izany no nahatonga an'i Omar Ibn al-Khattâb niteny imbetsaka nanao hoe: "*Raha tsy teo i 'Alî, dia very làlana i Omar*"** ».

Nandritra ireo ady hevitra ara-pinoana sy fifanakalozan-kevitra ara-pahalalana, i Omar dia tsy mba nahitana izany hafanam-po izany velively. Ny mifanohitra amin'izany aza ny nataony, dia ny fanekeny ny tsy fahaizany sy ny fanekeny an'i 'Alî(a.s) ho mpanampy azy. Na dia **Ibn Hajar al-Makki** aza, ao amin'ny **al-Sawâ'iqoul-Mouhriqat** toko faha-III, dia nitantara avy tamin'Ibn Sa'ad izay nanambara an'i Omar niteny nanao hoe: « **Mangataka fiarovan'i Allâh aho amin'ny fotoana hiatrehako ireo olana sarotra raha tsy eo i Aboul-Hassan ('Alî)** ».

Ilay Khalîfat Omar dia tsy mba nahitana taratry ny hafanam-po velively tao anatin'ny sahan'ady

Mikasika ny herim-pon'i Omar tao anatin'ny sahan'ady, ny tantara dia tsy mba nilaza izany na dia ohatra iray akory aza. Fa kosa ny mifanohitra amin'izany, ireo mpahay tantara ao amin'ireo antokom-pinoana roa tonta (sunnites sy chiites), dia samy nitantara avokoa fa i Omar isaky ny miatrik'ady manoloana ny fahavalo matanjaka dia miolomay haingana, mandositra. Noho izany, dia lasa manaraka azy mandositra ihany koa ireo silamo sasany ka miteraka ny faharesen'ny miaramila silamo izany.

**Hâfiz** : Miha-tsy mahate ho tia foana ianao izany. Ianao dia manala baraka an'ilay Khalîfat Omar izay reharehan'ireo silamo. Tamin'ny fitondrany, no nahazoan'ireo silamo ireo fandresena lehibe. Avy amin'i Omar, no nandresen'ireo miaramila silamo nandritra ireo ady masina. Lazainao fa kanosa anefa izy amin'ny fanendrikendrehanao azy ho nandositra an'ady sy avy aminy no nahatonga ny faharesen'ireo miaramila

silamo! Ny olona mba manana anjara toerana tahaka anao izao ve dia manana toetra manala baraka an'i Omar toy izany?

**Chîrâzî** : Diso hevitra ianareo. Nandritra ireo alina, niarahantsika nivory izay, dia tsy mahazo ny fanazavako foana ianareo. Heverinareo angamba fa izaho dia mitsikera ny olona am-pankahalana fotsiny. Nefa tsy izany akory. Ny fankahalana dia mora mitranga mandritra ny ady hevitra ara-pinoana toy izao, ary izany no fototra mahatonga ny fifampirafesana eo amin'ny samy silamo nandritra ny taon-jato maro. Ny ady hevitra toy izany dia matetika miteraka ny fisomparana, izay mifanohitra tanteraka amin'ny fampianaran'ny Kor'âny masina. Milaza mazava tsara manko ny Kor'âny masina manao hoe: « **Ô ianareo izay mpino, alavironareo lavitra ny ahiahy fa ny sasany amin'ny ahiahy dia fahotana** »[28].

Lazainareo fa ireo teniko dia mifono fankahalana. Tsy izany akory anefa satria ny tenako dia tsy mba manambara zavatra izay tsy araka ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo. Lazainareo fa manala baraka an'ilay Khalîfat Omar aho. Tsy misy amin'izay nolazaiko anefa no manala baraka an-tsitrapo satria izaho dia tsy mitantara afa-tsy izay voalaza ao amin'ny tantara ihany. Izany dia manery ahy hanazava aminareo ireo tranga nisy mba hamahako izao disadisa izao.

Nambaranareo teo fa ilay Khalîfat Omar no fototry ny fandresena an'ady nataon'ireo silamo. Tsy misy aloha afaka mandà fa ireo silamo dia nahazo fandresena tokoa nandritra ny fitondrany. Aza hadino anefa, fa araka ireo porofo natolotr'ireo manam-pahaizanareo malaza, toa an'ny **al-Qâdhî Abou Bakr al-Khatîb** ao amin'ny "**Tantaran'i Baghdâd**", ny **imâm Ahmad Ibn Hambal** ao amin'ny **Mousnad**, **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** sy ireo mpanoratra boky hafa, ilay Khalîfat Omar dia naka hevitra tamin'i 'Alî(a.s) tamin'ny fitantanana ireo raharaham-pitondrana rehetra ara-pilaminana toy ny raharaha ara-tafika, ary dia izay toro hevitra avy amin'i 'Alî(a.s) no notanterahiny. Ankoatr'izany, dia misy fahasamihafany ireo fandresena islâmika ireo arakaraka ny vanim-potoana.

[28] Kor'âny 49 :12

Ny vanim-potoana voalohany dia momba ireo fandresena an'ady notarihin'ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy ka ny fahombiazana azo tamin'izany dia mazava ho azy fa vokatry ny herim-pon'i 'Alî(a.s). Ny tsirairay dia samy niaiky fa i 'Alî no mahery fo noho ireo mahery fo. Tsy mba nisy ady ka nahazoana fandresena raha tsy nisy ny fandraisany anjara. Ohatra tamin'ny ady Khaybar, izy dia nitaraina narary maso izay tsy nahafahany nandray anjara tamin'ilay ady. Nifanesisesy ny faharesen'ireo silamo mandra-panasitranan'ilay Mpaminany(s.a.s) an'i 'Alî(a.s). Nony nandroso nanatona an'ireo fahavalo i 'Alî(a.s) dia nandresy ny herin'ireo tafik'i Khaybar. Tamin'ny ady Ouhoud, raha niala an-daharana ireo silamo sakaiza sy vaky lositra, 'Alî kosa dia tsy mba nihemotra velively fa nifanandrina tamin'ireo fahavalo hatrany, mba hiarovany an'ilay Mpaminany(s.a.s) mandra-pandrenesana feo niteny nanao hoe: « **Tsy misy sabatra afa-tsy Zhoul-Fiqâr ary tsy misy mahery fo afa-tsy i 'Alî** ».

Ny vanim-potoana faharoa dia momba ireo fandresena an'ady taorian'ny nahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s). Izany fandresena izany dia vokatry ny hafanam-pon'ireo miaramila silamo lehibe sy ny tetik'adin'izy ireo. Izany anefa dia tsy nisy fifandraisany tamin'ny fandresena an'ady nandritra ny fitondran'ilay Khalîfat Omar. Ny lohahevitry ny resaka nifamaliantsika teo moa dia mikasika ny herim-pon'ny tenan'ilay Khalîfat mihitsy, izay tsy nahitana tantara na dia iray aza milaza izany.

**Hâfiz** : Fanalam-baraka ny filazana fa ilay Khalîfat Omar dia vaky lositra an'ady ka izany no nitarika ny faharesen'ireo silamo!

**Chîrâzî** : Raha ny tranga ara-tantara voarakitr'ireo mpanoratra no fanalam-baraka dia midika izany fa ireo manam-pahaizanareo ihany no nanao izany fanalam-baraka izany.

**Hâfiz** : Aiza no nitantaran'ireo manam-pahaizanay fa i Omar dia vaky lositra an'ady? Oviana izy no nahatonga ny faharesen'ireo silamo?

Ilay ady Khaybar

**Chîrâzî** : Noho i 'Alî(a.s) narary maso tamin'ny andro voalohan'ny ady Khaybar, dia nomen'ilay Mpaminany(s.a.s) an'i Abou Bakr ny fanevan'Islâm mba hitarihany ireo miaramila silamo hanohitra an'ireo Jiosy. Nony resy an'ady tao anatin'ny fotoana fohy izy, dia lasa niverina teny amin'ny toby. Rahampitson'iny, dia nomena an'i Omar indray ilay fanevan'Islâm, fa raiki-tahotra izy, ary nandositrana dia mbola tsy tonga teny amin'ny toeram-piadiana akory aza.

**Hâfiz** : Tantara noforonin'ireo "chiites" fotsiny izany!

**Chîrâzî** : Ilay ady Khaybar dia tena navesa-danja tokoa teo amin'ny fiainan'ilay Mpaminany(s.a.s), ireo mpahay tantara ao amin'ireo antokom-pinoana roa tonta dia samy nitantara izany antsipiriany avokoa. **Al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî**, ao amin'ny voalohan'ny bokiny **Hilyat-oul-Awliyâ pejy 62**, **Mouhammad Talhah al-Shâfi'î** ao amin'ny **Matâlib-ous-Sou'oul** pejy 40, **Sîrat** nosoratan'**Ibn Hishâm**, **Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Shâfi'î** ao amin'ny **Kifâyat-out-Tâlib**, toko 14 ary maro ireo manam-pahaizana hafa izay nanambara an'io tantara io. Fa ny tantara tena marina dia ny voalazan'ireo manam-pahaizana roa lehibe, al-Boukhâri ao amin'ny bokiny Sahîh, natonta tao Ezypta tamin'ny taona 1320H, amin'ny boky faha-II pejy faha-100, sy Mouslim ao amin'ny bokiny Sahîh, natonta tao Ezypta tamin'io taona io ihany, ao amin'ny boky faha-II pejy faha-324, dia samy nitantara izy roa ireo nanao hoe: « **Ilay Khalifât Omar dia nandositra an'ady in-droa** ».

Maro ireo porofo mazava milaza mikasika ity hevitra ity ka anisan'izany ireo tononkalo izay milaza hevitra mazava eo am-piderana an'Imâm 'Alî(a.s), nosoratan'**Ibn Abî al-Hadîd** ilay "Mou'tazilte", fantatra amin'ny anarana hoe "**Awiyat-oul-Sab'ah**".

Hoy indrindra izy milaza mikasika ilay "**varavaran'i Khaybar**": « **Efa renareo ve ilay tantaram-pandresena tamin'ilay ady Khaybar? Tena "mistery" tsy takatry ny saina tokoa no zava-niseho tamin'izany ka dia nahavery hevitra ny olon-kendry! Ireny olon-droa ireny (Abou**

**Bakr sy Omar) dia tsy nahavita nitondra ilay faneva mba hitari-tafika sady tsy dia manam-pahalalana akory mikasika izany. Tsy voatazon'izy ireo ny tsiambaratelo mba hiarovana ny voninahitr'ilay faneva. Fa nosaloran'izy ireo fahafaham-baraka tamin'ny alalan'ny fanaovana tongotra an-katoka, nefa dia fantatr'izy ireo tsara fa ny fandosirana an'ady dia midika ho fitsipahana. Tahak'izany no nasetrin'izy ireo teo anatrehan'ny tovolahy jiosy iray, ranjanana nanatona azy ireo, nitondra sabatra, nampihorohoro azy ireo avy eny ambony soavaly sy vonona ny hanafika, toy ny ostritsa (autruche) nafanain'ny rivotry ny lohataona sy ny zava-maniry. Toy ny vorona goavam-be voaravak'ireo lokony mahafinaritra eo am-panatonana ny malalany izy. Ireo fitiavana te hamono izay mivoaka avy amin'ny sabany no nampangovitra ireo lehilahy anankiroa** ».

Ibn Abî al-Hadîd miresaka momba azy roa ireo (Abou Bakr sy Omar) dia nanampy izany nanao hoe: « **Angatahako famindram-po ny faharesenareo sy ny fandosiranareo, satria ny tsirairay dia samy mankahala ny fahafatesana ary mitia ny fahavelomana. Toy ny olon-drehetra, ianareo koa dia tsy mitia ny fahafatesana indrindra moa fa tsy mba misy fanafahana hanoherana izany. Koa tsy afaka nanao vy very ny aina ianareo** ».

Izaho dia tsy mba manana tanjona ny hanala-baraka na iza na iza akory. Fa ny nataoko dia ny nitantara fotsiny izay voalazan'ireo tantara hanaporofoana fa ilay Khalîfat dia tsy mba nanana herim-po akory ka tsy afaka ilazana velively fa ilay andininy hoe "**mafana fo manohitra ireo jentilisa**"[29] dia manondro azy. Fa ny zava-misy marina dia nandositra teo an-tanim-piadiana izy. Ilay andininy izay nolazaina teo dia tsy manondro olon-kafa ankoatr'i 'Alî(a.s), izay tena nahery fo tokoa tamin'ny fanoherana an'ireo jentilisa nandritra ireo ady tsirairay natrehiny. Izany moa dia namarinin'i Allâh ao amin'ny Kor'âny masina. Hoy Izy hoe: « **Ry ianareo mpino! Na iza na iza aminareo miala amin'ny finoany, tsy ho ela i Allâh dia hitondra vahoaka izay tiany tokoa sy hitia Azy, ho**

[29] Kor'âny 48/29 : مُحَمَّدٌ رَسُولُ اللَّهِ وَالَّذِينَ مَعَهُ أَشِدَّاءُ عَلَى الْكُفَّارِ رُحَمَاءُ بَيْنَهُمْ « Mohammad dia Irak'i Allâh ary ireo izay miaraka Aminy dia mafana fo manohitra an'ireo jentilisa fa malemy fanahy eo anatrehan'izy samy izy ireo »

**mpanetritena eo anatrehan'ireo mpino, fa hampiseho hery eo anatrehan'ireo jentilisa, hitolona eo amin'ny làlan'i Allâh izy ireo, ka tsy hatahotra ny fanaratsian'ireo izay mpanaratsy, Izany dia fahasoavan'i Allâh omeny an'izay sitrany** »[30].

**Hâfiz** : Mahatalanjona ny fiezahanao mampifandray an'io andininy io amin'i Ali. Izy io anefa dia manondro an'ireo mpino izay manana an'ireo toetoetra ireo no sady tian'i Allâh.

**Chîrâzî** : Tsara kokoa ianareo raha mba nanontany ahy izay porofo azoko atolotra, hanohanako izany teniko izany. Toy izao àry ny valiteniko: raha toa ka nampidinina ho fiderana an'ireo mpino io andininy io, dia tsy mba nandositra amperin'ady akory izy ireo.

**Hâfiz** : Mba rariny ve ny fanendrikendrehana an'ireo mpino sy ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) ho mpandositra manoloana ny loza? Ireo olona ireo dia nitolona tamin-kerimpo tokoa tao anatin'ny ady masina.

**Chîrâzî** : Tsy mba izaho mihitsy no manendrikendrika azy ireo ho "mpandositra". Fa ny tantara no milaza azy ireo ho toy izany. Hadinonareo ve ilay ady Ouhoud sy ady Hounayn izay nahatonga ireo mpino sy ny ankamaroan'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s), eny fa hatramin'ireo sakaiza lehibe aza, dia samy nitady fiarovantena daholo tamin'ny alalan'ny fandosirana. Al-Tabrânî sy ireo hafa dia nitantara fa izy ireo dia namela an'ilay Mpaminany(s.a.s) ho irery teo anatrehan'ireo jentilisa fahavalo.

Moa ve mba mety fa ireo izay mitsoak'ady eo antrehan'ny fahavalo, ka mandao an'ilay Mpaminany(s.a.s) hifanandrina samirery amin'ny fahavalo, no tian'i Allâh sy ilay Irany(s.a.s)?

Tsy izaho irery ihany koa no milaza fa io andininy io dia nampidinina ho fiderana an'i 'Alî(a.s). Abou Is'hâq Ahmad al-Tha'labî, izay lazainareo ho toy ny lehiben'ireo mpitahiry lovan-tsofina eo aminareo

[30] Kor'âny 5/54

dia nanoratra ao amin'ny bokiny Kashf-oul-Bayân fa io andininy io dia nampidinina mba hanomezam-boninahitra an'i 'Alî, satria tsy misy na iza na iza ankoatr'azy no manana an'ireo toetoetra ireo. Tsy misy velively amin'ireo mpahay tantara, na ny antsika izany na ny mpahay tantara vahiny, no mba nitantara fa i 'Alî dia nanao hadisoana tamin'ireo ady miisa 36 notarihin'ilay Mpaminany(s.a.s). Tamin'ilay ady Ouhoud, raha lasa nandositra avokoa ireo sakaiza sasany, dia i 'Alî irery ihany no hany olona sisa tavela niatrik'ady nanoloana an'ireo fahavalo miisa 5 000 miaramila, mandra-pahazoany fandresena. Na dia feno ratra aza ny tenany manontolo sady nandeha rà betsaka, dia nantsoiny ireo lasa nandositra ka nanohy ny tolona hatrany izy mandra-pahazoana ny fandresena.

**Hâfiz** : Ianao ve tsy menatra ny miresaka an'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) lehibe ireo ho "mpitsoak'ady"? Ny ankamaroan'ireo sakaiza rehetra, indrindra fa ireo Khalîfat anankiroa ireo (Abou Bakr sy Omar) dia tsy nisaraka no sady niaro an'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin-kerimpo mandrakariva.

**Chîrâzî** : Ianareo tsy mba namaky tsara ny tantara. Amin'ny ankapobeny, ireo mpahay tantara dia samy nilaza fa ireo sakaiza rehetra dia samy nandositra avokoa tamin'ny ady Ouhoud, Hounayn sy ady Khaybar. Efa notantaraiko taminareo ny zava-nitranga tamin'ny ady Khaybar. Fa ny tamin'ny ady Hounayn, **Hamidî** ao amin'ny bokiny **al-Jâm' Bayn al-Sahîhayn sy al-Halabî** ao amin'ny bokiny faha-III **al-Sîrat al-Halabiyyat** pejy faha-123, dia samy nitantara fa ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) rehetra dia lasa nandositra avokoa, afa-tsy olona efatra ihany dia i 'Alî sy 'Abbâs izay teo anoloan'ilay Mpaminany(s.a.s), sy Abou Soufyân Ibn Harith izay nitazona ireo tadin-tsoavalin'ilay Mpaminany(s.a.s) ary i Abdoullâh Ibn Mas'ound izay teo ankaviany.

Tsy misy afaka mandà ny fandosiran'ireo silamo tamin'ny ady Ouhoud. Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib, toko faha-27 sy araka ny voalazan'ireo loharanon'ny bokiny, dia nanambara araka ny voalazan'i Abdoullâh Ibn Mas'ound izay nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: « **Isak'i 'Alî irery no nirahina mba hiatrik'ady, dia i Gabriel no hitako eo ankavanany, i**

**Michael no eo ankaviany ary rahona matevina no eo amboniny miaro azy mandra-panomezan'i Allâh azy ny fandresena** ».

Ny imâm Abou Abd-our-Rahmân al-Nisâ'î dia milaza ny hadith faha-202 ao amin'ny bokiny Khasâ'is al-'Alawî fa ny Imâm al-Hassan(a.s), mitafy fehiloha mainty, dia niseho teo anatrehan'ny vahoaka ka nilazalaza ireo toetoetran'ilay rainy. Nolazainy fa tamin'ny ady Khaybar, raha nanatona ny manda i 'Alî dia: « **i Gabriel no niady teo ankavanany ary i Michael no teo ankaviany. Nanohitra ny fahavalo tao anatin'ny herim-po tokoa izy mandra-pahazoany fandresena, ka dia mendrika azy ny fitiavan'i Allâh** ».

Ao amin'io andininy[31] nolazaina tetsy ambony io, i Allâh dia manambara fa mitia ireo izay manana an'ireo toetoetra ireo ary izy ireo koa dia mitia Azy. Io toetoetra izay mendrika ho tiavin'i Allâh io dia voatokana ho an'i 'Alî(a.s). Maro ireo porofo manamarina izany hevitra izany. Anisan'ireo hadith maro milaza mikasika an'izany hevitra izany, ilay notantarain'i **Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny bokiny **Kifâyat-out-Tâlib**, toko faha-7, araka ny voalazan'ireo loharanon'ny bokiny, fa indray andro i Abdallâh Ibn 'Abbâs raha nipetraka teo akaiky ny rainy, i 'Abbâs izy nanoloana an'ilay Mpaminany(s.a.s), dia niditra i 'Alî(a.s) sy niarahaba azy. Nitsangana ilay Mpaminany(s.a.s) ka namihina azy teo an-tratrany sy nanoroka azy teo amin'ny andriny ary avy eo dia nanome toerana ho azy teo ankavanany. Tsy naharitra i 'Abbâs ka nanontany an'ilay Mpaminany(s.a.s) raha manam-pitiavana an'i 'Alî(a.s) tokoa izy. Fa namaly ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: « **Ry dadatoa malala! Ianiavana amin'i Allah, fa i Allâh dia mitia azy kokoa noho izaho** ».

Ny porofo tena matanjaka mikasika ny fitiavan'i Allâh an'i 'Alî(a.s) sy ny hafanam-pony tao anatin'ireo ady nitolomany, dia ilay "**hadîth al-**

---

[31] Kor'âny 5/54 : « Ry ianareo mpino! Na iza na iza aminareo miala amin'ny finoany, tsy ho ela i Allâh dia hitondra vahoaka izay tiany tokoa sy hitia Azy, ho mpanetritena eo anatrehan'ireo mpino, fa hampiseho hery eo anatrehan'ireo jentilisa, hitolona eo amin'ny làlan'i Allâh izy ireo, ka tsy hatahotra ny fanaratsian'ireo izay mpanaratsy, Izany dia fahasoavan'i Allâh omeny an'izay sitrany ».

**Râyah**" (**hadîth mikasika ilay faneva**) izay anisan'ny voarakitra ao amin'ireo boky azonareo antoka ny fahamarinany. Tsy misy na iray amin'ireo manam-pahaizanareo no mandà izany.

**Nawwâb** : Manao ahoana izany **Hadîth al-Râyah** izany? Azonao vakiana ve izany sy ny loharano niaviany?

**Chîrâzî** : Ireo manam-pahaizana sy mpahay tantara ao amin'ireo antokom-pinoantsika avy dia samy mitantara an'ity Hadîth al-Râyah ity.

Ohatra, i **Mouhammad Ismâ'il al-Boukhârî** ao amin'ny bokiny **Sahîh** faha-II, **Kitâb-oul-Jihâd Was-Siyar** ao amin'ny toko milohateny hoe "**Dou'â-oun-Nabî**", sy ny bokiny faha-III, **Kitâb-oul-Maghâzî** ao amin'ny toko milohateny "**Ghazawat Khaybar**", i **Mouslim Hajjâj** ao amin'ny bokiny **Sahîh** faha-II, pejy faha-324, ny **imâm Abdour-Rahmân al-Nisâ'î** ao amin'ny bokiny **Khasâ'is-oul-'Alawî**, i **Tirmizhî** ao amin'ny bokiny **Sounan**, **Ibn Hajar al-Asqalânî** ao amin'ny **Isâbah**, boky faha-II pejy 508, i **Mouhhadith al-Shâm** ao amin'ny bokiny **Târikh**, ny **imâm Ahmad Ibn Hambal** ao amin'ny **Mousnad**, **Ibn Mâja al-Qazwînî** ao amin'ny **Sounan**, ny **Cheikh Soulaymân Balkhi al-Hanafî** ao amin'ny **Yânabi'oul-Mawaddat** toko faha-6, i **Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin'ny **Tazh'kirat**, i **Mouhammad Ibn Yousosuf al-Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny **Awsat** ary **i Aboul-Qasim**, **Houssein Ibn Mouhammad** (antsoina hoe i **Raghib al-Isfahânî**) ao amin'ny **Mouhâdharât-oul-'Oudabâ** boky faha-II pejy faha-212.

Raha fintinina, dia saika ireo mpahay tantara sy mpitahiry lovan-tsofina ao aminareo, no nitantara an'io hadith io, ka nahatonga an'i al-Hâkim niteny hoe: "**Ity hadith ity dia nahatratra ny tanjona amin'ny firaisan-kevitra**". Al-Tabrânî ihany koa dia nilaza hoe: "**Ny fandresen'i 'Alî tamin'ny ady Khaybar dia mipetraka ho firaisan-kevitra**".

Rehefa nanao fahirano ny mandan'i Khaybar ny tafika silamo, dia nandamoka in-telo izany tamin'ny fitarihan'i Abou Bakr sy i Omar izay nitsoak'ady. Tena kivy tanteraka noho izany ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s). Mba hanomezana fankaherezana ho azy ireo, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara ny fandresena ho azo avy amin'ny ady

Khaybar tamin'ny alalan'ny fitenenany nanao hoe: « **Ianiavana amin'i Allâh, fa rahampitso dia atolotro ho an'ilay olona izay hitondra fandresena ny faneva. Izany moa dia ilay olona izay tsy hitsahatra amin'ny fanafihana no sady tsy hihemotra na hitsoak'ady mihitsy mandra-pahazoany fandresena. Izy dia mitia an'i Allâh sy ilay Irak'i Allâh ary i Allâh sy ilay Irany dia mitia azy ihany koa** ».

Tamin'io alina io, ireo sakaiza dia tsy afaka nanakipy ny masony fa samy nanontany tena avokoa hoe, iza izany olona hahazo voninahitra manokana izany. Ny maraina, samy nirongo ny fitaovam-piadiany avokoa ny tsirairay ary niseho teo anatrehan'ilay Mpaminany(s.a.s). Nanontany anefa inty farany nanao hoe: "**Aiza ny rahalahiko, ilay zanaky ny dadatoako, i 'Alî Ibn Abou Tâlib?**" Niara-namaly izy ireo nanao hoe: "**Ry Irak'i Allâh! Marary maso mafy izy ao ka tsy afaka ny hamindra akory**". Niangavian'ilay Mpaminany(s.a.s) i Salmân al-Fârsî mba hiantso an'i 'Alî(a.s). Noraisin'i Salmân tamin'ny tanany i 'Alî(a.s) ka notarihiny nankeo amin'ilay Mpaminany(s.a.s). 'Alî dia niarahaba an'ilay Mpaminany(s.a.s) izay namaly izany fiarahabany izany sy nanontany azy nanao hoe: "**Manao ahoana ny fahasalamanao ry Aboul-Hassan?**". Hoy i 'Alî(a.s) namaly hoe: "**Salama tsara ihany aho fa misaotra an'i Allâh. Saingy ny lohako sy masoko no marary ka mahatonga ahy tsy mahita na inona na inona akory**". Nantsoin'ilay Mpaminany(s.a.s) mba hanatona azy akaiky kokoa izy.

Rehefa nanakaiky kokoa i 'Alî, dia nasian'ilay Mpaminany(s.a.s) ranon'ivy kely teo amin'ny mason'i 'Alî sady nivavaka izy. Teo noho eo dia nahiratra ireo masony ary sitrana tanteraka ny marary taminy. Avy eo dia natolony an'i 'Alî ilay fanevam-pandresena. Koa dia niainga i 'Alî nanafika ireo miaramilan'i Khaybar, niady tamin'ireo jiosy, namono nahafaty an'ireo miaramila matanjaka toa an'i Harhab, i Harith, i Hisham sy i 'Alqamah, ary nandresy azy ireo tena tsy hay notohaina tokoa.

**Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî** ao amin'ny **al-Fousoul al-Mouhimmat** ao amin'ny pejy 21, dia nilaza an'io hadith io izay notsoahiny avy tamin'ireo boky hadith enina, fa i **Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î** kosa ao amin'ny bokiny **Kifâyat-out-Tâlib**, toko 14, rehefa

avy nitantara ilay hadith dia naneho ireo andalan-tononkalon'ilay talen'ny mpanao tononkalon'ilay Mpaminany(s.a.s), i Hassan Ibn Thâbit, izay nanatrika teo tamin'izany fotoana izany, tononkalo midera an'i 'Alî(a.s) manao hoe: « **'Alî(a.s) dia nitaraina narary maso. Nohon'ny tsy fisian'ny mpitsabo, dia ilay Mpaminany(s.a.s) no nanasitrana azy tamin'ny alalan'ny ranon'iviny ihany. Tamin'izany, ilay marary sy ilay mpanasitrana dia samy nahazo fanambinana. Koa niteny ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: "Ankehitriny ilay faneva dia homeko ny miaramila tena manana fahakingàna, mahery fo sy manana traikefa, ary sakaizako amin'ny fitolomana. Izy dia mitia an'i Allâh ary i Allâh mitia azy koa. Avy aminy no hahazoantsika ny fandresena an'ireo fahavalo". Taorian'izany, dia nanilika ireo hafa teo amin'ny sisiny izy, fa kosa nosafidiny i 'Alî ka notendreny ho mpandimby azy** ».

**Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî** dia mitantara avy ao amin'ny Sahîh Mouslim fa i Omar Ibn Khattâb dia niteny hoe: "**Izaho dia tsy naniry mihitsy ny mba hitondra ilay faneva, nefa tamin'io andro io izaho dia tena nitsiriritra izany fatratra tokoa. Nanao fihetsika imbetsaka aho mba hisarihana ny eritreritr'ilay Mpaminany(s.a.s) hiantefa aty amiko, eo am-panantenana azy mba hiantso ahy ka hanolotra ho ahy izany voninahitra izany. Nefa dia i 'Alî no nantsoiny ary dia azony ilay voninahitra**".

**Sibt Ibn al-Jawzî** dia nanoratra io tantara io ao amin'ny bokiny **Tazh'kirat** pejy faha-15 sy ilay imâm **Abou Abdour-Rahmân Ahmad 'Alî al-Nisâ'î** ao amin'ny bokiny **Khasâ'is-oul-'Amal**, taorian'ny fanambarany ireo hadith miisa roa ambin'ny folo milaza ny momba ilay faneva natolotra an'i 'Alî(a.s), dia nilaza io tantara io ihany koa, izay maneho ny fitsiriritan'i Omar te hitondra ilay faneva.

Torak'izany koa, i **Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî** ao amin'ny bokiny **Târîkh-oul-Khoulafâ**, sy **Ibn Hajar al-Makkî** ao amin'ny bokiny **al-Swâ'iq** ary **Ibn Shirwaini** ao amin'ny bokiny **Firdaws-oul-Akhbâr**, dia samy nitantara an'i Omar izay niteny nanao hoe: "**'Alî dia nahazo tombony amin'ny zavatra anankitelo, aleoko tokoa ny manana ny anankiray amin'izany toy izay ny manana an'ireo rameva rehetra**

**izay azoko hanaranam-po. Ireto avy izany zavatra anankitelo izany: Fanambadiany an'i Fâtimat sy ny fahazoany mitoetra ao amin'ny Moske amin'ny fotoana rehetra fa ny hafa ankoatr'i 'Alî dia tsy nahazo alalana amin'izany, ary ny fanomezana azy hitondra ilay faneva tamin'ny ady Khaybar**".

Ny porofo nomeko izay niankina tamin'ireo fanambaran'ireo mpitahiry lovan-tsofina ao aminareo ihany, dia manamarina fa ilay andininy milaza hoe "**Izy (Allâh) dia hitondra vahoaka izay tiany tokoa sy hitia Azy**" [32] dia manondro an'i 'Alî(a.s). Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib, toko faha-13, dia mitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny nanao hoe: « **Raha ianareo no maniry ny te hahita an'i Adam, i Noa sy i Abrahama, dia mitodiha mankany amin'i 'Alî** ». Nolazainy fa i 'Alî no ilay tian'ny andinin'ny Kor'âny masina hambara izay milaza hoe: « **... Ary ireo izay miaraka Aminy dia mafana fo manohitra an'ireo jentilisa fa malemy fanahy eo anatrehan'izy samy izy ireo** »[33].

Fa ny filazanao fa ilay fehezanteny milaza hoe "**...malemy fanahy eo anatrehan'izy samy izy ireo**" ao amin'io andininy io, ho manondro an'i Othmân sy manendry azy ho Khalîfat fahatelo, dia tsy voaporofon'ireo tantara akory. Fa ny marina aza dia tena mifanohitra amin'izany tokoa. Betsaka ireo porofo manamarina izany, nefa aleoko ny mijanona hatreo, fa raha tsy izany, dia mety hiteraka fifankahalana ny fanohizako izany.

**Hâfiz** : Raha ianao miankina hatrany amin'ireo loharanom-boky marina, dia tsy misy antony tokony hanoheranay izany akory.

Ny toetoetran'i Othmân mitaha amin'ny an'i Abou Bakr sy Omar

---

[32] Kor'âny 5/54
[33] Kor'âny 48/29

**Chîrâzî** : Ny sasantsasany amin'izany ihany no holazaiko. **Ibn Khaldîn**, **Ibn Khallikan**, **Ibn 'Atham al-Koufî** (izay voalaza voarakitra ihany koa ao amin'ny **al-Sihâh al-Sittah**), **al-Mas'oundî** ao amin'ny **Mourouj-ouzh-Zhahab**, boky voalohany, pejy 435, **Ibn Hadîd** ao amin'ny boky voalohan'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, sy ireo hafa dia samy nilaza fa raha vao voatendry ho Khalîfat i Othmân Ibn Affan, dia tsy vitan'ny nitsipaka ireo fampianarana avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) izy fa mbola nitsipaka ihany koa ny avy amin'i Abou Bakr sy Omar. Arak'izany, ireo antokom-pinoantsika roa tonta ireo dia samy nilaza marina fa tamin'ny filan-kevitra nahavoafidy azy ho khalîfat, dia noho i Abdour-Rahmân Ibn 'Awf izay nanao fanekem-pankatoavana azy raha toa ka vonona hanome antoka i Othmân mba hanaraka ny fampianaran'i Allâh, sy ny "sounnat" na fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s) ary hanao fakan-tahaka an'i Abou Bakr sy i Omar.

Io fepetra napetrany mba hanaovany ny fanekem-pankatoavana io dia ny hahatonga an'i Othmân tsy afaka hamela an'ireo Banî Omayyat hisalovana amin'ny raharahan'izy ireo, no sady tsy ahafahany mihitsy mampandova fahefana ho azy ireo. Nefa, raha vao tafahorina tsara teo amin'ny fitondrana izy, dia nitsipahany ireo antoka nomeny ireo. Araka ny voalazan'ny Kor'âny sy ireo hadith mahafatoky, fa ny fivadihana amin'ny fifampitokisana dia anisan'ny fahotana lehibe tokoa. Ireo manam-pahaizanareo dia nilaza fa i Othmân dia nivadika tamin'ny teny izay napetrany. Tamin'ny fitondrany izy dia nanohitra ireo fampianaran'i Abou Bakr sy Omar. Nanome ho an'ireo Banî Omayyat fahefana feno izy eo amin'ny fiainana andavan'andro sy eo amin'ny fananan'ireo silamo.

## Fizarana fahatelo

### Ny fananan-karenan'ny Khalîfat Othmân

**Hâfiz** : Tamin'ny fomba nanao ahoana no nanoherany ireo fampianarana sy fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s) sy Abou Bakr sy Omar?

**Chîrâzî** : Ilay mpitahiry lovan-tsofina malaza antsoina hoe **al-Mas'oundî** ao amin'ny **Mourouj-ouzh-Zhahab**, boky voalohany, pejy

433 sy ireo mpahay tantara hafa, dia samy nitantara ny nanamboaran'i Othmân trano vita amin'ny vato sarobidy, ireo varavarany dia vita amin'ny hazo "santal". Nangoron-karena betsaka izy izay nozarainy tamin'ireo foko "Omayyade". Ohatra amin'izany, ilay hetra ara-pinoana (khoums) nalaina avy tamin'i Arménie izay babo an'ady tamin'ny fitondrany dia nomena an'i Marwân ilay voaozona, tsy misy antony ara-dalàna akory. Natolony ho azy koa ny vola mitentina 100.000 Dir'hams avy tao amin'ny "Baït-oul-Mâl" (volam-bahoaka). 400.000 Dir'hams no nomeny an'i Abdoullâh Ibn Khalid, 100.000 Dir'hams natolony an'i al-Hakam Ibn Abî al-'Âs, ilay nozonina sy noroahin'ilay Mpaminany(s.a.s) ary 200.000 Dir'hams no nomena an'i Abou Soufyân (araka ny voalazan'i **Abî al-Hadîd** ao amin'ny bokiny voalohan'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, pejy faha-68).

Tamin'ny fotoana namonoan'olona azy, ny harenany manokana dia nahatratra hatramin'ny 150.000 Dinars sy hatramin'ny 20 tapitrisa Dir'hams vola mivaingana. Izy dia nanana velaran-tany tao Wâdî al-Qourâ sy tao Hounayn izay mitentina hatramin'ny 100.000 Dinars ary nanana ihany koa andian'ondry sy rameva maro. Vokatr'izany fihetsiny izany, ireo Banî Omayyat dia nahangona harena betsaka tokoa avy tamin'ireo vahoaka.

Ho an'ny khalîfat mpitondra ny Islâm, dia toetra ratsy izany mangoron-karena toy izany kanefa ny ankamaroan'ny vahoaka entina dia mpitrongy vao homana. Tsy vitan'izany fa ny toetra toy izany dia mifanohitra tanteraka amin'ny fampianarana napetrak'ireo teo alohany, i Abou Bakr sy Omar. Othmân dia nampanantena fa handeha amin'ny làlana nizoran'izy ireo. Kanefa, **al-Mas'oundî** ao amin'ny bokiny **Mourouj-ouzh-Zhahab** dia nitantara fa rehefa nanao fivahiniana masina (hajj) ilay khalîfat Omar sy ilay zanany i Abdoullâh, dia nahatratra 16 Dinars fotsiny ny vola lanin'izy roa mandroso sy miverina. Ary tamin'izany izy dia mbola nilaza tamin'io zanany io fa nanao fandaniana tafahoatra izy roa. Koa raha ampitahainareo ny fahalalan'i Omar fetra sy ny fandaniana tafahoatra nataon'i Othmân dia ho tsapanareo fa ny fomba fiainany dia mifanohitra amin'ny antoka nomeny nandritra ny filan-kevitra mba hahavoafidy azy.

## Ilay Khalîfat Othmân dia nampirisika ireo mpanao ratsy avy amin'ireo foko "Omayyade"

Othmân dia nanome ihany koa fahefam-pitantanana an'ireo "Omayyade" tao anatin'ny faritany islamika. Izany no nahatonga ny fikorontanana nanerana ny tany islamika. Ireo olona akaiky azy dia notendreny mba hanana toerana ambony izay nifanipaka tamin'ny fanapahan-kevitr'ilay Mpaminany(s.a.s) sy Abou Bakr ary Omar. Ohatra, ilay dadatoany miaraka amin-janany, i Hakam Ibn al-'Âs sy i Marwân, dia nomeny anjara toerana lehibe kanefa izy roa ireo dia olona nozonina sy noroahin'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Hâfiz** : Azonao porofoina ve fa olom-boaozona izy ireo?

**Chîrâzî** : Misy fomba roa no ilazana fa olom-boaozona izy ireo. Allâh dia nanao an'ireo Banî Omayyat ireo ho toy ny "hazo voaozona" ao amin'ny Kor'âny masina[34]. Ny **imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî**, **al-Tabarî**, **Qourtoubî**, **al-Nishâpourî**, **al-Souyoutî, al-Shawkânî**, **al-Alousî**, **Ibn Abî Hâtim**, **al-Khatîb**, **al-Baghdadî**, **Ibn Mardawaih**, **al-Hakim**, **al-Maqrizî, al-Baihaqî**, sy ireo manam-pahaizana hafa, dia samy nitantara avy tamin'Ibn Abbâs fa ilay "hazo voaozona" voalazan'ny Kor'âny masina dia manondro an'ireo Banî Omayyat. Tao anatin'ny nofy no nahitan'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo rajako miaka-midina teo amin'ny polpitrany (izay mitaona ny olona hivoaka ny Moske).

Rehefa nahatsiaro tamin'ny torimasony ilay Mpaminany(s.a.s), dia tonga ny anjely Gabriel nitondra io andininy io sady nanazava taminy fa ireo rajako ireo dia ireo "Omayyades" izay haka tsy an-drariny ny fitondrana khilâfat avy aoriany. Ny polpitrany sy ny toeram-pivavahany dia ho eo ambany fahefan'izy ireo mandritra ny arivo volana. Ny **imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî** dia nanambara araka ny volazan'Ibn Abbâs fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanonona ny anaran'i **Hakam Ibn al-'Âs**.

[34] Kor'âny 17/60 : « **Ary raha milaza aminao Izahay fa ilay Tomponao dia mihodidina ireo olona (amin'ny alalan'ny Heriny sy ny Fahalalany). Fa raha ny fahitana izay nasehonay anao kosa, dia tsy nataonay izany raha tsy fitsapana ny olona , tahaka ilay hazo voaozona voalaza ao amin'ny Kor'any…** »

Arak'izany dia voaozona izy satria anisan'ny ao anatin'ilay "hazo voaozona".

Misy maro ireo hadith avy amin'ny bokin'ny "sunnite" izay milaza ny nahavoaozona azy ireo. **Al-Hakim al-Nisâpourî** ao amin'ny bokiny **Moustadrak** boky faha-IV, pejy 437 sy **Ibn Hajar al-Makkî** ao amin'ny **al-Sawâ'iqoul-Mouhriqat**, dia milaza an'i al-Hakim izay nitantara ny hadith avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) manao hoe: "**Marina dia marina fa ny fianakaviako dia hiely patrana ka hovonoin'ny vahoakako. Ireo Banî Omayyat (Omayyades), ireo Banî Moughrirat sy ireo Banî Makhzôum no tena fahavalonay mampahatahotra**". Ilay Mpaminany(s.a.s) dia efa nanambara mikasika an'i Marwân tamin'ity farany mbola zaza, nanao hoe: "**Ity dia tsatsaka (lézard) zanaky ny tsatsaka, voaozona zanaky ny voaozona**".

Ibn Hajar dia nitantara an'i Omar Ibn al-Khattâb ao amin'ny Mourrah al-Jihnî, al-Halabî ao amin'ny al-Sirât al-Halabiyyat boky voalohany, pejy faha-337, al-Balazhourî ao amin'ny Ansab boky fahadimy pejy faha-126, Soulaymân Balkhî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, al-Hâkim ao amin'ny Moustradak boky fahefatra pejy faha-481, al-Dâmirî ao amin'ny Hayat-oul-Haiwân boky faharoa, pejy faha-291, Ibn 'Asâkir ao amin'ny Târîkh, imâm-oul-Haram Ibn Mouhy-id-Dîne al-Tabarî ao amin'ny Zhakhâ'ir-oul-Ouqbâ sy ireo hafa dia samy nitantara araka ny voalazan'i Omar Ibn Khattâb fa i al-Hakam Ibn al-'Âs dia nangata-dàlana mba hiresaka amin'ilay Mpaminany(s.a.s). Naheno ny feony ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: "**Avelao izy hiditra. Hirotsaka aminy sy ireo taranany anie ny ozona afa-tsy ireo izay mpino, nefa ho vitsy izy ireo**".

Ny imâm **Fakhr-oud-Dîne al-Râzî** ao amin'ny bokiny fahadimin'ny **al-Tafsîr al-Kabîr**, mikasika ny andininy milaza ilay "hazo voaozona" sy ny dikany, dia nitantara ireo resak'i Aïcha tamin'i Marwân hoe: "**Allâh dia nanozona ny rainao fony ianao mbola ranon'aina; arak'izany ianao izay sombn'ainy ihany koa dia voaozon'i Allâh**".

Al-‘Allâmah al-Mas’oundî dia nanambara ao amin’ny bokiny Mourouj-ouzh-Zhahab, boky voalohany pejy faha-435 fa i Marwân Ibn al-Hakam dia voaheloka sy nataon’ilay Mpaminany(s.a.s) sesi-tany. Noroahina niala tao Madînat izy. Tsy navela niditra tao Madînat mihitsy izy nandritra ny fitondran’i Abou Bakr sy i Omar, nefa rehefa i Othmân no lasa khalîfat dia notsipahiny izany fanapahan-kehivitr’ilay Mpaminany(s.a.s) sy i Abou Bakr ary i Omar izany, ka nanome alalan’azy niditra tao Madînat. Noraisiny teo akaikiny izy sy ireo Banî Omayyat hafa rehetra ary dia nomeny tombon-tsoa manokana izy ireo.

**Nawwâb** : Iza moa izany al-Hakam Ibn al-‘Âs izany? Nahoana izy no voaroaka, nataon’ilay Mpaminany(s.a.s) sesi-tany?

**Chîrâzî** : Al-Hakam dia dadatoan’ny khalîfat Othmân. Araka ny voalazan’i Tabarî, Ibn al-Athîr sy i al-Balâzhourî ao amin’ny Ansab, boky fahadimy, pejy 17, dia mpifanila vodirindrina tamin’ilay Mpaminany(s.a.s) izy tamin’ny vanim-potoan’ny habadoana (vanim-potoana nialohan’ny Islâm). Izy dia tena nampijaly an’ilay Mpaminany(s.a.s), indrindra moa fa taorian’ny nanambaran’ity farany ny maha-Mpaminany azy. Nanaraka an’ilay Mpaminany(s.a.s) foana izy ka manaraby azy amin’ny alalan’ny fakan-tahaka izay fihetsiny. Eny fa na dia mandritra ny fotoam-pivavahana ao amin’ny salât aza dia mbola mijery ampanesoana an’ilay Mpaminany(s.a.s) hatrany izy. Noho izany, dia nozonin’ilay Mpaminany(s.a.s) izy, ka dia lasa nalemy mandrakizay sy niafara tamin’ny fahadalana. Taorian’ny fanafahan’i Makkat, dia mody niditra ho silamo izy mba ahafahany niditra tao Madînat; nefa dia mbola nitohizany ihany ny faniratsiràna an’ilay Mpaminany(s.a.s). Indray andro, raha tonga tao an-tranon’ilay Mpaminany(s.a.s) izy dia nivoaka ilay Mpaminany(s.a.s) sady niteny hoe: “**Aoka mba tsy hisy olona hangatam-pamelana amin’ny anarany. Izao dia izao, izy sy ireo zanany, Marwân sy ireo hafa, dia tsy maintsy miala eto Madînat**”. Noho izany, ireo silamo dia nandroaka azy ireo avy hatrany hiala an’i Madînat mba ho any Tâ’if. Nandritra ny fitondran’i Abou Bakr sy Omar, i Othmân dia niaro azy tamin’ny alalan’ny filazany azy fa dadatoany ka tokony havela hiverina ao Madînat. Saingy ireo silamo sakaiza no nandà izany sy nilaza fa izy dia olona

voaroaka sy voaozon'ilay Mpaminany(s.a.s), koa dia tsy navelan'izy ireo niverina izy.

Indrisy anefa fa raha vao tonga teo amin'ny fitondrana i Othmân dia nasainy niverina izy rehetra. Na dia nisy aza ny nanohitra azy mafy, i Othmân dia mbola nanome tombon-tsoa manokana an'ireo havany sy ireo namany akaiky. Notendreny ho mpanampy azy sy ho tale lefitra i Marwân. Navoriny ho eo akaikin'ny fitondrany avokoa ireo olon-dratsy avy amin'ny fokon'ireo Banî Omayyat no sady nomeny anjara toerana ambony daholo. Araka ny efa novinavinain'i Omar fa ireto olona ireto dia hahazo anjaram-bintana avy amin'ny tanan'i Othmân.

Anisan'ireo olona nomen'i Othmân anjara toerana ambony dia i Walid Ibn 'Oqbâ Ibn Abî Mou'ith izay notendreny ho governoran'i Koufa. Araka ny voatantaran'i al-Mas'oundî ao amin'ny bokiny voalohan'ny Mourouj-ouzh-Zhahab, dia nilaza momba an'i Walid ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: "**Marina dia marina fa izy dia anisan'ireo ho any amin'ny Afobe**". Izy moa dia mahavita manao fahotana mahatsiravina ampahibemaso. **Al-Mas'oundî** ao amin'ny **Mourouj-ouzh-Zhahab**, **Aboul-Fidâ** ao amn'ny bokiny **Târîkh**, **al-Souyoutî** ao amin'ny **Târîkh-oul-Khoulafâ'i**, pejy 104, **Aboul-Faraj** ao amin'ny **al-Aghânî**, boky faha-IV, pejy 128, ny **imâm Ahmad Ibn Hambal** ao amin'ny **Mousnad**, boky voalohany pejy faha-42, **Ya'qoubî** ao amin'ny **Târîkh**, boky faha-II pejy 142, toy izany koa **Ibn al-Athîr** ao amin'ny **Ousoud-oul-'Ouqbâ** boky faha-V, pejy faha-91, sy ireo hafa dia samy nanoratra fa nandritra ny nahagovernora azy tao Koufa, i Walid dia mijangajanga sy misotro toaka foana isaky ny alina. Indray maraina izy tonga tao amin'ny Moske, tao anatin'ny hamamoana tanteraka ka ny salât izay roa "**raka'ats**" dia nataony efatra "**raka'ats**" avy eo izy niteny tamin'ireo vahoakan'i Koufa ireo nanao hoe: "**Endrey, izany maraina mahafinaritra! Raha sitrakareo dia hotohizako hatrany ny salât**". Misy ireo izay nitantara fa tena nandoa mihitsy teo ambany tafo boriborin'ny tilikambon'ilay Moske[35] izy, izay nahasorena fatratra an'ireo vahoaka izany, ka nahatonga azy ireo nametraka fitoriana tamin'ny khalîfat Othmân. Izany no

[35] Antsoina amin'ny teny frantsay hoe "**Dôme**".

nanesorana an'i Walid ka nosoloina an'i Saïd Ibn Ass mba ho governoran'i Koufa.

Iray hafa anisan'ireo olona voaozona, izay malaza dia i Mou'âwiyat, izay napetraka ho governoran'i Syrie.

Rehefa fantatr'ireo silamo ny politakan'i Othmân, politika izay mifanohitra tanteraka amin'ireo fampianaran'ilay Mpaminany(s.a.s) dia romotra mafy izy ireo. Izany no nitarika azy ireo nanao fihetsika izay niafara tamin'ny loza aman'atambo tokoa. Tompon'andraikitra tamin'ny vono nahazo azy i Othmân satria tsy mba nandinika ny vokatra mety haterak'ireo asany akory izy. Nolaviny ny anatra nomen'i 'Alî(a.s) azy fa nanaiky ny ho voafitak'ireo mpidokadoka azy izy.

**Ibn Abî al-Hadîd** dia nitantara ny resaka nifanaovan'i Omar sy Ibn Abbâs ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-III, pejy faha-106, toy izao manaraka izao:

Ny khalîfat Omar dia nanamarika ny tsirairay amin'ireo enina mpikambana ao amin'ny filan-kevitra ka nanambara ny kileman'izy ireo avy. Nony tonga teo amin'ny filazana ny anaran'i Othmân, taorian'ny fisentoana in-telo, i Omar dia nilaza fa raha azon'i Othmân ny fitondrana khilâfat dia hapetrany holohalohavin'ny vahoaka ireo taranak'i Abî Mou'it (Omayyades) ireo. Amin'izay fotoana izay, ireo Arabo dia hitsangana tokoa hanohitra azy ka hamono azy**. Ibn Abî al-Hadîd** dia nanaiky izany vinavinan'i Omar izany.

Rehefa tonga khalîfat i Othmân, dia navoriny teo aminy avokoa ireo Banî Omayyat. Notendreny ho governora izy ireo, ary na dia nanapatra ny fahefana aza izy ireo dia tsy noraharahian'i Othmân akory fa navelany nanao izany hatrany. Ilay khalîfat Othmân dia tsy mba nandroaka ihany koa an'i Marwân! Ireo mpino silamo dia romotra an-katezerana noho izany, ka nikomy nanohitra azy sy niafara tamin'ny famonoana azy mihitsy izany.

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanozona an'i Abou Soufiyân sy i Mou'awiyat miaraka amin'i Yazîd zanany

Aleo araraotiko ho vakiana aminareo ilay boky tantara lehibe nosoratan'i Jarîr Tabarî, iray amin'ireo manam-pahaizanareo lehibe, izay nanoratra toy izao: « **Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nahita an'i Abou Soufiyân niantsampy teo ambonin'ampondra, ka i Mou'âwiyat no mitarika azy avy eo aloha fa i Yazîd kosa no manosika avy eo aoriana, ary hoy izy: "Voaozona anie ilay mitaingina sy ilay mitarika ary ilay manosika"** ».

Ireo manam-pahaizanareo tena malaza, toa an'i **Tabarî sy Ibn A'tham al-Koufi** dia nitsikera an'i Othmân izay tsy mba nanameloka ho faty an'i Abou Soufiyân kanefa ity farany dia nandà tanteraka ampahibemaso ny Islâm sy ny "Wahy" (hafatra avy amin'i Allâh) ary ny fisian'i Gabriel. Raha vao misy ny fanankianana miely manohitra an'i Abou Soufiyân, dia tsy mba raharahain'i Othmân akory izany.

Miangavy anareo ihany koa aho, mba hamaky ilay toriteny faha-163 ao amin'ny **Nahj-oul-Balâghat** sy ilay tantara nosoratan'**Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-II (natonta tao Ezypta), pejy faha-582, izay notsoahiny avy tao amin'ny bokin'i **Tabarî**, antsoina hoe al-Târîkh al-Kabîr, milaza toy izao: "Misy amin'ireo sakaiza sasany avy amin'ireo faritra samihafa no nanoratra taratasy maika mba hiantso ny vahoaka hanao jihâd (ady masina) hanoherana ny tsindrihazolena nasetrin'ilay tsy mataho-tody Othmân. Tamin'ny taona 34H, vahoaka maro izay nitondra fitarainana sy fitoriana an'ireo olom-pitondrana notendrin'i Othmân ireo, no tonga tamin'i 'Alî tao Madînat mba niangavy azy hanao fanelanelanana.

Ilay Khalîfat Othmân tsy nanaiky ireo anatry ny Imâm 'Alî(a.s)

Tonga tao amin'i Othmân i 'Alî ka nampitandrina azy amin'izay mety ho voka-dratsy mahatsiravina raha mbola tohizany hatrany izao politikany izao, hoy indrindra i 'Alî taminy nanao hoe: « **Ianiavako amin'i Allâh no itenenako aminao hoe: Enga anie ka tsy ianao no ilay**

**lehiben'ity firenena ity izay hovonoin'ny olona.Voalaza manko fa iray amin'ireo lehiben'ity firenena ity no hovonoina. Aorian'izany, dia hahazo vahana hatrany ireo fandripahana ain'olona sy vonomoka mandra-pahatonga ny andro farany** ».

Marwân sy ireo "Omayyades" namany anefa dia nanampin-tsofina. Vao lasa i 'Alî dia nomen'i Othmân baiko ireo mponina tao Madînat mba hivory ao amin'ny Moske. Niakatra teo amin'ny polpitra izy ka raha ny fampitoniana an'ireo mpino silamo no tokony ho nataony dia vao mainka indray izy nanampy trotraka ny hatezeram-bahoaka. Araka ny voalazan'i Omar, i Othmân dia maty novonoin'ireo mpikomy. Tsy tahaka an'i Abou Bakr sy i Omar izay samy nanaraka ireo toro hevitra avy amin'i 'Alî, i Othmân izay nitsipaka izany, hany ka nijinja ny vokany izy.

## Fizarana fahefatra

### Othmân nampikapoka tsy nisy indrafo an'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s)

Ankoatr'izany, i Othmân dia matetika manome baiko mba hikapohana an'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) izay mikomy manohitr'azy. Anisan'ireo nikomy taminy, i Abdallâh Ibn Mas'ound izay mpahay tsianjery sy mpamaky ny Kor'âny matetika, mpitahiry, mpanoratra izay mitahiry an-soratra ireo andinin-tsoratra masina nambara no sady anisan'ny lehiben'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s). Nanaja azy fatratra i Abou Bakr sy i Omar ary izy roa ireto dia nifanerasera taminy mba haka tombontsoa avy amin'ireo toro heviny. **Ibn Khaldoune** ao amin'ny boky tantarany dia milaza fa ilay khalîfat Omar Ibn al-Khattâb dia miaraka mandrakariva amin'i Abdallâh noho ity farany mahay tsianjery tanteraka ny Kor'âny ary koa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nidera azy fatratra. **Ibn Abî al-Hadîd** sy ireo hafa dia samy nanoratra toy izany avokoa.

Ireo manam-pahaizanareo dia samy nilaza fa rehefa nikasa ny hanangona ireo soratra masin'ny Kor'âny i Othmân dia nahavoangona ireo tahirin-tsoratra masina izay tsy mitovy akory ny eny amin'ireo mpitahiry

izany. Nangatahiny ihany koa ny tahirin-tsoratra tamin'i Abdallâh Ibn Mas'ound. Fa ity farany no tsy nanome izany ho azy. Noho izany dia Othmân tenany mihitsy no tonga tao aminy ka naka ankeriny ilay tahirin-tsoratra masin'ny Kor'âny. Tsy ela akory taorian'izany dia nalahelo mafy i Abdallâh raha naheno fa ilay tahirin-tsoratra masina avy taminy dia nodorana, tahaka ny nanaovana an'ireo tahirin-tsoratra hafa. Tao anatin'ny fivoriana ara-piaraha-monina sy ara-pinoana, no nitantaran'Ibn Mas'ound ireo hadith (avy tamin'i Omar) ireo izay manameloka an'i Othmân. Raha vao naheno izany i Othmân dia naniraka ireo andevony izy mba hikapoka mafy dia mafy an'Ibn Mas'ound, ka nahatonga azy ireo nandraraka mihitsy ny nifiny sy nanery azy mba hiray dia amin'izy ireo. Telo andro taty aoriana dia torana izy noho ireo ratra nahazo azy.

Ibn Abî al-Hadîd dia nitantara antspiriany ity tantara ity ao amin'ny boky voalohan'ny Sharh Nahj-oul-Balâghat (natonta tao Ezypta) pejy faha-67 sy 226. Hoy hatrany izy nanohy ny tantarany fa i Othmân dia tonga tao amin'i Abdallâh izay narary mafy nohon'ny fampijaliana natao taminy. Nifampiresaka nandritra fotoana fohy izy roa, avy eo i Othmân nitalaho taminy hoe: "**Ry Abdour-Rahmân! Mangataha famelan-keloka avy amin'i Allâh ho ahy ianao**". Namaly azy anefa i Abdallâh nanao hoe: "**Izaho hangataka amin'i Allâh mba hiarovany ireo zoko**" (izany hoe, aoka ny rariny sy ny hitsiny no hotanterahiny).

Tamin'i Abou Zharr al-Gifârî, izay sakaiza tena akaikin'ilay Mpaminany(s.a.s), nenjehina sy noroahina tao Rabdhah, dia tonga nitsidika azy i Abdallâh. Vokatr'izany dia nosaziana tamin'ny alalan'ny fikapohana in'efa-polo karavasy i Abdallâh. Izany no nahatonga azy namepetra mafy tamin'i Ammar Ibn Yassir fa tsy azon'i Othmân atao ny mivavaka ho an'ny fatiny. Nanaiky izany i Ammar Ibn Yassir koa rehefa maty i Abdallâh dia izy no nitarika ny fivavahana ho an'ilay maty, niaraka tamin'ireo sakaiza sasantsasany. Naheno izany i Othmân dia lasa izy nankany amin'ny fasan'i Abdallâh ary nanontany an'i Ammar fa nahoana izy no tsy nampilazaina tamin'ny fotoam-pivavahana ho an'ilay maty. Namaly azy i Ammar fa voatery nanao izany satria izany no hafatr'i Abdallâh.

## Ammar nokapohina araka ny baikon'i Othmân

Ohatra iray hafa amin'ny halozan'i Othmân dia ny herisetra izay nampihariny tamin'i Ammar Ibn Yassir. Ireo manam-pahaizana ao amin'ireo antokom-pinoantsika roa tonta dia samy nitovy hevitra tamin'ny filazana fa rehefa nihanahery vaika ny tsindrihazolena nataon'ireo "Omayyades" ireo dia nampitondra taratasy ho an'i Othmân ny sasany tamin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) mba hiangavy azy hampitony ny raharaha. Nolazain'izy ireo taminy fa raha mbola tohanany hatrany ireo governora lozan-tany ireo dia tsy vitan'ny hanimba ny Islâm izy fa hijinja ihany koa ny voka-dratsy haterak'izany.

Niangavian'izy ireo i Ammar Ibn Yassir mba hitondra izany taratasy izany ho any amin'ny khalîfat satria ny tenan' i Othmân mihitsy no niaiky ny fahadiovam-pon'i Ammar. Izy ireo dia matetika maheno an'i Othmân nitantara an'ilay Mpaminany(s.a.s) izay niteny fa **ny finoana dia miaraka amin'ny nofo sy ràn'i Ammar Ibn Yassir**. Noho izany dia nentin'i Ammar tany amin'i Othmân ilay taratasy. Tamin'ny fahatongavany dia nanontany azy i Othmân hoe: "**Mila ahy ve ianao?**" Namaly i Ammar hoe: "**Tsy dia izaho loatra no mila anao, fa ireo andian-tsakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo no milaza ato amin'ity taratasy ity ireo soson-kevitra sy anatra ho fiarovana anao**".

Izy ireo dia nampitondra ahy azy ity ho anao. Rehefa avy namaky an-dàlana vitsivitsy i Othmân dia natsipiny teo amin'ny tany ilay taratasy. Ary hoy i Ammar taminy: "**Tsy mahasoa anao izao fihetsika ataonao izao. Taratasy izay avy tamin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) Irak'i Allâh dia mila fanajana. Fa nahoana no natsipinao amin-tany izany? Ny tokony ho nataonao dia ny famakianao sy ny famalianao azy". "Mandainga ianao!"** hoy i Othmân niteny mafy, ary nanome baiko ireo andevony izy mba hikapoka an'i Ammar, fa ny tenan'i Othmân mihitsy no voalohany nadaka azy teo ambavafony. Potraka tsy nahatsiaro tena izy; ireo havany no nibata azy nankany ao amin'ilay Renin'ilay mpino antsoina hoe Oumm Salma (iray amin'ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s)). Nanomboka ny mitatao vovonana ka hatrany amin'ny misasak'alina izy dia torana tsy nahatsiaro tena tanteraka.

Ireo fokon'i Houdhail sy ny Banî Makhzoum no nitolona nanohitra an'i Othmân nohon'ny haratsiam-panahiny nampihariny tamin'i Abdallâh Ibn Mas'ound sy i Ammâr Ibn Yâssir.

Othmân dia nampiseho toetra tsy mifaditrovana ihany koa tamin'i Jandab Ibn Jounada, izay fantatra amin'ny anarana hoe Abou Zharr Ghiffârî, lehilahy iray avara-pianarana sy sakaiza akaikin'ilay Mpaminany(s.a.s). Ireo mpahay tantara ao amin'ireo antokom-pinoana roa tonta dia samy nitantara fa ity anti-dahy 90 taona ity dia noroahina tao amin'ny tanàna iray nankany amin'ny tanàna iray hafa, tamin'ny fomba tsy rariny sy manala baraka, avy tao Madînat noroahina nankany Syrie, avy eo tao Syrie dia noroahina niverina tao Madînat indray ary avy tao Madînat nankany an-tany efitr'i Rabdhah. Voatery nitaingina rameva tsy nisy lasely izy sy ny zanany vavy tokana. Tra-pahasahiranana sy fahantrana tanteraka izy tao Rabdhah.

Ireo manam-pahaizanareo sy mpahay tantara malaza, anisan'izany **Ibn Sa'ad** ao amin'ny bokiny **Tabaqât**, boky faha-IV, pejy faha-168, **al-Boukharî** ao amin'ny **Sahîh**, **Kitâb-oul-Zakât**, **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny bokiny voalohan'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghah**, pejy faha-240 sy boky faha-II, pejy 375-87, **al-Ya'qoubî** ao amin'ny faharoan'ny boky tantara nosoratany, pejy 148, ilay mpitahiry lovan-tsofina fanta-daza sy mpahay tantara tamin'ny taon-jato fahefatra, **Aboul-Hassan Ibn Houssein al-Mas'oundî** ao amin'ny boky voalohan'ny **Mourouj-ouzh-Zhahab**, pejy 438 sy ireo hafa maro dia samy nitantara avokoa ny halozan'i Othmân. Notantaraina mazava tsara tamin'ny fo madio tokoa, nanao ahoana ny nampijaliany an'i Abou Zharr izay olona notiavin'ilay Mpaminany(s.a.s), sy nanao ahoana ny nanasaziany an'i **Abdallâh Ibn Mas'ound**, ilay hâfiz sy mpitahiry ny tenin'i Allâh, tamin'ny alalan'ny kapoka karavasy efapolo nohon'ny antony tsotra nitsidika nanao veloma farany an'i Abou Zharr al-Ghifârî. Ny fihetsika tahak'izany dia nampiharina tamin'i 'Alî noho ireo antony mitovy amin'izany hatrany.

**Hâfiz** : Raha nampahoriana toy izany tokoa i Abou Zharr, dia nohon'ny antony avy amin'ireo manam-pahefana ratsy ireo no nahatonga

izany, fa ilay khalîfat Othmân kosa dia olona mahatehotia sy tsotra, ary inoana fa tsy mahafantatra akory izany trangan-javatra izany.

**Chîrâzî** : Ireo porofonareo miaro an'ilay khalîfat Othmân dia mifanohitra amin'ireo zava-nisy marina. Ny habibiana nampiharina tamin'i Abou Zharr dia baiko avy amin'i Othmân. Ampy ho porofon'izany ny famakianareo ny bokin'ireo manam-pahaizanareo ireo ihany. Azonareo vakiana ohatra ny boky voaloaha'ny **al-Nihâyat** nosoratan'**Ibn al-Athîr** sy ny boky voalohan'ny **Tarîkh al-Ya'qoubî** nosoratany, ao amin'ny pejy faha-241 ary ny boky **Sharh Nahj-oul-Balâghat** nosoratan'**Ibn Abî al-Hadîd**. Ireto manam-pahaizana ireto dia namoaka ampahibemaso ny taratasin'i Othmân ho an'i Mou'âwiyat ao anatin'ireo bokin'izy ireo avy. Rehefa nandefa tatitra feno hasomparana an'i bou Zharr avy tao Syrie i Mou'âwiyat dia namaly azy i Othmân nanao hoe: "**Asaivo mandeha amin'ny rameva iray tsy misy lasely i Jandab (Abou Zharr), izy irery, miaraka amin'ny lehilahy iray tsy mifaditrovana hitarika azy mandritra ny andro sy ny alina**". Nony tonga tao Madînat i Abou Zharr dia hita fa naratra mafy sy nandeha rà ireo tongony.

Eo anatrehan'izany aza anefa, ireo manam-pahaizanareo dia mitantara hadith mazava tsara ihany koa fa i Abou Zharr araka ny voalazan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tokony ho tiavin'ny olon-drehetra. **Hâfiz Abou Na'im al-Isfahânî** ao amin'ny **Hilyat-oul-Awliyâ** boky voalohany, pejy 172, **Ibn Maja Qazwinî** ao amin'ny **Sounan**, boky voalohany, pejy 66, **Cheikh Soulaymân Balkhi al-Châfi'î** ao amin'ny boky **Yanâbi'oul-Mawaddat** toko faha-59 (*mitantara ilay fahadimin'ireo hadith miisa efapolo tsy azo lavina voarakitra ao amin'ny boky* ***al-Sawâ'iq al-Mouhriqat*** *nosoratan'****Ibn Hajar al-Makkî*** *izay naka izany avy tamin'i* ***Tirmizhî*** *sy* ***al-Hâkim****, izay hadith notantarain'i Bouraida, henony avy tamin'ny rainy*), **Ibn Hajar al-'Asqalânî** ao amin'ny **Isâbah** boky faha-III, pejy faha-455, **Tirmizhî** ao amin'ny **Sahîh**, boky faha-II, pejy faha-213, **Ibn Abdil-Birr** ao amin'ny **Istî'âb**, boky faha-II, pejy faha-557, **al-Hâkim** ao amin'ny **Moutadrak**, boky faha-III, pejy faha-130 ary **al-Souyoutî** ao amin'ny **al-Jâm'ous-Saghîr**, dia samy nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:

« **Allâh dia nandidy ahy mba hitia olona miisa efatra sady nambarany ahy fa Izy dia mitia azy ireo ihany koa** ». Nanontany ireo sakaizany nanao hoe: « **Ry Irak'i Allâh! Ampahafantaro anay ny anaran'izy ireo** ». Namaly ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: « **Tsy iza izy ireo fa i 'Alî, Abou Zharr, i Miqdâd ary i Salmân** ».

Koa rariny ve raha ireto olona izay notiavin'i Allâh ireto no nampijaliana amin'ny fomba feno habibiana toy izany no sady mbola lazaina lainga ihany koa fa izy ireo dia nomena fanajana?

**Hâfiz** : Ireo mpahay tantara anie milaza fa io Abou Zharr io dia olona mpikomy. Izy dia nikasa hanangana fanafihana mahery vaika tao Syrie ho tombon-tsoan'i 'Alî; nitaona an'ireo vahoakan' Syrie izy mba hanatevin-daharana hanohana an'i 'Alî sady nilaza ny tenany izy ho naheno an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny fa i 'Alî no khalîfat mpandimby Azy. Noho izy nilaza ireo khalîfat hafa ho mpisazoka ny fahefana sy nanambara fa i 'Alî no khalîfat ara-dalàna voatendrin'i Allâh, no nahatonga an'ilay khalîfat Othmân tsy maintsy nampiala azy tao Syrie mba hisorohana ny fisian'ny fikomiana sy ny korontana. Raha olona iray no mikasa hampisy korontana eo amin'ny samy vahoaka dia adidin'ny khalîfat ny manaisotra azy tsy ho ao anatin'ilay faritra.

**Chîrâzî** : Fa raha ny olona iray no mitaky ny fahamarinana, dia mba rariny ve ny fampijaliana sy fandroahana azy noho izany fitakiany izany? Ny Islâm ve dia manome alalana amin'ny fanerena tsy misy indrafo ireo olona antitra mba hitaingina rameva mahia tsy misy lasely, ka hotarihin'ny andevo iray tsy mifaditrovana, entiny mandeha tsy ankijanona, mandra-pahatongavana any amin'ny toerana aleha ao anatin'ny fijaliana sy ratra? Moa ve tahak'izany no fomba fanehoam-pitiavana? Ankoatr'izany, raha i Othmân no maniry ny hitazona ny firaisan-kina sy hiaro ny fandriam-pahalemana dia nahoana no tsy noroahiny ireo "Omayyades" tsy mpino ireo toa an'i Marwân izay efa voaozona sy voaroakan'ilay Mpaminany(s.a.s) sy toa an'ilay mpanohitra ny finoana, i Walid izay manao fahotana ampahibemaso mitarika salât ao anatin'ny hamamoana tanteraka ka mandoa eo ambany tafo boriborin'ny

tilikambon'ilay Moske[36]? Nahoana no tsy noroahiny ireo mpanao politika ratsy ao amin'ny fitondrany ireo, ireo olona izay nampahory an'ireo mpino silamo ka nahatonga azy ireo nikomy sy namono olona?

**Hâfiz** : Ahoana no ahafahanao manaporofo fa i Abou Zharr dia milaza ny marina? Ahoana no ahafantaranao fa ny resaka nolazainy dia niainga avy amin'ny loharanom-pahalalana azo antoka ka tsy mba namorona hadith akory izy amin'ny anaran'ilay Mpaminany(s.a.s)?

**Chîrâzî** : Izany tokoa no fiheveranay satria na dia ilay Mpaminany(s.a.s) aza dia nijoro vavoombelona amin'ny fahamarinan'i Abou Zharr. Ireo manam-pahaizanareo ihany no nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza nanao hoe:

« **Eo amin'ny vahoakako, i Abou Zharr dia tahakan'i Jesosy teo amin'ireo vahoakan'Israely, mikasika ny fahamarinany sy ny fitiavam-bavaka ary ny fananam-pinoana** »

Izany no nahatonga an'**Ibn Abd-oul-Birr** ao amin'ny **Isti'ab**, boky voalohany, toko mitondra lohateny hoe "**Joundab**", pejy faha-84, sy i **Tirmizhî** ao amin'ny **Sahîh** boky faha-II pejy faha-221, sy **al-Hâkim** ao amin'ny **Moustadrak** boky faha-II, pejy faha-342, sy **Ibn Hajar** ao amin'ny **Isâbah** boky faha-III, pejy faha-622, **Mouttaqî Hindî** ao amin'ny **Kanz-oul-Oummal**, boky faha-VI, pejy faha-169, sy ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny faharoa **Mousnad** pejy faha-163 sy 175, sy **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** boky voalohany, pejy faha-241, sy i **Hâfiz Abou Na'im al-Isfahânî** ao amin'ny **Hilyat-oul-Awliyâ** ary ilay mpanoratry ny boky **Lisân-oul-'Arab**, dia samy nitantara arak'ireo loharanom-boky samihafa fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza nanao hoe:

« **Tsy misy eto an-tany na any an-danitra olona iray tena azo antoka toa an'i Abou Zharr** ».

---

[36] Antsoina amin'ny teny frantsay hoe "**Dôme**".

Koa raha ilay Irak'i Allâh no manamarina ny fahendren'ny olona iray, dia afaka mahatoky isika fa izany olona izany dia olo-marina tokoa. Allâh rahateo dia tsy hilaza fa mitia olona iray raha toa ka izany olona izany dia olona mpandainga. Raha nandainga i Abou Zharr dia tsy ho indray mandeha fotsiny no nanao izany, ary ireo manam-pahaizana tranainy ao amin'ny antokom-pinoanareo dia tsy maintsy ho nanambara izany sahala amin'ny nitantaran'izy ireo mikasika an'i Abou Houraïrat sy ireo hafa!

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nijoro vavolombelona amin'ny fahamatorany sy naminany ihany koa fa izy dia hampahoriana. **Al-Hâfiz Abou Na'im al-Isfahânî** ao amin'ny bokiny **Hilyat-oul-Awliyâ** voalohany, pejy 162 arak'ireo loharanom-bokiny ihany fa i Abou Zharr dia nilaza ho nijoro teo anatrehan'ilay Mpaminany(s.a.s) raha ity farany no niteny taminy nanao hoe: "**Ianao dia olona manam-pinoana. Fotoana fohy aorian'ny fahafatesako, ianao dia hisedra fahoriana**". Nanontany i Abou Zharr hoe: "**Ao anatin'ny làlan'i Allâh ihany ve?**" Namaly ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: "**Eny, ao anatin'ny làlan'i Allâh!**" Avy eo hoy i Abou Zharr: "**Hitako ela ny hahatongavan'ny fotoana hanatanterako izany adidy masina izany**". Koa tsy isalasalana, fa ilay fijaliana izay niaretan'ity sakaiza henin-kaja (Abou Zharr) ity tany an'efitra nohon'ny baikon'i Othmân sy ireo Banî Omayyat ireo, no ilay fahoriana nambaran'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'ny faminaniany nialohan'izay taona vitsivitsy izay.

<u>Mihatra amin'i Abou Zharr ilay hadith hoe: "Ireo sakaiza rehetra dia tahak'ireo kintana..."</u>

Ankoatr'izany dia manontany tena aho fa nahoana ianareo no mamoaka hevitra misy fifanoherana! Amin'ny lafiny iray, ianareo dia miresaka momba ilay hadith nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) manao hoe: "**Ireo sakaizako rehetra dia tahak'ireo kintana; ka ny fanarahana iray amin'izy ireo dia hahavonjy anareo**". Etsy ankilany, rehefa ny iray amin'ireo sakaiza henin-kajan'ilay Mpaminany(s.a.s) no misy mampijaly sy mamono ao anatin'ny fahoriana dia arovanareo indray ny olon-dratsy! Koa ny tsy maintsy ataonareo dia na hitsipaka ny fitantaran'ireo manam-

pahaizanareo na hanaiky fa ireo toetoetra voalaza ao amin'ilay andinin-tsoratra masina izay noresahintsika dia tsy mihatra velively akory amin'ireo izay nanao herisetra tamin'ireo sakaiza malalan'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Hâfiz** : Abou Zharr ange nisafidy ny nandeha tany Rabdhah araka ny sitrapony e!

**Chîrâzî** : Ireo tantara tahak'izany dia taratr'ireo fiezahan'ny manam-pahaizanareo manana saina maloto mba hanafina ny haratsiam-panahin'ireo zokin'izy ireo. Fantatry ny rehetra fa i Abou Zharr dia noroahina an-keriny ho any Rabdhah. Ho porofon'izany, dia ferako ny tantara amin'ny fitantaran'i Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, boky faha-V, pejy faha-156 sy ny fitantaran'Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahj-oul-Balâghah, boky voalohany, pejy 241 toy izao manaraka izao: Nisy nanontany an'i Abou Zharr mikasika ny fandehanany nankany Rabdhah. Nambarany fa izy dia noroahina an-keriny ho any an'efitra. Ary hoy izy nanohy ny fanambarany nanao hoe: **"*Ilay Mpaminany(s.a.s) dia efa nanambara tamiko izao zavatra izao*"**.

Indray andro, natory tao amin'ny Moske aho. Tonga namoha ahy ilay Mpaminany(s.a.s) sy nanontany ny antony natoriako tao amin'ny Moske. Nolazaiko taminy fa renoka torimaso tsy nahy aho. Nanontany ahy Izy amin'izay hataoko rehefa voaroaka miala amin'ny tanànan'i Madînat. Ho any amin'ny tanàna masin'i Syrie aho, hoy ny navaliko Azy. Nanontany ahy Izy amin'izay hataoko raha mbola voaroaka ihany koa ao amin'izany tanàna izany. Nolazaiko taminy fa hiverina ho ato amin'ity Moske ity aho. Raha mbola voaroaka ato aho dia inona no hataoko hoy hatrany Izy nanontany ahy.

Namaly Azy àry aho fa ho ranitiko ny sabatro ka hiady aho. Nanontany ahy Izy raha afaka ny hilaza amiko izay hahazoako tombon-tsoa kokoa. Nanaiky Azy aho ka hoy Izy tamiko: "***Mankanesa any amin'ny toerana izay hitondran'izy ireo anao***". Arak'izany dia nihaino ny teniny sy nankato Azy aho. Nanohy ny teniny ihany i Abou Zharr nanao hoe: "**Mianiana amin'i Allâh aho, fa rehefa tonga eo anatrehan'i**

**Allâh i Othmân, dia ho tsaraina izy nohon'ny zavatra nataony tamiko**".

Ny hatsaram-panahy sy famindram-pon'i 'Alî Ibn Abî Tâlib

Raha mba mandinika ireo zava-niseho amin'ny fo madio ianareo, dia hanaiky ianareo fa i 'Alî(a.s) no manana ireo toetoetra mikasika ny fananam-pinoana sy hatsaram-panahy ambony faran-tampony. Ireo mpahay tantara rehetra, anisan'izy ireo Ibn Abî al-Hadîd, dia samy nitantara fa rehefa i 'Alî(a.s) no tonga eo amin'ny fitondrana (khilâfat) dia hamongotra hatramin'ny fakany ireo fomba tsy mety sy ny famoronana fomba vaovao izay nomena vahana. Horoahiny ireo manam-pahefana avy amin'ny foko Banî Omayyat izay nanao ny tsy rariny tamin'ireo faritra maro nandritra ny fitondran'ny khalîfat Othmân. Ireo mpanao politika tia tena dia nanome hevitra azy mba hanafay mafy ireo manam-pahefana mpankahala finoana ireo, rehefa tafajoro tsara eo amin'ny fitondrana izy aty aoriana, nefa hoy ny navalin'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'izy ireo hoe:

"***Mianiana amin'i Allâh aho fa tsy avelako hahazo vahana akory ireo fitaka tahak'izany. Ianareo moa dia miangavy mafy nohon'ny fampiasako ireo fepetra feno fampihavanana miaraka amin'izy ireo, nefa tsy hainareo fa indray andro any izy ireo dia hitoetra eo amin'ny fitondram-panjakana mba hampiseho amiko, ny mbola hanaovan'izy ireo ny herim-pamoretanaa sy ireny fanevatevana ireny hatrany izay tsy maintsy ho valiako izany any amin'ny andro fitsarana. Fa izaho dia tsy afaka hamela ny tsy rariny toy izany***".

Ny fanonganana an'ireo manam-pahefana ambony "omayyades" dia niteraka lonilony teo amin'ireo mpitsiriritra fahefana toa an'i Mou'âwiyat ka nahatonga azy nanomana tafika mba hiatrika ireo adin'i Jamâl sy i Siffin. Raha i Talhah sy Zoubayr no notendrena ho governora, dia tsy mba niray tsikombakomba tao Bassora izy ireo no sady mba nanao izay azon'izy ireo natao tsy hampisy ilay adin'ny Rameva.

Ny hatsaram-panahy sy ny famindram-pony dia niantefa tamin'ireo sakaizany ka hatrany amin'ireo fahavalony. Koa na dia nankahala azy

fatratra aza i Othmân (mihoatra ny fankahalany an'i Abou Bakr sy Omar), rehefa nametraka sakana teo amin'ny lapany ireo mpikomy, nanao azy fahirano tsy hahita rano sy sakafo dia niantso an'i 'Alî(a.s) izy mba hamonjy azy. Nirahin'i 'Alî(a.s) ireo zanany roalahy i Hassan(a.s) sy Houssein(a.s) mba hitondra rano sy mofo ho azy. **Ibn Abî al-Hadîd** dia nitantara ity tranga ity antsipiriany ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**. Ilay khalîfat Othmân dia nalaza tamin'ny hatsaram-panahy sy fitiavana tamin'ireo olona havany ihany, toa ny nataony tamin'i Abou Soufiyân, sy al-Hakam Ibn Abî al-'Âs ary i Marwan Ibn al-Hakam. Izy dia nizara tamin'izy ireo vola sy fanomezana maro tsy nahazoan-dàlana avy tao amin'ny volam-bahoaka. Mifanohitra amin'izany kosa ilay "Lehiben'ireo Mpino", i 'Alî(a.s) dia tsy mba nanome na inona na inona tamin'ireo havany akaiky afa-tsy izay tokony ho anjaran'izy ireo ihany.

Ohatra amin'izany, indray andro ilay zokiny antsoina hoe 'Aqîl no tonga nitsidika azy sy nangataka taminy mba homena vola mihoatra amin'izay anjara omena azy mahazatra, fa tsy mba niraharaha na dia kely akory tamin'izany fangatahany izany anefa i 'Alî rahalahiny. Niangavy azy mafy i 'Aqîl ka nilaza taminy fa amin'ny maha-khalîfat azy dia manana fahefana amin'ny rehetra, noho izany dia tokony hankasitrahana ireo fangatahany. Mba hampitandremana an'ity zokiny ity, i 'Alî(a.s) dia nandoro tapa-by iray antsokosoko avy eo dia napetrany teo akaikin'i 'Aqîl izany. Nitoreo mafy ity farany, natahotra ny ho may. Ary hoy i 'Alî taminy hoe: "***Ry 'Aqîl! Ianao dia nitoreo mafy tokoa raha vao nampanatonina anao ilay vy mahamay nafain'olona; nefa ianao manosika ahy ho any amin'ny afo izay noharian'i Allâh nohon'ny hatezerany. Koa moa ve mba rariny raha ianao no mitady fiarovana amin'ity zavatra tsy dia manao ahoana akory ity, fa izaho kosa dia tsy mba hiaro ny tenako amin'ny afon'ilay Afobe?***"

Eny fa na dia taorian'ny nandreseny ireo fahavalony aza i 'Alî(a.s) dia mbola nihantra azy ireo ihany. Marwân ilay voaozona, zanak'ilay voaozona al-Hakam no tena fahavalo nifantan'i 'Alî(a.s). Nefa raha hitany vao tsy nahetsika intsony i Marwân tamin'ny adin'i Jamâl dia namindrafo taminy i 'Alî(a.s). Abdoullâh Ibn Zoubayr dia tena fahavalon'i 'Alî(a.s) iray hafa ihany koa. Mpaniratsira an'i 'Alî(a.s) ampahibemaso izy tao Bassora.

Rehefa i Abdoullâh no namaky ny hafatr'i 'Alî(a.s) teo anatrehan'ny vahoaka, dia hoy izy: "Tena marina fa i 'Alî Ibn Abî Tâlib dia olona tsy mahay, olon-dratsy sy kahihitra". (*Mifona Aminao ry Allâh*). Nefa rehefa nahazo ny fandresena tamin'ny adin'i Jamâl ilay Imâm(a.s) ka nentina nobaboina teo anatrehany i Abdoullâh dia tsy mba nanala-baraka azy na nampiseho haratsiam-panahy taminy akory i 'Alî(a.s). Vao mainka aza i 'Alî(a.s) tsy nanatrika no sady namindrafo azy.

Ny ohatra tsara ho fakan-tahaka mikasika ny fangoraham-pony dia ilay toetra nasehony tamin'i Aïcha. Ny fomba ratsy sy ny faniratsirana nataon'i Aïcha taminy dia tena nahatolagaga sy nampisafoaka ny maro tokoa. Nefa rehefa naharesy azy i 'Alî(a.s) dia nanehoany toetra mendrika hatrany. Notendren'i 'Alî(a.s) i Mouhammad Ibn Abî Bakr anadahin'i Aïcha mba hikarakara tsara ny anabaviny. Nomeny baiko ireo vehivavy miisa roapolo hanao endrika toy ny lehilahy amin'ny alalan'ny fitafiana mahabe tratra ka nalefany niaro an'i Aïcha teny an-dàlana mandra-pahatongavany tany Madînat. Nony tonga tao Madînat izy dia naneho fankasitrahana tamin'ireo vehivavy sy ireo vady navelan'ilay Mpaminany(s.a.s). Nolazainy tamin'izy ireo fa izy dia tsy hankasitraka velively an"i 'Alî(a.s). Niaiky anefa izy fa na dia teo aza ireo haratsian-toetra nampihariny tamin'i 'Alî(a.s) sy ireo fanankorotanana ny fiaraha-monina nataony dia tsy mba nanao teny nanala-baraka azy akory i 'Alî(a.s). Zavatra iray ihany no mba nampitaraina azy dia noho i 'Alî(a.s) izay nandefa azy tany Madînat niaraka tamin'ireo lehilahy niaro azy teny an-dàlana. Naheno izany ireo vehivavy niara-dia taminy ireo dia nanaisotra ireo fitafian-dehilahy teny an-kodiny avy. Tamin'izay fotoana izay dia fantatra fa natao io tetika io mba hiarovana ny fananan'izy ireo amin'ny fanafihan'ireo jiolahy eny an-dàlana.

Ohatra iray hafa maneho ny fangoraham-pony dia ny fomba nitondrany an'i Mou'âwiyat nandritra ny adin'i Siffin. Miaramilan'i Mou'âwiyat miisa 12 000 no nanao fahirano ny miaramilan'i 'Alî(a.s) mba tsy hihazo ny reniranon'i Eofrata. Rehefa fantatr'ireo miaramilan'i 'Alî(a.s) fa voasakana tsy hahazo ilay rano nokendreny izy ireo, dia nandefa hafatra tamin'i Mou'âwiyat i 'Alî(a.s) mba hibaiko azy tsy hanakana azy ireo hihazo an'ilay renirano. Namaly anefa i Mou'âwiyat fa hosakanany

amin'izany izy ireo. Nirahin'i 'Alî(a.s) noho izany i Mâlik Ashtar mba hitarika antokon-tafika iray. Naharesy tosika an'ireo miaramilan'i Mou'âwiyat izy ireo ka nilamina ny fahazoana nanakaiky ilay renirano. Niteny tamin'i 'Alî(a.s) ireo sakaizany hoe: "**Ry 'Alî(a.s)! Ndao isika hanao valifaty ka tsy avelantsika indray izy ireo hahazo an'ity renirano ity amin'izay ireo matin'ny hetaheta dia ho azontsika ny fandresena**". Namaly anefa i 'Alî(a.s) niteny hoe: "**Tsia! Mianiana amin'i Allâh aho fa tsy mba hanao valifaty nohon'ny nataon'izy ireo. Avelao ny ekipan'izy ireo hihazo an'i Eofrata**".

Ireo manam-pahaizanareo toa an'i Tabarî ao amin'ny bokiny Târîkh, sy Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahj-oul-Balâghah, sy i Soulaymân Balkhî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat toko faha-51, sy al-Mas'oundî ao amin'ny Mourouj-ouzh-Zhahab sy ireo mpahay tantara hafa dia samy nitantara antsipiriany ny herim-pon'i 'Alî(a.s). Azonareo atao tsara ny mandinika ireo tantara ireo, avy eo vao manapa-kevitra amin'iza no tokoa no tokony hiantefan'ilay andininy milaza hoe: "**...Fa malemy fanahy eo anatrehan'izy samy izy ireo**"[37].

Ity andininy ity miresaka an'i Mouhammad, ilay Mpaminany(s.a.s) Irak'i Allâh, ary ny manaraka dia miresaka momba ireo toetoetrany. Ireo toetoetra ireo dia manambara olona iray ihany. Miaraka amin'ilay Mpaminany(s.a.s), mafana fo amin'ny fanoherana an'ireo tsy mpino jentilisa mandritra ny ady mifamono sy ady hevitra, malemy fanahy amin'ireo namany sy ireo fahavalony, ireto toetoetra ireto dia manondro an'ilay olona tsy namela irery mihitsy an'ilay Mpaminany(s.a.s) no sady tsy mba nieritreritra ny hanao izany velively. Tsy iza izany olona izany fa i 'Alî Ibn Abî Tâlib(a.s). Efa nolazaiko tany aloha moa fa ilay manam-pahaizana lehibe, i **Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î** dia nanoratra ao amin'ny bokiny **Kifâyat-out-Tâlib** fa ao amin'io andininy io i Allâh dia midera an'i 'Alî(a.s).

---

[37] Kor'âny 48/29 : مُحَمَّدٌ رَسُولُ اللَّهِ وَالَّذِينَ مَعَهُ أَشِدَّاءُ عَلَى الْكُفَّارِ رُحَمَاءُ بَيْنَهُمْ « Mohammad dia Irak'i Allâh ary ireo izay miaraka Aminy dia mafana fo manohitra an'ireo jentilisa fa malemy fanahy eo anatrehan'izy samy izy ireo »

**Cheikh** : Azo valiana amin'ny fomba maro izany fanazavanao izany, satria diso tanteraka ny famakafakanao an'io andininy io. Ilay fehezanteny hoe **"...Ary ireo izay miaraka Aminy..."** dia manondro olona maro ka tsy azo ilazana olona iray fotsiny. Raha toa ka manondro olona iray ihany ireo toetoetra voalazan'io andininy io, dia nahoana ireo teny mpisolo anarana ireo no manondro olona maro?

**Chîrâzî** : Nilaza ianao teo fa manana valinteny maro azonao hambara mikasika ireo fanazavako ireo. Raha izany no marina dia nahoana no tsy nolazainao avokoa izany? Ny fahanginanao dia manaporofo fa tsy manana valinteny maro akory ianao hamaliana ahy. Faharoa manaraka izany, dia diso ny tsikera nataonao teo. Fantatrao tsara fa amin'ny fiteny arabo sahala amin'ireo fiteny hafa rehetra, matetika ny teny mpisolo anarana maro dia ampiasaina manondro olona tokana ho mariky ny fanajana. Maro ny ohatra tahak'izany, hita ao amin'ny Kor'âny masina, toy ny voalazan'ilay andininy manao hoe :

« **Eny, tsy misy tompom-pahefana eo aminareo afa-tsy i Allâh sy ilay Irany ary ireo izay mino, manatanteraka ny vavaka fanompoana (salât) sady manome ny harena fiantrana (zakât) eo ampiondrehana (manao roukou)** »[38]

Io andininy io dia malaza eken'ny be sy ny maro fa manondro an'i 'Alî(a.s). Ireo mpanao tafsîr sy mpitahiry lovan-tsofina toa an'ny **imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî** ao amin'ny **al-Tafsîr al-Kabîr**, boky faha-III, pejy faha-431, ny **imâm Abou Is'hâq al-Tha'labî** ao amin'ny bokiny **Kashf-oul-Bayân**, i **Jâroullâh al-Zamakhsharî** ao amin'ny **Tafsîr al-Kashshâf** boky voalohany, pejy faha-422, **al-Tabarî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr** faha-VI, pejy faha-186, **Aboul-Hassan al-Rammânî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr**, **Ibn Hawâzin al-Nisâpourî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr**, **Ibn Sa'doun al-Qourtoubî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr** faha-VI pejy faha-221, **al-Hâfiz al-Nasafî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr**, pejy faha-496 (voasoratra ao amin'ny sisin'ny takelaky ny bokin'ny **Tafsîr** nosoratan'i **Khâzin Baghdâd**), **al-Fâdhil al-Nisâpourî** ao amin'ny **Gharâ'ib-oul-Qour'ân**,

---

[38] Kor'âny 5/55

boky voalohany, pejy faha-461, **Aboul-Hassan al-Wâhidî** ao amin'ny **As'bâb-oun-Nouzoul**, pejy faha-148, **al-Hâfiz Abou Bakr al-Jassâs** ao amin'ny boky **Tafsîr Ahkâm-oul-Qour'ân** pejy faha-542, **al-Hâfiz Abou Bakr Chîrâzî** ao amin'ny boky "**Mâ Nazala Min-al-Qour'ân fî Amîr-oul-Mou'minîne 'Alî**", **Abou Yousouf Cheikh Abd-ous-Salâm al-Qazwînî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr al-Kabîr**, **al-Qâdhî Baidhâwî** ao amin'ny **Anwâr-oul-Tanzîl**, boky voalohany, pejy faha-345, **Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî** ao amin'ny **al-Dourr-oul-Manthour** boky faha-II pejy faha-239, **al-Qâdhî Shawkânî** ao amin'ny boky **Tafsîr Fat'houl-Ghadîr**, **Sayyed Mouhammad al-Alousî** ao amin'ny bokiny faharoan'ny **Tafsîr (Rouh al-Ma'ânî)**, pejy faha-329, **al-Hâfiz Ibn Abî Chaïbah al-Koufî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr**, **Aboul-Barakât** ao amin'ny bokiny **Tafsîr** voalohany pejy faha-496, **al-Hâfiz Baghawî** ao amin'ny **Ma'âlim-out-Tanzîl**, ny **imâm Abou Abdour-Rahmân al-Nisâ'î** ao amin'ny bokiny **Sahîh**, **Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î** ao amin'ny **Matâlib-ous-Sou'oul** pejy faha-31, **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** boky faha-III pejy faha-375, **Khâzin 'Alâ-oud-Dîne al-Baghdâdî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr** boky voalohany, pejy faha-496, **al-Hâfiz Soulaymân al-Hanafî al-Qandouzî** ao amin'ny **Yanâbi'oul-Mawaddat** pejy faha-212, **al-Hâfiz Abou Bakr al-Baihaqî** ao amin'ny bokiny **al-Mousannaf**, **Razîn al-'Abdarî** ao amin'ny **al-Jam'ou Bayn al-Sihâh al-Sittah**, **Ibn 'Asâkir al-Damashqî** ao amin'ny **Târîkh ash-Shâm**, **Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin'ny **Tazhkirat** pejy faha-9, **al-Qâdhî Adhoud-al-'ijî** ao amin'ny **Mawâqif**, pejy faha-276, **Sayyed al-Charîf al-Jourjânî** ao amin'ny **Sharh al-Mawâqif**, **Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî** ao amin'ny **al-Fousoul-oul-Mouhimmat**, pejy faha-123, **al-Hâfiz Abou Sa'ad al-Sam'ânî** ao amin'ny **Fadhâil-ous-Sahâbat**, **Abou Ja'afar al-Askâfî** ao amin'ny **Naqdh al-Outhmâniyyat**, **al-Tibrânî** ao amin'ny **al-Awsat**, **Ibn al-Maghâzilî**, ilay **faqîh** (mpahay fiqh) "**Châfi'ite**" ao amin'ny **Manâqib 'Alî Ibn Abî Tâlib**, **Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny **Kifâyat-out-Tâlib**, **Moullâ 'Alî Qoushachî** ao amin'ny **Sharh al-Tajrîd**, **Sayyed Mouhammad Mou'mine Shablanjî** ao amin'ny **Nour-oul-Absâr**, pejy faha-77, **Mouhib-oud-Dîne al-Tabarî** ao amin'ny **al-Riyâdh al-Nadhirah** boky faha-II pejy 227, ary ireo manam-pahaizana malaza hafa maro, dia samy nitantara avokoa avy tamin'i **al-Souddî**, tamin'i **Moujâhid**, tamin'i **al-Hassan Basrî**, tamin'i

**al-A'mash**, tamin'i **'Outbah Ibn Abî Hakîm**, tamin'i **Ghâlib Ibn 'Abdoullâh**, tamin'i **Qais Ibn Rabî'ah**, tamin'i **Abâyah Ibn Rabî'**, tamin'i **Abdoullâh Ibn Abbâs**, tamin'i **Abou Zharr al-Ghifârî**, tamin'i **Jâbir Ibn Abdoullâh al-Ansârî**, tamin'i **Ammâr Ibn Yâssir**, tamin'i **Abou Râfî'**, tamin'i **Abdoullâh Ibn Salam** sy avy tamin'ireo Sakaiza maro samihafa, fa io andininy io dia nalefa mba ho fiderana an'i 'Alî(a.s).

Io andininy io dia nidina tamin'izy teo ampanaovana tanteraka ny "**roukou**"[39], no sady nanome ny perany ho an'ny mpangataka iray. Eto koa ilay fehezanteny dia manambara olona maro ho mari-panajana ny toeram-boninahitry ny **Wilâyat**[40] kanefa manondro an'ny Imâm 'Alî(a.s) ho khalîfat mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s). Ny fisian'ny kianteny hoe "**Innamâ**" dia manome hevitra mazava sy mahitsy (mikasika io tenin'i Allâh io), fa ny Walî (tompom-pahefana) eo amin'ireo mpino dia i Allâh sy ilay Irany (i Mouhammad) ary ireo mpino (i 'Alî) izay nanome ny zakât tao anatin'ny fanompoam-pivavahana.

**Cheikh** : Ianao ihany no hahatsapa fa tsy mitombina ny fanazavana natolotrao satria manko misy hevitra maro samihafa mikasika an'io andininy io. Misy ireo milaza fa manondro an'ireo Ansâr (vahoakan'i Madînat) izy io, ny sasany manambara fa nampidinina ho fiderana an'i 'Ibâdah al-Sâmit izy io, ary ny hafa kosa manamarina fa io andininy io dia manondro an'i Abdoullâh Ibn Salâm.

**Chîrâzî** : Tena mahavariana tokoa raha ny olona manam-pahalalana tahaka anareo izao no mahasahy mitsipaka ireo manam-pahaizanareo ireo ihany. Ianareo dia mandray azy ireo toy ireo olona bado tsy azo itokisana, ka ny teny lazain'ireo dia tsy azo raisina. Ireo avara-pianarana eo aminareo anefa dia miara-manaiky mikasika izany hevitra izany. Fazil Taftazani sy Moulla 'Alî Qoushachi dia nanoratra ao amin'ny boky Sharh Tajrid: "**Malaza amin'ny ankamaroan'ireo mpanao tafsîr fa io andininy io dia nidina ho fiderana an'i 'Alî, izay teo**

---

[39] Fandohalihana na fihondrehana eo amin'ny salât.
[40] Fahefana.

**ampanaovana ny roukou tanteraka izy no nanome ny perany ho an'ny mpangataka iray**".

<u>Ireo fisalasalana sy ady hevitra mikasika ilay "Ayat-oul-Wilâyat" sy ny fanazavana marina momba izany</u>

**Cheikh** : Nandritra ny lahateninao nanazava an'io andininy io, ianao dia niezaka nampiseho fa i 'Alî no mpandimby avy hatrany an'ilay Mpaminany(s.a.s), eny fa na dia ny dikan'ny teny "**Wali**" ao amin'io andininy io aza dia midika ho "**sakaiza**" na "**olon-tiana**" fa tsy midika velively ho "**mpitarika (Imâm)**" na "**mpandimby (Khalîfat)**". Na dia apetraka ho marina aza izany voalazanao izany (fa ny "Wali" dia midika ho "khalîfat" na "Imâm"), amin'izay fotoana izay, araka ny fitsipika nifanarahana, dia tsy voatery manondro olon-tokana io teny io fa voatondro ao anatin'izany koa ireo hafa, ka i 'Alî dia anisan'izy ireo. Ao amin'ilay andininy milaza hoe: « **Eny, tsy misy tompom-pahefana eo aminareo afa-tsy i Allâh sy ilay Irany ary ireo izay mino, ...** »[41], ny mpisolo anarana maro dia manambara ireo vahoaka amin'ny ankapobeny. Koa raha tsy misy ny porofo sy ny oha-panazavana avy amin'ny Kor'âny na avy amin'ireo loharanom-boky hafa dia aza milaza mihitsy ianao fa ny mpisolo anarana izay milaza maro dia maneho mari-panajana.

**Chîrâzî** : Tsy mazava aminareo ilay teny hoe "...**tompom-pahefana eo aminareo**...". "Wali" (tompom-pahefana) dia anarana manondro olona tokana fa ny solontena tampisaka "Koum" (...eo aminareo) miaraka aminy kosa no hany manondro olona maro ka manambara an'ireo vahoaka. Mazava ho azy fa ny "Wali" dia midika izay olona tompon'andraikitra eo amin'ny vahoaka silamo rehetra isaky ny vanim-potoana. Ankoatr'izany, ao amin'io andininy resahinsika io izay nampiasàna ny mpisolo anarana manondro maro, dia misy amin'ireo mpitompo teny fantatra no milaza fa tsy azo hazavaina mba hanondro olon-tokana io andininy io araka ilay fehezanteny hoe "**... izay**

[41] Kor'âny 5/55

**manatanteraka ny vavaka fanompoana (salât) ....**”[42]. Novaliako tetsy ambony izany fanoheran-kevitra izany.

Efa nazavaiko fa ireo mpanoratra boky tena mahay dia nampiasa matetika ny mpisolo anarana manondro maro mba hanondroana ny olon-tokana . Lazainareo ihany koa fa ilay mpisolo anarana manondro olona maro ao amin'io andininy io dia manondro an'ireo vahoaka amin'ny ankapobeny. Araka ny fihevitray, ilay kianteny “**Innamâ**” dia manambara fa manondro an'i ‘Alî(a.s), fa tsy mihambo akory anefa izahay fa i ‘Alî(a.s) irery ihany no tiany hotondroina. Ireo hafa ankoatr'azy avy amin'ny fianakaviana masin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tafiditra ao anatin'izany. Araka ny voalazan'ireo hadith marina, ireo Imâm(a.s) rehetra avy amin'ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia anisan'ny voatondron'io andininy io. **Jâroullâh al-Zamakhsharî** dia milaza ao amin'ny **Kash'shâf** fa io andininy io dia nampidinina manokana mba ho fanomezam-boninahitra an'ny Imâm ‘Alî fa ny mpisolo anarana manondro maro dia manambara fa ireo hafa koa dia anisan'ny voatondro manarak'azy.

**Cheikh** : Ao amin'io andininy io ny “**Wali**” dia tsy iadian-kevitra fa midika ho “**mpanampy**”. Fa raha midika ho “**tompom-pahefana**” izay manambara ny toeram-boninahitry ny khalîfat izany, amin'izay fotoana izay, dia tokony ho efa notendrena tamin'io toeram-boninahitra io izy tamin'ny fony fahavelon'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Chîrâzî** : Ny toeram-boninahitr'i ‘Alî(a.s) dia mitoetra maharitra. Ny firafitr'ilay fehezanteny ara-pitsipi-pitenenana sy ilay teny “Wali” ho mpamari-toetra dia manaporofo ny anjara toerana maharitra ananan'‘Alî(a.s). Ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no milaza izany tamin'ny fanambarany fa i ‘Alî(a.s) no solontenany nandritra ny dia lavitra nankany Tabouk, ary tsy nesoriny taminy mihitsy izany anjara toerana izany. Ankoar'izany, io hevitray io dia namafisin'ilay “hadîth al-Manzilat” (hadith milaza ny anjara toerana), izay efa nambarako taminareo nandritra ireo alina teo aloha, fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy nisahatra mihitsy namerimberina niteny hoe: “**‘Alî eo anatrehako dia tahaka an'i Harona eo anatrehan'i Mosesy**”. Izany dia porofo mitohoka amin'ny tendany

[42] Kor'âny 5/55

ihany koa fa i ‘Alî(a.s) no ilay “Wali” (tompom-pahefana) sy khalîfat mandimby an’ilay Mpaminany(s.a.s) mandritra ny fahavelomany sy aorian’ny fahafatesany.

**Cheikh** : Raha hapetraka fa marina izany fihevitrao izany, dia tsy maintsy hanaiky isika amin’izay fotoana izay, fa io andininy io dia tsy manondro an’i ‘Alî(a.s) velively. Ny anjara toerany manko dia tena ambony kokoa mihoatra an’ilay tiantsika ho porofoina ao amin’io andininy io. Io andininy io dia tsy manaporofo ilay fahamendrehany akory fa vao mainka aza mampietry azy.

**Chîrâzî** : Na ianareo na izaho na ny vahoaka ka anisan’izany ireo sakaizan’ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy manana fahefana hitsipaka ireo famoamboasan-kevitra (tafsîr) marina an’ireo andinin’ny Kor’âny masina. Ireo andinin’ny Kor’âny ireo dia tsy nampidinina araka ny sitrapontsika. Koa raha misy ny manao “tafsir” izany, araka ny sitrapony dia manohitra ankitsirano tanteraka ny finoana. Ohatra, ireo ekipan’i Abou Bakr dia manambara fa araka ny voalazan’ny hadith avy tamin’ilay mpamitaka, Ikrama, io andininy io dia nampidinina ho an’i Abou Bakr. Ary azonareo lazaina ve amin’ny fomba ahoana io andininy io no mampietry ny anjara toeran’ny Imâm ‘Alî(a.s)?

**Cheikh** : Iray amin’ireo anjara toerana ambony ananan’i ‘Alî(a.s) dia ny tsy fanaovany tsirambina velively na inon-kidona na inon-kitranga mandritra ny fanaovany salât. Indray andro i ‘Alî(a.s) dia naratra vokatry ny ady. Voan’ireo zanatsipika teo amin’ny tenany ka sarotra ny manaisotra izany raha tsy handrenesany ny marary mafy. Nony farany dia hesorina ireo zanatsipika mandritra izy ao anatin’ny fanaovana salât, koa satria variana mifantoka tanteraka ao amin’ny salât izy dia tsy haheno marary akory. Fa raha tao anatin’ny fanompoam-pivavahana salât izy no nanolotra ny perany tamin’ilay mpangataka, dia midika izany fa misy tsy fahatombanana lehibe izany salât nataony izany. Amin’ny fomba ahoana moa ny olona iray no afaka hifantoka amin’ny salât no sady hifantoka ihany koa amin’ny feon’ny mpangataka iray?

Ankoatr’izany, amin’ny fanatanterahana ny asa soa sy ny fanomezam-pihantrana rehetra dia tsy maintsy mitaky ny fanaovany ny fikasana (nyat). Nefa ao amin’ny fanompoana salât, dia tsy azo atao ny mifantoka amin’ny zavatra hafa ankoatr’i Allâh. Amin’ny fomba ahoana àry no mahatonga ny sainy izay nifantoka tao anatin’ny salât no mbola afaka nivilivily nikasa tamin’ny fanomezam-pihantrana ho an’ny mahantra iray? Izahay dia mametraka an’i ‘Alî(a.s) ho manana anjara toerana avo mihoatra ny hafa, koa noho izany dia tsy ekenay ilay fanazavanao. Ary raha hanome zavatra ho an’ny mahantra tokoa izy dia azo antoka fa tsy nataony tao anatin’ny salât izany, satria ny “roukou” (fiondrehana eo anatrehan’i Allâh) dia maneho ny fankatoavana tanteraka an’i Allâh.

**Chîrâzî** : Ny fomba fanoheranareo dia tena maivana nohon’ny tranon-kala. Voalohany, ilay fihetsik’i ‘Alî(a.s) dia tsy mampietry velively akory ny anjara toerany. Fa raha ny olona iray no mieritreritra raharaham-piainana eto an-any mandritra ny fanaovany salât dia tsy nahavita nanatontosa ilay adidiny izy, fa raha mieritreritra kosa amin’ireo zavatra momba ny ara-panahy kosa dia vao mainka aza izany maneho ny fahalavorarian’io adidy io. Arak’izany, rehefa i ‘Alî(a.s) no nanatanteraka ny salât, dia nataony izany tamin’ny alalan’ny fikasana mba hanakaiky an’i Allâh, ary rehefa nanolotra ny tanany izy mba ahafahan’ilay mpangataka maka ny peratra eny amin’ny rantsan-tanany, dia midika izany fa nahatanteraka asa soa hafa iray koa izy (asa fanomezam-pihantrana) mba entiny manakaiky an’i Allâh hatrany. Noho izany i ‘Alî(a.s) dia tsy mba niala mihitsy tao anatin’ny fikasany hanakaiky an’i Allâh na nivily niala tamin’ny asa fanompoana ho nankany amin’ny asa tsy misy fanompoana, tsia tsy akory.

Izy dia nandao an’i Allâh nankany amin’i Allâh koa dia avo roa heny noho izany, ny asa fanompoana nataony satria nanome zakât izy tao anatin’ny fanaovana salât. Nataony niaraka ny fanatanterahany ireo adidy anankiroa mba hahazoany fankasitrahan’Andriamanitra sy hanatonany Azy. Ho valin’izany, i Allâh (Ilay Be Voninahitra) dia nankasitraka ilay salât nataony sy ilay zakât nomeny, ka nampidina an’io andininy nolazaintsika io izay manome azy ny anjara toeran’ny “Wilâyat”, ary

izany dia porofo mivaingana amin'ny fankasitrahana ny asa soa sy ny asa fanompoana niara-notanterahany.

Ry sakaiza malala! Ny fanaovan tsirambina izay manamaivana ny salât dia ny tsirambina nohon'ny fitiavan-tena. Fa ny fifantohana amin'ny fanompoana iray hafa eo am-panatanterahana hatrany ilay fanompoana manokana dia mariky ny fahalavorariana. Ohatra, raha tao anatin'ny fanaovana salât, ny olona iray no mitomany teo am-pieritreretana iray amin'ireo fianakaviany dia tsy ara-dalàna izany salât nataony izany. Fa kosa raha nohon'ny fitiavany na fahatahorany an'i Allâh no nampitomany azy, amin'izay fotoana izay, izany fitomaniany izany dia midika ho fahalavorariana.

Ianareo milaza fa ny "roukou" (fandohalihana na fiondrehana) dia maneho ny fankatoavana tanteraka. Mety ho izany tokoa no dikany amin'ny fotoana sasany. Fa raha ianareo kosa no milaza fa ny fiondrehana (izay tsy maintsy atao) ao amin'ny salât dia midika ho sahala amin'izany heviny ara-bakiteny izany, dia hihomehy anareo ireo manam-pahaizana. Ianareo koa dia niezaka nanaisotra na nanao tsirambina ny dikany mazava an'io andininy io. Ohatrohatra fotsiny no hevitra omenareo azy, eny fa na dia hainareo tsara aza fa ilay fehezanteny dia mitantara fihetsika notanterahina nandritra ny salât, dia tsy inona izany fa ny fiondrehana, ireo tanana eo amin'ny lohalika. Ary izany tranga izany dia voalazan'ireo manam-pahaizanareo malaza no sady efa nolazaiko taminareo ihany koa vao vetivety teo. Fâdhil al-Qôushachî ao amin'ny bokiny Sharh al-Tajrid dia naneho ny hevitr'ireo mpanao tafsîr ankapobeny, milaza fa i 'Alî(a.s) dia nanome ny peratra ho an'ilay mpangataka tamin'ny fotoana nanaovany fiondrehana ao amin'ny salât. Ankoatr'izany, dia aoka ianareo hilaza amiko raha sitrakareo, raha toa ka nampidinina io andininy io mba hankasitrahana azy sa hanamelohana azy?

**Cheikh** : Marina tokoa fa nampidinina mba hankasitrahana azy.

**Chîrâzî** : Koa raha ireo manam-pahaizana avy amin'ireo antokom-pinoana roa tonta no samy manaiky amin'ny filazana fa nampidinina io andininy io ho fankasitrahana an'i 'Alî(a.s), dia nahoana ianareo no mbola

manao fanoherana be fahantany, tahak'ireo mpitompo teny fantatra "Kharijites", ka toa efa nalentika tao an-tsainareo fahazaza izany hevitra izany? Nahoana ianareo no tsy mety manaiky izany tranga izany?

**Cheikh** : Miala tsiny aho! Fa noho ianao mpikabary mahay mandaha-teny, dia matetika ianao no manao safeli-teny sy fomba fiteny ka mahatonga ny olona izay tsy ampy fahamalinana hanana fahagoraham-po aminao.

**Chîrâzî** : Izaho anie ka tsy nilaza zavatra hafa ankoatra ny fahamarinana ihany. Aoka i Allâh no ho vavolombelona amin'izany! Izaho dia tsy nanao fomba fiteny na safeli-teny toy izany mihitsy na dia ankolaka aza izany. Tsy mila manao izany akory aho. Ny tiako hahatongavana fotsiny dia ny mba hilazako izany mazava tsara. Azafady àry mba lazao amiko, fa nahoana aho no manao safeli-teny araka ny fiheveranareo.

**Cheikh** : Vao vetivety teo ianao nilaza mikasika an'io andininy noresahintsika io fa ireo toetoetra voalaza ao dia tanteraka amin'i 'Alî Ibn Abou Tâlib avokoa, izay hatramin'ny fahaterahany mandra-pahafatesany dia tsy mbola nisalasala mihitsy tamin'ny finoana. Izany resakao izany dia milaza ankolaka fa ireo hafa dia voahendrikendrika ho nivadika tamin'ny finoana daholo. Ireo khalîfat lehibe ireo na ireo sakaiza ireo ve dia tsy mba nisalasala tamin'ny finoany mihitsy? Eny tokoa, fa ireo sakaiza toa an'i 'Alî, dia tsy mba nisalasala mihitsy tamin'ny fahamarinan'ny Islâm. Na dia indray nandeha monja aza, izy ireo teo amin'ny fiainan'izy ireo dia tsy mba nivily niala mihitsy tamin'ireo fampianaran'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Chîrâzî** : Voalohany, dia tsy nampiasa velively izany fomba fiteny nolazainao izany aho. Faharoa, ny manaporofo ny fahatsaran-toetran'ny olona iray dia tsy midika akory fa manana ny mifanohitra amin'izany kosa ireo olon-kafa. Ary fahatelo farany, na dia miezaka ny hitsikera ahy aza ianareo, dia inoako fa ireo hafa manatrika eto kosa dia tsy mba mieritreritra izany ao an-dohan'izy ieo. Aoka i Allâh no ho vavolombelona! Tsy mba nanao safeli-teny toy izany mihitsy aho na

tamin'ny fomba ahoana na tamin'ny fomba ahoana, no sady tsy nieritreritra ny hanao izany. Raha tonga ao an-tsainareo ny fisalasalana toy izany dia azonareo atao ny manontany ahy manokana mikasika izany.

**Cheikh** : Ny fomba fanehoanao hevitra dia ahitana taratra fa misy ireo hevitra sasany izay tsy lazainao. Miangavy anao aho mba hanambara aminay izay ao am-ponao ao sy hanome anay ireo toromarik'ireo loharanom-boky azo antoka mikasika izay zavatra lazainao.

**Chîrâzî** : Ianareo ihany no mamboly eritreritra tahak'izany ao an-tsaintsika ao; misisika hatrany ianareo mba hanaovana ady hevitra amin'ny zavatra. Miangavy anareo aho mba tsy hiditra amin'izany raharaha izany sy mba tsy hampanahirana antsika mikasika izany.

**Cheikh** : Raha nisy zavatra mahasosotra ny momba izany, dia efa tara loatra izany ankehitriny. Ianao dia tsy manan-tsafidy hafa intsony afa-tsy ny mamaly izany. Fa raha tsy mamaly izany mazava tsara ianao, ampankatoavana na ampitsipahana, dia voatery aho hanatsoa-kevitra fa ny zavatra nolazainao dia tsy marim-pototra.

**Chîrâzî** : Tsy misy zavatra mahasosotra mihitsy amin'ireo fanazavako ireo, fa kosa noho ianareo miangavy mafy tsy mamela ahy hisafidy dia tsy misy azoko atao intsony afa-tsy ny hamaly izany. Ireo manam-pahaizanareo lehibe dia nanaiky fa ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) izay tsy mbola ampy finoana no matetika mampiely zavatra mampisalasala. Ny sasany tamin'izy ireo dia nino izany zavatra mampisalasala izany ka lasa niala tao anatin'ny Islâm. Misy ireo andinin-tsoratra masina nampidinina izay manameloka izany. Nitranga izany, ohatra tamin'ireo mpitsaravelatsihy (Mounafiqoune) izay antoko iray manontolo mihitsy ao amin'ny Kor'âny masina no manameloka izany. Nefa ireo lohahevitra tahak'izany dia tsy tokony hanaovana ady hevitra eto. Mbola miangavy anareo hatrany aho mba tsy hiditra amin'izany.

**Cheikh** : Te hilaza ve ianao fa ireo khalîfat lehibe ireo dia anisan'ireo olona izay nisalasala?

**Chîrâzî** : Raha ny valinteny omeko no miteraka hatezerana amin'ireo olona izay tsy ampy fandinihana dia ianao no tompon'antoka amin'izany. Milaza foana ianareo fa izaho no miteniteny izatsy izaroa kanefa dia ireo manam-pahaizanareo ihany no mitantara izany tranga izany.

**Cheikh** : Tamin'ny resaka inona sy tamin'ny fotoana nanao ahoana ireo khalîfat ireo no naneho ireo fisalasalana? Ary iza izy ireo? Lazao aminay izany, azafady indrindra.

**Chîrâzî** : Maro amin'ireo sakaiza no tena manana fisalasalana goavana amin'ny finoany hatrany ampiandohana. Ny sasany kosa dia mikiry mifikitra hatrany amin'ny fisalasalany. **Ibn Maghâzilî al-Châfi'î**, ao amin'ny bokiny **Manâqib** sy **al-Hâfiz Abou Abdoullâh Mouhammad Ibn Abî Nasr al-Hamîdî** ao amin'ny bokiny **al-Jam'o Bayn al-Sahîhayn** (**Boukharî sy Mouslim**) dia nanoratra toy izao: "**Niteny i Omar Ibn Khattâb hoe: Izaho dia tsy mba nisalasala mihitsy fa i Mouhammad no ilay Irak'i Allâh afa-tsy tamin'ny andron'i Houdaibiyat**". Io tantara dia manaporofo fa izy dia nisalasala tamin'i Mouhammad(s.a.s) mihoatra ny indray mandeha.

**Nawwâb** : Azafady. Iza no nampiely fisalasalana taminy tao Houdaibiyat mikasika an'ilay Mpaminany(s.a.s) ?

**Chîrâzî** : Ilay Mpaminany(s.a.s) indray andro, nanofy nandeha nankany Makkat niaraka tamin'ireo sakaizany mba hanao fitsidihana masina (Oumrat). Rahampitso marainan'izany, rehefa nitantara io nofiny io Izy dia nanontany Azy ny dikan'izany izy ireo. Namaly ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: « **Allâh dia maniry antsika mba hanao fitsidihana masina (oumrat) any Makkat** ». Fa tsy nolazainy mazava tsara kosa anefa oviana no hanatanterahany izany. Tao anatin'ny fikasana ny hitsidika ny Tranon'i Allâh, lasa nizotra nankany Makkat ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo sakaizany tamin'iny taona iny ihany. Nony tonga tao **Houdaibiyat** (**vovo iray manakaiky an'i Makkat**) Izy, dia notratrarin'ireo vahoaka Qouraych izy ireo ka nosakanana mba tsy ho afaka handroso hanohy dia intsony.

Koa satria ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy nanana fikasana ny hiady mihitsy dia naleony nanao fifanarahana mba hisian'ny fandriampahalemana. Nosoniavina àry ilay fifanarahana avy teo dia niverina nody tany Madînat ilay Mpaminany(s.a.s). Tamin'io fotoana io indrindra i Omar no nanana fisalasalana betsaka. Nanatona an'ilay Mpaminany(s.a.s) izy ka niteny hoe: "**Moa ve tsy Irak'i Allâh ianao no sady olo-marina? Tsy efa nilaza ve ianao fa ho any Makkat mba hano Oumrat, ka nanaratra ny volon-doha ianao no sady nanapaka ho fohy ny volom-bava? Fa nahoana no tsy notanterahinao izany?**"

Nanontany ilay Mpaminany(s.a.s) raha toa ka efa nametra fotoana hanatanterahany izany na efa nilaza tamin'izy ireo fa hanatanteraka izany tamin'io taona io ihany. Niaiky i Omar fa Izy dia tsy namaritra daty hanatanterahany izany tokoa. Niteny taminy anefa ilay Mpaminany(s.a.s) fa tena marina ny zavatra nolazainy ary nohon'ny sitrapon'i Allâh dia ho any Makkat ihany izy ireo amin'ny fotoana manaraka ka ho tanteraka ilay nofy. Mazava ho azy, fa ny fotoana hahatanteraka ilay nofiny dia tsy maintsy ho tonga na ho ela na ho haingana fa miankina amin'ny sitrapon'i Allâh. Ary koa mba hanamarinana ireo tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tonga niseho taminy ilay Anjely Gabriel nanambara ny andinin'ny Kor'âny masina milaza manao hoe: « **Nohamarinin'i Allâh ny fahitan'ilay Irany tamin'Izy nanambara tamim-pahamarinana hoe : "Hiditra ao amin'ny toeram-pivavahana Masina am-piadanana ianareo raha sitrak'i Allâh izany, ka efa avy nanala volo tanteraka ianareo na nitapa-bolo, tsy nisy fahatahorana. Araka izany dia efa fantany izay tsy fantatrareo. Ary ankaotran'izany dia napetrany ny fandresena efa akaiky** »[43].

Ny fandresena tiana ho lazaina eto dia ilay fandresena azo tamin'ny adin'i Khaybar. Toy izany raha fintinina fohy ny tantaran'i Houdaibiyat izay lasa fitsapana an'ireo mpino sy ireo mpisalasala.

---

[43] Kor'âny 48 /27

## FIVORIANA FAHAFITO

(Ny alin'ny Alarobia faha-30 Rajab 1345H[44].)

### Fizarana voalohany

**Sayyed Abdoul-Hayy (imâm sunnite)** : Nisy alina vitsivitsy nialohan'izao, ianao toa nilaza zavatra izay nahatonga an'i Hâfiz ho tsy maintsy nitaky porofo, saingy navilivilinao tamin-kafetsena ny resaka tamin'ny alalan'ny fanakorontanana ny sainay ary izany rehetra izany dia mampitabataba tokoa.

**Chîrâzî** : Ampahafantaro ahy, azafady indrindra, fanontanianareo manao ahoana moa no navelako tsy hisy valiny fa tsy tsaroako intsony izany tranga anaovanareo fanamarihana izany?

**Sayyed** : Tsy nolazainao ve fa ny tenan'i 'Alî dia miray amin'ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) ary izy dia ambony kokoa mihoatra an'ireo mpaminany(a.s) hafa rehetra?

**Chîrâzî** : Marina izany. Nilaza izany tokoa aho no sady mino izany.

**Sayyed** : Fa nahoana àry ianao no tsy namaly ny fanontanianay?

**Chîrâzî** : Manadiso mafy ny hevitro mihitsy ianareo. Mahagaga raha ianao izay mba nanaraka ampitandremana fatratra ny fifanakalozan-kevitra nataontsika no mbola manome tsiny ahy fa manao hafetsena sy manakorontana ny sainareo. Raha mandinika ampitandremana tsara ianao dia hahatakatra fa izaho dia tsy nilaza zavatra izay tsy tamim-pahamalinana, saingy ireo Moula manam-pahaizana ireo no nametraka fanontaniana tamiko izay nahatonga ahy ho tsy maintsy namaly. Ankehitriny, raha manana fanontaniana amiko ianao dia vonona aho hihaino anao ary miaraka amin'ny fanampian'i Allâh no hamaliako izany.

---

[44] Nifanandrify tany ho any amin'ny daty faha-02 Februoary 1927.

**Sayyed** : Tianay ho fantatra amin'ny fomba ahoana ny tenan'olon-droa no lasa mikambana ho iray sy tenan'olona iray ihany.

Fahasamihafana misy eo amin'ny fikambanana ara-kevitra sy ny fikambanana tena izy

**Chîrâzî** : Mazava ho azy, fa tsy mety mihitsy ny olon-droa no tafakambana ho olona iray ara-bakiteny. Fa raha izaho no miteny an'ilay "Lehiben'ireo Mpino" (i 'Alî(a.s)) sy ilay Mpaminany(s.a.s) ho "olona" iray na "fanahy" iray, dia tsy midika akory ho fikambanana ara-bakiteny izany. Tsy misy mihitsy olona hieritreritra toy izany ary izay manana hevitra tahak'izany dia ao anatin'ny fahaverezana tanteraka. Izaho dia nilaza ny fikambanana ho iray tsy ara-bakiteny fa ara-kevitra izay manambara fa izy roa ireo dia miray fahamboniana ara-panahy amam-boninahitra fa tsy miray ara-batana velively.

**Hâfiz** : Amin'izay fotoana izay, izy roa dia tokony ho samy mpaminany ary araka ny voalazanao, izy roa dia tokony ho samy hahazo fanambaran'Andriamanitra.

**Chîrâzî** : Hevitra diso tanteraka izany. Tsy misy "chiite" na iray aza no mihevitra toy izany. Tsy nampoiziko fa ianao no hibahan-toerana sy handany fotoantsika amin'izany eto. Efa nolazaiko taminareo fa izy roa dia mitovy amin'ny lafiny ara-boninahitra sy fahamboniana ara-panahy, afa-tsy ireo toetoetra sasany, toy ny fahazoana hafatra avy amin'i Allâh sy izay mitovitovy mifandray amin'izany. Anisan'ireo toetoetra tsy iraisan'izy ireo dia ny anjara toeran'ny mpaminany sy ireo toetoetra miaraka aminy, toy ny fandraisana ny hafatr'i Allâh sy ny fampitàna ireo didiny. Tena hadinonao tanteraka izay efa nolazaiko nandritra ireo alina teo aloha.

Efa notateriko taminareo teto ilay hadith mikasika ny anjara toeram-boninahitra (Manzila) izay manaporofo fa i 'Alî(a.s) dia manana voninahitra mitovy amin'ny mpaminany (na dia tsy mpaminany aza izy), fa kosa izy dia nanaraka sy nankato ny finoana sy ireo fampianaran'ilay Mpaminany(s.a.s), mitovy tanteraka amin'i Harona izay nanana voninahitry

ny mpaminany tamin'ny andron'i Mosesy(a.s), no sady mpanara-dia nankato an-drahalahiny, ilay nitondra anaram-boninahitry ny mpaminany.

**Hâfiz** : Nefa raha inoanao ny fitovian'i 'Alî(a.s) sy ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ny lafiny voninahitra sy fahamendrehana, dia mazava ho azy fa tsy maintsy inoanao ihany koa ny fitoviany amin'ny lafiny faminaniana sy ireo toetoetra mifandraika amin'izany.

**Chîrâzî** : Ohatr'izany no mety fiheverana azy, kanefa raha dinihina lalina, dia ho hitanao fa tsy mba toy izany velively no heviny. Efa noporofoiko ihany koa teo aloha tamin'ny alalan'ireo andinin'ny Kor'âny masina, fa ireo mpaminany dia voasokajy hanana toeram-boninahitra samihafa. Ireo mpaminany sy ireo irak'i Allâh dia misy manana voninahitra ambony kokoa noho ireo hafa namany. Araka ny voalazan'ny Kor'âny masina mazava tsara toy izao:

« **Amin'ireny Iraka ireny dia misy ny sasany nomenay voninahitra kokoa mihoatra ny hafa** »[45].

Ary ny tena manana toeram-boninahitra faran-tampony dia ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s), satria hoy i Allâh hoe:

« **Tsy rain'ny iray amin'ireo lehilahy ao aminareo velively i Mohammad; fa Irak'Andriamanitra ary farany amin'ireo Mpaminany izy** »[46].

Izany toeram-boninahitra faran-tampony izany dia ilay maha-Mpaminany farany Azy. Tsy misy azo homena io voninahitra faran-tampony io na iza na iza fa ireo voninahitra hafa kosa dia misy ihany ny itovizan'izy ireo ka amin'izay fotoana izay dia voamarina tanteraka ny firaisan'izy ireo.

---

[45] Kor'âny 2/253

[46] Kor'âny 33/40

**Sayyed** : Afaka manome porofo avy ao amin'ny Kor'âny masina mikasika izany ve ianao mba hanamafisana ireo voalazanao ireo?

Ilay andininy mikasika ny fifanozonana (Moubâhalat) dia porofon'izany fikambanana izany

**Chîrâzî** : Mazava loatra! Ny voalohan'ny porofo natolotro dia avy ao amin'ny Kor'âny masina izay miendrika ho porofo tena matanjaka avy amin'i Allâh, dia ilay andininy mikasika ny fifanozonana (Ayâte-Moubâhalat):

« Fa izay mbola mifanditra aminao mikasik'izany, taorian'ny nahatongavan'ilay fanambarana teo aminao, dia milazà amin'izy ireo manao hoe: "**Avia ianareo, isika hiantso ireo zanakay sy ny zanakareo, ny vehivavinay sy ny vehivavinareo, ny tenanay sy ny tenanareo, avy eo dia hifanozona isika ka alefantsika ny ozon'i Allâh any amin'ireo izay mpandainga**" »[47].

Ireo manam-pahaizanareo malaza toa an'ny **imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî**, ny **imâm Abou Is'hâq al-Tha'labî**, **Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî**, **al-Qâdhî al-Baidhâwî**, **Jâroullâh al-Zamakhsharî**, **Mouslim Ibn Houjâj** sy ireo maro hafa, dia manambara fa io andininy io dia nampidinina tamin'ilay andron'ny fifanozonana, ny faha-24 na faha-25 volana Zhoul-Hijjat tamin'ny taona 9H:

Rehefa niantso an'ireo Kristiana tao Najran hanaraka ny Islâm ilay Mpaminany(s.a.s) dia notendren'izy ireo ny olona tena avara-mpianarana toa an'i Sayyed, sy Aqib, sy i Jasiq sy Alqama, sns..., nahatratra manam-pahaizana kristiana miisa 70 miaraka amin'ny mpanara-dia azy ireo miisa 300 nirahin'izy ireo ho any Madînat mba hihaona amin'ilay Mpaminany(s.a.s) sy hanadihady momba ny Islâm. Nanomboka niady hevitra mafana tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) izy ireo ary ny porofon'izy ireo dia tsy nahatohitra akory ny porofo tsy azo lavina naroson'ilay Mpaminany(s.a.s), izay manaporofo ny fahamarinan'ny maha-Mpaminany

[47] Kor'âny 3/61.

Azy araka ny voalazan'ireo bokin'izy ireo ihany, ary nolazainy tamin'izy ireo ihany koa fa i Jesosy mihitsy no matetika naminany ny hahatongavany (hahatongavan'i Mouhammad) ka ireo Kristiana dia niandry ny fahatanterahan'izany faminaniana izany, izay milaza fa hisy lehilahy iray hiseho hitaingina rameva eny an-tendrombohitr'i Faran (ao Makkat) ary hifindra monina mankany amin'ny toerana manelanelan'i 'Ayr sy Ouhoud (dia i Madînat izany).

Izany porofo izany dia tena nampihetsi-pon'ireo Kristiana tokoa fa saingy ny fifikiran'izy ireo amin'ny fiainana eto an-tany sy ny toerana nisy azy ireo teo amin'ny fiaraha-monina no nanakana azy ireo hanaiky ny fahamarinana. Izany no nahatonga an'ilay Mpaminany(s.a.s) nanambara tamin'izy ireo ilay hafatr'i Allâh mba hanao fifanozonana (Moubâhalat), izay neken'izy ireo, mba hamaranana ilay ady hevitra sy hanavahana izay manana ny marina sy izay mpandainga.

Araka ny efa nifanarahana, ny andro manarak'izany, ireo mpino kristiana sy ireo manam-pahaizan'izy ireo mihoatra ny 70 dia niandry an'ilay Mpaminany(s.a.s) teo akaikin'ireo vavahadin'ny tanànan'i Madînat. Nihevitra izy ireo fa Izy dia ho avy mandeha amim-boninahitra lehibe amin'ny fomba mahavariana, sy hotronin'ireo sakaizany maro dia maro mba hampitahotra azy ireo. Kinanjo, rehefa nisokatra ireo vavahady, ilay Mpaminany(s.a.s) dia tonga niaraka tamin'ny tovolahy iray teo an-kavanany sy vehivavy iray teo an-kaviany ary ankizilahy roa teo anoloany. Nijanona teo amin'ny aloky ny hazo iray nanatrika an'ireo Kristiana Izy ireo. Asqaf ilay tena kinga saina tamin'ireo Kristiana no nahalala avy hatrany ny endrik'ireto olona niaraka tamin'ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s) ireto. Nisy nanambara fa ilay tovolahy dia vinantony sy zanaky ny zokin-drainy, i 'Alî Ibn Abî Tâlib, ilay vehivavy dia ny zanany vavy, i Fâtimat ary ireo ankizy roalahy ireo, i Hassan sy Houssein dia zafiny.

Avy eo i Asqafi izay lehiben'ireo Kristiana dia nitodika tamin'ireo namany niteny hoe: "**Jereonareo i Mouhammad fa matoky tena fatratra! Nentiny niaraka aminy ireo izay havany akaiky indrindra, dia ireo zafiny sy ireo malalany, hiatrika izao fifanozonana izao. Ianiavako amin'Andriamanitra fa raha nanana fisalasalana na**

**fahatahorana na dia kely aza Izy, dia tsy mba nisafidy nitondra azy ireo. Ny tenako dia tsy mampirisika anareo hanao izao fanamby izao hifaninana amin'izy ireo. Raha tsy nohon'ny fahatahorantsika ny amperoran'i Roma, dia efa nanaraka ny Islâm ihany koa isika. Aleo kokoa ny manao fifanarahana amin'izy ireo avy eo dia mody**". Nanaiky izany avokoa ny rehetra. Noho izany i Asqaf dia nandefa taratasy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nilaza toy izao: "**Izahay dia tsy te hifanamby aminareo, fa aleonay ny hanaja fandriampahalemana miaraka aminareo**". Nanaiky izany fanapahan-kevitra izany ilay Mpaminany(s.a.s).

Ny fifanarahana dia nosoraan'ilay "Lehiben'ireo Mpino" i 'Alî. Ireo Kristiana dia nanaiky ny handoa hetra isan-taona mitentina akanjo vy miisa 2000, mitentim-bidy ho 40 dirhams ny iray (*dirham iray dia mitovy vidy amin'ny volamena antsasaky ny "once*[48]*"*) sy volamena 1000 mithqâls (*mithqâl iray dia mira amin'ny iray ampahenin'ny "once*"). Ny antsasany amin'io hetra io dia haloa isaky ny volana Mouharram ary ny ambiny kosa dia amin'ny volana Rajab. Nataon'ny andaniny sy ny ankilany sonia io fifanarahana io, ary dia niverina nody ireo Kristiana. Teny an-dàlana dia ny anankiray tamin'ireo manam-pahaizana antsoina hoe Aqib no niteny tamin'ireo namany nanao hoe: "**Ianiavako amin'Andriamanitra! Ianareo sy izaho dia mahafantatra fa i Mouhammad no ilay Mpaminany efa voalaza ary izay lazainy dia avy amin'Andriamanitra avokoa. Mianiana amin'Andriamanitra aho fa na iza na iza mifanamby amin'ilay Mpaminany dia ho faty ka hatramin'ny taranany dia tsy hisy velona akory. Marina tokoa fa raha isika izao no nifanamby tamin'izy ireo dia levona avokoa isika rehetra ary tsy hisy kristiana intsony tafajoro teto an-tany. Ianiavana amin'Andriamanitra fa raha vao nijery azy ireo aho dia nahita ireo endrik'olona izay afaka mamindra tendrombohitra tokoa raha izy ireo no mangataka izany amin'Andriamanitra**".

**Hâfiz** : Izany voalazanao izany dia tena marina sady eken'ny mpino silamo rehetra tsy ankanavaka, nefa inona moa ifandraisan'izany

[48] « Once » iray dia milanja 28,35 g.

amin'ny resaka ifanaovantsika, amin'ny mahiray ara-panahy an'i 'Alî(a.s) sy ilay Mpaminany(s.a.s)?

<u>Ireo voninahitry ny Imâm 'Alî sy Fâtimat sy al-Hassan ary a-Houssein dia voaporofon'io andinin-tsoaratra masina io</u>

**Chîrâzî** : Izaho dia miankina amin'ilay fehezanteny hoe "**ny tenanay**" (anfousanâ) ao amin'io andininy io, izay ampy hamaliana mazava ireo fanontanianareo. Voalohany, ilay fahamarinana izay noderaderain'ilay Mpaminany(s.a.s) dia voaprofo, satria raha tsy nanana ny fahamarinana Izy dia tsy nahasahy nifanamby tamin'ireo Kristiana malaza ireo ary koa ireto farany dia tsy mba nandositra an'ilay fifanozonana (Moubâhalat).

Faharoa, izany dia maneho fa i Hassan sy i Houssein dia zanak'ilay Mpaminany(s.a.s) araka ny efa nolaizako tamin'ny alin'ny fivoriana voalohany.

Fahatelo, izany dia manambara fa ilay "Lehiben'ireo Mpino", i 'Alî(a.s) sy i Fâtimat(a.s) ary i Hassan(a.s) sy i Houssein(a.s) dia zava-boahary farany izay tena be voninahitra, no sady tena tian'ilay Mpaminany(s.a.s), ary manaiky izany avokoa hatramin'ireo tena mpitompo teny fantatra avy amin'ireo manam-pahaizanareo ihany toa an'i **Zamaskharî**, **Baidhâwi**, **Fakhr-oud-Dîn al-Râzî** sy ireo hafa ao amin'ireo bokinareo. **Jâroullâh al-Zamakhsharî** manokana dia nanome fanazavana midadasika mikasika ny vodron'olomasina dimy ireto sy nanambara fa io andininy io dia porofo tsy azo lavina ny fananan'ireto As'hâb-oul-Abâ, ireto olomasina dimy nivondrona tao anatin'ny lambabe ireto, anisan'izy ireto ilay Mpaminany(s.a.s).

Fahefatra, io andininy io dia manaporofo fa i 'Alî(a.s) dia mihoatra an'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) hafa rehetra amin'ny lafiny fahamendrehana sy voninahitra, satria Allâh dia nampitovy azy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) ao amin'io andininy io. Mazava ho azy fa ilay fehezanteny hoe "**ny tenanay**" (anfousanâ) dia tsy manondro akory ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) hatrany. Ny teny hoe "...**isika hiantso**..." dia

midika tanteraka mba hiantso olona; koa tsy mety raha Izy ihany no hiantso ny tenany. Noho izany, ilay fehezanteny dia manondro olon-kafa izay miray fo na fanahy amin'ilay Mpaminany[s.a.s].

Ary noho ireo mpitatitra ny hadith sy ireo mpitahiry lovan-tsofina azo itokisana avy amin'ireo antokom-pinoana roa tonta ireo izay samy manaiky fa tsy misy afa-tsy i 'Alî[a.s], i Fâtimat[a.s], i Hassan[a.s] sy i Houssein[a.s] no tafara-dia tamin'ilay Mpaminany[s.a.s] tamin'ny fotoan'ny fifanozonana, ny fehezanteny « **... ireo zanakay sy ny zanakareo, ny vehivavinay sy ny vehivavinareo,...** » dia samy manondro tsirairay an'i Hassan[a.s], i Houssein[a.s] sy i Fâtimat[a.s] ary ny olona hafa tondroin'ny fehezanteny « **...ny tenanay...** » dia ilay "Lehiben'ireo Mpino", i 'Alî[a.s] Ibn Abî Tâlib. Ny fehezanteny « **...ny tenanay...** » arak'izany dia manaporofo ny mahiray tokoa an'ilay Mpaminany Mouhammad[s.a.s] sy i 'Alî[a.s].

Ny firaisana (na ny fitoviana) tena izy ara-bakiteny eo amin'ny olona anankiroa dia tsy mitombina velively, Allâh dia naneho an'i 'Alî[a.s] tamin'ny alalan'ny "tenan'ilay" Mpaminany[s.a.s], dia manambara avy hatrany ny mahiray ara-panahy an'ireo olon-droa ireo. Ary eto ilay fehezanteny dia manana hevitra ankolaka fa tsy ara-bakiteny akory.

Ireo manana fahalalana manokana mikasika ny tsipeliteny dia milaza fa aleo ny hevitry ny teny iray ankolaka akaiky kokoa no tokony horaisina fa tsy ny heviny ankolaka tena lavitra. Koa momba ilay resaka ifanaovantsika, ny hevitra ankolaka akaiky amin'ny teny hoe "fitovian'olon-droa" dia ny fitoviana ao amin'ireo toetoetra manokana sy ny fitovian'izy ireo amin'ireo voninahitra afa-tsy izay voninahitra voatokana. Ary efa nambaranay fa ny maha-mpaminany sy ny fahazoan'i Mouhammad[s.a.s] hafatra (Wahi) dia voninahitra voatokana ho Azy. Arak'izany, dia tsy mihevitra mihitsy izahay fa i 'Alî[a.s] dia mitovy aminy amin'ireo sehatra ireo. Fa araka io andinin-tsoratra masina io, i 'Alî[a.s] dia manana voninahitra hafa itovizany amin'ilay Mpaminany[s.a.s], ary tsy azo isalasalana fa i Allâh Be Indrafo, no nanome izany fahasoavana ireo izany ho an'i 'Alî[a.s], nohon'ny fitiavany an'ilay Mpaminany[s.a.s]. Izany no manaporofo ny fikambanan'ny fanahin'izy ireo izay tianay hambara.

**Hâfiz** : Nahoana ianao no misisika milaza fa io andininy io dia tsy miantso akory ny "tenany" ihany? Nahoana ity hevitra ity no tsy dia mitombina raha mitaha amin'ilay voalazanao?

**Chîrâzî** : Aleo ianareo tsy mandany fotoana amin'ity resaka hevi-dravina ity fa mampiala antsika ao amin'ny fahamarinana. Ny saina tsy miangatra ihany koa dia mitaky antsika mba hiova lohahevitra hafa indray rehefa mba vita nazavaina ny lohahevitra iray. Izaho dia tsy nanampo ny olona manana toeram-boninahitra sy manam-pahaizana toa anareo izao no afaka manao fitapitaka tahak'izany. Efa fantatrareo tsara sy araka ny fahalalan'ireo olona avara-pianarana rehetra, fa aleo ny manome hevitra ny teny iray amin'ny heviny ankolaka iombonana kokoa toy izay ny heviny izay tsy dia iombonana loatra.

Koa ny hevitra ankolaka izay nambaranay dia anisan'ny hevitra ankolaka iombonan'ireo Arabo sy ny tsy Arabo. Matetika isika maheno olona miteny amin'ny hafa amin'ny teny misy fanoharana, sarisarinteny, na hevitra ankolaka toy izao: « **Ianao no fianako sy fanahiko** ». Araka ny voalazan'ireo hadith sy araka ny voalaza ao amin'ireo tantara manokana, ity firaisana ara-panahy ity dia matetika ampiasaina mikasika an'i 'Alî(a.s), ilay "Lehiben'ireo Mpino", ary horaisina tsirairay mitokatokana ireo tantara ireo hanaporofoana ny fahamarianan'ny teniko, arak'izao manaraka izao avy hatrany :

<u>Ireo tantara hafa sy ireo hadith manaporofo ny mahiray an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny Imâm 'Alî(a.s).</u>

Ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny **Mousnad**, **Ibn al-Maghâzilî**, ilay mpahay teolojia "Châfi'ite" ao amin'ny bokiny **Manâqib** sy **al-Muwafaq Ibn Ahmad al-Khawârizmî** ao amin'ny bokiny **Manâqib** dia samy nitantara an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe: « **'Alî dia avy amiko ary izaho dia avy amin'i 'Alî; izay mitia azy dia mitia ahy ary izay mitia ahy dia mitia an'i Allâh** ».

Torak'izany koa, **Ibn Maja** ao amin'ny bokiny **Sounan**, fizarana voalohany, pejy faha-92, **Tirmizhî** ao amin'ny **Sahîh**, **Ibn Hajar** ao

amin'ny hadith 5 ao anatin'ireo hadith 40 milaza mikasika ireo voninahitr'ilay "Lehiben'ireo Mpino" voarakitra ao amin'ny bokiny **as-Sawâ'iq** (araka ny voalazan'ny bokin'ny imâm Ahmad Ibn Hanbal, sy Tirmizhî, sy ny imâm Abou Abdoul- Rahmân al-Nisâ'î ary Ibn Maja), ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny **Mousnad** faha-4 pejy faha-164, **i Mouhammad Ibn Youssouf al-Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny **Kifâyat-out-Tâlib**, toko 67 izay manambara ny **Mousnad** faha-4 bokin'**Ibn Samak**, ary ilay **Mou'jim al-Kabîr** nosoratan'i **Tibranî**, ny **imâm Abou Abdour-Rahmân al-Nisâ'î** ao amin'ny **Khasâ'is** sy i **Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** ao amin'ny **Yanâbi'oul-Mawaddat**, izy rehetra ireo dia samy nitantara avy tamin'i **Jash Ibn Junada** fa, nanditra ny fivahiniana masina farany nataony, tao amin'i Arafat, ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: « **'Alî dia avy amiko ary izaho dia avy amin'i 'Alî** ».

**Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** ao amin'ny **Yanâbi'oul-Mawaddat**, toko faha-7 dia nilazalaza ny Mousnad bokin'i **Ahmad Ibn Hanbal**, araka ny notantarain'i **Abdoullâh Ibn Abbâs** fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin'ilay Renin'ireo Mpino, **Oumm Salmat** nanao hoe: « **'Alî dia avy amiko ary izaho avy amin'i 'Alî. Ny nofo aman-dràny dia nofo aman-dràko. Izy eo anatrehako dia tahakan'i Harona teo anatrehan'i Mosesy. Ry Oumm Salmat! Henoy ary aoka ho vavolombelona ianao fa i 'Alî no lehibe sy tompon'ireo silamo** ».

**Al-Hamîdî** ao amin'ny bokiny **al-Jam' Bayn al-Sihâh al-Sittah** sy **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** dia nitantara ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) manaraka izao: « **'Alî dia avy amiko ary izaho dia avy amin'i 'Alî. 'Alî eo anatrehako dia toy ny loha eo amin'ny vatana. Izay mankato azy dia mankato ahy ary izay mankato ahy dia mankato an'i Allâh** ».

Mouhammad Ibn Jarîr al-Tabarî ao amin'ny Tafsîr nosoratany sy Sayyed 'Alî al-Hamdânî, ilay mpahay teolojia Châfi'ite ao amin'ny Mawaddat lah°8 mikasika ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ dia mitantara ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) milaza hoe: « **Marina dia marina fa i Allâh ilay Tsitoha dia niaro ny Islâm tamin'ny alalan'i 'Alî . Izy dia**

**avy amiko ary izaho dia avy aminy. Ary mikasika azy no nidinan'izao andinin-tsoratra masina manaraka izao:**

"***Moa ve tsy izay miorina amin'ny porofo mazava (ny Kor'âny) avy amin'ny Tompony sy novakian'ny vavolombelona anankiray (i 'Alî) avy Aminy…***" »[49].

**Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Qoundouzî al-Hanafî** dia nanokana ny toko faha-7 (al-Bâb al-Sâb'i) mitondra lohanteny hoe: "*Fanazavana fa i 'Alî(a.s) dia tahaka ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany*" sy ilay hadith milaza hoe: "**'Alî dia avy amiko ary izaho dia avy amin'i 'Alî**" ao amin'ny bokiny Yanabi'oul-Mawaddat, izay ahitana ny fitantarany ireo hadith miisa 24, samihafa fomba nanoratana sy fomba fanehoan-kevitra (kanefa mitovy ihany ny hevitra fonosiny) mikasika an'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nanambara fa i 'Alî(a.s) dia mitovy amin'ny tenany ihany. Any amin'ny faramparan'ilay toko, no ahitana ny fitantarany ny hadith iray avy ao amin'ny Manâqib avy tamin'i Jâbir izay nilaza fa naheno an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny fa ny Imâm 'Alî(a.s) dia tena manana ireo toetoetra ka na ny toetoetra iray amin'izany fotsiny aza no raisina dia ampy hanamarinana ny fananan'i 'Alî(a.s) fahamendrehana sy voninahitra ambony tokoa. Ireo toetoetra ireo dia voalazan'ilay Mpaminany(s.a.s) arak'izao manaraka izao ny santionany:

« **Izay manaiky fa izaho no lehibeny, indro i 'Alî no ho lehibeny ihany koa** ».

« **'Alî eo anatrehako dia tahakan'i Harona teo anatrehan'i Mosesy** ».

« **'Alî dia avy amiko ary izaho dia avy amin'i 'Alî** ».

« **'Alî eo anatrehako dia toy ny tenako ihany. Izay mankato azy dia mankato ahy** ».

---

[49] Kor'âny 11/17: أَفَمَن كَانَ عَلَى بَيِّنَةٍ مِّن رَّبِّهِ وَيَتْلُوهُ شَاهِدٌ مِّنْهُ

« **Miady amin'i 'Alî dia miady amin'i Allâh, ary mifanaraka amin'i 'Alî dia mifanaraka amin'i Allâh** ».

« **Izay sakaizany dia sakaizan'i Allâh ary izay fahavalony dia fahavalon'i Allâh** ».

« **'Alî no Houjjatoullâh (porofon'i Allâh) eo anatrehan'ireo Mpanompony** ».

« **Fitiavana an'i 'Alî dia mariky ny fananam-pinoana fa ny fankahalana azy kosa mariky ny fanoheram-pinoana** ».

« **Ny ekipan'i 'Alî dia ekipan'i Allâh fa ny ekipan'ireo fahavalony dia ekipan'ilay Satana** ».

« **'Alî dia miaraka amin'ny fahamarinana ary ny fahamarinana dia miaraka aminy, izy roa ireo dia tsy afa-misaraka** ».

« **'Alî no ilay hitsinjara ireo olona ho any amin'ny Paradisa sy ny Afobe** ».

« **Izay manalavitra an'i 'Alî dia manalavitr'ahy ary izay manalavitr'ahy dia manalavitra an'i Allâh** ».

« **Ireo mpanara-dian'i 'Alî no ho voavonjy any amin'ny andro farany** ».

Ao amin'ny famaranana, izy dia nanambara hadith iray hafa avy ao amin'ny Manâqib, izay amin'ny faramparany ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza nanao hoe:

« **Mianiana aho amin'i Allâh izay nanendry ahy ho mpaminany sy nifidy ahy ary nametraka ahy eo ambonin'ny zava-boahariny: Ry 'Alî! Marina dia marina, fa ianao no Houjjatoullâh (ilay porofon'i Allâh) ho an'ireo olombelona, Solontenany, ilay mpitahiry ireo Tsiambaratelony sy Khalîfat eo anatrehan'ireo Mpanompony** ».

Betsaka ireo hadith tahak'izany ao amin'ireo bokinareo. Ny teny hoe "**ny tenanay**" ao amin'ilay andininy dia manambara mazava tsara ny mahiray an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy i 'Alî(a.s) ao amin'ireo sehatra rehetra ara-boninanhitra. Heveriko fa io andininy io dia porofo maharesy lahatra mikasika izany hevitro izany. Ankoatr'izany, io andininy io ihany no mamaly ilay fanontanianareo faharoa. Nambaranay fa ankoatra ny faminaniana sy ny fahazoana Wahi ( hafatr'i Allâh) izay voatokana ho an'ilay Mpaminany(s.a.s) irery ihany, i 'Alî(a.s) dia manahaka azy amin'ny lafiny ara-boninahitra rehetra. 'Alî(a.s) dia ambonin'ireo sakaiza sy ny vahoaka rehetra manontolo. Arak'izany, io andininy io dia manambara ihany koa fa izy dia miavaka manokana amin'ireo mpaminany rehetra teo aloha, sahala amin'ilay Mpaminany Mouahammad(s.a.s) ambonin'izy ireo.

Ao amin'ny Ihyâ-oul-'Ouloum bokin'imâm al-Ghazâlî, Sharh Nahj-oul-Balâghat bokin'Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî, ny Tafsîr nosoratan'imâm Fakhr-oud-Dîne al-Razî sy ireo boky Tafsîr nosoratan'i Jâroullâh al-Zamakhsharî sy i Baidhâwî ary i Nisâpourî, sns..., no ahitanareo ity hadith ity izay nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) :

« **Ireo Oulàmâ[50] ao amin'ny vahoakako dia sahala amin'ireo mpaminany avy amin'ny Banî Isrâ'il** ».

Araka ny voalazan'ny hadith hafa dia hoy Izy hoe:

« **Ireo Oulàmâ ao amin'ny vahoakako dia mitovy amin'ireo mpaminany avy amin'ireo Banî Isrâ'il, na mendrika kokoa noho izy ireo, nohon'ny antony tsotra izy ireo nandray ireo fahalalana avy amin'ity loharanom-pahalalana ity izay tsy iza fa ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s)** ».

Noho izany, i 'Alî Ibn Abou Tâlib(a.s) dia ambony voninahitra tokoa mihoatra ireo mpaminany(a.s) satria ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara nanao hoe:

---

50 Manam-pahaizana.

« **Izaho no tanànan'ny fahalalana ary i 'Alî no vavahadiny** ».

Niteny koa Izy hoe:

« **Izaho no tranon'ny fahendrena ary i 'Alî no varavarany** ».

Raha ny tenan'i 'Alî(a.s) mihitsy no nanontaniana mikasika izany, dia nolazainy mazava tsara ireo endrika sasantsasany maneho ny fahamboniany mihoatra ireo mpaminany taranak'Isrâ'il ireo. Ny faha-20 volana masina Ramadhân, rehefa teo ambavahaonan'ny fahafatesana teo ambony fandriany i 'Alî(a.s) nohon'ny famonoan'i Abdoullâh Ibn Mouljim azy, dia niangaviany ny Imâm al-Hassan(a.s) mba hampiditra ireo "Chiites" tafavory teo am-baravaran'ny tranony. Rehefa tafiditra izy ireo dia nitangorona nanodidina ny fandriana ary samy nitomany moramora avokoa izy ireo. Niteny tamin'izy ireo àry i 'Alî(a.s) nanao hoe: « **Apetraho amiko avokoa ireo fanontanianareo rehetra mialohan'ny handehanako, nefa aoka ireo fanontanianareo mba ho fohifohy** ».

**Sa'sa'ah Ibn Souwhân** dia anisan'ny nanatrika izany. Ireo manam-pahaizanareo malaza toa an'**Ibn Abdoul-Birr** sy i **Sa'd** dia nanoratra manokana momba ny fiainany sy ny toetoetrany, nanana fahatokisana sy niaiky azy fa olona manam-pahalalana tokoa.

Sa'sa'ah Ibn Souwhân noho izany dia nanontany an'i 'Alî nanao hoe: « **Lazao ahy mba ho fantatro, iza no mendrika kokoa, ianao sa i Adam?**» Namaly ilay Imâm hoe: « **Tsy mety amin'ny olona tahak'ahy ny midoka tena manokana, kanefa araka ny foto-kevitra iray hoe: "*Tantarao ireo fahasoavana izay nankasitrahan'i Allâh ho anareo*"; no ahafahako milaza aminareo fa izaho no mendrika kokoa mihoatra an'i Adam** ».

Rehefa nanontaniana i 'Alî(a.s) fa inona no antony izany, dia nanazava izy nanao hoe: « **Adam dia nahazo fanambinana manokana amin'ireo tombontsoa, fiadanana sy fahasoavana ao amin'ny paradisa. Ny tokony ho nataony fotsiny dia ny nifady sakafo iray voarara. Nefa tsy nahatandrina izany izy ka nihinana ny voankazo teo**

**amin'ilay hazo. Vokatr'izany, dia voaroaka tao amin'ny paradisa izy. Allâh dia tsy mba nandrara ahy amin'ny fihinanana ny varim-bazaha (izay hazo voarara araka ny finoan'ireo silamo). Fa noho izaho izay tsy mba voasarika mihitsy amin'izao fiainana mandalo ho any amin'ny fiainana eto an-tany ity, dia ninia nifady tsy nihinana an'izany mihitsy** ». (Eto no tian'i 'Alî hahatongavana, dia ny fahamendrehan'ny olona iray eo anatrehan'i Allâh izay mitoetra ao amin'ny fahatahorana an'i Allâh sy ny fitiavam-bavaka, ka ny fahatahorana feno tanteraka an'i Allâh dia mitoetra amin'ny fifadiana na dia zavatra nahazoana alalana aza).

Sa'sa'ah Ibn Souwhân nanontany indray nanao hoe: « **Iza no mendrika kokoa, ianao sa i Noa?** » Namaly i 'Alî hoe: « **Izaho no mendrika kokoa. Noa dia niantso ireo olony mba hanompo an'i Allâh kanefa tsy nankato izany izy ireo. Ireo fihetsika nataon'izy ireo taminy dia fampahoriana ho azy. Nanozona azy ireo izy ka niteny tamin'i Allâh nanao hoe: "** ***Tompo ô! Aza avela hisy eto an-tany ireo olona mpanao tsy rariny na dia iray aza*****". Taorian'ny nahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s), na dia nampahory ahy mafy aza ireo vahoaka, dia tsy mba nanozona azy ireo mihitsy aho. Izaho dia niharitra tokoa ireo fampijaliana nataon'izy ireo** ».

Mbola nanontany ihany i Sa'sa'ah nanao hoe: « **Iza no mendrika kokoa, ianao sa i Abrahama?** » Namaly i 'Alî hoe: « **Izaho no mendrika kokoa, satria hoy i Abrahama hoe:**

**"*Tompo ô! Asehoy ahy Tahaka ny ahoana no fampitsangananao ireo maty*", dia hoy i Allâh namaly azy : "*Mbola tsy mino va ianao ?*" Fa hoy i Abrahama : "*Tsia, tsy izany akory, fa mba hampitony ny foko fotsiny*"**[51].

**Ny finoako kosa dia tahak'izao lazaiko izao: « *Eny fa na dia ny voaly izay mandrakotra ny tsy hita maso aza no esorina, dia tsy hitombo akory ny finoako* ».**

[51] Kor'âny 2/260

Nanohy ny fanontaniany foana i Sa'sa'ah nanao hoe: « **Iza no mendrika kokoa, ianao sa i Mosesy?** » Namaly ilay Imâm masina nanao hoe: « **Izaho no mendrika kokoa, satria rehefa Allâh Ilay Tsitoha no nanome baiko an'i Mosesy mba ho any Ezypta handresy lahatra an'i Faraona hanaraka ny Fahamarinana, dia hoy i Mosesy hoe:**

"***Tompo ô ! namono olona anankiray amin'izy ireo aho , ka matahotra sao vonoin'izy ireo. Fa ny rahalahiko Harona dia mahay miteny kokoa noho izaho. Koa alefaso miaraka amiko izy ho mpanampy, mba hilaza ny fahamarinako. Matahotra tokoa aho ny ho ataon'izy ireo mpandainga***"[52].

**Ilay Mpaminany(s.a.s) kosa dia nanome baiko ahy araka ny didin'i Allâh, mba ho any Makkat, hitory ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny toko al-Barâ'at (al-Tawbat) amin'ireo Qouraych jentilisa. Izaho dia tsy natahotra velively na dia vitsy tamin'izy ireo ihany aza no tsy nanana havana maty tamin'ny alalan'ny sabatro. Ho fanatanterahana ny baikony, dia notontosaiko izaho samirery ny adidiko. Novakiako tamin'izy ireo ire soratra masin'ny al-Barâ'at ary dia niverina nody aho rehefa vita izany** ».

Farany dia nanontany i Sa'sa'ah hoe: « **Iza no mendrika kokoa, ianao sa i Jesosy?** » Namaly i 'Alî hoe: « **Izaho no mendrika kokoa noho izy, satria tamin'i Maria bevohoka ka efa akaiky ny fiterahany dia nahazo hafatra avy tamin'i Allâh izy hoe: "*Mivoaha ato amin'ity Trano Masina ity ianao: toeram-pivavahana io fa tsy toeram-piterahana*". Noho izany, dia nivoaka ilay Trano Masina izy ary nankany anaty ala ka niteraka an'i Jesosy. Nefa kosa ny reniko, i Fâtimat Bint Asad, rehefa nihetsi-jaza voalohany teo akaikin'ny Ka'abat, dia niankina teo amin'ny rindrina izy ary nivavaka tamin'i Allâh tamin'ny alalan'ity Trano ity sy izay nanorina azy mba hampitony ny fanaintainany. Tampoka teo dia vaky nitriatra ilay rindrina ary naheno feo tsy fanta-piaviana ilay reniko nilaza hoe: "*Ry***

[52] Kor'âny 28/33-34

***Fâtimat! Midira ao amin'ny Tranon'ny Ka'abat*". Koa dia niditra izy ka tao anatin'ny Ka'abat tao no nahaterahako** ». (Hadith al-Tashbîh).

## Fizarana faharoa

<u>'Alî no taratr'ireo mpaminany rehetra (Hadîth al-Tashbîh)</u>

Voalaza ihany koa ao amin'ireo bokin'ireo manam-pahaizanareo fa i 'Alî(a.s) dia ahitana ny taratry ny fahambonian'ny toetr'ireo mpaminany(a.s) rehetra. **Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî** ao amin'ny **Sharh-Nahj-oul-Balâghat** boky faha-XI, pejy faha-449, **al-Hâfiz Abou Bakr al-Faqîh al-Châfi'î**, **Ahmad Ibn al-Houssein al-Baihaqî** ao amin'ny **Manâqib**, ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny **Mousnad**, ny **imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî** ao amin'ny **al-Tafsîr al-Kabîr** mampifandray izany amin'ilay andininy mikasika ny Moubâhalat, **Mouhy-id-Dîne Ibn 'Arabî** ao amin'ny **al-Yawâqît wal-Jawâhir**, laharana 32 pejy 172, **Cheikh Soulaymân Balkhi al-Hanafi** ao amin'ny **Yanâbi'oul-Mawaddat**, amin'ny fiandohan'ny toko faha-40 milaza momba ny Mousnad bokin'**imâm Ahmad Ibn Hanbal**, **Nour-oud-Dîne al-Mâlikî** ao amin'ny **al-Fousoul-il-Mouhimmat**, pejy faha-120, **Mouhammad Talhah al-Châfi'î** ao amin'ny **Matâlib-ous-Sou'oul**, pejy faha-22 sy i **Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny **Kifâyat-out-Tâlib**, toko faha-23 dia samy nitantara ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ny fehezanteny mitovitovy, toy izao:

« **Izay te hahita ny fahalalan'i Adam, ny finoan'i Noa, ny fankatoavan'i Abrahama, ny halalinan-tsain'i Mosesy, ny fitiavam-bavak'i Jesosy, dia aoka izy hijery an'i 'Alî Ibn Abou Tâlib** ».

Sayyed 'Alî al-Hamâdanî dia nitantara io hadith io ihany fa nampiarahiny amin'ny tohiny ao amin'ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ, Mawaddat faha-VIII. Notantarainy izay avy tamin'i Jâbir fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:

« **Marina dia marina fa i Allâh dia namory ao amin'i 'Alî ireo hatsaran-toetra miisa sivifolo izay voatokana ho an'ireo mpaminany, fa tsy misy olon-kafa nomeny izany** ».

Ilay manam-pahaizana lehibe, Hâfiz Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î, aorian'ny nanambarany io hadith io dia nanazava tahak'izo: « **'Alî dia mitovy amin'i Adam amin'ny lafiny fahalalana izay nampianarin'i Allâh avokoa an'i Adam. Araka ny voalazany ao amin'ny Kor'âny masina manao hoe:**

"***Nampahafantariny an'i Adam avokoa ireo anarana rehetra (mahakasika ny zavatra rehetra),....***"[53]

Torak'izany koa, i 'Alî dia manana fahalalana ny zava-drehetra.

Ny fahalalana dia notsofin'i Allâh ao aminy mivantana, i Adam dia nahazo ny voninahitry ny khalîfat izay voalazan'ny Kor'âny toy izao:

"***…Izaho dia hametraka solontena (khalîfat) eny ambonin'ny tany…***"[54]

Ny fahalalana izay nananan'i Adam no nahatonga azy ho ambony noho ireo voahary rehetra, eny fa na dia ireo Anjely aza dia niankohoka teo anatrehany ho mari-panajana. Torak'izany koa i 'Alî dia manam-boninahitra mihoatra an'ireo zava-boaharin'i Allâh no sady khalîfat taorian'ilay Mpaminany(s.a.s).

'Alî(a.s) dia tahakan'i Noa(a.s) amin'ny lafiny herim-pony nanohitra ireo jentilisa, tsy mpino sy halemem-panahiny teo anatrehan'ireo mpino. Allâh dia midera azy ao amin'ny Kor'âny tahak'izao:

**"*Mohammad dia Irak'i Allâh ary ireo izay miaraka Aminy dia mafana fo manohitra an'ireo jentilisa fa malemy fanahy eo anatrehan'izy samy izy ireo*"** [55]

Izany dia porofo manamarina fa io andininy io dia nampidinina ho fiderana an'i 'Alî, araka ny nolazaiko tany aloha. Noa(a.s) dia tena nafana fo tokoa nanohitra ireo jentilisa satria ny Kor'âny dia nanambara hoe:

---

[53] Kor'âny 2/31

[54] Kor'âny 2/30

[55] Kor'âny 48/29 : مُحَمَّدٌ رَسُولُ اللَّهِ وَالَّذِينَ مَعَهُ أَشِدَّاءُ عَلَى الْكُفَّارِ رُحَمَاءُ بَيْنَهُمْ

**"Hoy i Noa hoe:** ***Tompo ô! Aza avela hisy eto an-tany ireo olona mpanao tsy rariny na dia iray aza*****"[56]**

'Alî(a.s) dia tahakan'i Abahama(a.s) amin'ny alalan'ny fananany fangoraham-po. Hoy indrindra ny Kor'âny milaza an'i Abrahama(a.s) hoe:

"***Marina fa feno fitandremana sy be fangoraham-po i Abrahama***"[57] ».

'Alî(a.s) dia nivondronan'ireo voninahitra sy hatsaran-toetra izay nananan'ireo mpaminany(a.s) manokana. Io hadith eken'ny rehetra io dia maneho fa i 'Alî(a.s) dia manana ireo toe-panahy avo indrindra ka ny tsirairay amin'izany dia mitovy lenta amin'ireo voninahitra ambony ananan'ireo mpaminany(a.s). Mazava ho azy arak'izany, fa izay manana ireo toe-panahy avo indrindra ananan'ireo mpaminany(a.s) mitambatra, dia manana toeram-boninahitra noho ireo hafa rehetra.

**Cheikh Soulaymân Balkhi al-Hanafi** ao amin'ny bokiny **Yanâbi'oul-Mawddat**, toko 40, dia milaza avy ao amin'ny **Manâqib** bokin'i **al-Khawârizmî** araka ny voalazan'i **Mouhammad Ibn Mansour**, izay nahare fa ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** dia niteny hoe: "**Tsy misy na iray amin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) no manana toe-panahy sy fahamendrehana toa an'i 'Alî Ibn Abou Tâlib(a.s)**".

Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î dia nitantara ihany koa an'io resaka io. Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî ao amin'ny bokiny Sharh Nahj-oul-Balâghat, boky voalohany pejy faha-46, dia niteny hoe: "**'Alî no ilay olona tena mendrika ny hipetraka amin'ny toeran'ny Wilâyat (tompom-pahefana) noho ny fahamboniany. Aorian'ilay Mpaminany(s.a.s), dia izy no olona mendrika hapetraka amin'ny toeran'ny khalîfat**".

'Alî(a.s) dia mendrika ny ho khalîfat tokoa, nefa nohon'ny kajikajy ara-politika ratsy nataon'ireo olona sasany dia nalavirina azy izany. Farafaharatsiny izy ireo mba nampilaza tamin'i 'Alî(a.s) fa izy ireo dia

---

[56] Kor'âny 71/26

[57] Kor'âny 9/114

hivory ao Saqifa Banî Sa'd mba hifandresy lahatra amin'ny tetika lehibe hifidianana izay ho khalîfat. Nefa tsy nataon'izy ireo izany mba tsy hanomezana ny zony ho lasa khalîfat.

<u>Abou Bakr sy ilay fifanarahana</u>!!

**Hâfiz** : Moa ve izahay no diso sa ianareo? Nilaza ianao fa ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nifidy an'ireo izay naka an-keriny ny khilâfat. Mazava ho azy, ianareo dia mihevitra anay ho tsy misaina daholo ka hanaraka an-jambany ireo razanay. Koa inona moa ny porofo matanjaka indrindra mihoatra ny "**Ijmâ'**" (fifanarahana iombonana)? Ireo sakaiza rehetra sy ny vahoaka, anisan'izany i 'Alî dia samy nanendry an'i Abou Bakr no sady nanao fanekem-pankatoavana azy daholo. Mazava ho azy fa ny fifanarahana iombonan'ireo vahoaka dia maharesy lahatra ka tsy maintsy hajaina. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: "**Ireo vahoakako dia tsy mba miray hina ao anatin'ny fahadisoana; ireo vahoakako dia tsy mba miray hina amin'ny fiviliana miala amin'ny làla-mahitsy**". Midika izany fa izahay dia tsy manaraka an-jambany ireo razanay ireo. Ny zava-nisy rahampitson'ny nahafaty an'ilay Mpaminany(s.a.s), dia nanapa-kevitra ireo vahoaka tao anatin'ny fivoriana niarahan'ny rehetra nandray anjara mba hifidy an'i Abou Bakr ho khalîfat. Koa satria izany no zava-nisy marina dia tokony hankasitrahantsika.

**Chîrâzî** : Ampahafantaro anay, azafady, amin'inona moa no iorenan'ny khilâfat?

**Hâfiz** : Tsotra izany. Ny porofo tena mendrika amin'ny maha-ara-dalàna ny khalîfat handimby an'ilay Mpaminany(s.a.s) dia ny Ijmâ' (fifanarahana iombonana) ataon'ny vahoaka ka amin'ny alalan'izany no iorenan'ilay khalîfat eo amin'ny toerany. Ankoatr'izany, ny antony manokana nahatonga an'i Abou Bakr sy Omar voafidy ho khalîfat dia nohon'ny mahazokiolona azy ireo. 'Alî, na dia teo aza ireo toe-panahy ambony sy ny fifandraisany akaiky tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) nananany, dia voatery nesorina nohon'ny fahatanorany loatra. Koa mba hanajana ny rariny, dia tsy mety raha avy amin'ny tanora iray no tsy hanekena ny fanapahan-kevitr'ireo sakaiza efa zokiolona. Ary izahay dia tsy mihevitra

mihitsy izany fanesorana azy izany ho fahareseny satria ny fahamboniany dia mbola iarahan'ny rehetra mahita misongadina hatrany any amin'ny sehatra hafa. Misy hadith iray koa avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) nolazain'ny khalîfat Omar manao hoe: "**Ny faminaniana sy ny fahefampitondrana dia tsy natokana ho ao amin'ny fianakaviana iray ihany**". Noho izany, i 'Alî dia nalavirina tamin'ny khilâfat noho izy anisan'ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s). Koa tsy azo fidina amin'io toerana io izy.

<u>Ireo porofo manohitra ny maha-ara-dalàna ny Ijmâ'</u>

**Chîrâzî** : Mahatalanjona ahy ny fanoloranareo porofo hevi-dravina toy izany. Voalohany, lazainareo fa ny Ijmâ' (fifanarahana iombonan'ny vahoaka) no porofo mendrika ara-dalàna, avy eo mba hanohananareo ny hevitrareo dia nilaza hadith iray ianareo. Ny teny hoe "**Oummati**" dia midika hoe "**Vahoakako**". Noho izany, araka ny hadith nolazainareo (raha ekena ny fahamarinany), fa raha ny vahoaka rehetra no manaiky zavatra iray dia avy hatrany tsara izany fanapahan-kevitra izany. Tsy afaka hanaiky izany anefa aho. Allâh dia nanavaka an'ity vahoaka ity nohon'ny antony ireo izay mivondrona ao aminy, fa tsy maintsy misy vondron'olona iray ao aminy izay mazava ho azy fa voatarika amin'ny làla-mahitsy. Anisan'izany ny solontenan'i Allâh.

Nefa ity hadith ity (raha ekena ny fahamarinany) dia tsy manaporofo mihitsy fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nahafoy ny zony ka nanome alalana ny Vahoaka mba hifidy ny khalîfat. Ary na dia ilay Mpaminany(s.a.s) aza no nanome fahalalahana manokana ny vahoakany mba hanendry ny khalîfat, izany zo izany dia tsy maintsy natao ho Vahoaka rehetra tsy ankanavaka. Koa satria ny silamo rehetra dia samy mahazo tombontsoa avy amin'izany khilâfat izany, dia tokony hanan-jo haneho ny heviny izy ireo amin'ny fifidianana ny khalîfat. Noho izany, aorian'ny fahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s), dia tena ilaina ny fivorian'ny vahoaka manontolo mba hanendry araka ny fifanekena iombonana, ny olona mendrika ho eo amin'ny toeran'ny khilâfat. Moa ve nisy izany fivorian'ireo silamo manontolo izany? Sahala amin'izany ve no nahavoafidy an'i Abou Bakr ho khalîfat?

**Hâfiz** : Abou Bakr dia nitazona ny toeran'ny khalîfat nandritra ny roa taona teo ho no eo. Nandritra izany fe-potoana izany, ireo silamo manontolo dia nanao fanekem-pankatoavana sy nanaja azy. Izany dia ampy hanaporofoana ny fiombonan'ny rehetra sy ny maha-ara-dalàna ny toerany ihany koa.

**Chîrâzî** : Miezaka ny mamadi-dresaka ianareo. Ny fanontaniako dia tsy mipetraka nandritra ny fitondran'i Abou Bakr rehetra. Fa mipetraka tamin'ny fanapahan-kevitra noraisina tao amin'ny kianjan'ny (Saqifa) Banî Sa'd. Izany fivoriana izany ve, nahavory ireo silamo manontolo sa tsy nisy afa-tsy vondron'olona vitsivitsy fotsiny no nanao fanekem-pankatoavana?

**Hâfiz** : Eny, tsy nisy tokoa tafavory tao afa-tsy ireo olona sasany izay tena malaza tamin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s), saingy ny Ijmâ' dia tanteraka ihany taty aoriana.

**Chîrâzî** : Ilay Mpaminany(s.a.s) masina, izay olona mendrika ny hitari-dàlana ny vahoaka ve nanome izany zony izany tamin'ny vahoakany? Moa ve Izy nahafoy izany zony izany, amin'izay ireo olona ao amin'ny fokon'i Aws, mpankahala ny fokon'i Khazraj, mba hanao fenekem-pankatoavana nohon'ny fahatahorana an'ireo mpanohitra azy ireo sao hahazo ny fahefana? Moa ve Izy nahafoy izany zony izany, amin'izay ny olona afaka manangana governemanta miorina amin'ny fahatahorana sy fahihirana? Azo tenenina ho vahoaka ve ny vondron'olom-bitsy mba hifidianana olona iray? Ireo silamo tany Makkat, tany Yémen, tany Djedda sy tany amin'ireo tanàna hafa ve tsy mba anisan'ny vahoaka?

Moa ve izy ireo tsy mba manan-jo haneho ny safidiny mikasika ny khilâfat? Raha tsy nisy ny teti-dratsy dia nahoana no tsy nandrasana ny hevitr'ireo silamo rehetra mikasika ny zavatra mavesa-danja tahaka itony khilâfat itony? Amin'izay ny Ijmâ' dia tanteraka soa aman-tsara. Eny fa na dia amin'izao andro iainantsika izao aza, raha te hanorina fanjakana demokratika (entim-bahoaka) na te hifidy filoham-pirenena, dia ny fandraisan'ny rehetra anjara no takiana. Ireo olom-pirenena no mandatsa-

bato ka izay mahazo vato maro indrindra no voafidy ho filoha. Ireo filoham-pirenena efa mandroso sy ireo vahoaka avara-pianarana rehetra dia haneso ireo fombafomba ratsy nanorenanareo ny “Ijmâ’”!

**Hâfiz** : Nahoana ianao no dia mamoaka resaka mahatezitra toy izany? Ny Ijmâ’ dia midika fa nisy ny fivorian’ireo olon-kendry sy ireo sakaiza manam-pahaizana tao amin’ny Saqifa.

**Chîrâzî** : Lazainareo fa ny Ijmâ’ dia midika ho fivorian’ireo olon-kendry sy ireo sakaizan’ilay Mpaminany(s.a.s), manana ny maha-izy azy, nefa dia tsy marim-pototra izany hevitrareo izany noho ilay hadith novakinareo teo. Aiza amin’io hadith nolazainareo io no manambara an’ireo olon-kendry sy ireo sakaiza ireo? Averiko indray fa ny teny hoe “**Oummati**” dia midika ho vahoaka rehetra manontolo fa tsy olom-bitsy voafetra ho ireo sakaiza, sy ho avara-pianarana fotsiny izy ireo. Ary na dia ekena aza ny fahamarinan’ny voalazanareo fa ny Ijmâ’ dia midika ho “vondron’ olon-kendry sy sakaiza manana ny maha-izy azy”, dia moa ve ireo tonga nivory tao amin’ny kianja mitafo kely ireo no miendrika an’ireo olon-kendry rehetra sy ireo sakaizan’ilay Mpaminany(s.a.s)? Tsy nisy olon-kendry sy sakaiza hafa intsony ve teny amin’ireny tanin’ny silamo hafa ireny? Moa ve izy ireo nifanaraka tokoa nifidy an’io khalîfa io?

**Hâfiz** : Ny khilâfat dia zavatra saro-pady tokoa, ireo olona dia natahotra ny korontana. Koa tsy mety ny fampandrenesana ireo silamo any amin’ireo tanàna hafa. Rehefa naheno i Abou Bakr sy Omar fa tonga nivory ireo Ansâr, dia tonga ihany koa izy roa mba hanatrika izany. Omar dia olom-panjakana manana traikefa, nihevitra izy fa tsara kokoa ho an’ny vahoaka ny manao fanekem-pankatoavana an’i Abou Bakr. Ny sasany dia nanaraka azy nanao fanekem-pankatoavana, fa nisy vondron’olona avy amin’ireo Ansâr, sy ireo olona avy amin’ny foko Khazraj izay notarihin’i Sa’d Ibn Oubaida no tsy nanao fenekem-pankatoavana ka dia lasa niala tao amin’ny Saqifa. Izany no antony nanafainganana ny fifidianana.

**Chîrâzî** : Izao ianareo vao manaiky amin’izay, sahala amin’ireo mpahay tantara sy manam-pahaizanareo malaza, fa tamin’ny andron’ny Saqifa, ireo zava-nitranga tao dia tsy nisy akory izany atao hoe Ijmâ’

izany. Abou Bakr nohon'ny fifanarahana ara-politika, dia nanolotra anaran'i Omar sy Abou Oubaida Ibn Jarrah izay niara-nanolotra kosa hosetrin'izany ny anaran'i Abou Bakr, tamin'ny alalan'ny fitenenan'izy roa fa izy no mendrika kokoa ho eo amin'io toerana io. Avy hatrany izy roa dia nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr. Ny sasany tamin'ireo fokon'i Aws nanatrika teo dia nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr ihany koa nohon'ny fankahalan'izy ireo ny fokon'i Khazraj sy nohon'ny fahatahoran'izy ireo ihany koa an'i Sa'd Ibn Oubaida ho lasa Amîr. Tahak'izany no fomba nanohanana tsikelikely an'i Abou Bakr. Na izany aza anefa, raha heverina fa porofo matanjaka ny Ijmâ' dia tokony ho nandrasan'izy ireo ny fahatongavan' ireo silamo manontolo na ireo olon-kendry araka ny voalazanareo mba hiaraka hanapa-kevitra amin'ny vahoaka.

**Hâfiz** : Efa nolazaiko anao teo fa nohon'ny fahatahorana ny fisian'ny korontana no nanery ny tafavory tamin'izany hanao fifidianana haingana. Ireo olon'ny fokon'i Aws sy Khazraj dia niara-nivory tao amin'ny Saqifa ka nifanditra. Isaky ny foko dia samy maniry ny te hahazo fahefana amin'ny fanjakana islamika ho an'ny tenan'izy ireo avy.

**Chîrâzî** : Manaiky izany voalazanao izany aho. Mouhammad Ibn Jarîr al-Tabarî (jereo ny Târîkh nosoratany, bokiny faha-II, pejy faha-457) sy ireo hafa dia samy nanoratra fa maro ireo silamo tsy nivory tao amin'ny kianjan'ny Saqifa mba hifidy ny ho khalîfat mpitondra azy ireo. Ireo Aws sy Khazraj dia samy naniry ny hanendry Amîr ho azy ireo avy. Abou Bakr sy Omar dia nanararaotra izany fifandiran'izy ireo izany. Fa raha tonga hivory mba hiady hevitra momba izay ho khalîfat tokoa izy ireo, dia tsy maintsy niantso ireo silamo rehetra mba haneho ny heviny. Araka ny voalazanareo, dia sarotra ny hanambarana ireo silamo rehetra ary koa tery ny fotoana. Marina tokoa fa izy ireo dia tsy nanana fifandraisana haingam-pandeha na dia iray aza tao Makkat  sy tao Yémen sy tao Tâ'if na ireo tanànan'ireo silamo hafa lavitra. Nefa moa ve izy ireo tsy nahita fomba nampandrenesana ny miaramilan'i Ousâmah Ibn Zaïd izay nitoby teo akaikin'i Madînat?

Moa ve izy ireo, tsy afaka nampilaza tamin'ireo sakaiza henin-kajan'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nitoetra teny? Anisan'iray izay nanana ny

maha-izy tamin'izy ireo dia ilay komandin'ny miaramila silamo, notendren'ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s). Abou Bakr sy Omar dia olona eo ambany fifehezany araka ny fandinihana sy ny lalàna. Raha naheno i Ousâmah fa nisy olona anankitelo niray tsikombakomba nanendry khalîfat tsy naka hevitr'ireo sakaiza hafa na farafaharatsiny nampandre azy ireo no sady nanao fanekem-pankatoavana tamin'ny olona iray, dia nitaingina ny soavaliny izy nankeo teo ambaravaran'ilay Moske no sady niantsoantso mafy nanao hoe: "**Fa inona loatra re izao fanankoratanana izao? Iza no nanome alalana anareo hanendry khalîfat? Fa inona no dikan'izato olom-bitsy izay nanendry khalîfat tsy nisy akory ny fakana hevitr'ireo sakaiza?**"

Nanatona i Omar mba hampitony azy ka niteny hoe: "**Ousâmah! Aoka izay. Ny fanekem-pankatoavana dia efa natao. Koa aoka ankehitriny tsy hampisy korontana amin'ireo olona intsony ianao. Manaova fanekem-pankatoavana amin'i Abou Bakr ianao**". Tezitra i Ousâmah fa hoy izy: "**Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nifidy ahy ho Amîr lehibenareo, koa amin'ny fomba ahoana ny Amîr notendrin'ilay Mpaminany(s.a.s) indray no hankato an'ireo eo ambany fahefany izay olom-peheziny?**" Na dia betsaka ireo zava-nitranga tamin'io fotoana io, dia heveriko fa ampy izay mba hanamafisana ny hevitra nolazaiko.

Ary raha mbola lazainareo fa ny miaramilan'i Ousâmah dia lavitry ny tanàna ka tery ny fotoana, moa ve lazainareo ihany koa fa mifanalavitra ny elanelana mampisaraka ny Saqifa sy ny toeram-ponenan'ilay Mpaminany(s.a.s)? Fa nahoana izy ireo no tsy nampilaza tamin'i 'Alî(a.s) na i Abbâs(a.s), izay rahalahin-dray henin-kajan'ilay Mpaminany(s.a.s)? Nahoana izy ireo no tsy mba naka hevitr'ireo olon'ny Banî Hâchim, ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s)?

## Ny Imâm 'Alî(a.s) dia niniana tsy nampandrenesina an'ilay fivoriana tao amin'ny kianja mitafon'ny Saqifa

**Hâfiz** : Tsy iasalasalana fa ny toe-draharaha tamin'io fotoana io dia tena sarotra ka nahatonga azy ireo tsy nahasahy niondrika mihitsy teo amin'ny fiambenana an'ny Saqifa.

**Chîrâzî** : Azafady fa mba nisy kosa ny fotoana fa izy ireo mihitsy no ninia tsy hampandre an'i 'Alî(a.s) sy ireo Banî Hâchim ary ireo sakaiza nanana ny naha-izy azy ireo.

**Hâfiz** : Ahoana no ahafanao milaza fa nikasa ny tsy hampandre azy ireo mihitsy izy ireo?

**Chîrâzî** : Porofo mazava ho azy dia i Omar izay nitsidika teo ambaravaran'ny tranon'ilay Mpaminany(s.a.s) kanefa izy tsy niditra tao akory.

**Hâfiz** : Azo inoana kosa aloha fa izany dia tantara noforonin'ireo Rafidhî (chiites) ireo.

**Chîrâzî** : Jereonareo ao amin'ny pejy 456 boky Târîkh faha-II nosoratan'i Mouhammad Ibn Jarîr al-Tabarî, izay anisan'iray amin'ireo manam-pahaizanareo ambony. Izy dia nanoratra fa i Omar dia tonga niseho teo ambaravaran'ilay Mpaminany(s.a.s) nefa dia tsy niditra akory. Fa nitondra hafatra ho an'i Abou Bakr izay tao an-trano izy nanao hoe: "**Avia haingana, fa misy zavatra hataoko miaraka aminao maika dia maika**". Namaly azy i Abou Bakr fa tsy manam-potoana amin'izany. Nandefa hafatra fanindroany i Omar nilaza hoe: "**Isika izao dia miatrika fotoan-tsarotra. Ny fiatrehanao an'izany dia tena ilaina**". Nony farany dia nivoaka i Abou Bakr ary dia nolazain'i Omar taminy mangingina ny fivorian'ireo Ansâr tao amin'ny Saqifa, ka nambarany fa tsy maintsy mankany izy roa izao ankehitriny izao. Koa dia niainga izy roa fa nifanena tamin'i Abou Oubaida izay nentin'izy roa nanaraka azy ireo ihany koa.

Ianiavana amin'i Allâh! Aoka ianareo hanaja ny rariny! Raha tsy nifofo hanao teti-dratsy izy ireo dia nahoana i Omar no nandeha tonga hatreny amin'ny varavaran'ny tranon'ilay Mpaminany(s.a.s) nefa tsy mba niditra akory? Afaka nangataka fanampiana anefa izy. Sa moa ve teo amin'ny vahoaka dia tsy nisy afa-tsy i Abou Bakr irery ihany no hendry fa ireo sakaiza sasany sy ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo dia vahiny tsy mendrika ny hampahafantarina ny zava-misy? Io Ijmâ' io ve amin'izay fotoana izay dia ara-dalàna ihany na dia tsy nisy afa-tsy olona telolahy ihany aza no nandrafitra izany?

Aiza eto an-tany no mba mankasitraka ny fomba toy izany? Hevero fa nisy olona anankitelo na vondron'olona iray no nivorivory tao an-tanàna sy nifanaraka tamin'ny alalan'ny Ijmâ' mba hanendry lehibem-panjakana iray. Moa ve ireo manam-pahaizana sy ireo olon-kendry rehetra manerana ireo tanàna hafa dia tsy maintsy hanaiky azy? Na koa raha ireo olon-kendry sy ireo avara-pianarana izay tsy mba nifidin'ireo hafa no mamoaka ny hevitr'izy ireo, dia moa ve tsy maintsy manaraka izany ireo olon-kendry sasany? Azo atao ve ny manafoana ny hevitry ny vahoaka iray manontolo nohon'ny fihetsika mampatahotra nataon'ny vondron'olona iray? Etsy andaniny, raha misy vondron'olona iray manambara, amin'ny alalan'ny toriteny tsara lahatra, fa ilay Khalîfat dia tsy marim-pototra araka ny lalàna sy ny fahendrena, dia rariny ve ny iantsoana azy ireo ho "Râfidhîs"?

Milaza ianareo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia namela ny fifidianana ny khalîfat ho eo ampelan-tanan'ireo vahoaka na ireo olon-kendry, araka ny fiantsoanareo azy. Moa ve ny olon-kendry teo amin'ny vahoaka dia tsy nisy afa-tsy i Abou Bakr sy Omar ary i Abou Oubaida Ibn Jarrah ihany? Ny tsirairay tamin'izy ireo dia samy nanondro ny anaran'iray tamin'izy ireo ka nony farany dia ny anankiroa tamin'izy ireo no niara-nanolotra ny fahatelo. Izay fotsiny ve no hahatonga ireo silamo rehetra ho tsy maintsy hanaraka azy ireo?

Ny "**Ankavitsiana**", ny "**Ankamaroana**" sy ny "**Ijmâ'**" dia samy hafa hevitra. Amin'ny fivoriana fakana hevitra mikasika ny zavatra iray manokana, raha olom-bitsy no maneho hevitra iray fa ny maro kosa manana hevitra hafa, dia fantatra miavaka tsara ny hevitry ny "vitsy" sy ny hevitry ny "maro". Fa raha toa ka ny rehetra (tsy ankanavaka) no niray feo nampitovy hevitra avokoa, dia izany no azo antsoina hoe "Ijmâ'". Ny Ijmâ' tahak'izany ve no nitranga tao amin'ny Saqifa na nitranga tao amin'ny Moske taty aoriana sy avy eo tao Madînat?

Na izany aza anefa, araka ny fanirianareo, dia esorintsika ny zon'ny ankamaroan'ny vahoaka fa andao ho ekena azo antsoina hoe ijmâ' ny hevitr'ireo olon-kendry sy ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s), koa ny fanontaniana tiako apetraka dia hoe: moa ve nisy izany atao hoe ijmâ'

izany tamin'ireo olon-kendry rehetra sy ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) henin-kaja rehetra izay tonga nanatrika tao? Tsy vitan'izany, fa moa ve io vondron'olona vitsy tafavory tao amin'ny Saqifa io dia niray hina tokoa tamin'ny fanapahan-kevitra? Ny valiny dia tsy maintsy ho tsia.

Ny tenan'ilay nanoratra ny boky **Mawâqif** mihitsy no nanaiky fa tsy nisy akory izany ijmâ' izany nandritra ny fitondran'ny khalîfat Abou Bakr ary tsy nisy na dia kely akory aza ny firaisan-kevitra teo amin'ireo olona avara-pianarana tao Madînat. Sa'd Ibn Oubaida al-Ansârî, ireo taranany, ireo sakaiza henin-kajan'ilay Mpaminany(s.a.s), ireo Banî Hâchim rehetra, ireo namany sy i 'Alî(a.s) Ibn Abou Tâlib dia samy nanohitra an'i Abou Bakr avokoa nandritra ny enim-bolana. Ireo olona ireo dia tsy mba nanao fenekem-pankatoavana azy velively. Tao Madînat tanàna masin'ilay Mpaminany(s.a.s), dia tsy nahitana izany ijmâ' izany velively tamin'ny naneken'ireo olon-kendry sy ireo sakaiza an'i Abou Bakr ho Khalîfat.

Ireo mpahay tantara lehibe sy manam-pahaizanareo (toa an'i **Fakhr-oud-Dîne al-Râzî**, **Jalâl-oud-Dîne as-Souyoutî**, **Ibn Abî al-Hadîd Mou'tazalî**, **al-Tabarî**, **al-Boukhârî** sy **Mouslim**) dia samy nanambara fa ny ijmâ' dia tsy nisy mihitsy tao Madînat. Ireo Banî Hâchim, ireo Banî Omayyat sy ny ankamaroan'ireo sakaiza (afa-tsy ireto telolahy voalaza anarana tetsy ambony ireto ihany) dia tsy mba nandray anjara tamin'ny fifidianana tao amin'ny Saqifa. Tsy vitan'izany, fa betsaka ireo nanohitra mafy izany fanapahan-kevitra izany. Ny zava-nisy marina aza, dia ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) sasany nanana ny naha-izy azy ireo, izay tsy nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr dia tonga tao amin'ny Moske mba hanohitra azy.

Tamin'ireo Mouhâjir dia nahitana an'i Salmân al-Fârsî, Abou Zharr Ghifârî, Miqdâd Ibn al-Aswad al-Kindi, Ammâr Ibn Yâssir, Bouraida Aslami sy i Khâlid Ibn Sa'îd Ibn al-Amawî. Tamin'ireo Ansâr dia nahitana an'i Aboul-Hathama Ibn Tihân, Khouzaima Ibn Thâbit Zhou-Chahâdatain, Abou Ayyoub al-Ansârî, Oubai Ibn Ka'ab, Sahl Ibn Hounaif, izay nikomy nanohitra an'i Abou Bakr tao amin'ny Moske. Santionany tamin'ireo zava-niseho fotsiny izany lazaiko izany. Tsy nisy akory izany ijmâ' izany. Ny ijmâ' niarahan'ireo olon-kendry sy ireo

sakaiza nanana naha-izy azy ireo tao Madînat dia tena lainga marivo tototra.

Hatolotro anareo ny lisitry ny anaran'ireo olona sasany izay nanohitra an'ilay khalîfat, araka ny voalazan'ireo bokinareo ihany:

**Ibn Hajar al-'Asqalânî** sy **Balâthourî** ao amin'ny boky **Târîkh** nosoratan'izy ireo avy, i **Mouhammad Khawind Shah** ao amin'ny bokiny **Rawdhat al-Safâ**, **Ibn Abdoul-Birr** ao amin'ny bokiny **Isti'âb** sy ireo hafa dia milaza fa i **Sa'd Ibn Oubaida**, ny sasany tamin'ireo Khazrajis sy ny vondron'olona avy amin'ny foko Qouraych dia tsy nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr.

Ankoatr'izany, sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) nanana ny naha-izy azy miisa valo ambin'ny folo no tsy nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr. "Chiites" mpanara-dian'i 'Alî(a.s) Ibn Abou Tâlib izy ireo. Ireto avy ny anaran'izy ireo:

**Al-Y'aqoubî** dia nanambara ao amin'ny boky **Târîkh** nosoratany manao hoe: "**Vondron'olona iray avy amin'ny Mouâjirs sy Ansâr no tsy nanaiky hanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr, fa izy ireo dia mpanara-dian'ny Imâm 'Alî. Anisan'izy ireo i Abbâs Ibn Abdoul-Mouttalib, Fadhl Ibn Abbâs, Zoubayr Ibn al-'Awwâm Ibn al-'As, Khâlid In Saïd, Miqdâd Ibn Omar, Salmân al-Fârsî, Abou Zharr al-Ghifârî, Ammâr Ibn Yâssir, Bara'a Ibn 'Athib sy Oubai Ibn Ka'ab**".

Ireo olona ireo ve tsy anisan'ireo olon-kendry teo amin'ny vahoaka? 'Alî(a.s), Abbâs rahalahin-drain'ilay Mpaminany(s.a.s), sy ireo hafa nanana ny hajany teo amin'ireo Banî Hâchim ve dia tsy olon-kendry sy tsy azo itokisana? Manao akory ny karazana ijmâ' izay tsy nakana ny hevitr'ireto olona nanana ny naha-izy azy ireto? Raha i Abou Bakr no notendrena tamin'ny mangingina, ka tsy nampahafantarina izany ireo sakaiza malaza, dia izany ve no azo lazaina fa ijmâ' ? Sa tetika politika maloto?

## Fizarana fahatelo

Hadîth al-Thaqalain sy Hadîth al-Safînat

Ankoatr'izany, ireo Banî Hâchim, fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy mba tonga nivory tao amin'ny Saqifa. Ny mahazava-dehiben'ny fitsaran'izy ireo anefa dia tena tsy azo lavina tokoa arak'ireo hadith voalaza tany aloha, izay eken'ireo antokom-pinoana roa tonta. Hoy ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: « **Izaho dia mametraka ho anareo zava-tsarobidy anankiroa: dia ny bokin'i Allâh sy ireo fianakaviako Ahloul-Bayt (ireo fianakaviana masina: i 'Alî, Fâtimat sy ny taranany). Mifikira amin'ireo zavatra roa ireo ianareo fa tsy ho very hiala amin'ny làla-mahitsy velively ianareo** ». Ireto olo-masina ireto dia tsy mba nanohana ny khilâfat fitondran'i Abou Bakr.

Tsy vitan'izany, fa mbola misy hadith malaza iray fantatra amin'ny anarana hoe "Hadîth al-Safînat" (Hadith milaza sambofiara), izay efa nolazaiko tamin'ireo alim-pivoriana teo aloha. Niteny ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: « **Ireo "Ahl-oul-Bayt" fianakaviako dia sahala amin'ny sambofiaran'i Noa. Izay mitaingina azy dia avotra; fa izay mitsipaka kosa dia rendrika sy very** ». Ity hadith ity dia manambara fa sahala amin'ireo vahoakan'i Noa izay avotra tamin'ilay safo-drano nohon'ny fisian'ilay sambofiara, ireo vahoakan'ilay Mpaminanintsika(s.a.s) dia ho avotra ihany koa amin'ny fahaverezana nohon'ny fifikirana amin'ireo fianakaviana masin'ilay Mpaminany(s.a.s).

Ibn Hajar ao amin'ny bokiny al-Sawâ'iq al-Mouhriqat, pejy 50 dia manazava ilay andininy faha-IV sy manambara ireo hadith anankiroan'Ibn Sa'd mikasika ny tsy maintsy hanarahana ny fianakaviana masin'ilay Mpaminany(s.a.s). Ao amin'ny hadith iray dia hoy ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: « **Izaho sy ireo taranako dia hazomaniry iray ao am-Paradisa ka ny rantsany dia eny ambony tany; izay mitady ny làlana mankany amin'i Allâh dia aoka hifikitra amin'izy ireo** ». Ao amin'ny hadith faharoa dia hoy ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: « **Ao amin'ny vahoakako, isaky ny vanim-potoana, dia misy olo-marina foana avy amin'ireo taranako izay hanadio ny finoana amin'ireo loto nampidirin'ireo mpanao ratsy**

**sy ireo fanazavana diso nataon'ireo tsy mahalala. Aoka ho fantatrareo fa ireo Imâm mpitarikareo dia tena marina fa hitarika anareo mankany amin'i Allâh; noho izany dia mitandrema ianareo amin'izay olona tokony horaisinareo ho mpitarika** ». Ny tsy azo avela amin'ny hadith toy izany dia ilay filazana ho an'ny vahoaka izay nataon'ilay Mpaminany(s.a.s) manao hoe: « **Raha tsy hanaraka an'ireo fianakaviako masina Ahloul-Bayt ireo ianareo, dia ho tarihin'ireo fahavalo hiala amin'ny làla-mahitsy** ». Ny olona izay voasariky ny Ijmâ', ny fanekem-pankatoavana sy ny fanendrena an'ireo khalîfat dia mifanipaka amin'ny fombafomba izay nolazainareo. Noho izany, dia karazana Ijmâ' manao akory loatra no nitranga tamin'izany? Ireo sakaiza nanana ny naha-izy azy, ireo olon-kendry sy ny taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tao Madînat tamin'ny fotoam-pivoriana tao amin'ny Saqifa. Tsy isalasalana arak'izany fa tsy nisy zavatra voatapaky ny be sy ny maro tamin'izany, indrindra moa fa ny ijmâ' dia tsy nisy akory.

Ibn Abdoul-Birr Qartabî ao amin'ny bokiny Isti'âb, Ibn Hajar ao amin'ny bokiny al-Isâbah sy ireo manam-pahaizana hafa dia samy nanoratra fa i Sa'd Ibn Oubaida, mpilatsaka ho fidina ho khalîfat iray, dia nandà ankitsirano amin'ny fanaovana fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr sy an'i Omar ihany koa. Tsy te hampisy korontana izy dia lasa nifindra fonenana tany Syrie. Araka ny voatantara ao amin'ny boky Rawdh al-Safâ, dia nisy namono izy nohon'ny fampirisihan'olona iray nanana ny fahefany. Araka ny voalazan'ireo mpahay tantara, ny olona izay nahavita izany heloka izany dia i Khalid Ibn al-Walid. Tamin'ireo fotoam-piandohan'ny fitondran'ny khalîfat Abou Bakr, taorian'ny namonoany an'i Mâlik Ibn Bouwaira sy nanambadiany ny vadiny, dia nahatezitra an'i Omar izany. Rehefa lasa khalîfat i Omar, dia novonoin'i Khalid Ibn Walid i Sa'd Ibn Oubaida mba hahazoany fifalian'i Omar.

**Hâfiz** : Nohon'ny loza manambana amin'ny hisian'ny fikorontanana sy nohon'ny tsy fahafahan'izy ireo mampandre ny vahoaka rehetra manontolo, dia voatery izy ireo nionona tamin'ireo olona vitsivitsy tafavory tao amin'ny Saqifa izay toerana nanaovana ny fanekem-pankatoavana. Avy eo dia nanaraka nankasitraka izany ny vahoaka taty aoriana.

**Chîrâzî** : Raha tsy afaka nihaona tamin'ireo sakaiza henin-kajan'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo olon-kendrin'ny firenena izay nonina tany ivelan'i Madînat izy ireo, no sady raha tsy nisy ny fanaovana teti-dratsy, dia mba lazao anay amin'ny fo madio azafady, nahoana izy ireo no tsy mba nanasa an'ireo izay tao Madînat, mba hivory tao amin'ny Saqifa? Moa ve tsy zava-dehibe amin'izy ireo ny maka hevitra avy amin'i Abbâs sy i 'Alî(a.s) Ibn Abou Tâlib ary ireo Banî Hâchim ireo? Ny hevitr'i Omar sy Abou Oubaida ve dia ampy ho an'ny vahoaka silamo rehetra? Ny porofonareo mikasika ny Ijmâ' amin'ny heviny ankapobeny na heviny manokana dia tsy mitombina akory.

Ireo olon-kendry sy ireo sakaiza malaza dia tsy mba nandray anjara no sady nanohitra izany. Averiko eto indray fa ny ijmâ' dia midika fa tsy misy olona iray nanohitra ny hevitr'ireo hafa. Fa amin'ity lazainareo ijmâ' ity dia ianareo ihany no miaiky fa tsy ny sarangan'olon-kendry rehetra akory no nandray anjara. Ny imâm **Fakhr-oud-Dîne al-Râzî** ao amin'ny bokiny **Nihâyat-oul-Ousoul** dia nanamarika fa tsy nisy ijmâ' na fifanarahana iombonana tamin'ny nifidianana an'i Abou Bakr sy i Omar ho khalîfat ka hatramin'ny namonoana an'i Sa'd Ibn Oubaida. Tsy azoko nahoana no ahafanareo mihevitra an'io ijmâ' lazainareo io ho toy ny porofo maha-ara-dalàna ny khalîfat.

Fa ny mikasika ilay porofonareo faharoa milaza fa i Abou Bakr no zokiolona kokoa mihoatra an'i 'Alî ka noho izany, dia izy no mendrika hatao khalîfat, izany dia vao mainka hevi-dravina kokoa mihoatra ilay porofo voalohany. Raha ny taona no fepetra maha-ara-dalàna ny khalîfat, dia nisy betsaka tokoa ireo izay zokiolona kokoa mihoatra an'i Abou Bakr sy i Omar. Ohatra amin'izany, i Abou Qahafa, rain'i Abou Bakr, dia antitra kokoa noho ny zanany, ary mbola velona izy tamin'io fotoana io. Koa nahoana no tsy izy no notendrena ho khalîfat?

**Hâfiz** : Ny taonan'i Abou Bakr, ankoatr'ireo fahaiza-manaony, dia mahatonga azy ho olona mendrika amin'izany. Na dia nisy ny zokiolona kokoa sy ny nanana traikefa, tian'ilay Mpaminany(s.a.s) teo amin'ny firenena, dia tsy azo atao ny manankina ny fahefana amin'ny tanora izay mbola tsy za-draharaha.

**Chîrâzî** : Raha izany no marina, dia midika fa ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no kendrenareo ho toherina. Izany tokoa, satria tamin'Izy nandeha hanafika an'i Tabouk, dia nikasa mangingina ny hikomy ireo mpitsaravelatsihy tao Madînat, hanararaotra ny tsy maha-eo Azy. Noho izany, dia nanendry olona iray za-draharaha Izy mba handamina toe-javatra tao Madînat hisolo ny toerany sy hampandamoka ireo teti-dratsin'ireo mpitsaravelatsihy. Manontany anareo àry aho mba hanambara aminay olona manao akory izany notendren'ilay Mpaminany(s.a.s) hisolo toerany tao Madînat izany, ho toy ny solontenany sy khalîfat mpandimby Azy?

**Hâfiz** : Ny rehetra dia samy mahalala fa i 'Alî no nataony khalîfat mpandimby Azy sy solontenany.

**Chîrâzî** : Koa moa ve tsy tao Madînat i Abou Bakr, i Omar sy ireo sakaiza hafa izay be taona kokoa noho i 'Alî(a.s) tamin'io fotoana io? Eny, nefa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nisafidy tovolahy iray, i 'Alî mba ho khalîfat mpandimby Azy sy solontenany. Tamin'ny famakiana ilay andinin-tsoratra masina al-Barâ'at na al-Tawbat ao amin'ny Kor'âny eo anarehan'ireo vahoakan'i Makkat, dia ninoana fa lehilahy iray manana traikefa no nirahina mba hanatanteraka izany. Nantsoin'ilay Mpaminany(s.a.s) niverin-dàlana anefa i Abou Bakr na dia zokiolona kokoa aza, teny ampisasahan-dàlany ho any Makkat, ary naniraka an'i 'Alî(a.s) tanora kokoa noho i Abou Bakr Izy mba hanatanteraka izany adidy masina izany. Nilaza ilay Mpaminany(s.a.s) fa araka ny hafatr'i Allâh taminy, dia ny olona izay tokony hanambara ny Kor'âny masina dia tsy maintsy ny tenany (tenan'ilay Mpaminany(s.a.s)) ihany na olona avy aminy.

Torak'izany koa, mba hanomezana lesona ny vahoakan'i Yémen, nahoana ilay Mpaminany(s.a.s) no naniraka an'ilay "Lehiben'ireo Mpino", i 'Alî(a.s) fa tsy ireo olona manana traikefa toa an'i Abou Bakr sy Omar na ireo hafa izay nanatrika teo? Nandritra ireo fotoana hafa mitovitovy amin'izany, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nisafidy an'i 'Alî(a.s) mba hanatanteraka adidy lehibe, na dia teo aza i Abou Bakr, i Omar sy ireo hafa. Midika izany fa ny fiziriziriananareo amin'ny porofo mikasika ny mahazokiolona dia tsy marim-pototra. Ny fepetra tsy maintsy takiana

indrindra amin'ny khilâfat dia ny fahamendrehana. Ny porofo tena tsy azo toherina amin'ny tsy fanekena ny khilâfat nomena an'ireto olona ireto dia ny fanoheran'i 'Alî(a.s) an'io lazaina fa ijmâ' io, dia i 'Alî(a.s) izay nambaran'ilay Mpaminany(s.a.s) fa izy no ilay mahay manavaka ny marina amin'ny diso.

Ireo manam-pahaizanareo dia nitantara hadith maromaro mikasika izany:

-Cheikh Soulaymân Balkhî al-Hanafi al-Qandouzî ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat, toko faha-16, milaza ny boky Kitâb-ous-Sab'în fî Fadhâ'il Amîr-oul-Mou'minîne, hadith faha-12, sy ny boky al-Firdaws.

-Imâm-oul-Haram Abou Ja'afar Ahmad Abdoullâh al-Châfi'î, ao amin'ny hadith faha-XII hita ao amin'ny Firdaws bokin'i Dailami (avy amin'ireo hadith miisa fitopolo).

-Atoa Sayyed 'Alî al-Hamadânî al-Châfi'î ao amin'ny Mawaddat-oul-Qourbâ, Mawaddat faha-VI, al-Hâfiz ao amin'ny bokiny Amâlî.

-Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î ao amin'ny Kifâyat-out-Tâlib, toko faha-44, mitantara amin'ny fehezanteny mifanahatahaka sy avy tamin'Ibn Abbâs, avy tamin'i Abî Laila al-Ghifârî sy Abou Zharr al-Ghifârî fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara (*ny fehezanteny farany dia mitovy hatrany isaky ny hadith*) nanao hoe:

« **Aoriana kelin'ny handaozako an'ity tany ity, dia hisy ny disadisa. Rehefa mitranga izany dia tokony hanaraka an'i 'Alî Ibn Abî Tâlib ianareo, satria izy no ilay olona voalohany ho tonga amiko sy handray ny tanako amin'ny Andro Fitsarana. Izy dia manana toeram-boninahitra ambony ary izy no ilay mahay manavaka ny marina amin'ny diso** ».

Tamin'ny nahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s), dia nisy ny disadisa lehibe. Ireo Mouhâjirs sy ireo Ansârs no samy te handrobaka ny khilâfat. Araka ireo toromarikin'ilay Mpaminany(s.a.s), ny vahoaka dia tokony hiantso an'i 'Alî(a.s) mba hanavahany ny marina sy ny diso.

**Hâfiz** : Io hadith io dia fanambarana voalaza avy amin'ny loharano tokana ka noho izany dia mampisalasala ny fahamarinany.

**Chîrâzî** : Efa novaliako izany tsikeranareo mikasika ny fanambarana voalaza avy amin'ny loharano tokana izany. Ireo manampahaizana "sunnites" dia mampiasa ny karazana hadith tahak'izany ho porofo ara-dalàna, ka noho izany dia tsy afaka ny handà izany ianareo. Ankoatr'izany, dia tsy izy irery ihany no hadith milaza hevitra toy izany. Fa maro ireo hadith mitovitovy amin'izany, notantarain'ireo manampahaizanareo izay milaza hevitra tokana ihany. Efa nanome sasantsany amin'ireo toromarika niavian'izany aho tamin'ireo alim-pivoriana tany aloha. Nohon'ny fahateren'ny fotoana, dia ferako ho vitsivitsy ihany ny anaran'ireo mpanoratra boky hambarako eto. Ny iray amin'ireo hadith nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo, dia notantarain'i:

-Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Matâlib-ous-Sou'oul.

-Al-Tabarî ao amin'ny bokiny al-Kabîr.

-Al-Baihaqî ao amin'ny bokiny Sounan.

-Nâr-oud-Dîn al-Mâlikî ao amin'ny bokiny al-Fousoul-oul-Mouhimmat.

-Al-Hâkim ao amin'ny bokiny Moutadrak.

-Al-Hâfiz Abou Na'îm ao amin'ny bokiny Hilyat.

-Ibn 'Asâkir ao amin'ny bokiny Târîkh.

-Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny boniny Sharh Nahj-oul-Balâghat.

-Al-Tabrânî ao amin'ny al-Awsat.

-Mohib-oud-Dîne ao amin'ny bokiny Riyâdh.

-Hamwainî ao amin'ny bokiny Farâ'id.

-Al-Souyoutî ao amin'ny bokiny al-Dourr al-Manthour -hadith voaray avy tamin'Ibn Abbâs, avy tamin'i Salman, avy tamin'i Abou Zharr sy avy tamin'i Houzhaifat-, izay samy nijoro vavolombelona ny rehetra fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanondro an'i 'Alî(a.s) Ibn Abou Tâlib sady niteny hoe:

« **Marina dia marina fa i 'Alî no olona voalohany izay nanambara ny finoany amin'ny maha-Mpaminany ahy sy olona voalohany handray ny tanako amin'ny Andro Fitsarana. Izy no ilay**

**Siddîq al-Akbar (ilay tena olo-marina lehibe) sy ilay Fârouque ho an'ity firenena ity (ilay mpanavaka ny marina amin'ny diso)** ».

<u>Hadith: « 'Alî dia miaraka amin'ny fahamarinana ary ny fahamarinana dia miaraka amin'i 'Alî »</u>

Mouhammad Yousouf al-Ganjî ao amin'ny toko faha-44 ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib dia nitantara an'io hadith io ihany koa fa saingy mbola miampy izao teny izao: « **...Fa izy no lehiben'ireo mpino sady izy no ilay varavarana izay tsy maintsy handalovan'ireo mpino; ary izy no khalîfat mpandimby ahy any aoriako** ».

Al-Ganjî al-Châfi'î dia nilaza fa ilay "Mouhaddith-oush-Shâm" (mpitahiry lovan-tsofina tao Syrie) dia nanangona hadith miisa telonjato izay manome voninahitra an'i 'Alî(a.s).

Nisy koa nitantara izany avy tamin'i:

-Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oul.

-Al-Khatîb al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib.

-As-Sam'ânî ao amin'ny Fadhâ'il-ous-Sahabah.

-Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî ao amin'ny al-Fousoud-oul-Mouhimmat.

-Al-Khatîb al-Baghdâdî ao amin'ny Târîkh Bagdâd boky faha-XIV pejy faha-21.

-Al-Hâfiz Mardawaih ao amin'ny Manâqib.

-Al-Dailamî ao amin'ny Firdaws.

-Ibn Qoutaybah ao amin'ny al-Imâmat was-Siyâsat boky voalohany pejy faha-111.

-Al-Ganjî al-Châli'î ao amin'ny Kifâyat-out-Tâlib.

-Ny imam Ahmad ao amin'ny Mousnad sy ireo manam-pahaizanareo maro hafa, fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza hoe:

« **'Alî dia miaraka amin'ny fahamarinana ary ny fahamarinana dia miaraka amin'i 'Alî, na aiza na aiza no misy azy** ».

Al-Hâfiz Abî Nâ'im Ahmad Ibn Abdoullâh al-Isfahânî ao amin'ny Hilyat-oul-Awliyâ boky voalohany, pejy faha-63 dia mitantara ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) hoe:

« **"*Ry Vahoaka Ansâr! Tianareo ve ny hanambarako aminareo olona iray, izay raha manaraka azy ianareo dia hitarika anareo amin'ny làla-mahitsy izy?*" Namaly ny rehetra nanao hoe: "*Eny, ry Mpaminanin'i Allâh!*" Dia hoy ilay Mpaminany hoe: "*Izany olona izany dia i 'Alî. Koa aoka ianareo hitia azy tahaka ny hitiavanareo ahy ary hajaonareo izy tahaka ny fanajanareo ahy; izany fanambarako izany dia didin'i Allâh izay nampitain'ilay (Anjely) Gabriel tamiko*"** ».

Ny tanjon'ireo hadith ireo amin'ny ankapobeny dia ny fanehoan'ilay Mpaminany(s.a.s) izay olona tiany mba handimby Azy. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nandidy ny vahoakany mba hitodika any amin'i 'Alî(a.s) sy hanarak azy any aoriany. Amin'ny alalan'ny hevitr'ireo hadith tahak'izany, dia manao ahoana ny fanazavana azonareo homena amin'ny fanoheran'i 'Alî an'i Abou Bakr? Mazava ho azy fa tena mampalahelo sy mahagaga tokoa ny nanaovana ireo raharaham-pivoriana tao Saqifa ho haingana indrindra? Ny olon-drehetra manan-tsaina izay nahalala ny zavaniseho tamin'io fotoana io dia tena nahatsiaro tena ho kivy tanteraka. Raha tsy nisy tokoa ny fanaovana teti-dratsy, dia nahoana izy ireo no tsy mba niandry (na dia ora vitsy ihany aza) mba nahafahan'i 'Alî(a.s) Ibn Abou Tâlib, sy ireo Banî Hâchim sy Abbâs naneho ny hevitr'izy ireo mikasika ny khilâfat?

**Hâfiz** : Tsy nisy velively ny teti-dratsy. Natahotra ny korontana izy ireo ka dia nandray fanapahan-kevitra haingana mikasika ny khilâfat mba hiarovana ny Islâm.

**Chîrâzî** : Te hilaza ve ianareo fa i Abou Oubaida Ibn Jarrah, ilay mpihady fasana fahiny tao Makkat sy ireo hafa no manana eritreritra ny hiaro ny Islâm toy izay i Abbâs, ilay rahalahin-drain'ny Mpaminany(s.a.s) hajaina sy i 'Alî(a.s) Ibn Abou Tâlib? Te hilaza ve ianareo fa raha niandry fotoana kely fotsiny, na raha Abou Bakr sy Omar no nitazona an'ireo izay efa tonga teo fa kosa naniraka an'i Abou Oubaida mba hampilaza amin'i

Abbâs sy ‘Alî, dia niharatsy tokoa ve ny toe-draharaha, ary rava ve ny Islâm? Aoka mba hitsotra amin’ny marina, azafady! Raha izy ireo no niantso ireo olona tokony hanatri-pivoriana tao amin’ny Saqifa, dia azo antoka kokoa ny filaminan’ny toe-draharaha ka tsy mba nisy akory izao fifanoherana misy ankehitriny izao amin’ny Islâm. Aorian’ny 1335 taona, isika mpirahalahy silamo dia tsy mba nifandona akory tahak’izao ataontsika anio alina izao, fa kosa dia nitambatra iray ihany isika nanohitra ny fahavalontsika iombonana. Ny fototra niavian’ny haratsiana rehetra amin’ny Islâm dia niainga avy tamin’io fotoana io avokoa. Tsy maintsy dondona tamin’izany ireto olona telolahy ireto, mba hanatanterahan’izy ireo ny tanjona miafina.

**Nawwâb** : Andriamatoa hajaina! Azafady àry mba lazao aminay, nahoana izy ireo no dondona toy izany? Nahoana izy ireo no tsy mba nampandre ireo tao amin’ny Moske na tao an-tranon’ilay Mpaminany(s.a.s)?

**Chîrâzî** : Tsy ilaina akory ny mandeha lavitra mikasika izany. Fa dondona tokoa izy ireo satria fantatr’izy ireo tsara fa raha niandry ireo silamo rehetra tafavory izy ireo, na farafaharatsiny ireo manam-boninahitra tamin’ireo miaramilan’i Ousâmah Ibn Zaïd, sy ireo sakaizan’ilay Mpaminany(s.a.s) malaza tao Madînat na ireo Banî Hâchim, dia ny anaran’i ‘Alî(a.s) no ho natolotr’ireo olona sasany.  Ary raha ny anaran’i ‘Alî(a.s) sy i Abbâs no nisy nanolotra, dia rava maina tanteraka ireo vinavinam-politikan’i Abou Bakr sy Omar. Koa noho izany, dia notanterahin’izy ireo haingana ny tetik’izy ireo. Ary raha mbola sahirana nikarakara ny faty mangatsiak’ilay Mpaminany(s.a.s) ireo Banî Hâchim sy ireo tena sakaiza, dia efa nahavita nanendry an’i Abou Bakr ho khalîfat izy ireo tamin’ny alalan’ny latsa-baton’olon-droa fotsiny! Nanao hafetsena ratsy tanteraka izy ireo, ary ianareo, olon-tsara, sahinareo ve milaza izany ho ijmâ’? Eny fa na dia ireo manam-pahaizanareo toa an’i al-Tabarî, Ibn Abî al-Hadîd sy ireo hafa aza no nanoratra fa i Omar dia niteny hoe:

“**Ny khilâfat fitondran’i Abou Bakr dia notampohina ka i Allâh anie hiaro antsika amin’ny voka-dratsin’izany! Vonoy izay olona mbola manao izany indray**”.

1-Salmân al-Fârsî, 2-Abou Zharr al-Ghifârî, 3-Miqdâd Ibn Aswad al-Kindi, 4-Ammâr Ibn Yâssir, 5-Khâlid Ibn Sa'îd Ibn al-'As, 6-Bouraida al-Aslami, 7-Oubai Ibn Ka'b, 8-Khuzaima Ibn Thâbit Zhoush-Shahâdatayne, 9-Aboul-Haytham Ibn al-Tihân, 10-Sahl Ibn Hounaif, 11-Outhmân Ibn Hounaif, 12-Abou Ayyoub al-Ansârî, 13-Jâbir Ibn Abdoullâh al-Ansârî, 14-Houzhaïfa Ibn Yamân, 15-Sa'd Ibn Oubâdah, 16-Qais Ibn Sa'd, 17-Abdoullâh Ibn Abbâs, 18-Zaïd Ibn Arqam.

Fa mikasika ilay porofo hafa natolotrareo, avy tamin'ilay khalîfat Omar izay nilaza fa ny faminaniana sy ny fitondrana (na khilâfat) dia tsy natokana ho ao amin'ny fianakaviana iray ihany, dia toherin'ny boky masina Kor'âny izay manambara manao hoe:

**« Sa moa ve izy ireo mialona an'ireo olona noho i Allâh nanome azy ireo ny fahasoavany ? Fa Izahay tokoa no nanome ho an'ny fianakavian'i Abrahama ny boky sy ny fahendrena ary mbola Izahay ihany koa no nanome azy ireo ny fahefana lehibe** »[58].

Raha izany tokoa no fanambarana avy amin'ilay khalîfat Omar dia izany no maneho ny tsy fananany fahalalana mikasika izay voalazan'ny Kor'âny masina; raha lazaina kosa fa hadith avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) io tantarain'i Omar io dia tsy isalasalana ny mahanoforonina an'io hadith io, satria ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy hamoaka hevitra izay mifanohitra amin'ireo voalazan'ny Kor'âny velively. Ankoatr'izany, ny fitondrana khilâfat dia tsy mba afa-misaraka velively amin'ny faminaniana satria ny tena khalîfat marina dia mampihatra ny lalànan'i Allâh eto an-tany. Ny fiheverana ny khilâfat ho toy ny fitantanan-draharaha ara-politika tsotra tsy misy faminaniana dia fahadisoana tanteraka nataon'i Abou Bakr sy Omar. Raha ny rahalahin'i Mosesy(a.s), i Harona(a.s) no afaka nesorina tamin'ny khilâfat fitondran'i Mosesy(a.s), dia afaka nesorina tamin'ny khilâfat fitondran'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany koa i 'Alî(a.s). Koa satria voalazan'ny Kor'âny masina fa ny faminaniana sy ny khilâfat dia natambatr'i Allâh teo amin'i Mosesy(a.s) sy Harona(a.s), tsy am-pisalasalana fa tahak'izany koa ny teo

[58] Kor'âny 4/54

amin'i Mouhammad(s.a.s) sy i 'Alî(a.s). Io "hadith" nolazainareo io dia noforonin'ireo "Oumayyades".

Raha ny faminaniana sy ny khilâfat no tsy afa-miaraka ao amin'ny fianakaviana iray ihany, dia nahoana i Omar no nanendry an'i 'Alî(a.s) ho khalîfat tao amin'ny Majlis-e-Shoura (Fivoriana fakan-kevitra)? Taorian'izany koa, ianareo dia nanaiky azy ihany ho khalîfat fahefatra! Tena fifanoheran-kevitra lehibe tokoa ny fitsipahana ny fikambanan'ny faminaniana sy ny khilâfat amin'ny alalan'ny fiankinanareo an'io hadith nolazain'i Omar io, nefa afaka taona vitsivitsy taty aoriana, raha nankatoavin'i Omar indray izany toe-javatra izany dia nankasitrahanareo! Moa ve mety ny mandà no sady manaiky ny zavatra iray ihany? Milaza ianareo fa ny faminaniana sy ny khilâfat dia tsy afa-miaraka ao amin'ny fianakaviana iray ihany, kanefa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanao antery ho an'ny vahoakany ny fanarahana an'ireo taranany. Nolazainy fa ny fankahalana ny fianakaviany dia mitarika mankany amin'ny fahaverezan-dàlana. Nambarany matetika ny teniny manao hoe:

« **Izaho dia mametraka ho anareo zava-tsarobidy anankiroa: dia ny bokin'i Allâh sy ireo fianakaviako. Raha mifikitra amin'ireo zavatra roa ireo ianareo, dia tsy ho very mihitsy any aoriako any** ».

Io hadith marina io dia samy ankasitrahan'ireo antokom-pinoana roa tonta. Efa nolazaiko tamin'ireo alim-pivoriana teo aloha ireo loharanom-boky manamarina izany.

## Hadîth Sambofiara - Hadîth Saqîfa

Tamin'ilay safo-drano, izay niditra tao amin'ilay sambofiaran'i Noa(a.s) dia voavonjy. Izay nandà tsy mba niditra kosa dia rendrika, anisan'izany ilay zanakalahin'i Noa(a.s). Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nampitovy ihany koa ny taranany tamin'ilay sambofiaran'i Noa(a.s), ka tiany hambara amin'izany, dia amin'ny fotoan-tsarotra ireo silamo dia tokony hifikitra amin'ireo taranany. Noho izany, arak'ireo fampianarana mazava ireo, ny vahoaka na dia eo aza ny fahasamihafana, dia tokony higoka ny tombontsoa avy amin'ny fahefana sy fahalalan'ireo Ahloul-

Bayt(a.s) fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo. Araka ny voalazan'ilay Mpaminany(s.a.s) fa, i 'Alî(a.s) Ibn Abou Tâlib no olona tena manam-pahaizana sy tena olo-marina eo amin'izy ireo. Koa nahoana izy ireo no tsy nampandre azy tamin'ilay fivoriana mba hakana ny heviny? Eny tsia! Ireo mpanao politika dia nandrobaka ny fahefana sy nanaisotra an'i 'Alî(a.s) tamin'io zony tsy afa-misaraka aminy io.

**Cheikh** : Amin'ny fomba ahoana no ilazanao fa izy ireo dia tokony hatoky ny hevitr'i 'Alî(a.s) ary ny ijmâ' nataon'ireo sakaiza dia tokony havela?

**Chîrâzî** : Tsy niteny mihitsy aho teo fa ny hevitr'ireo sakaiza sy ny ijmâ' nataon'izy ireo dia tsy tokony hajaina. Ny mahasamihafa anareo sy ny tenako, dia isaky ny mandre ny anaran'ny iray amin'ireo sakaiza ianareo, na izany mpitsaravelatsihy toa an'i Abou Houraïrat izay nokapohin'i Omar sy nantsoiny ho mpandainga, dia omenareo voninahitra avokoa. Izaho kosa dia tsy manome voninahitra afa-tsy ireo sakaiza izay nahafeno ireo fepetran'ny fiarahana tamin'ilay Mpaminany(s.a.s). Ankoatr'izany, dia efa noporofoiko taminareo fa tsy nisy ijmâ' izany akory tao amin'ny Saqifa. Raha afaka ny mandà izany teniko izany ianareo dia mba lazao izao dieny izao. Fa ho leferiko ny fifanarahan'izy rehetra tonga nivory tao. Fa hanaiky ny hevitra notinapaka tamin'izany fivoriana izany aho.

Raha toa ka vitanareo ny manaporofo aminay amin'ny alalan'ireo bokinareo ihany, fa tao amin'ny Saqifa, ny vahoaka rehetra manontolo na ny avara-pianarana teo amin'ny firenena no tafavory sy nanaiky an'i Abou Bakr ho khalîfat, dia vonona izahay hankasitraka izany. Fa raha ankoatr'ireo olon-droa (i Omar sy Abou Oubaida) sy ireo sasany tamin'ny fokon'i Aws, tsy nisy olon-kafa intsony nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr, dia tokony hanaiky ianareo fa ny hevitray chiite no marina. Avelantsika amin'ireo olona manan-tsaina ny fitsarana raha toa ka ara-dalàna fa ireo sakaiza telo ireo no tompom-pahefana eo amin'ny vahoaka iray manontolo. Ny anankiroa no nanao fanekem-pankatoavana tamin'ilay fahatelo, avy eo izy ireo no nampihorohoro ireo hafa amin'ny alalan'ny

herin'ny sabatra sy ny afo ary ny fanalam-baraka, mba haneren'izy ireo ny olona hanaiky ny sitrapon'izy ireo.

<u>Moa ve ny Ijmâ' dia tsy maintsy ekena?</u>

**Cheikh** : Isika dia tsy mahay raha nisy ny tsirambina nataon'izy ireo satria tsy nisy nanatrika izany isika tamin'io fotoana io. Isika efa taty aoriana ihany koa dia tsy afaka ny haminavina izay teritery nihatra tamin'izy ireo. Ankehitriny dia zavatra iray no efa tafapetraka: tsy zava-dehibe akory ny fametrahana ny ijmâ' izay atao matetika tsikelikely. Isika dia tsy afaka ny handà izany. Fa tsy maintsy hankatoavintsika ireo olona ireo ary tsy maintsy harahintsika ny làlana izay natorony antsika.

**Chîrâzî** : Izany fahatsaran'ny porofo! Te hilaza ve ianareo fa ny finoana Islâm dia tsy misy fototra iorenany? Raha ny olon-droa na telo no niray tiskombakomba amin'ny tetika iray sy nahazo fanohanan'ireo hafa, dia izany ve no mahatonga ireo silamo rehetra ho tsy maintsy hankato azy ireo? Toy izany ve no fampianaran'ny finoana nentin'ilay Mpaminanin'n Islâm? Ny Kor'âny masina dia nilaza fa hoe:

« **Lazao vaovao tsara ireo mpanompoko izay mihaino ny teny ka manaraka izay tsara indrindra amin'izany** »[59].

Ny Islâm dia miankina amin'ireo trangan-javatra sy saina, fa tsy miankina amin'ny fanarahana an-jambany, indrindra fa tsy miankina amin'ny fanarahana an'i Abou Oubaida, ilay mpihady fasana. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanoro làlana mba harahintsika. Nolazainy tamintsika fa amin'ny fotoana mampisy fifandirana eo amin'ny samy vahoaka dia tsy maintsy manaraka izay mizotra amin'ny làla-mahitsy isika.

Manontany anay anareo fa nahoana no isika no tsy maintsy manaraka an'i 'Alî. Ho valianay fa izany didy zany voalazan'ireo

---

[59] Kor'âny 39/17-18 : فَبَشِّرْ عِبَادِ الَّذِينَ يَسْتَمِعُونَ الْقَوْلَ فَيَتَّبِعُونَ أَحْسَنَهُ

andinin'ny Kor'âny masina sy ireo hadith voarakitra ao amin'ireo bokinareo ihany.

## Fizarana fahefatra

### Hadîth avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) mamporisika ireo mpino mba hanaraka an'ny Imâm 'Alî(a.s)

Betsaka ireo hadith izay mandidy ny vahoaka mba hanaraka an'i 'Alî(a.s). Ny iray amin'izany dia notantarain'i Ammâr Ibn Yâssir, izay noraketin'ireo manam-pahaizanareo ao amin'ny bokin'izy ireo avy.

- Al-Hâfîz Abou Nâ'im al-Isfahânî ao amin'ny Hilyah,

- Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oul,
- AI-Balâthourî ao amin'ny Târîkh,

- Cheikh Soulaymân Balkhi al-Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, toko faha-43, araka ny voalazan'i Hamwaini,

- Sayyed Mîr 'Alî al-Hamadânî al-Châfî'î ao amin'ny Mawaddat-oul-Qourbâ, boky Mawaddat faha-V,

- Dailamî ao amin'ny al-Firdaws.

Izy ireo dia nitantara hadith lava amin'ny fomba tena antsipiriany tokoa ka tsy ho voadika eto manontolo izany. Ho famintinana, dia azo tantaraina fa rehefa nisy nanontany i 'Alî(a.s) fa nahoana izy no nijanona tao an-tranony fa tsy mba nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr, dia namaly izy fa indray andro, izy niara-nipetrapetraka teo akaikin'ilay Mpaminany(s.a.s) no indro i Ammâr Ibn Yâssir nanapaka ny resakay ka nametraka fanontaniana tamin'ilay Mpaminany(s.a.s). Nandritra ny resaka nifanaovana dia niteny ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: "**Ry Ammâr! Raha ny olona rehetra no mandeha etsy ankilany ary i 'Alî(a.s) irery kosa etsy andaniny, dia aoka ianao hanaraka an'i 'Alî. Ry Ammâr! 'Alî dia tsy**

**hamela anareo hivily hiala amin'ny làla-mahitsy no sady tsy hitarika anareo ho any amin'ny fahaverezana. Ry Ammâr! Fankatoavana an'i 'Alî, dia fankatoavana ahy, sy fankatoavana an'i 'Allâh**".

Araka ireo voalaza ireo sy ny fanoheran'i 'Alî(a.s) an'i Abou Bakr, moa ve tsy tokony hanaraka an'i 'Alî(a.s) ireo sakaiza ireo? Eny fa na dia ireo Banî Hâchim, ireo sakaiza malaza, ireo olon-kendrin'ny firenena, ireo Mouhâjirs ary ireo Ansârs aza tsy niara-dia taminy (indrindra moa fa niaraka taminy izy ireo), dia tokony ho nanaraka an'i 'Alî(a.s) ireo olona.

**Hâfiz** : Ao anatin'izany resaka ifanaovantsika izany, dia milaza zavatra anankiroa hafahafa ianao. Voalohany ianao dia miresaka matetika momba an'i Abou Oubaida ho "mpihady fasana". Azonao porofoina ve fa izany tokoa no asany? Avy eo, nolazainao fa i 'Alî(a.s) sy ireo Banî Hâchim ary ireo sakaiza dia tsy mba nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr no sady nanohitra azy. Nefa kosa ireo mpahay tantara sy ireo mpitahiry lovan-tsofina rehetra dia nitantara fa i 'Alî(a.s), ireo Banî Hâchim sy ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia samy nanao fanekem-pankatoavana avokoa an'i Abou Bakr.

**Chîrâzî** : Tsy izahay fotsiny no nilaza fa i Abou Oubaida dia mpihady fasana. Izany dia voasoratra ao amin'ireo bokinareo ihany. Azonareo vakiana ao amin'ny boky fahadimin'ny al-Bidayat wal-Nihâyat, pejy faha-266;267 nosoratan'i Ibn Kathir Shami, izay milaza fa nohon'i Abou Oubaida matetika mihady fasan'ireo mponina tao Makkat, dia naniraka olona iray i Abbâs mba hitady an'i Abou Talhah, ilay mpihady lava-pasana tao Madînat ary olona iray hafa nitady an'i Abou Oubaida, amin'izay ireto olon-droa ireto no hiady fasan'ilay Mpaminany(s.a.s).

## Ny Imâm 'Ali sy ireo Banî Hâchim dia noterena hanao fenekem-pankatoavana enim-bolana taty aoriana?

Manambara ianareo fa i 'Alî(a.s), ireo Banî Hâchim sy ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr. Hitanareo ilay fehezanteny hoe "**fanekem-pankatoavana nampindramina**", saingy tsy mazava aminareo ho an'iza sy nanao ahoana

ny nampindraman'izy ireo izany fanekem-pankatoavana izany. Ireo mpitahiry lovan-tsofina sy mpahay tantara rehetra malaza eo aminareo dia nanoratra fa i 'Alî(a.s) sy ireo Banî Hâchim dia nody nanao fanekem-pankatoavana amin'ny endrika ety ivelany fotsiny ary izany moa dia nitranga enim-bolana taty aoriana sy tao anatin'ny fanerena mafy izaitsizy.

**Hâfiz** : Tsy mendrika ny olona manana maha-izy azy toa anao izao no hampiasa izany teny, izay fampiasan'ireo chiites ankapobeny izany, mba entina ilazana fa i 'Alî(a.s) dia notaritarihina navoaka tao an-tranony sy nampihorohoroina ho faty raha vao mitady handà tsy hanao fanekem-pankatoavana. Fa ny zava-misy marina, izy dia efa nanaiky an-tsitrapo sy am-pitiavana ny khilâfat fitondran'i Abou Bakr, nandritra ireo andro voalohan'ny khilâfat na ny fitondrana.

**Chîrâzî** : 'Alî(a.s) sy ireo Banî Hâchim dia tsy nanao fanekem-pankatoavana teo noho eo izany. Ireo mpahay tantara eo aminareo dia nitantara fa ny nanaovan'i 'Alî(a.s) izany dia taorian'ny nahafatesan'i Fâtimat al-Zahrâ(a.s). **Al-Bokhârî** ao amin'ny **Sahîh**, bokiny faha-III, ao amin'ny toko milohateny hoe "**Ghazwat Khaybar**", pejy faha-37 sy i **Mouslim Ibn Houjaj** ao amin'ny **Sahîh** bokiny faha-V, pejy faha-154, dia samy nitantara fa i 'Alî(a.s) dia nanao ny fanekem-pankatoavana taorian'ny nahafaty an'i Fâtimat(a.s). Ireo manam-pahaizanareo sasany dia mihevitra fa i Fâtimat(a.s) dia maty 75 andro taorian'ilay Mpaminany(s.a.s). Ibn Qoutayba dia mitovy hevitra amin'izany, fa ny ankamaroan'ireo mpahay tantara eo aminareo dia samy milaza avokoa fa izy dia maty enim-bolana taorian'ilay Mpaminany(s.a.s). Noho izany, ny fanekem-pankatoavana nataon'i 'Alî(a.s) dia nambara tamin'ny faraparan'ny telo na enim-bolana taorian'ny nahafaty an'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Al-Mas'oudî** ao amin'ny **Mourouj-ouzh-Zhahab**, boky voalohany, pejy faha-414, dia nilaza hoe: "**Tsy nisy Banî Hâchim na iray aza no nanao fanekem-pankatoavana tamin'i Abou Bakr hatramin'ny nahafaty an'i Fâtimat(a.s)**".

**Ibrâhîm Ibn Sa'd al-Thaqafî** dia nanambara avy tamin'i **Zouhrî** fa i 'Alî(a.s) dia tsy mba nanao fanekem-pankatoavana raha tsy efa enim-

bolana taorian'ny nahafaty an'ilay Mpaminany(s.a.s) ary ny vahoaka dia tsy nanana fahasahiana hanery azy raha tsy taorian'ny nahafaty an'i Fâtimat(a.s).

**Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** dia nitantara toy izany koa.

Na izany na tsy izany, ireo manam-pahaizanareo dia nanamafy fa ny fanekem-pankatoavana nataon'i 'Alî(a.s) dia tsy teo noho eo, fa efa taty aoriana, ary izany moa no nataony dia nohon'ny faneren'ireo toe-javatra nisy tamin'izany fotoana izany.

**Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faharoa, pejy faha-18, dia nitantara avy tamin'i **Zouhrî** sy i **Aïcha** nanao hoe: "**'Ali(a.s) dia tsy nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr tao anatin'ny enim-bolana, ary tsy nisy na iray aza tamin'ireo Banî Hâchim no nanao izany nialohan'i 'Alî(a.s)'**".

**Ahmad A'tham al-Koufî al-Châfi'î** ao amin'ny **Foutouh** sy **Abou Nasr Hamîdî** ao amin'ny **al-Jâm'i Bayn al-Sahîhayn**, dia samy nitantara avy tamin'i **Nâfiy** araka ny voalazan'i **al-Zouhrî** hoe: "**'Alî dia tsy nanao fanekem-pankatoavana raha tsy efa enim-bolana taorian'ny nahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s)'**".

'Alî(a.s) notaritarihina navoaka tao an-tranony ary nodorana ny fonenany

**Hâfiz** : Fa iza amin'ireo manam-pahaizanay no nilaza fa i 'Alî(a.s) dia notaritarihina navoaka tao an-tranony ary nodorana avy eo ny trano fonenany sy ny an'ireo mitonon-tena ho "chiites" mpanara-diany? Izy ireo dia mitantara izany amin'ny amim-pahalahelovana tokoa mandritra ny fivoriam-pivavahana. Manakorontona ny sain'olona ihany koa izy ireo amin'ny fitantarana fa i Fâtimat(a.s) dia nampijaliana, hany ka latsaka ny zaza tao an-kibony.

**Chîrâzî** : Ry mpihaino hajaina! Manevateva an'ireo "chiites" ianareo, sady mampiharihary ny fahadisoan'ireo razanareo taloha ihany.

Lazainareo fa ireo hadiths ireo dia noforonin'ireo "Chiites". Fa ny tena marina, i Omar niaraka tamin'ireo olona sasany, araka ny baikon'i Abou Bakr, no tonga tao amin'i 'Alî(a.s), nampihorohoro azy tamin'ny alalan'ny lohan-tsabatr'izy ireo sy nisintosintona azy nankany amin'ny Moske mba hanery azy hanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr. Ireo tranga ireo dia notantarain'ireo manam-pahaizanareo. Raha ilainareo tokoa dia ho tanisaiko aminareo izy ireo. Izahay dia tsy milaza akory izay avy amin'ireo bokinay. Fa kosa mamerina fotsiny izay notantarain'ireo manam-pahaizanareo hatrany.

**Hâfiz** : Azafady indrindra, tantarao izany. Izahay vonona ny hihaino anao.

<u>Porofo roa ambin'ny folo manambara fa ny Imâm Alî(a.s) dia netina nankany amin'ny Moske tamin'ny alalan'ny lohan-tsabatra</u>

**Chîrâzî** :

**1)** Iray amin'ireo manam-pahizanareo mpitahiry lovan-tsofina sy mpahay tantara, **i Abou Ja'afar al-Balâthourî Ahmad Ibn Yahya Ibn Jâbir Baghdadî**, dia nanoratra fa rehefa nantsoin'i Abou Bakr i 'Alî(a.s) mba hanao fanekem-pankatoavana, dia nandà izany i 'Alî(a.s). Nirahin'i Abou Bakr àry i Omar Ibn al-Khattâb nitondra fanilo mba handoroana ny tranon'i 'Alî(a.s). Nijoro teo amin'ny varavarana i Fâtimat(a.s) ka niteny hoe: "**Ry Ibn Khattâb! Tonga mba handoro ny tranonay ve ianao?**" Namaly i Omar hoe: "**Eny. Izany no mahomby kokoa noho izay rehetra nataon'ilay rainareo**".

**2) Izz-oud-Dîne Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî sy Mouhammad Ibn Jarîr al-Tabarî** dia nitantara fa i Omar dia tonga teo am-baravaran'ny tranon'i 'Alî(a.s) niaraka tamin'i Ousayd Ibn Khouza'i, Salama Ibn Aslam sy lehilahy vitsivitsy. Niantsoantso avy ety ivelany i Omar nanao hoe: "**Mivoaha ianareo! Raha tsy izany dia hodoroiko ny tranonareo!**"

**3) Ibn Khouzhâbah**, ao amin'ny bokiny **Kitâb al-Gharrar**, dia nitantara an'i **Zaïd Ibn Aslam** izay nilaza hoe: « **Izaho dia anisan'ireo izay tonga tao amin'i Fâtimat, niaraka tamin'i Omar, nitondra fanilo. Rehefa tsy nanaiky hanao fanekem-pankatoavana i 'Alî sy ireo olony dia hoy i Omar tamin'i Fâtimat hoe: "*Asaivo mivoaka tao ireo olona fa raha tsy izany dia hodoroiko ny trano sy ny an'ireo namany*". 'Alî, al-Hassan, al-Houssein, Fâtimat sy ireo sakaizan'ilay Mpaminany sasany ary ireo Banî Hâchim no tao an-trano. Nanontany i Fâtimat hoe: "*Sahinareo ve ny handoro ny tranoko sy an'ireo zanako?*" Namaly izy hoe: "*Eny. Ianiavako amin'i Allâh izany! Raha toa izy ireo ka tsy manao fanekem-pankatoavana an'ilay Khalîfat mpandimbin'ilay Mpaminany*(s.a.s)"** ».

**4) Ibn Abd Rabbih**, iray amin'ireo manam-pahaizanareo malaza, dia nanoratra ao amin'ny bokiny **al-'Iqd al-Farîd**, fizarana faha-III, pejy faha-63[60], fa i 'Alî sy Abbâs dia nipetraka tao amin'i Fâtimat. Ary hoy i Abou Bakr tamin'i Omar: "**Ento aty amiko ireo olona ireo. Raha tsy mety izy ireo dia iadivo**". Noho izany dia tonga tao amin'i Fâtimat i Omar nitondra fanilo. Fa nijoro teo am-baravaran'ny tranony i Fâtimat niteny hoe: "**Tonga handoro ny tranonay ve ianareo?**" Namaly izy hoe: "**Eny...**" sns.

**5) Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî** ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** voalohany, pejy 134 nitantara avy ao amin'ny **Kitâb al-Saqîfa** bokin'i **al-Jawhaî**, izay nitantara antsipiriany ny raharahan'ny Saqîfat Banî Sa'd. « Ireo Banî Hâchim sy i 'Alî dia nivorivory tao an-tranon'i 'Alî. Tao koa i Zoubayr satria izy dia nampiditra ny tenany ho anisan'ireo Banî Hâchim. Matetika moa i 'Alî dia miteny hoe: "**Zoubayr dia miaraka aminay foana mandra-pahalehibe an'ireo zanany. Ireto farany dia nitaona azy mba hivadika aminay**". Tonga tao amin'i Fâtimat i Omar niaraka tamin'ireo lehilahy vitsivitsy, anisan'izany i Ousayd sy Salma. Niangavy azy ireo mba hivoaka ny trano i Omar sy mba hanao ny fanekem-pankatoavana. Nandà anefa izy ireo. Namoaka ny

[60] Jereo koa ao amin'io boky io ihany fa navoakan'ny al-Mazh'ah al-Azhariyyah tamin'ny taona 1321H, 2/205.

sabany i Zoubayr ka nivoaka ny trano. Niteny anefa i Omar hoe: "**Samborinareo io alikalahy io**". Salma Ibn Aslam no nisintona ilay sabany teny an-tanany sy nanipy izay teny amin'ny rindrina. Avy eo izy ireo dia nitaritarika an'i 'Alî nankany amin'i Abou Bakr. Ireo Banî Hâchim dia nanaraka avy ato aoriana sy niandry izay ho fihetsik'i 'Alî. Niteny i 'Alî fa izy dia mpanompon'i Allâh sy rahalahin'ilay Mpaminany(s.a.s) nefa tsy nisy nanaiky nihaino azy. Nentin'izy ireo teo anatrehan'i Abou Bakr izy, izay niangavy azy mba hanao ny fanekem-pankatoavana. Namaly anefa i 'Alî hoe: "**Izaho no mendrika kokoa amin'ity toerana ity ka tsy hanao fanekem-pankatoavana aminao aho. Ianao no manao fanekem-pankatoavana amiko. Nalainao an-keriny ny zon'ireo Ansâr, izay noporofoinao tamin'ny alalan'ny fifandraisanao akaiky tamin'ilay Mpaminany(s.a.s). Laviko tanteraka izany ary takiako ny zoko amin'ny alalan'ny porofo mitovy amin'ny natolotrao. Koa aoka hanaja ny rariny ianao. Raha matahotra an'i Allâh ianao dia ankasitraho ny zoko sahala amin'ireo Ansâr nankasitraka izany taminao. Raha tsy izany dia tokony hiaiky ianao fa manao tsy rariny amiko na dia mahafantatra ny marina".**

Fa hoy i Omar: "**Tsy avelanay hiala eto ianao raha tsy efa avy nanao fanekem-pankatoavana**".

Namaly i 'Alî hoe: "**Ianareo dia niray tsikombakomba. Androany ianao dia manohana azy amin'izay rahampitso dia hatolony ho anao indray ny khilâfat. Ianiavako amin'i Allâh fa tsy hanaiky ny fangatahanao aho sady tsy hanao fanekem-pankatoavana (an'i Abou Bakr). Fa izy no tokony hanao fanekem-pankatoavana amiko**". Avy eo izy, nitodika tamin'ireo olona ka niteny hoe: "**Ry Mouhâjirs! Matahora an'i Allâh. Aza mba manaisotra ny olona amin'ny toerany ara-dalàna. Ianiavako amin'i Allâh, fa izahay Ahloul-Bayt no manam-pahefana lehibe kokoa amin'ny raharaha noho ianareo. Moa ve misy eo aminareo olona mahafehy ny Bokin'i Allâh (Kor'âny), sy ny fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s) ary ireo didy aman-dalàm-pinoana? Ianiavako amin'i Allâh fa izahay no mahafehy izany rehetra izany! Koa aoka ianareo tsy ho mora voafitaky fa raha tsy izany dia ho very fahamarinana ianareo**". Niverina nody an-tranony i 'Alî fa tsy mba nanao fanekem-pankatoavana

ary dia nanalavitra izany izy hatramin'ny nahafaty an'i Fâtimat. Avy eo, dia noterena izy hanao ny fanekem-pankatoavana ».

**6) Abou Mouhammad Abdoullâh Ibn Mouslim Ibn Qoutaybah Ibn 'Omar al-Bahili al-Dînâwarî**, iray amin'ireo manam-pahaizanareo no sady Qâdhî (mpitsara) ara-panjakana tao an-tananan'i Dînawar, dia nanoratra ao amin'ny bokiny malaza **Târîkh Khoulafat al-Râghibîn wa Dawlat Ranî Omayyat**, fantatra amin'ny anarana hoe **al-Imâmat wal-Siyâsat**, boky voalohany pejy faha-13, toy izao: « Rehefa fantatr'i Abou Bakr fa misy vondron'olona iray mankahala azy, mivory ao an-tranon'i 'Alî, dia nirahiny ho amin'izy ireo i Omar. Nony nodidian'i Omar i 'Alî mba hivoaka ny trano sy hanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr, dia nandà tsy nety nivoaka izy rehetra. Nanangona hazo i Omar sady niteny hoe: "**Mianiana amin'i Allâh izay eo ampelatanany ny fiainako aho, fa na ianareo mivoaka na hodorako ny trano miaraka aminareo izay ao anatiny**". Nisy niteny ireo olona hoe: "**Ry Abou Hafsat! Fâtimat koa anie ao anatin'ilay trano**". Fa hoy izy: "**Avelao izy hijanona ao fa hodorako ny trano**". Noho izany dia nivoaka ny trano izy rehetra ary samy nanao fanekem-pankatoavana afa-tsy i 'Alî(a.s) izay nilaza hoe: "**Izaho dia niniana tsy hivoaka ny trano sy tsy hitafy ara-dalàna raha tsy efa nahavita nanangona ny Kor'âny aho**". Tsy afaka nanaiky izany i Omar, nefa nohon'ny figogogogon'i Fâtimat(a.s) nitomany sy ny fitarainana mafy nataon'ireo sasany, no nanery an'i Omar niverina nankany amin'i Abou Bakr. Narisikin'i Omar izy mba hanery an'i 'Alî hanao fanekem-pankatoavana. Nirahin'i Abou Bakr imbetsaka tany aminy i Qanfaz mba hiangavy azy ho tonga hanao fanekem-pankatoavana nefa tsy nisy vokany izany. Omar sy ireo olona vitsivitsy no niverina nankany amin'i Fâtimat(a.s) indray. Nahare ny feon'izy ireo i Fâtimat(a.s) ka nilaza am-pitomaniana nanao hoe: "**Ry Raiko, ilay Irak'i Allâh! Indreto izahay fa ampijalian'ny zanak'i Khattâb sy zanak'i Abî Qouhafa!**" Teo ampihainoana izany fitarainan'i Fâtimat(a.s) izany ireo sasany dia lasa nandeha nohon'ny fangoraham-po, fa i Omar mbola nijanona teo niaraka amin'ny olona sasany, mandra-pahafahan'izy ireo nisintona an'i 'Alî mba hivoaka ny trano. Nentin'izy ireo teo anatrehan'i Abou Bakr izy sy niangavian'izy ireo mba hanao fanekem-pankatoavana. Fa hoy i 'Alî: "**Raha tsy hanao fanekem-pankatoavana mihitsy aho dia inona no**

**hataonareo?**” Namaly izy ireo hoe: “**Mifanta amin’i Allâh izahay fa ho tapahinay ny tendanao**”. Hoy i ‘Alî hoe: “**Sahinareo ve ny hamono ny mpanompon’i Allâh sy rahalahin’ilay Mpaminaniny?**” Namaly i Omar hoe: “**Ianao dia tsy mba rahalahin’ilay Mpaminanin’i Allâh**”. Nandritra izany i Abou Bakr dia nangina foana tsy niteny. Nanontany an’i Abou Bakr àry i Omar raha toa ka tsy hanome baiko mba hanatanterahany ny famonoana? Namaly i Abou Bakr fa raha mbola velona foana i Fâtimat dia tsy mba hanery an’i ‘Alî izy hanao fanekem-pankatoavana. Avy eo i ‘Alî nankany amin’ny fasan’ilay Mpaminany(s.a.s) mba hitomany, nolazainy taminy ny resaka nataon’i Harona tamin’i Mosesy rahalahiny, izay notantarain’ny Kor’âny masina toy izao:

“**Ry zanakalahin’ny reniko, nataon’ireo vahoaka ho malemy aho, ary kely foana no tsy namonoan’izy ireo ahy**”[61] ».

## Fizarana fahadimy

Fâtimat(a.s) niteny tamin’i Abou Bakr sy Omar fa izy dia hanozona azy ireo isaky ny ao anatin’ireo fanompoam-pivavahana

Taorian’ny nitantarany antsipiriany izany zava-niseho izany, **Abou Mouhammad Abdoullâh Ibn Qoutaybah** dia nilaza fa i ‘Alî dia tsy nanao fanekem-pankatoavana fa dia niverina nody teny aminy. Avy eo i Abou Bakr sy Omar nandeha tao amin’i Fâtimat mba hifona aminy. Koa dia niteny i Fâtimat hoe: “**Aoka anie i Allâh ho vavolombelona mikasika izay nampiharinareo tamiko. Hanozona anareo aho isaky ny manao ny fivavahako ary tsy hitsahatra hanozona anareo aho mandra-pihaonako amin’ny raiko mba hitarainako aminy ny momba anareo**”.

**7) Ahmad Ibn Abd-oul-Aziz** dia anisan’iray amin’ireo manam-pahaizanareo. **Ibn Abî al-Hadîd** dia nanoratra ny momba azy toy izao: “**Izy dia lehilahy manam-pahalalana, mpitahiry lovan-tsofina, mpandaha-teny lehibe mahay tokoa**”. Izy dia nanoratra ao amin’ny

[61] Kor’âny 7/150

bokiny **Kitâb al-Saqîfat** mitovy amin'ny nosoratan'**Ibn Abî al-Hadîb al-Mu'tazalî** ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** boky voalohany, pejy faha-9, mikasika ireo resak'i **Abî al-Aswad**, izay nitantara hoe:

«Vondrona sakaiza sy Mouhâjirine malaza, dia naneho ny tsy fankasitrahana tamin'ny khilâfat fitondran'i Abou Bakr ary nanontany izy ireo fa nahoana izy ireo no tsy mba nakana hevitra. Torak'izany koa i 'Alî sy Zoubayr dia samy naneho ny tsy fifaliany avy sady nandà tsy nanao fanekem-pankatoavana ka lasa nankany amin'i Fâtimat (a.s). Nitomany i Fâtimat sady nitaraina tamin'ny feo avo nefa dia tsy nisy vokany izany. Nalain'izy ireo an-keriny ny sabatr'i 'Alî sy Zoubayr ary nankinin'izy ireo tamin'ny rindrina ka notapahin'izy ireo. Avy eo dia notaritarihin'izy ireo nankany amin'ny Moske i 'Alî sy Zoubayr mba hoterena hanao fanekem-pankatoavana ».

**8) Al-Jawharî** dia nitantara araka ny voalazan'i **Salama Ibn Abdoul-Rahmân** fa rehefa nahafantatra an'i 'Alî (a.s), Zoubayr sy ireo Banî Hâchim sasany nivorivory tao an-tranon'i Fâtimat (a.s), i Abou Bakr dia naniraka an'i Omar teny amin'izy ireo. Teo am-baravaran'ny tranon'i Fâtimat(a.s), i Omar dia niteny mafy nanao hoe: "**Mivoaha ianareo fa raha tsy izany dia hodorako ny tranonareo!**"

**9)** Araka ny voalazan'**Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-II, pejy faha-19, dia nitantara toy izao i **Jawharî** ay tamin'i **Sha'bi** nanao hoe:

« Rehefa nahafantatra ny fivorian'ireo Banî Hâchim tao amin'i 'Alî(a.s), i Abou Bakr dia niteny tamin'i Omar hoe: "**Ianao sy Khalid, ento aty amiko i 'Alî(a.s) sy Zoubayr mba hanao fanekem-pankatoavana amiko**". Koa lasa i Omar niditra tao amin'i Fâtimat(a.s) fa i Khalid kosa dia niandry tety ivelany. Nanontany an'i Zoubayr i Omar hoe: "**Ahoana ity sabatra ity?**" Namaly i Zoubayr hoe: "**Azoko teo am-panaovana fanekem-pankatoavana an'i 'Alî(a.s) ity!**" Norobahin'i Omar ilay sabatra ary nankinina teo amin'ny vato iray tao an-trano ka no tapahiny. Avy eo dia nentiny teo amin'i Khalid i Zoubayr. Niverina tao an'efitra nisy an'ireo olona maro be izy, anisan'izy ireo i Miqdâd sy ireo Banî Hâchim.

Toy izao ny fomba firesak'i Omar tamin'i 'Alî(a.s): "**Mitsangana ianao! Ho entiko any amin'i Abou Bakr ianao mba hanao fanekem-pankatoavana**". Nandà anefa i 'Alî. Nosintosintonin'i Omar i 'Alî hatreo amin'i Khalid. Avy eo izy roalahy no nitaritarika azy nankany amin'ny Moske, nanaraka ny làlana izay feno olona maro nanatrika nahita izany zava-niseho izany. Rehefa hitan'i Fâtimat(a.s) izany fihetsik'i Omar izany, dia nivoaka izy narahin'ireo vehvavy maro avy amin'ny Banî Hâchim (izay tonga mba hampitony azy amin'ny alahelo). Nitaraina sy nitomany mafy izy. Nankany amin'i Moske i Fâtimat ka niteny tamin'i Abou Bakr hoe: "**Izany hafainganana fandrobanareo ny Ahloul-Bayt sy ireo taranak'ilay Irak'i Allâh izany! Mianiana aho fa tsy hiresaka amin'i Omar mihitsy mandra-pihaonako amin'i Allâh**". Fâtimat dia naneho ny tsy fankatsitrahana mafy tanteraka an'i Abou Bakr, ka tsy niresaka taminy izy nandritra ny sisan'andro tavela niainany. »[62]

**10) Abou Wâlîd Mouhibb-oud-Dîne Mouhammad Ibn Mouhammad Ibn ash-Shahna al-Hanafi** (maty tamin'ny 815H), iray amin'ireo manam-pahaizanareo, dia nanoratra ao amin'ny bokiny **Rawdhat-oul-Manâdhir fî Khabar-oul-Awâil wal-Awâkhir**, mifandray amin'ny raharahan'ny Saqîfah: « Tonga tao amini 'Alî i Omar izay vonona tokoa ny handoro ny trano miaraka amin'ireo olona ao anatiny. Niteny i Omar hoe: "**Arahonareo izay mba narahin'ny vahoaka**" ».

**11) Al-Tabarî**, ao amin'ny bokiny **Târîkh** faha-II, pejy faha-443, dia nanoratra araka ny fitantaran'i **Ziyâd Ibn Kalbî** fa : "Talha, Zoubayr sy ireo hafa Mouhâjirine dia tao amin'i 'Alî(a.s). Omar Ibn Khattâb dia tonga teo amin'izy ireo ka niangavy mafy azy ireo mba hivoaka ny trano, fa raha tsy izany dia hodorany ilay trano".

**12) Ibn Shahna**, ao amin'ny **Hâshyât al-Kâmil** bokin'**Ibn Athîr**, boky faha-XI, pejy faha-112, dia nanoratra mikasika ny Saqîfa: « Ny sasany amin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo Banî Hâchim, Zoubayr, Outba Ibn Abî Lahab, Khalid Ibn Sa'îd Ibn al-'As, Miqdad Ibn Aswad Kindi, Salman al-Farsî, Abou Zharr Ghifârî, Ammar Ibn Yassir, al-

[62] Jereo ny Sahîh al-Boukhârî boky faha-V sy VII.

Barâ'ah Ibn Athîb sy Oubai Ibn Ka'b dia tsy nanaiky hanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr. Nivory tao an-traon'i 'Alî izy ireo. Tonga teo amin'izy ireo i Omar izay nanam-pikasana mba handoro ilay trano. Nanohitra azy i Fâtimat(a.s) ary hoy i Omar hoe: "**Arahonareo izay mba narahin'ny vahoaka**" ».

Santionany fotsiny ireo fa maro ireo tranga ara-tantara voasoratr'ireo mpahay tantara manam-pahaizanareo mikasika io tranga io. Izany moa dia tena malaza tokoa ka nahatonga ireo mpahay tononkalo nikalo mikasika izany. Ohatra amin'izany, iray amin'ireo mpahay tononkalo malaza ankehitriny teo aminareo, i Hâfiz Ibrâhîm avy ao Ezypta, fantatra amin'ny anaram-bositra hoe "**Mpanao tononkalon'i Nil**", dia nilaza ao amin'ny tononkalony maneho ny fiderana an'i Omar:

« **Tsy nisy olon-kafa ankoatr'i Abou Hafsa (i Omar) no nahasahy niteny tamin'ilay lehiben'ny fokon'i Adnân (i 'Alî) sy ireo namany nanao hoe: "*Raha tsy manao fanekem-pankatoavana ianareo dia hodoroiko ny tranonareo ary tsy hisy avelako mivoaka velona ao, eny fa na dia ny tenan'i Fâtimat ihany koa aza*"** ».

**Hâfiz** : Ireo sombin-tantara ireo dia milaza fotsiny fa nitondra fanilo izy ireo entina hampitahorana sy hanaparitahana ireo mpanohitra ny fitondrana khilâfat. Ny fandoroana ny trano sy ny fahafahan-jaza nanjo an'i Fâtimat dia dikan-teny namboamboarin'ireo "chiites" fotsiny.

<u>Tantaran'ny fahafahan-jaza nanjo an'i Fâtimat</u>(a.s)

**Chîrâzî** : Tokony hovakianareo ny boky **Kitâb Itjibât al-Wasiyyat** nosoratan'i **Abou al-Hassan 'Alî Ibn Houssein al-Mas'oudî** (maty tamin'ny taona 346H), tompon'ilay boky Mourouj azh-Zhahab. Izy dia nitantara antsipiriany ireo zava-niseho tamin'io fotoana io:

« **Nodidinin'izy ireo ny tranon'i 'Alî ary nodoran'izy ireo teo am-baravaran'ilay trano. Notaritarihin'izy ireo izy hivoaka ny trano ary noteren'izy ireo mafy teo anelanelan'ny varavarana sy rindrina ilay vehivavy mendrika indrindra, Fâtimat(a.s) izay nahatonga azy**

**hafa-jaza ka namoizany an'ilay zanany, i Mouhsin izay mbola tsy nahita ny andro akory** ».

Ireo "Chiites" dia tsy mba namorona ireo tantara ireo. Izany tranga izany dia voatahiry ao amin'ny pejin'ireo tantara. Ity fahafahan-jaza ity dia tena zava-nisy tokoa.

Azonareo atao koa ny mamaky ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-III, pejy faha-351, izay nanoratan'**Ibn Abî al-Hadîd** fa izy dia nilaza tamin'ilay mpampianany, i **Abou Ja'afar al-Naqîb**, fa rehefa nisy nitantara tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) fa i **Houbbâr Ibn al-Aswad** dia nandona ny zanany vavy, i Zaynab tamin'ny lefona, ka nahatonga an'inty farany hafa-jaza, dia nomen'ilay Mpaminany(s.a.s) alalana ny famonoana ho faty azy. Noho izany dia nilaza i Abou Ja'afar hoe: « **Raha mbola velona ilay Mpaminanin'i Allâh, dia tsy isalasalana ny nandidiany fanamelohana ho faty an'ilay olona nampihorohoro an'i Fâtimat izay nahatonga azy namoy an-janany, i Mouhsin** ».

**Hâfiz** : Tsy dia hitako ny tombontsoa hitantarana ny zavatra tahak'izany! Ny karazana tranga toy izany dia vao mainka mampisy ny disadisa sy ny fisaraham-bazana.

**Chîrâzî** : Manome tsiny ahy ianareo amin'ny fitantarana izany trangan-javatra nisy izany. Nefa ny antony nanaovako izany, dia mba hanoherana ny fanaratsiana ataon'ireo mpanoratra mpisompatra izay mamitaka an'ireo rahalahintsika tsy ampy fahalalana, izay mihevitra an'ireo "Chiites" ho jentilisa tsy mpino sy mihevitra fa izany tantara izany dia noforonin'ireo "chiites" ireo. Izahay dia tsy hilaza na inona na inona intsony mikasika an'i 'Alî(a.s) afa-tsy izay nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany. Tamin'ireo alim-pivoriana teo aloha, izahay dia nilaza taminareo fa i 'Alî(a.s) dia mpanompon'i Allâh vontom-pinoana tokoa, solontena iray notendren'i Allâh, ary mpandimbin'ilay Mpaminany(s.a.s). Milaza anareo ankehitriny fa tsy mahasoa ny hiresahana izany tantara izany. Raha tsy namoha izany lohahevitra izany ianareo dia tsy mba niresaka mikasika izany akory. Raha tsy nilaza ianareo tamin'ity hariva ity fa izany dia finoanoam-poan'ireo chiites tsy marim-pototra, dia tsy voatery akory aho

nilaza teo anatrehan'ireto mpanatrika ireto fa mba toy izany koa anie no finoan'ireo manam-pahaizana "sunnites" ankoatr'ireo mpitompo teny fantatra.

**Nawwâb** : Andriamatoa hajaina, izahay dia mino fa i al-Houssein, ilay maritiora, dia nandeha teo amin'ny làla-mahitsy ary izy dia novonoin'ireo manam-boninahitr'ireo Banî Omayyat tsy tamin'ny rariny. Nefa ireo sasany, indrindra fa ireo tanorantsika dia mihevitra fa ny ady tao Karbalâ dia ady ara-miaramila ranoray fa tsy mba ady ara-pinoana. Misy milaza fa i al-Houssein Ibn 'Alî dia nankany Koufa mba hitady fahefana ka adidin'ny isam-pitondrana ny manohitra ny loza tahak'izany. Noho izany, i Yazîd dia nijoro nanohitra izany loza izany. Izy ireo dia nitaky tamin'ilay Imâm mendrika hajaina mba hanao fanekem-pankatoavana madiodio an'ilay khalîfat Yazîd, izay tsy maintsy ankatoavina. Al-Houssein dia nomena tsafidy: na ho velona hananana voninahitra rehetra teo anatrehan'ilay khalîfat tao Syrie, na hiverina any amin'ny tanàna nahaterahany. Nolavin'i al-Houssein avokoa anefa io safidy anankiroa io ka izany no namonoana azy. Izy ireo dia mihevitra fa ny fisaonana ho an'ny olona izay nifikitra tamin'ny fiainana eto an-tany ary maty tao anatin'izany fitiavan-karenany tafahoatra izany, dia tsinontsinoavina sy anisan'ny fomba noforonina. Afaka mamaly anay ve ianao mikasika izany hevitra izany? Ahoana no handavanao ny fiheverana fa ilay adin'i Karbalâ dia tsy ady ara-politika ambony akory?

<u>Ny Imâm al-Houssein(a.s) dia tsy mba nitady fahefana velively.</u>

**Chîrâzî** : Isaky ny asa na tsara na ratsy dia miankina amin'ny fahafantarantsika an'i Allâh. Ireo mpanohitra dia tokony hahafantatra an'i Allâh aloha izy, avy eo ny boky masina Kor'âny. Raha vao tafapetraka izany fahafantarana izany dia hanaiky avy hatrany isika fa izay rehetra voarakitra ao amin'io boky masina io dia fiderana. Koa izay mino fa i al-Houssein dia nanam-paniriana amin'ny fiainana eto an-tany dia mandà tanteraka ny fahamarinan'ny Kor'âny masina. Allâh dia nanaporofo ny fahadiovan'i al-Houssein(a.s) ao amin'ny Kor'âny masina. Hoy Izy hoe:

« **Ny tian'i Allâh dia ny hanaisotra eo aminareo ny loto, ry "Ahloul-Bayt", sy ny hanadio anareo tanteraka** »[63].

Ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo, toa an'i **Mouslim**, i **Tirmizhî al-Tha'labî**, i **Sijistânî**, i **Abou Nâ'im al-Isfahânî**, i **Abou Bakr Chîrâzî**, i **al-Souyoutî**, i **Hamwainî,** i **Ahmad Ibn Hambal**, i **Zamakhcharî**, i **Baidhawî**, **Ibn Athîr**, sy ireo hafa dia samy nanaiky fa io andininy io dia nampidinina ho fiderana an'ireo olo-masina miisa dimy izay antsoina hoe "Ahloul-Bayt" (tompon-trano): Mouhammad(s.a.s), 'Alî(a.s), Fâtimat(a.s), al-Hassan(a.s) sy al-Houssein(a.s). Ity andininy ity dia porofo tsy azo lavina amin'ny maha-tsy manan-tsiny sy fahadiovan'ireto olo-masina ireto. Nefa ny fitsiriritam-pahefana dia tena fahalotoana lehibe tokoa. Maro ireo hadith avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo Imâm(a.s) mpitarikay no manome tsiny amin'ny fitiavam-pahefana eto an-tany sy ny fanaranam-po amin'ny faniriana ara-nofo. Niteny ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: "**Ny fitiavana sy ny fifikirana amin'ny fiainana eto an-tany no fototry ny haratsiana rehetra**". Abou Abdoullâh al-Houssein(a.s) dia tsy mba nifikitra tamin'izany fiainana eto an-tany izany mihitsy. Izy dia tsy mba nahafoy velively ny ainy sy ny ain'ireo havany mba hahazoana ny fahefana mandalo eto an-tany.

Raha ny Imâm Houssein(a.s) no nifandona tamin'i Yazîd nohon'ny antony fiainana eto an-tany fotsiny, ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy mba nanome baiko ny olona hitahy sy hamonjy azy, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo ihany. Hoy indrindra, ny Cheikh Soulaymân Balkhî al-Hanafî ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat nalainy avy tao amin'ny Târîkh bokin' al-Boukhârî sy al-Baghawî, sy Ibn-ous-Sikkin ao amin'ny Zhakhâ'ir-oul-Ouqbâ nosoratan'ny Imâm-oul-Haram al-Châfi'î ary ny Sirat bokin'i Moulla dia samy mitantara avy amin'i Anas Ibn Hârith Ibn Bayya izay nilaza fa nahare an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe: "**Tena marina, fa ny zanako i al-Houssein(a.s) dia hovonoina ao amin'ny tanin'i Karbalâ. Izay rehetra manatrika izany amin'io fotoana io dia tokony hanavotra azy**".

---

[63] Kor'âny 33/33

Mitohy toy izao io tantara io: "**Anas Ibn Hârith tonga tao Karbalâ, araka ny baikon'ilay Mpaminany(s.a.s), sy maty maritiora niaraka tamin'ny Imâm al-Houssein(a.s)**". Midika izany fa tao Karbalâ, ny Imâm al-Houssein(a.s) dia nitolona ho an'ny fahamarinana fa tsy nohon'ny fitiavam-pahefana velively. Ny fanaovan'ny Imâm al-Houssein dia lavitra niaraka tamin'ny vondron'olona vitsy izay nahitana vehivavy sy ankizy mbola tsy ampy taona, dia maneho ihany koa fa ny tanjony dia tsy mba haka fahefana. Fa raha nanana tanjona toy izany izy, dia ho nandeha tany Yémen mba nanomana miaramila betsaka. Yémen manko dia mazava ho azy fa toeram-pamaharana ho fampiofanana ireo miaramila.

Ary ny zava-nisy, dia namporisika azy matetika mba ho any Yémen ireo sakaizany, fa tsy nahatonga saina azy ireo ny tena tanjony. Ny Imâm al-Houssein(a.s) dia nahalala fa tsy nisy fomba na iray aza hahazoana fandresena mazava. Niaraka tamin'ireo olona miisa 84 teny am-pihandohana, ahitana ankizy amam-behivavy, no niaingany hanao dia lavitra mba hanatanteraka ny tanjona masina. Ilay hazo masina "**Lâ ilâha illà-llâh**" (Tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh), izay novolen'ny Raibeny(s.a.s), dia nigoka ny ràny sy ny ràn'ireo maritioran'i Badr sy Ouhoud ary Hounayn. Ilay hazo dia natolotra ho karakarain'ny mpanao mpahay zaridaina mendrika indrindra, i 'Alî(a.s) Ibn Abou Tâlib, nefa dia nampalavirina azy izany, tamin'ny alalan'ny fampihorohoroana ho faty sy fandoroan-trano. Vokatr'izany, ilay firoboroboan'ny Tawhîd (finoana an'Andriamanitra tokana) sy ny faminaniana dia nihamalazo. Nandroso tsikelikely ny fahazoan'ireo Banî Omayyat mpisompatra, ny fikarakarana an'ilay zaridaina ho eo am-pelantanan'izy ireo.

Hatramin'ny nitondran'ny khalîfat Othmân Ibn Affân, ireo Banî Omayyat no nitantana ny raharaham-panjakana. Abou Soufyân ilay antitra sy jamba fa mitsiriritra mandrakariva ny fahefana, no niantsoantso teo amin'ny lapan'ireo "Omayyades" nanao hoe: "**Ry Banî Omayyat! Tazomy ny fitondrana khilâfat ho ao amin'ny fianakavianareo hatrany! Ny paradisa sy ny afobe dia angano, ry Banî Omayyat! Farombahonareo ny fitondrana toy ny kanety be. Mianiana aho fa izaho dia mirary ny ho eo amin'ny toerana tahak'izany foana. Arovy tsara izany, amin'izay ireo taranakareo mba afaka handova izany**".

Ireo jentilisa ireo dia nandroaka an'ireo mpahay zaridaina ara-dalàna tao an-jaridaina. Ny loharano dia nitsahatra nikoriana ary ilay hazo masina dia nihamaina hatramin'ny fanjakan'i Yazîd izay nitady hamono azy tanteraka. Ny Imâm al-Houssein(a.s) nanao dia lavitra haingana tao Karbalâ mba hamelo-maso indray ilay zaridainan'ny faminaniana sy hanome aina ilay hazo masina "**Lâ ilâha illà-llâh**".

Misy ny manontany nahoana ny Imâm al-Houssein(a.s) no tsy mba nanofahofa ny fanevan'ny fanoherana tao Madînat. Tsy mazava amin'izy ireo manko fa raha izy no nijanona tao Madînat, dia nanjavozavo tamin'ny rehetra ny tanjona tiany hotratrarina. Ny Imâm al-Houssein(a.s) dia tonga tao Makkat tamin'ny volana Rajab ary niresaka tamin'ireo olo-maro fa i Yazîd dia manongotra hatramin'ny fakany ilay hazo masin'ny Tawhîd. Nolazainy fa i Yazîd izay mihambo ho khalîfat mpitondran'ireo silamo, dia manimba ireo foto-pinoan'ny Islâm. Tsy vitan'ny miliba amin'ny fisotroan-toaka sy filokana, i Yazîd dia mbola milalao miaraka amin'ireo alika sy rajako.

Ny Imâm al-Houssein(a.s) dia resy lahatra fa hanao sorona ny ainy mba hanavotana ny Islâm.

Ireo namany sy ireo havan'ny Imâm al-Houssein(a.s) dia niezaka nandresy lahatra azy mba tsy ho any Koufa tamin'ny alalan'ny filazana fa ireo vahoakan'i Koufa izay niangavy azy mba ho tonga amin'izy ireo, dia tsy azo itokisana. Maro amin'ireo silamo no nanatevin-daharan'ireo Banî Omayyat izay nanambitamby azy ireo tamin'ny alalan'ny vola sy tombontsoa ara-politika ho takalon'ny fanohanan'izy ireo. Noho izany, araka ny filazan'ireo mpanara-diany hatrany, dia tsy afaka hanantena hahazo mpanohana ny Imâm Houssein(a.s). Niangavy azy izy ireo mba tsy hanatanteraka ny diany. Noteren'izy ireo izy mba ho any Yémen izay misy ireo mpanara-diany betsaka no sady ahafahany miaina am-pilaminana. Nefa ny Imâm al-Houssein(a.s) dia tsy afaka nanazava izay momba azy tanteraka.

Izy dia nionona tamin'ny valin-teny fohy ho an'izy ireo tsirairay avy. Nilaza tamin'ireo namany sy ireo havany toa an'i Mouhammad Ibn

al-Hanafiyyat rahalahiny izy, nanao hoe: “**Marina ny voalazanao. Izaho koa dia mahay fa tsy manam-pahefana miharihary, nefa izaho dia tsy ho avy any mba hitady ny fiainana eto an-tany. Fa ho tonga any aho mba hovonoina. Izaho dia maniry fa amin’ny alalan’ny vesatry ny fahoriako, no hamongorako hatramin’ny fakany mihitsy ny famoretana sy ny tsy rariny. Tao anatin’ny nofy no nahitako ny Raibeko, ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza tamiko ny fandehanako mankany Irak izay toerana tian’i Allâh Ilay Tsitoha hijerevany ahy hovonoina**”.

Mouhammad Ibn al-Hanafiyyah sy Ibn Abbâs dia nanontany hoe: “**Raha izany tokoa dia nahoana ianao no mitondra vehivavy miaraka aminao?**” Namaly izy hoe: “**Ny Raibeko dia nilaza fa i Allâh mitia mahita azy ireo ho baboina. Koa araka ny baikon’ilay Mpaminany, dia entiko miaraka amiko izy ireo**”. Ny fanababoana an’ireo vehivavy ireo dia famantarana ny mahamaritiora azy. Izy ireo dia haneho eo anatrehan’izao tontolo izao, ny tsy rariny nataon’ireo “Oumayyades” ireo amin’ireo taranak’ilay Mpaminany(s.a.s). Andriambavy Zaynab(a.s), zanakavavin’i Fâtimat(a.s), dia nanao laha-teny fanoherana mampihetsi-po tokoa tao an-dapan’i Yazîd izay feno hiboka olona maro an-jatony, nahitana ireo andriana sy ireo manam-pahefanan’ireo Banî Omayyat ary ireo masoivoho vahiny, nankalaza ny fandresen’izy ireo.

Ilay Imâm fahefatra, Zaynoul-Abidine ‘Alî Ibn al-Houssein(a.s), dia niantso tao amin’ny fitsarana tamin’ny fomba mampihetsi-po ihany koa teo amin’ny polpitran’ny Mosken’ireo “Oumayyades”, teo anatrehan’i Yazîd. Taorian’ny fanambarany ny voninahitra sy fiderany an’i Allâh, dia niteny toy izao ny Imâm Zaynoul-Abidine(a.s): “**Ry mpihaino malala! Izahay taranak’ilay Mpaminany(s.a.s) dia nomen’i Allâh toetra tsara enina sy nataony ho ambony noho ireo zava-boahary rehetra, amin’ny alalan’ny hatsarana fito. Nomena anay ny fahalalana, ny fiaretana, ny voninahitra, ny fahatsarana, ny fahaizana mandaha-teny, ny herim-po, ary izahay dia tian’ireo mpino. Izahay dia ambony noho ianareo tsirairay, nohon’ny antony ilay MpaminanyMouhammad(s.a.s) dia avy aminay, i ‘Alî Ibn Abou Tâlib ilay Siddîq dia avy aminay, i Ja’afar al-Tayyâr dia avy aminay, i Hamza dia avy aminay, ireo anankiroa**

**zafin'ilay Mpaminany(s.a.s), al-Hassan(a.s) sy al-Houssein(a.s) dia avy aminay ary i Mahdi (ilay Imâm-oul-Houjjat) dia avy aminay. Ireo izay tsy mahafantatra ahy dia tokony hahafantatra ny fianakaviako sy ny toeram-boninahiny. Izaho no zanak'ilay tena manam-boninahitra sy tsara indrindra, Mpaminanin'i Allâh, i Mouhammad al-Moustafâ**".

Avy eo, teo amin'io polpitra izay nanozonan'i Mou'âwiyat sy Yazîd an'i 'Alî(a.s) io ihany, no nideran'ny Imâm an-Raibeny henin-kaja sy i 'Alî(a.s), nanoloana an'i Yazîd sy lehiben'ire Banî Omayyat. Betsaka ireo vahoakan'i Syrie no mbola tsy naheno ireo voninahitra sy hatsaran'i 'Alî(a.s). Hoy ilay Imâm(a.s) hoe:

« **Izaho no zanak'ilay lehilahy izay nitolona teo anatrehan'ilay Mpaminany, izay nitolona nanohitra an'ireo tsy mpino tao amin'i Badr sy Hounayn, izay tsy mba very toky tamin'i Allâh mihitsy, na dia indray mandeha aza nandritra ny fiainany. Izaho no zanak'ilay tena mpino indrindra, ilay mpandovan'ireo mpaminany, ilay mpamono an'ireo tsy mpino, ilay lehiben'ireo silamo, ilay fahasoavan'ireo mpino, ilay satro-boninahitr'ireo izay mitomany nohon'ny fahatahorana an'i Allâh, ilay manam-piaretana noho ireo manam-piaretana, ilay mendrika indrindra amin'ireo mpivaofy ny vavaka. Izaho no zanak'ilay lehilahy izay notohanan'i Gabriel sy i Michael. Izaho no zanak'ilay lehilahy izay mpiaro ny voninahitr'ireo silamo sy mpamono an'ireo tsy mpino.Izaho no zanak'ilay lehilahy izany nanao ady masina nanohitra an'ireo fahavalo, izay reharehan'ny foko Qouraych, ilay voalohany nanaiky ny hafatr'i Allâh sy ilay Mpaminaniny, ilay voalohany nanaraka ny finoana Islâm, ilay tenim-pahendren'i Allâh, ilay mpanampin'ny finoan'i Allâh, ilay mpiaro ireo didin'i Allâh, ilay zaridainan'ny fahendren'i Allâh, ilay tahirim-pahalalan'i Allâh. Izaho no zanak'ilay lehiben'ireo manam-piaretana, ilay mpamaky ireo sakantsakana, izay manana fo tony tsy miovaova, ilay vahaolana tena matotra sy lamina mateza noho ny hafa rehetra. Izy no liona matanjaka eo ampiadiana, izay manamontsana ireo fahavalo amin'ny alalan'ny sabany sy manaparitaka azy ireo toy ny rivo-mahery manaparitaka ny bozaka.**

**Izy no ilay tena mahery fo amin'ireo olona tao Hijaz, ilay tena mafana fo tamin'ireo vahoakan'Irak, ilay tena madio indrindra amin'ireo silamo, ilay nanao fanekem-pankatoavana tao amin'i Aqaba, ilay mahery fon'i Badr sy Hounayn, lehilahy navitrika tamin'ny fotoam-pifanekena eo am-pototr'ilay hazo, ilay irery nanao sorona ny ainy tamin'ny fifindramonina nataon'ilay Mpaminany(s.a.s), ilay lehiben'ireo vahoaka arabo, ilay mpiambina ny Ka'abat masina, ilay rain'ireo zafin'ilay Mpaminany(s.a.s) anankiroa. Ireo no voninahitr'ilay raibeko, i 'Alî(a.s) Ibn Abou Tâlib. Izaho ihany koa no zanak'i Khadijat-oul-Koubrâ. Izaho no zanak'i Fâtimat al-Zahrâ. Izaho no zanak'ilay novonoina tamin'ny alalan'ny sabatra teo amin'ny tendany. Izaho no zanak'ilay nandao an'ity tany ity tao anatin'ny hetaheta. Izaho no zanak'ilay tsy nomena rano nefa ny rano dia nomena ny voahary hafa rehetra. Izaho no zanak'ilay nanana vatana mangatsiaka tsy nanaovana fandroana masina no sady tsy nofonosana lambam-paty. Izaho no zanak'ilay manana ny lohany masina nahantona teo amin'ny lohan-defona. Izaho no zanak'ilay manana an'ireo vehivavy izay nalaina baraka tao amin'ny tanin'i Karbalâ sy nobaboina. Izaho no zanak'ilay manana an'ireo vehivavy izay nentina tany Syrie toy ny voababo** ».

Tamin'izay indrindra dia nitomany mafy ny Imâm nialohan'ny nanohizany ny teniny: « **Izaho no.... Izaho no....** », nanohy izany tamin'ny alalan'ny fitantarana ireo voninahitr'ireo razany(a.s) sy ny tsindrihazolena izany napiharina tamin-rainy sy ireo Ahloul-Bayt.

Vokatr'izany laha-teny izany ireo izay nanatrika dia latsa-dranomaso nitomany. Taorian'ny nahamaritiora an'ny Imâm al-Houssein(a.s), ny majlis (fivoriam-pisaonana) voalohany mikasika ireo fahoriana nanjo an'ny Imâm al-Houssein(a.s) dia natao tao amin'ny Moske ben'ireo "Oumayyades". Ny Imâm Zaynoul-bidine, taorian'ny fitantarany ireo fahamendrehan'i 'Alî teo anatrehan'ireo fahavalo, dia nambarany ireo fahoriana niaretan'ny rainy hajaina, tamin'ny fomba mampangoraka tokoa, ka nahatonga ny figogogogoan'ireo Syriana nitomany mafy teo anatrehan'i Yazîd. Raiki-tahotra moa inty farany ka lasa nivoaka niala tao amin'ilay Moske.

Avy tamin'izany Moske izany, sy vokatry ny laha-teny nataon'ny Imâm Zaynoul-Abidine(a.s) no nahatonga ireo vahoaka nitroatra nanohitra an'i Yazîd. Nohon'ny fiaraha-mientan'ireo vahoaka, dia voatery i Yazîd nanozona an'i Oubaidoullâh Ibn Marjana noho ireo asa ratsy mahatsiravina vitany. Vokatr'izany, dia rava ny lapan'ny fitondran'ireo Banî Omayyat tsy refesi-mandidy, ka tsy hahita mihitsy ianareo na dia fasana iray aza mbola tafajoro an'ireo Banî Omayyat!

Raha hiverenana ilay fanontanianareo, dia imbetsaka ny Imâm al-Houssein(a.s) no nanambara mialoha ny hahamaritiora azy. Tao Makkat (tamin'ny andro fahavalon'ny volana Zhoul-Hijjat) izy dia efa nilaza nanao hoe:

« **Ny fahafatesana dia mifadiditra amin'ireo taranak'i Adam tsirairay avy, toy ny firavaka mifadiditra amin'ny tovovavy iray. Izaho koa dia mba maniry ny hihaona amin'ireo razako tahaka ny fanirian'i Jakoba hihaona amin'i Josefa. Ny toerana izay hahafatesako dia efa nofidiko ka tsy maintsy mankany amin'izany toerana izany aho. Hitako ireo amboadia masiaka izay hamono ahy, hamotipotika ny vatako, eo anelanelan'i Nawawi sy Kabalâ** ».

Ny Imâm al-Houssein(a.s) dia efa nahafantatra fa tsy ho tonga akory any Koufa. Fantany fa izy dia hovonoin'ireo olona miendrika biby dia masiaka, manatriatriatra ny vatany ho potipotika. Izy dia nanao dia lavitra nohon'ny tanjony mba ho maritiora, fa tsy nohon'ny antony ara-politika.

Teny an-dàlana izy dia nilaza nialoha tamin'ireo mpanara-dia taminy mikasika ny fahafatesany izay efa mananontanona. Nilaza tamin'ireo mpanara-diany izy fa ohatra iray ihany dia ampy hanaporofoana ny mahazava-poana an'ity fiainana eto an-tany ity. Nambarany fa taorian'ny nanapahana ny lohan'ny mpaminany Jaona, dia nentiny teo amin'ny vehivavy mpijangajanga iray ny lohany. Nolazainy koa fa ny lohany mihitsy avy eo no ho entina eo amin'i Yazîd, ilay mpimamo lava.

Sainontsainonareo kely moa. Hour Ibn Yazîd Riyahi notronin'ireo miaramila an-tsoavaly miisa 1.000 no nanatevin-daharana an'ny Imâm al-Houssein(a.s). Tanànan'i Koufa dia nielanelana ho teloalina fotsiny. Oubaidoullâh Ibn Ziyâd no nanendry an'i Hour mba hisambotra an'ny

Imâm al-Houssein(a.s). Tsy namela azy nanohy ny diany nankany Koufa i Hour ary niambina nanaramaso azy fatratra mandra-pahazoany baiko vaovao hafa indray. Nahoana ny Imâm no nanaiky nosakanan'i Hour? Raha ny Imâm al-Houssein(a.s) no nitady ny fahefana ara-politika, dia tsy mba nanaiky mihitsy izy ny ho sakanan'i Hour izay tsy nanana akory afa-tsy miaramila 1.000 isa eo ho eo fotsiny. Ny Imâm(a.s) anefa dia nanana miaramila miisa 1.300. Aorian'ny handreseny azy ireo dia ho afaka nankany Koufa izy izay mazava ho azy fa hahazo mpanohana ihany koa izy any. Any dia hitombo ny mpanohana azy ka ho afaka hifanandrina amin'ireo fahafavalo izy mba hahazoany ny fahefana. Tsy izany anefa no nataony fa naleony ny nanaiky ny baikon'i Hour ka nijanona teo amin'ilay tany efitra teo afovoan'ireo fahavalo. Afaka efatr'andro, dia tonga ireo miaramila hanampy an'ireo fahavalo ary dia tsy maintsy nisedra ny fahoriana lozan-tany ilay zanaky ny Mpaminany(s.a.s).

Ny porofo matanjaka azoko atolotra dia ilay laha-tenin'ny Imâm(a.s) nolazainy nialohan'ny Achourâ[64].

Hatramin'izany alina izany, ireo miaramila miisa 1.300 dia mbola vonona ny hiady ho azy. Navorin'ny Imâm al-Houssein(a.s) ny rehetra ary hoy izy tamin'izy ireo hoe: "**Izay rehetra tonga eto mba hitady ny fahombiazana amin'ny fiainana eto an-tany dia tokony hahafantatra fa na iza na iza no mbola hijanona eto rahampitso dia ho faty avokoa. Ny fahavalo dia tsy mitady afa-tsy izaho ihany. Omeko fahafahana ianareo amin'ny antoka izay nomenareo ahy. Amin'izao alina izao dia afaka manararaotra ny haizin'ny andro ianareo mba hiala eto amin'ity toerana ity**". Maro no nanaraka izany soson-kevitra izany ka dia lasa nandeha. Olona 42 isa ihany no sisa nijanona, dia ireo Banî Hâchim miisa 18 sy ireo sakaiza miisa 24. Taorian'ny misasak'alina, miaramila miisa 30 no tonga nanatona ny tobin'ny Imâm al-Houssein(a.s) mba hanao fanafihana tampoka amin'ny alina, nefa rehefa naheno an'ny Imâm Houssein(a.s) namakyny boky masina Kor'âny, dia nientam-po nangoraka izy ireo ka nivadika ho mpanara-dian'ilay Imâm(a.s). Koa ireto olona miisa

[64] Achourâ dia ny andro fahafolon'ny volana Mouharram, volana voalohany amin'ny taona islamika

72 ireto no nanao sorona ny ainy avy tamin'ny andro Achourâ. Ny ankamaroan'izy ireo dia olona nanam-pinona tokoa sy nahay tsianjery ny Kor'âny masina.

Ankehitriny, ireo sorona nataon'ny Imâm al-Houssein(a.s) dia sady malaza amin'ireo namana no malaza ihany ko amin'ireo fahavalo. Hatramin'ireo olona ivelan'ny finoantsika aza dia niaiky avokoa ny herim-pony. Ao amin'ny **Dâ'irat-oul-Ma'ârif**, voadika amin'ny teny frantsay, dia ahitana lahatsoratra lava mitondra lohateny hoe: "**Maritiora anankitelo**" nosoratan'ny vehivavy anglisy iray. Ny lohaheviny dia mitantara fa misy maritiora telo tena malaza, izay nanao sorona ny ainy, mba hiarovana ny fahamarinana. Ny voalohany dia i Socrate, ny faharoa dia i Jesosy (ny mpanoratra dia kristiana iray). Fa isika silamo, dia mino mazava ho azy fa i Jesosy dia tsy mba nohomboana tamin'ny hazo fijaliana velively. Hoy indrindra ny Kor'âny masina milaza izany:

« **Ary ny tenin'izy ireny hoe: "Tena izahay tokoa no namono an'i Kristy, Jesosy, zanak'i Maria, Irak'i Allâh"…Kanefa tsy nahafaty na koa nahavita nanombo tamin'ny hazo fijaliana azy izy ireo; fa endrika mitovy no hitan'izy ireo ! Ary izay miady hevitra ny amin'izany dia tena tafiditra ao anatin'ny ahiahy tanteraka : tsy manam-pahalalana momba izany afa-tsy fanarahana ny tombatombana fotsiny izy ireny , ary azo antoka fa tsy nahafaty azy velively. Fa nampakarin'i Allâh ho any aminy izy** »[65].

Ny maritiora fahatelo izay nolazainy dia tsy iza fa al-Houssein(a.s), ilay zafin'i Mouhammad(s.a.s). Izao zavatra no nosoratany: "**Raha isika no mandinika ireo zava-misy ara-tantara sy manombatombana ireo toe-draharaha niainan'ireto olona anankitelo ireto, dia resy lahatra isika fa ireo sorona notanterahin'i al-Houssein(a.s) no mavesa-danja kokoa noho ny an'ireto anankiroa hafa ireto. Fa ny nataon'i Socrate sy Kristy(a.s) manko dia tsy nisy afa-tsy ny fahafoizan'ny tenan'izy ireo tsirairay avy fotsiny ho an'Andriamanitra, fa ny an'i al-Houssein(a.s) kosa anefa dia nahafoy nandao ny fonenany nankany an-tany efitra, lavitry ny rehetra sy voahodidin'ireo fahavalo. Izy sy ireo**

[65] Kor'âny 4/157-158

**fianakaviany rehetra dia samy maty maritiora avokoa ho fiarovana ny fahamarinana. Nandefa ireo sakaizany sy ireo havany izy mba hanohitra an'ireo fahavalo sy hanao sorona ny ain'izy ireo ho an'ny finoan'i Allâh. Izany no tena mafy indrindra mihoatra ny fahafoizany ny ainy manokana**".

Ohatra azo tsapain-tànana nampiharin'ny fahavalo tamin'i al-Houssein(a.s) dia ny famonoana mahatsiravina ny zanany vao enim-bolana monja. Izy dia nitondra an'io zazakely io teny an-tànany mba hampisotroin'olona rano (rano izay nisy be dia be tokoa), nefa ny fahavalo tsy mataho-tody raha tokony hanome rano ho azy dia naleony nitifitra namono an'ilay zaza tamin'ny alalan'ny zana-tsipika. Ny habibian'ireo fahavalo dia nampiseho fa ny Imâm al-Houssein(a.s) dia niharan'ny hetraketrak'izy ireo. Ny halehiben'ny fiaretany no nandevona tanteraka ny tanjak'ireo Banî Omayyat sy nanameloka azy ireo teo imason'izao tontolo izao. Vokatry ny sorona nataony sy ireo Ahloul-Bayt no nahatonga ny finoan'i Mouhammad(s.a.s)nahazo aina vaovao indray.

**Nawwâb** : Tena mankasitraka indrindra anao izahay. Mampientana ny fonay tokoa ny fanazavanao ny zava-nitranga tamin'ny Imâm al-Houssein(a.s). Hatreto izahay dia mbola manaraka ny fampianaran'ireo hafa sady tsy mahazo ireo tombontsoa amin'ny fanaovana Zyârat (fitsidihana ny fasan'ny Imâm). Lazaina aminay manko fa ny fitsidihana ny fasan'ny Imâm al-Houssein(a.s) dia "**bid'ah**" (fomba vaovao noforonina). Mazava ho azy fa fomba vaovao noforonina tokoa izany satria mitarika ny olona sy manampy azy hahatsapa ny fahamarinana amin'ny alalan'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s).

<u>Ny tena dikan'ny "Bid'ah" (Famoronana fomba vaovao)</u>.

**Chîrâzî** : Ny teny hoe "**bid'ah**" dia manana ny heviny manokana ao amin'ireo vondron'antokom-pinoana "sunnites nâsibite[66]" sy khârijite izay samy milaza ho tena fahavalon'ny Imâm 'Alî(a.s). Milaza izy ireo fa

[66] Nâsibite dia izay maneho ny fankahalana an'ireo Ahloul-Bayt(a.s) sy ireo fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s).

ny Zyârat dia “**fomba vaovao noforonina**” fa tsy mba mihevitra ny “bid’ah” ho zavatra iray mikasika an’ilay Mpaminany(s.a.s) na ireo fianakaviany Ahloul-Bayt, izay tsy mba nodidian’i Allâh.

Ny mikasika ny fitsidihana ny fasan’i al-Houssein(a.s) anefa dia ahitana hadith betsaka izay voasoratra ao amin’ireo bokin’ireo manam-pahaizanareo ireo ihany. Izaho tsy hilaza afa-tsy ny hadith iray malaza izay voarakitra ao amin’ireo boky “**maqtal**”[67] rehetra sy ireo vondrona boky mirakitra ireo hadith.

« Indray andro, ilay Mpaminany dia tao an-tranon’i Aïcha no tamy niditra i al-Houssein(a.s). Nofihinin’ilay Mpaminany izy sy norohany ary nosafosafoiny. Nanontany i Aïcha hoe: “**Ataoko sorona ho anao anie ny fiainan’ny ray aman-dreniko! Fa tianao tokoa izany al-Houssein(a.s) izany!**” Namaly ilay Mpaminany hoe: “**Tsy hainao moa fa ity zaza ity dia silaky ny atiko ary izy no voninkazoko?!**” Avy eo dia nitomany ilay Mpaminany. Nanontany ny antony izany alahelony izany i Aïcha. Namaly azy ilay Mpaminany fa izy dia manoroka ireo faritra amin’ny vatan’ilay zaza izay horatrain’ireo Banî Omayyat. Nanontany indray i Aïcha raha hovonoin’izy ireo izy. Fa hoy Izy: “**Eny, hisy hamono izy. Izy ireo dia tsy hahazo fanavotako mihitsy (any ankoatra any). Sambatra izay mandeha mamangy ny fasany aorian’ny hahamaritiora azy**”. Nanontanian’i Aïcha ny valisoa azo avy amin’ny famangiana azy. Fa hoy ilay Mpaminany hoe: “**Izany dia mitovy lenta amin’ny fanaovana Hajj iray izay nataoko**”. Niteny mafy i Aïcha hoe: “**Hajj iray nataonao!**” Hoy Izy: “**Tsia, roa**”. Niteny mafy fanindroany i Aïcha ary hoy Izy: “**Tsia, Hajj efatra**”. Fa isak’izy tolagaga dia mihamitombo hatrany ny valisoa azo ary nony farany dia nanambara ilay Iraka nanao hoe: “**Ry Aïcha! Raha misy olona iray mandeha mitsidika ny fasan’i al-Houssein(a.s), Allâh dia hanome azy valisoa mitovy lenta amin’ny Hajj miisa 90 sy 90 Oumrat izay notanterahin’ny tenako**”. Tamin’izay i Aïcha dia tsy nahateny intsony ».

Manontany anareo àry aho ankehitriny raha ny fitsidihana masina toy izany no antsoina ho fomba vaovao noforonina?

---

[67] Tantara antsipiriany mikasika ny loza namonoana an’ny Imâm al-Houssein(a.s) tao Karbalâ.

Nahoana no vangiana ireo fasan'ireo Imâm masina(s.a.s)?

Misy tombontsoa ihany koa ny fitsidihana an'ireo fasan'ireo Imâm(a.s). Ny faritra ao anatin'ny Moske, antsoina hoe "Haram", dia misokatra ho an'ireo mpitsidika andro aman'alina. Ny haram sy ireo Moske eny amin'ny manodidina dia matetika feno mpitsidika maro. Araka ny mahazatra dia tsy manolotra afa-tsy ireo vavaka fanompoana tsy maintsy atao no matetika atao amim-pahazotoana tokoa eo am-pitsidihana an'ireo fasan'ireo Imâm(s.a.s). Izy ireo dia mitalaho amin'i Allâh amin'ny fo madio sy mamaky ny Kor'âny. Ny fanompoana toy izany ve dia fomba vaovao noforonina?

**Nawwâb** : Mazava ho azy fa izahay dia tsy hanome tsiny na iza na iza afa-tsy ny tenanay ihany raha toa ka tsy voadinikay lalina ny mikasika ireo zavatra ireo. Taona vitsivitsy nialohan'izao, no nandehanako tany Bagdad mba hitsidika ireo fasan'imâm al-A'zam Abou Hanîfat sy Abdoul-Qâdir Jîlânî. Indray andro koa aho nitsidika ny **Kâzimayn**[68] teo akaiky. Tamin'ny fodiako, ireo namako dia tena nanome tsiny ahy fatratra. Nahagaga ahy raha ny fitsidihana an'ireo fasan'ny imâm al-A'zam ao Mou'azzam, an'ny Cheikh Abdoul-Qâdir ao Bagdad, an'i Khawâja Nizâmoud-Dîne any Inde sy an'ny Cheikh Akbar Mouhyid-Dîne Ibn 'Arabî any Ezypta no heverina fa mendrika hahazoana valisoa. Isan-taona dia betsaka amin'ireo "sunnites" no tonga mitsidika an'ireo toerana ireo eny fa na dia ilay Mpaminany(s.a.s) aza dia tsy mba namporisika velively amin'ny fanaovana izany. Koa amin'ny fomba ahoana raha ny fitsidihana ny fasan'ny zafin'ilay Mpaminany(s.a.s) ilay lehiben'ireo maritiora(a.s), izay ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no namporisika izany, no antsoina indray fa hoe "**bid'ah**"? Izaho dia tena tapa-kevitra tanteraka, raha sitrak'i Allâh, mba hitsidika ny fasan'ilay zafy malalan'ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ity taona ity. Mangataka amin'i Allâh aho mba hamela ireo fahadisoana vitako tany aloha.

[68] Toerana masina nilevenan'ny Imâm fahafito, i Moussâ Ibn Ja'afar, al-Kâzim(a.s) sy ny Imâm fahasivy, i Mouhammad Ibn 'Alî, al-Taqî(a.s).

# FIVORIANA FAHAVALO

(Ny alin'ny Alakamisy faha-01 Cha'abân 1345H[69].)

## Fizarana voalohany

**Sayyed Abdoul-Hayy** : Andriamatoa lalaina, tamin'ny alina farany teo ianao dia nandray anjara tamin'ny fambolena fisaraham-bazana eo amin'ny samy silamo.

**Chîrâzî** : Tamin'ny fomba ahoana izany?

**Sayyed** : Ny fomba firesakao aminay amin'ny fitenenana ny hoe "izahay" dia maneho fa ianao dia mampizara ny silamo ho vondrona anankiroa: ireo silamo etsy ankilany ary ireo mpino etsy andaniny. Nefa izay miteny hoe: "Tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh ary i Mouhammad dia Irany" dia mpirahalahy avokoa. Tsy azo sarahina ho vondrona anankiroa mihitsy izy ireo satria izany dia manimba ny Islâm. Ireo "Chiites" dia milaza azy ho mpino fa mihevitra anay kosa ho silamo. Hitanao any Inde ireo "Chiites" dia lazaina fa mpino ary ireo "Sunnites" no antsoina ho silamo. Raha ny marina anefa dia mitovy hevitra ihany ny teny hoe Islâm sy ny hoe Imân (fananam-pinoana), satria ny Islâm midika ho fankatoavana an'ireo didy aman-dalànan'ny finoana. Izany fankasitrahana izany no antsoina ihany koa hoe Imân. Ny vahoaka amin'ny ankapobeny dia manaiky fa ny Islâm dia ny Imân madio. Ianao dia nanohitra ny hevitra iombonana.

### Ny mahasamihafa ny teny hoe Islâm (Fankatoavana) sy ny teny hoe Imân (Fananam-pinoana)

**Chîrâzî** : Voalohany, ny fiankinanareo amin'ny ankamaroan'ireo olona dia tsy midika akory ho vondrom-bahoaka iray manontolo. Izany dia manondro fotsiny ny fitambaran'ny vondron'ireo "Sunnites" iray. Ankoatr'izany, ny fanazavanareo mikasika ny Islâm sy ny Imân dia tsy mitombina. Tsy ireo "Chiites" ihany no manana fiheverana samihafa

[69] Nifanandrify tany ho any amin'ny daty faha-03 Febroary 1927.

amin'ireo "Sunnites", fa mitovy hevitra amin'izany koa ireo Ash'aris, ireo Mou'tazalis, ireo Hanafis, sy ireo Châfi'îs. Ary farany, tsy mazava amiko tsotra izao, nahoana olona mba avara-pianarana toa anareo izao no tsy maintsy mametraka tsikera tsy misy dikany tahak'izany. Io fizarana ho vondrona anankiroa io dia nolazain'i Allâh ao amin'ny Kor'âny masina! Angamba hadinonareo ny raharaha mikasika an'ireo olon'ny ankavanana sy ireo olon'ny ankavia voalaza ao amin'ny Kor'âny masina manao hoe:

« **Hoy ireo mpifindra-monina (Arabo) : "Manam-pinoana izahay". Lazao hoe: "Tsy mbola manam-pinoana ianareo. Fa lazao fotsiny hoe: mankato izahay, satria mbola tsy tafiditra ao am-ponareo ny fananam-pinoana** »[70]

Ianareo dia mahay tsara fa io andinin-tsoratra masina io dia nalefa mba hanamelohana ny fokon'i Banî Asad izay silamo anarana fotsiny ihany. Nandritra ny iray taonan'ny mosary, dia lasa nitsoaka nankany Madînat izy ireo ary mba hahazoan'izy ireo fiantrana dia nanambara ny tenanany avy ho mpino izy ireo. Nefa ny ao anatin'ny fon'izy ireo tsirairay avy dia tsy mba nisy finoana an'i Allâh na an'ilay Mpaminany(s.a.s) akory. Io andininy io dia manambara fa misy vondrona anankiroa ny silamo: ireo Silamo tso-po mankato tanteraka izany atao hoe Imân izany, sy ireo izay milaza izany eo an-tendron'ny molotra fotsiny.

Eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika, ity vondrona farany ity dia manan-jo amin'ny fiarovana sy amin'ireo tombontsoan'ireo lalàna najoro ho an'ireo Silamo rehetra. Nefa kosa araka ny voalazan'ny Kor'âny masina, izy ireo dia tsy afaka hanantena valisoa na inona na inona any ankoatra any. Ny fitenenan'izy ireo fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh ary i Mouhammad(s.a.s) dia Irany sy ny fisehoan'izy ireo ho toy ny Silamo, izany dia tsy mitondra vokatsoa ho azy ireo.

**Sayyed** : Marina ny voalazanao nefa ny Islâm tsy miaraka amin'ny Imân (fananam-pinoana sy faharesen-dahatra) dia zava-poana, toy izany

[70] Kor'âny 49/14

koa ny fananam-pinoana (Imân) tsy miaraka amin'ny Islâm dia tsy misy dikany. Allâh miteny ao amin'ny Kor'âny masina manao hoe:

« **...Ary aoka ianareo tsy hiteny amin'izay mampita fiarahabana (araky ny finoana Islâm) aminareo hoe : "Ianao dia tsy mpino",...** »[71].

Ity andininy ity dia manambara mazava fa isika dia tokony handray ny hafa araka ny fisehoany ety ivelany. Raha misy olona iray milaza fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh ary i Mouhammad(s.a.s) dia Irak'i Allâh, dia tokony hekentsika ny fananany finona (Imân). Izany no manaporofo tanteraka fa ny Islâm sy ny Imân dia zavatra iray ihany.

**Chîrâzî** : Ity andininy ity dia nalefa ho an'ny olona iray ihany, tsy iza izany fa i Ousâmah Ibn Zaïd na koa i Mouhallam Ibn Jasamah al-Laithî izay voalaza fa namono olona iray nandritra ny ady na dia izany olona izany aza efa nanambara fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh. Novonoiny izany olona izany satria noheveriny fa nanambara an'ireo teny ireo izy nohon'ny antony fahatahorana fotsiny.

Nefa araka ny hevitra amin'ny ankapobeny, isika dia mandray ihany koa an'ireo silamo rehetra ho madio. Farafaharatsiny, araka ny marina dia isika no nahita azy ireo nandà ireo foto-pinoana. Fa misy ny mahasamihafa ny Islâm sy ny Imân satria ny Imân dia ahitana ireo ambaratongam-boninahitra. Ny Imâm Ja'afar Ibn Mouhammad as-Sâdiq dia nilaza(a.s) mikasika an'i Omar sy Zoubayr nanao hoe: "**Misy ireo fepetra samihafa, ambaratongam-boninahitra sy ireo dingana ao amin'ny Imân. Ireo fananam-pinoana sasany dia tsy ampy ka ireo tsy fahampiany dia tena hita maso; ireo sasany kosa dia lehibe sy mavesa-danja tokoa, ireo sasany hafa koa dia feno sy manakaiky ny lafatra**".

Ny Imân manan-kilema dia ilay ambaratonga voalohan'ny fananam-pinoana amin'ny alalany no mahatonga ny olona hiala amin'ny mahajentilisa azy ka hiditra mankany amin'ny Islâm. Ireo ambaratonga

[71] Kor'âny 4/94

faratampon'ny fananam-pinoana dia zava-misy. Azo tsoahina izany amin'ny alalan'ireo hadith sasany, ahitana tantara iray ao amin'ny Ousoul Kâfi sy ao amin'ny Nahj-oul-Balâghat izay nolazain'ilay "Lehiben'ireo Mpino", ny Imâm 'Alî(a.s) sy ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s) toy izao: "**Allâh dia nitsinjara ho fito fizarana ao amin'ny Imân: ny hatsaram-panahy, ny fahamarinana, ny faharesen-dahatra lalina, ny fankatoavana ny sitrapon'i Allâh, ny hitsim-po, ny fahalalana ary ny faharetana. Ireo fizarana fito ireo dia notsinjaraina tsy mitovy ao amin'ny olombelona. Izay manana an'ireo toetra rehetra ireo no mpino lafatra. Noho izany, ny Islâm ao amin'ny ambaratonga voalohan'ny fananam-pinoana (Imân) dia ilay lazaina fa fanambarana am-bava fotsiny ny mahatokana an'i Allâh sy ny faminaniana. Ny Imân dia tsy mbola tafiditra ao am-pon'ilay olona toy izany velively. Ilay Mpaminan'i Allâh dia niteny tamin'ny vondron'olona iray ao amin'ny vahoakany nanao hoe:** ***Ry ianareo vahoaka! Ianareo dia anisan'ireo olona izay nanaiky ny Islâm am-bava fotsiny fa tsy mbola ao am-ponareo***".

Na izany na tsy izany dia mazava loatra fa ny Islâm dia miavaka tokoa amin'ny Imân. Fa isika dia tsy afaka hahalala izay ao am-pon'ireo olon-kafa. Tamin'ny alina lasa teo aho dia nilaza fa ny mpino dia tsy azo tsaraina afa-tsy amin'ny alalan'ireo asany. Nefa isika dia tsy manan-jo ny hanadihady ny asan'ireo Silamo. Na izany aza anefa dia tsy maintsy holazaintsika ireo toetoetran'ny fananam-pinoana, amin'izay ireo izay variana ao anatin'ny torimaso lalina dia afaka hifoha mba hanatanteraka ireo adidiny. Amin'izay izy ireo dia mba hanana ny tena Imân sy hahay fa ny fanavotana any ankoatra dia tsy azo raha tsy amin'ny alalan'ny fanatanterahana ireo asa soa. Araka ny voalazan'ity hadith ity hoe: "**Ny Imân dia ny fanekena am-bava sy faharesen-dahatra lalina (ao am-po) ary ny fanajana ireo andrin'ny finoana**". Ny fanekena am-bava sy ny faharesen-dahatra avy ao am-po no mialohan'ireo asa atao.

Isika dia mahalala tsara fa ity fiainana ratsy eto an-tany ity dia fiandohan'ny fiainana any ankoatra. Tsy afaka ny hihambo mihitsy ny olona fa hahazo ny fanavotana any ankoatra raha toa izy ka mbola tsy manatanteraka ireo asa soa eto amin'ity tany ity. Allâh Ilay Tsitoha dia milaza ao amin'ny Kor'âny masina hoe:

« **Mianiana amin'ny fotoana aho, fa ny olombelona dia tena very tokoa, afa-tsy ireo izay nino sy nanao asa soa...**»[72]

Raha fintinina, araka ny voalazan'ny Kor'âny, ny fahatahorana an'i Allâh no fototry ny fananam-pinoana. Ary raha isika no tsy manana na dia asa soa iray aza nampitrosaintsika, dia tsy ampy hahatongavantsika any amin'ny dingan'ny fananam-pinoana ambony kokoa ny fanekena am-bava na ny faharesen-dahatra lalina.

Raha toa ka marina fa isika dia tokony hihevitra fa mitovy amin'ny Silamo na iza na iza izay manambara hoe: "**Tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh ary i Mouhammad no Irak'i Allâh**", dia nahoana ianareo no mihevitra an'ireo "Chiites" ho tahak'ireo jentilisa. Ireo "Chiites" dia mino tanteraka ny mahatokana an'i Allâh, ny faminanian'i Mouhammad(s.a.s), ny Qiblat, ny Kor'âny. Izy ireo dia manatanteraka ireo asa fanompoana tsy maintsy atao rehetra, manao fifehezana, manao ny fivahiniana masina, manome ny khoums sy ny zakât (hetra ara-pinoana), mino ny Fitsanganana amin'ny maty ara-batana sy ny Andro Fitsarana. Koa moa ve tsy ianareo izany no mamboly ny fisaraham-bazana eo amin'ny samy Silamo?

Ianareo dia manilika Silamo an-tapitrisany izay endrikendrehanareo ho jentilisa na dia tsy ananareo porofo na dia iray aza mikasika izany. Tsy tsapanareo akory fa izany fomba izany anie no araraotin'ireo fahavalon'ny Islâm mba hampizarazarany antsika amin'ny alalan'ny filazana ireo teny lainga ireo. Raha ny marina dia tsy misy ny mahasamihafa antsika na iray aza fa mikasika ireo foto-pinoana izay tsy mampifanaraka antsika dia tsy misy afa-tsy ny resaka momba ny Imâmat sy ny Khilâfat.

Ary inona ny fahasamihafana lehibe misy eo amin'ny fomba fanompoana? Ireo fahasamihafana ireo dia hita ihany koa eo anivon'ireo anotokom-pinoana efatra eo aminareo ary izany dia goavana kokoa raha ampitahaina amin'ny fahasamihafana misy eo aminay sy aminareo. (Aleo

[72] Kor'âny 103/1-3

tsy horesahina manokana eto ankehitriny ireo fifanoherana misy eo amin’ireo Hanafites sy ireo Mâlikites na eo amin’ireo Châfi’ites sy ireo Hanbalites....sns). Mazava ho azy arak’izany fa ianareo dia tsy manana antony na kely akory aza entina hanendrikendrehana anay “Chiites” ho mpanompo sampy na jentilisa.

Ny hany mba fahadisoana tokana tsy azo leferina misy amin’ireo “Chiites”, araka ny fampielezana ataon’ny “Kharijisme” sy ny “Nasibisme” (ireo fahavalon’ireo Ahloul-Bayt) ho tombontsoan’ireo “Omayyades”, dia noho izahay mandà ireo fomba amam-panao sasany. Izahay dia tsy mba manome fahefana ireo olona toa an’i Abou Houraïrat, Anas sy Samoura, indrindra moa fa ireo mpahay lalàna sy ireo khalîfat lehibe eo aminareo no manameloka azy ireny ho mpandainga.

Izany hoe, ny fahadisoana lehibe hanomezan-tsiny ireo “Chiites” dia noho izy ireo izay manaraka ny taranak’ilay Mpaminany(s.a.s), i ‘Alî(a.s) sy ireo Imâm miisa iray ambin’ny folo fa tsy manaraka an’ireo imâm efatra mpitarika anareo (Mâlik, Ahmad Ibn Hanbal, al-Châfi’î, Abou Hanîfat). Nefa ianareo dia tsy manana porofo na iray aza avy amin’ilay Mpaminany(s.a.s), izay manambara fa ireo Silamo dia tokony hanaraka ireo Achfarites na Mou’tazalites mikasika ireo foto-pinoana ary manaraka ny “Mâlikisme”, ny”Hanafisme”, na “Hanbalisme”, na ny “Châfiisme” mikasika ny fanompoana na ny rantsam-pinoana.

Mifanohitra amin’izany kosa, dia betsaka ireo fampianarana na hadith ay amin’ilay Mpaminany(s.a.s) milaza fa ny taranany dia mitovy amin’ny Kor’âny masina ary ny vahoaka dia tokony hifikitra amin’izy ireo. Anisan’ireo hadith ireo ny Hadith al-Thaqalayn, ny Hadith al-Safînat, Hadith Bâb Hitta. Fa ianareo; moa ve ianareo afaka manambara hadith na dia iray fotsiny aza, izay nanomezan’ilay Mpaminany(s.a.s) baiko ho an’ireo Silamo mba hanaraka an’i Abou al-Hassan Ach’ari sy Wâsil Ibn ‘Atâ’, ...sns, mikasika ireo foto-pinoana ary ny iray amin’ireo imâm efatra mpitarika anareo ireo: Abou Hanîfat, Mâlik Ibn Anas, al-Châfi’î na i Ahmad Ibn Hanbal, mikasika ireo rantsam-pinoana na fomba fanompoana?

**Cheikh Soulaymân Balkhi al-Hanafî** ao amin'ny bokiny **Yanâbi'oul-Mawaddat**, toko faha-IV dia mitantara avy tamin'ny **Farâ'id** bokin'i **Hamwaini** izay nitantara an'**Ibn Abbâs** nilaza fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niresaka tamin'ilay "Lehiben'ireo Mpino" nanao hoe: "**Ry 'Alî! Izaho no tanànan'ny fahalalana ary ianao no vavahadiny. Tsy misy afaka miditra ao an-tanàna raha tsy efa nandalo nialoha teo amin'ilay vavahady. Izay mihambo ho tia ahy no sady mitia ny fahavalonao dia mpandainga satria ianao dia avy amiko, ary izaho dia avy aminao. Ny nofonao dia nofoko, ny rànao dia ràko, ny fanahinao dia fanahiko, ny endrikao dia endriko. Sambatra izay mankato anao,voaozona izay mitsipaka anao. Ny namanao dia manan-karena fa ny fahavalonao dia matiantoka. Izay miaraka aminao dia ho tafita, izay manalavitra anao dia ho very. Avy aoriako, ianao sy ireo Imâm avy amin'ny taranakao rehetra no ho toy ny sambofiaran'i Noa: na iza na iza mitaingina izany dia ho voavonjy, ary na iza na iza mandà ny hitaingina izany dia ho rendrika. Ireo Imâm ireo no tahak'ireo kintana: rehefa milentika ny kintana iray dia kintana iray hafa no mipoitra mazava. Izany lamina izany dia hitohy foana mandra-pahatongavan'ny Andro Fitsarana**".

Voalaza mazava tsara ao amin'ny Hadîth al-Thaqalayn (izay eken'ireo antokom-pinoana roa tonta) fa "**raha ianareo no mifikitra amin'ireo fianakaviako Ahloul-Bayt ireo, dia tsy ho very mihitsy**".

Eny fa na dia **Ibn Hajar al-Makkî** aza, izay mpitompo teny fantatra amin'ny antokom-pinoana misy azy sy mifikitra izaitsizy amin'ny fampianaran'ny **Ahlous-Sounnat wal-Jamâ'at**, dia nampahatsiahy ao amin'ny bokiny **Sawâ'iq al-Mouhriqat** (toko faha-2, zanaka toko voalohany, pejy faha-92) ireo andinin'ny Kor'âny miresaka an'ireo Ahloul-Bayt, nosoratany eo amin'ny sisin'ny takelaka misy ilay andinin'ny Kor'âny milaza hoe:

« **Ary ajanony izy ireo, satria tsy maintsy hanontaniana** »[73]

[73] Kor'âny 37/24

Toy izao manaraka izao: Cheikh Soulaymân al-Balkhi al-Hanafî dia nitantara ihany koa ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat, toko faha-95, pejy faha-296 (natonta tao Istanboul) izay manambara fa io hadith io dia voalaza amin'ny fomba samihafa. Hoy Ibn Hajr hoe: "*Arak'izany, ilay hadith mikasika ny fifikirana amin'ireo zavatra sarobidy anankiroa (Thaqalayn) dia voalaza amin'ny fomba samihafa. Mihoatra ny 25 ireo sakaizan'ilay Mpaminany*(s.a.s) *nahazoana azy*".

Mikasika an'io andininy voalaza etsy ambony io, Ibn Hajar dia niteny fa amin'ny Andro Fitsarana, ireo olona dia hanontaniana momba ny Wilâyat fanarahana an'i 'Alî(a.s) sy taranak'ilay Mpaminany(s.a.s). Nolazainy hatrany fa araka ny loharanom-boky hafa, io hadith io dia nambara tamin'ny fotoan'i Arafat, fa ny hafa kosa milaza fa izy io dia nambara tamin'ny fotoana ilay Mpaminany(s.a.s) efa hodimandry eo ampandriany nodidinin'ireo sakaizany.

Ny hafa milaza fa izy io dia anisan'ilay toriteny fanaovam-beloma nataony tamin'ny fivahiniany masina farany. Ibn Hajar dia nanome ny heviny manokana momba ny fahasamihafan'ireo fotoana nilazana an'io hadith io, niteny hoe: « **Azo inoana fa ilay Mpaminany(s.a.s), nohon'ny faniriany te hidera fatratra ny Kor'âny sy ireo taranany masina, dia namerimberina nilaza an'io hadith io tao anatin'ireo fotoana samihafa. Nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) fa hoe: "*Izaho dia mametraka ho anareo zava-tsarobidy anankiroa. Raha manaraka an'izany ianareo dia tsy ho very mihitsy. Izany zavatra anankiroa izany dia ny bokin'i Allâh (Kor'âny) sy ireo fianakaviako Ahloul-Bayt*"** ».

Araka ny voalazan'Ibn Hajar hatrany, i Tabrânî dia nitantara an'io hadith io ihany saingy nampiany hoe: "**Ianareo dia hankato an'ireto zavatra anankiroa ireto: ny Kor'âny masina sy ireo Ahloul-Bayt. Koa noho izany dia aza manandrana mivadika amin'izy ireo mba tsy ho levona ianareo. Aza tsinontsinoavina izy ireo mba tsy ho matiantoka ianareo. Aza manandrana ny hampianatra azy ireo fa izy ireo dia mahay lavitra mihoatra anareo**".

Rehefa avy nitantara an'io hadith io ilay mpitompo teny fantatra, Ibn Hajar dia nanambara hoe: "*Ilay Mpaminany dia miresaka ny Kor'âny sy ny taranany ho "zava-dehibe anankiroa" amin'ny mahalehibe sy mahamendrika azy ireo amin'ny fomba rehetra*".

Niteny koa ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: "**Dera ho an'i Allâh izay nameno fahendrena ny fon'ireo fianakaviako Ahloul-Bayt**". Ilay Iraka dia nilaza ihany koa ao amin'ny hadith iray voalaza etsy ambony nanao hoe: **"... ary aza manandrana mihitsy ny hampianatra zavatra azy ireo ianareo satria izy ireo no tena manam-pahalalana eo aminareo. Apetrahonareo izy ireo ho eo ambonin'ireo manam-pahaizanareo rehetra satria i Allâh dia nahary azy ireo ho madio sy nanolotra azy ireo eo amin'ny vahoaka, ho manana fahefana mahagaga sy ireo fahamendrehana tsy voatanisa"**.

Misy hevitra iray ao amin'ilay hadith izay manamafy ny tokony hifikirana amin'ireo Ahloul-Bayt, dia ny filazana fa ireo taranak'ireo Ahloul-Bayt hifandimby ireo dia tsy mba hizarazara hatramin'ny Andro Fitsarana. Mahagaga ny mahita ireo olona sasany izay miaiky ny fahalehibeazan'ny fahalalana ananan'ireo Ahloul-Bayt ireo kanefa dia mitsipaka azy ireo, na dia eo aza ireo baiko maro avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) manendry azy ireo ho lehibe ara-pinoana izay tsy ilana safidy akory. Sa moa ve azo soloina ny Kor'âny masina? Azo atao ve ny misafidy boky hafa?

**Sayyed** : Tsia. Sanatria. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nametraka ho antsika ny Kor'âny masina; izy io dia hafatra avy amin'i Allâh sy boky tsy maintsy ilaina mba hitarika antsika.

**Chîrâzî** : Allâh anie no hanasoa anao! Tena marina ny voalazanao. Koa satria isika dia tsy afaka hanakalo ny Kor'âny masina sy hanolo azy amin'izay boky hafa, dia foto-kevitra tahak'izany koa no tokony hampiharina mikasika an'ireo izay mitovy lenta amin'ny Kor'âny. Arak'izany àry dia foto-kevitra manao ahoana no nahafahan'ireto olona tsy anisan'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ireto ho nisongona an'ireo taranany? Izaho mila mahazo valiny tsotra mikasika izany fanontaniana

izany, amin'izay isika afaka mahafantatra raha ireto khalîfat anankitelo - Abou Bakr, Omar, Othmân- ireto dia anisan'ireo Ahloul-Bayt fianakavian'ilay Mpaminany[(s.a.s)] tokoa sy anisan'ny tafiditra amin'ny nolazain'ireo hadith izay efa nambaranay (Thaqalayn, Safînat, Bâb al-Hitta). Raha izany no marina, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy manaraka azy ireo izahay, araka izany baikon'ilay Mpaminany izany.

**Sayyed** : Tsy misy olona mino fa ireo khalîfat ireo afa-tsy i 'Alî ihany no anisan'ireo Ahloul-Bayt fianakavian'ilay Mpaminany[(s.a.s)].

**Chîrâzî** : Moa ve ilay Mpaminany[(s.a.s)] tsy efa nilaza tamintsika mba hanarahana olona iray na vondron'olona iray voatokana? Raha misy andian'olona nanambara fa tsara kokoa ny manaraka olon-kafa, dia hankato an'ilay Mpaminany[(s.a.s)] ve isika sa tsy maintsy hanaraka an'izay voafidin'io andian'olona io?

**Sayyed** : Mazava ho azy fa ny fankatoavana an'ilay Mpaminany[(s.a.s)] no tsy maintsy atao.

**Chîrâzî** : Koa raha ilay Mpaminany[(s.a.s)] no nibaiko antsika mba hanaraka ny Kor'âny masina sy ireo taranany masina[(a.s)], dia nahoana no mbola nisafidy an'ireo olon-kafa? Moa ve i Abou al-Hassan 'Alî Ibn Ismâ'il al-Achfari, i Wâsil Ibn 'Atâ', i Mâlik Ibn Anas, i Abou Hanîfat, i Mouhammad Ibn Idris al-Châfi'î ary i Ahamd Ibn Hanbal no taranak'ilay Mpaminany[(s.a.s)] sa ilay "Lehiben'ireo Mpino", i 'Alî[(a.s)] sy ireo taranany miisa iray ambin'ny folo?

**Sayyed** : Tsia, tsy akory! Tsy misy mihitsy olona hilaza fa ireo olona ireo dia ao anatin'ny tranak'ilay Mpaminany[(s.a.s)], fa kosa izy ireo dia mpahay lalàna malaza sy olona nanana ny finoany tokoa teo anatrehan'ny vahoaka.

**Chîrâzî** : Nefa araka ny fantatry ny vahoaka dia ireo Imâm miisa roa ambin'ny folo ireo no taranak'ilay Mpaminany[(s.a.s)] mivantana. Ireo manam-pahaizanareo ihany no nanaiky ny fitovian'izy ireo lenta amin'ny Kor'âny masina, ary ny fankatoavana azy ireo dia mitondra mankany

amin'ny famonjena. Tsy vitan'izany, fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza fa izy ireo no tena manam-pahaizana noho ireo olon-drehetra.

Amin'ny alalan'izany fanambarana mazava izany, dia ahoana ny valin-tenin'izy ireo amin'ilay Mpaminany(s.a.s) rehefa hanontaniany izy ireo, nahoana izy ireo no nivadika amin'ireo tenin'izy ireo ka namela ireo hafa hisongona an'ireo Ahloul-Bayt?

Ilay Mpaminany(s.a.s) ve no nandidy an'ireo Achfarites na ireo Mou'tazalis mba hanaraka ny lehiben'izy ireo na ireo Mâlikites, ireo Hanbalites sy ireo Châfi'îtes mba hanaraka ny azy ireo mikasika ny rantsam-pinoana? Tsy nisy mihitsy nanambara ny anaran'izy ireo tao anatin'ny telon-jato taona taorian'ny fahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s)!

Tsy nisy afa-tsy resaka ara-politika sy nohon'ny antony hafa tsy haiko, no nahatonga azy ireo niseho teo anatrehan'ny vahoaka. Raha toa ka ireo Imâm(a.s) sy ireo taranak'ilay Mpaminany dia efa fantatra tsara hatramin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy. "'Alî, al-Hassan, al-Hussein sy Fâtimat" no efa fantatra tamin'ny anarana hoe "Ahloul-Kisâ" (Olona nirakotr'ilay lambabe). Izy ireo no nidinan'ilay "andininy mikasika ny fahadiovana". Koa moa ve mendrika ny atao ho jentilisa ireo izay manaraka an'i 'Alî(a.s), al-Hassan(a.s), al-Houssein(a.s), sy ireo Imâm(a.s) hafa avy amin'ny taranany? Naleonareo ny nanaraka an'ireo izay tsy taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) araka ny didin'ireo mpitsara! Inona anefa no havalinareo eo anatrehan'ny Fitsaran'Andriamanitra rehefa hanontaniana ianareo nahoana no nentinareo nivily làlana ireo Silamo ary nahoana ianareo no mandray an'ireo izay manaraka ny fampianaran'ireo Ahloul-Bayt ho jentilisa sy mpamorona fomba vaovao?

Omenareo tsiny izahay satria tsy mpomba ny fampianaran'i Hanafî, Mâlikî, Hanbalî na Châfi'î. Nefa ianareo dia tsy manaraka an'i 'Alî(a.s), na dia misy aza ny lalàna mazava sy velona avy amin'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s)! Tsy misy antony ara-dalàna akory ny fanarahanareo ny iray amin'ireo antokom-pinoana efatra izay samy manana ny lalànany avy sy ny fanakatonanareo ny varavaran'ny "Ijtihâd".

**Sayyed** : Izahay dia mino an'ireo imâm efatra sahala amin'ny finoanareo an'ireo Imâm roa ambin'ny folo.

**Chîrâzî** : Tsara ! Tena zava-mahaliana izany voalazanao izany.

Ny isan'ireo Imâm 12 dia tsy voatokana ho an'ireo "Chiites" na ireo manam-pahaizan'izy ireo hatramin'ny taon-jato taorian'ny nahafaty an'ilay Mpaminany. Maro ireo hadith avy amin'ny loharanon'ny chiite sy sunnite, izay manaporofo fa ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no nanambara izany isan'ireo Imâm(a.s) izany, dia ny roa ambin'ny folo.

Anisan'ireo manam-pahaizanareo izay nitantara izany tranga izany dia ny **cheikh Soulaymân Qandouzî al-Hanafî** izay nanoratra ao amin'ny bokiny **Yanâbi'oul-Mawaddat** toko faha-77 ny hoe:

« **Hisy roa ambin'ny folo ireo mpandimby avy aoriako** »

Yahyâ Ibn al-Hassan ao amin'ny Kitâb al-'Oumdah dia mitantara avy amin'ny fitohitohizan'ireo mpampita hafatra miisa roapolo samihafa, fa ilay Mpaminany dia nilaza fa ireo mpandimby Azy dia miisa roa ambin'ny folo, izay foko Qouraych avokoa izy ireo.

Izany dia voasoratra in-telo ao amin'ny **Sahîh al-Boukhârî**, in-tsivy ao amin'ny **Sahîh Mouslim**, in-telo ao amin'ny **Sounan Abî Dâwoud**, indray mandeha ao amin'ny **Sounan al-Tirmizhî**, ary in-telo ao amin'ny **al-Jâmi'ou Bayn al-Sahihayn** nosoratan'i **Hamîdî**.

Maro amin'ireo manam-pahaizanareo, toa an'i **Hamwaini** ao amin'ny **Farâ'id**, i **al-Khawârizmî** sy **Ibn Maghâzilî**, ao amin'ny **Manâqib** bokin'izy ireo tsirairay avy, ny **imâm al-Tha'labî** ao amin'ny **Tafsîr**, **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** sy **Sayyed Mîr 'Alî al-Hamadânî al-Châfi'î** ao amin'ny **Mawaddat-oul-Qourbâ**, **Mawaddat faha-10**, dia nitantara hadith miisa roa ambin'ny folo izay avy tamin'i Abdoullâh Ibn Abbâs, i Abdoullâh Ibn Mas'oud, i Oubâyat Ibn Rab'î, i Zaïd Ibn Hârithah, i Jâbir Ibn Samrah, i Salmân al-Fârisî, i Abou Houraïrat, ary ilay "Lehiben'ireo Mpino", i 'Alî(a.s). Izy

rehetra ireo dia nilaza amin'ny fomba mitovy fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny fa ireo mpandimby Azy dia miisa roa ambin'ny folo ary izy rehetra dia avy amin'ny taranak'i Qouraych. Ireo hadith dia manambara fa izy ireo dia avy amin'ireo taranak'i Hâchim. Ao amin'ireo hadith sasany, dia voalaza ihany koa hatramin'ny anaran'ireo mpandimby miisa roa ambin'ny folo ireo. Fa ireo hafa dia tsy manambara afa-tsy ny isan'izy ireo ihany. Izaho dia tsy hanolotra afa-tsy iray ihany avy amin'ireo hadith maro be notantarain'ireo manam-pahaizanareo ireo. Koa ankehitriny, moa ve ianareo afaka manambara amiko hadith iray milaza fa ireo mpandimby dia miisa efatra? Na dia tsy misy afa-tsy hadith iray ihany aza no mba mitovitovy hevitra amin'izany, dia vonona izahay hanaiky izany eo anatrehan'ireo misy aminay.

Ankoatra ny tsy fahafahanareo milaza hadith iray mikasika an'ireo imâm efatra arahinareo, dia misy fahasamihafana lehibe eo amin'ireo Imâm arahinay sy ny anareo. Ireo Imâm(a.s) arahinay dia mpandimby voafidin'i Allâh. Mikasika an'ireo imâm arahinareo, dia tsy misy afaka mahatoky azy ireo fa izy ireo dia mahafehy ny fiqh (lalàna) sy afaka manazava ny Kor'âny masina sy ireo hadith. Ny sasany amin'izy ireo toa an'i Abou Hanîfat, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo ihany, dia tsy mba mpahay hadith no sady tsy mpahay lalàna ary koa tsy Moujtahid (mpahay lalàna), fa kosa dia miantehitra amin'ny fanapaha-keviny manokana. Izany dia manaporofo ny tsy fahampian'ny fahalalana eo amin'izy ireo.

Mifanohitra amin'izany, ireo Imâm(a.s) arahin'ireo "Chiites" ireo no mpitarika ara-panahy sy mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s), notendren'i Allâh. Mazava ho azy, fa isaky ny vanim-potoana, izahay dia manana mpahay lalàna sy manam-pahaizana vitsivitsy tena mahay avy amin'ireo "Chiites" izay hanazava ireo didin'i Allâh, amin'ny alalan'ny Kor'âny masina sy ireo hadith ary ireo hevitra iombonana. Izahay dia manaraka ireo lalàna avoaky ny manam-pahaizana tahak'izany. Na dia ireo mpahay lalàna eo aminareo aza dia nianatra sy nandray ireo fahalalana avy tamin'ireo Imâm "Chiites", nefa ianareo dia manaraka an-jambany an'ireo talohanareo, sy ny mpianatr'izy ireo izay efa nivaona tamin'ireo foto-pahalalana no sady mionona amin'ny tombatombana fotsiny.

**Sayyed** : Ahoana no ahafahanao milaza fa ireo imâm arahinay ireo dia nianatra tamin'ireo Imâm arahinareo?

**Chîrâzî** : Voalazan'ny tantara fa ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s) dia tafahoatra noho ny rehetra amin'ny resaka fahalalana. Ilay manam-pahaizana lehibe, **'âlim Nour al-Dîne al-Sabbâgh al-Mâlikî** dia niaiky ao amin'ny bokiny **al-Fousoul al-Mouhimmat** fa ny Imâm as-Sâdiq(a.s) dia nalaza tokoa tamin'ny fananany fahalalana. Toy izao no nosoratany: "**Maro ireo olona nisintona fahalalana avy taminy teo amin'ny lafiny taranja samihafa. Izy ireo dia avy amin'ny toerana lavitra no tonga nandranto fahalalana teo aminy. Nalaza nanerana ny tany rehetra izy ary ireo manam-pahaizana dia nandray ireo hadith maro kokoa avy aminy noho ny voarain'izy ireo avy amin'ireo Ahloul-Bayt hafa...**". Vondron'olona manana ny maha-izy azy teo anatrehan'ny vahoaka, toa an'i Yahyâ Ibn Sa'îd Ibn Jarih, i Mâlik Ibn Anas, i Soufyân al-Thawrî, i Abou 'Ayyinah, i Abou Ayyoub Sijistânî, i Abou Hanifat sy i Shou'bah, dia nitantara ireo tantara ireo (hadîth).

**Kamâl-oud-Dîne Abî Talhah** dia nanoratra ihany koa ao amin'ny bokiny **Manâqib** fa ireo manam-pahaizana lehibe sy ireo mpitondra fivavahana dia nitantara ireo hadith maro avy tamin'ilay Imâm(a.s) sady nandray fahalalana avy taminy. Anisan'izy ireo, ireo voatonona anarana ao amin'ny **al-Fousoul-oul-Mouhimmat**. Eny fa na dia ireo mpanohitra azy aza dia niaiky ireo fahamendrehana nananan'ilay Imâm(a.s). Toy izao no nosoratan'i al-Mâlik ao amin'ny al-Fousul-oul-Mouhimmat sy ny nosoratan'ny cheikh Abou Abdour-Rahmân Salmi manokana ao amin'ny bokiny Tabaqât-oul-Mashâyekh: "**Marina dia marina fa ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s) dia nanam-pahaizana ambony mihoatra ireo rehetra niara-belona taminy. Izy dia nomen'i Allâh fahalalana manokana no sady manam-pahaizana ambony momba ny finoana; izy dia tena nanam-pinoana tokoa sy nanalavitra ny fitsiriritam-piainana eto an-tany ary nanana ny fahendrena lalina**".

**Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î** dia nanoratra ireo fahamendrehan'ilay Imâm(a.s) ao amin'ny **Matâlib-ous-Sou'oul**, toko fahaVI, pejy faha-81 toy izao:

**«Ity lehilahy manam-pahaizana ity dia anisan'ireo lehiben'ireo Ahloul-Bayt manana ny maha-izy azy. Izy dia tena lalim-pahaizana sy manompo an'i Allâh mandrakariva. Matetika izy no mamaky ny Kor'âny masina sy manazava ny heviny. Ireo sakaizany dia nandray fahasoavam-pahalalana avy aminy. Ny fotoany andro aman'alina dia notsinjarainy ho fotoam-pivavahana amin'ny endrika samihafa. Ny fitsidihana azy dia mampahatsiahy ny any ankoatra. Fihainoana ny toriteniny dia mahavoatarika hatahotra an'Andriamanitra ary ny fanarahana ireo toro-heviny dia mitondra mankany am-paradisa. Ny tarehiny feno hazavana dia maneho ny mahataranak'ilay Mpaminany(s.a.s) azy. Torak'izany koa ny fahadiovan'ireo asany. Betsaka ireo manam-pahaizana no nandray ireo hadith sy fahalalana avy taminy. Anisan'izy ireo dia ahitana an'i Yahyâ Ibn Sa'îd al-Ansârî, Ibn Jarîh, i Mâlik Ibn Anas, i Soufyân al-Thawrî, Ibn 'Ayyînah, i Cha'bah sy Ibn Ayyoub al-Sijistânî. Ireo rehetra ireo dia samy niaiky fa nandranto fahalalana taminy avokoa**».

Ny fifandraisan'ny "Chiisme" amin'ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(s.a.s)

**Nawwâb** : Ireo "Chiites" dia mino an'ireo Imâm roa ambin'ny folo. Nahoana ny finoana "Chiisme" no nampifandraisana amin'ny anaran'ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq ary nahoana koa no iantsoana azy ho Madrassat al-Ja'afarî?

**Chîrâzî** : Isaky ny mpaminany, araka ny baikon'i Allâh, dia manendry ny mpandimby azy. Mouhammad(s.a.s) dia nanendry an'i 'Alî ho mpandimby Azy sy nandidy ny vahoaka mba hankato azy. Nefa taorian'ny nahafaty an'ilay Mpaminany(s.a.s), i Abou Bakr sy i Omar ary i Othmân dia nandrobaka ny fitondrana khilâfat. Nandritra ny fitondran'izy ireo (afa-tsy ny telo andro voalohany nitondran'izy ireo), i Abou Bakr sy i Omar ihany koa dia naka hevitra avy tamin'i 'Alî(a.s) mikasika ireo sehatra rehetra ary nanatanteraka izay toro-hevitra avy aminy. Ankoatr'izany, ireo manam-pahaizana lehibe sy ireo ambony fahalalana avy amin'ireo finoana hafa izay tonga tao Madînat mba hianatra teolojia aminy, dia nahazo fahafaham-po tanteraka teo anatrehan'i 'Alî(a.s). Nandritra ny androm-piainay, i 'Alî(a.s) dia nanompo ny Islâm tamin'ny fomba samihafa.

Taorian'ny nahamaritiora azy, no nandraisan'ireo Banî Omayyat ny fahefana, ary ny Imâmat fitarihan'ireo Ahloul-Bayt dia nopotehina an-kalozana. Ny Imâm al-Hassan al-Moujtabâ(a.s), ny Imâm al-Houssein(a.s), ny Imâm Zaynoul-Abidine(a.s) ary ny Imâm Mouhammad al-Bâqir(a.s) dia samy niharan'ireo herisetra mahatsiravina nataon'ireo "Omayyades". Ireo fomba rehetra nahafahana nanakaiky azy ireo dia nosakanana daholo ka vitsivitsy tamin'ireo mpanara-dian'izy ireo ihany no afaka nahazo tombontsoa tamin'ny fahalalan'izy ireo. Ireo hafa rehetra kosa dia novonoina avokoa.

Fa voalohandohan'ny taon-jato fahafolo taorian'ny Fifindra-monina Hijrat, nohon'ny fanagejana feno herisetra nampiharin'ireo "Omayyades", dia nitolona ny vahoaka nanohitra an'ireto farany. Ady feno rà nandriaka no nasetrin'izany teo amin'ny Banî Abbâs sy ny Banî Omayyat. Sahirana tamin'ny fiarovana an'ireo lehibeny ny Banî Omayyat ka tsy nanam-potoana intsony nanenjehana an'ireo Ahloul-Bayt(a.s). Vokatr'izany, dia nivoaka avy tamin'ny fitokany monina nasetrin'ireo "Omayyades" azy ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s) ka afaka nampianatra ireo lalàm-pinoana tamin'ireo Silamo. Efatr'arivo no isan'ireo olona liam-pahalalana no tonga nivorivory nanodidina ny polpitrany mba hiala hetaheta manoloana ny ranomasim-pahalalana tsy mety ritra nananan'ilay Imâm. Ny sasany amin'ireo mpianany akaiky azy dia nandrakitra fampianarana miisa efa-jato izay fantatra amin'ny anarana hoe: al-Ousoul al-Arba'mi'ât (ireo foto-pampianarana 400).

Yafî'iy Yamani dia nitantara fa ny Imâm Ja'afar(a.s) dia tafahoatra noho ireo hafa amin'ny lafiny fahalalana. Jâbir Ibn Hayyan Soufi dia nahavita nanoratra mihoatra ny arivo pejy mitsinjara ho boky kely miisa 500 eo ho eo momba ireo fampianarana avy tamin'ny Imâm Ja'afar(a.s).

Sasany amin'ireo mpahay lalàna lehibe ao amin'ny "sunnisme" dia mpianany ihany koa. Abou Hanifat, Mâlik Ibn Anas, Yahyâ Ibn Sa'îd al-Ansârî, Ibn Jarih, Mouhammad Ibn Is'hâq, Yahyâ Ibn Satid Qattan, Soufyân Ibn Ouyayna, Soufyân al-Thawrî, izy rehetra ireo dia samy nahazo tombontsoa tamin'izany fahalalany midadasika izany.

Nisy ihany ny tsirim-panantenana lehibe mikasika ny fianarana tamin'izany fotoana izany, satria ireo Banî Omayyat dia nanakana ny làlan'ireo razany ary ny Banî Abbâs dia mampalahelo fa nandrara ireo taranany mba haneho hevitra an-kalalahana. Ny fisian'ny "Chiisme" dia niharihary ary ireo fahamendrehan'ireo Ahloul-Bayt fianakavian'i Mouhammad[s.a.s] dia nambaran'i Ja'afar as-Sâdiq[a.s] ampahibemaso. Noho izany, ity antokom-pinoana ity dia fantatra tamin'ny anarana hoe "Ja'afarî", fa saingy tsy misy ny mahasamihafa an'ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq[a.s] amin'ireo Imâm[a.s] izay nandalo teo alohany sy ireo Imâm[a.s] enina hafa avy aoriany. Izy rehetra ireo dia samy mpitarika ara-panahy notendrin'i Allâh.

Na dia ireo namana sy ireo fahavalo aza no niaiky ny fahamendrehany ara-pahalalana sy ny fahalavorariany ara-toetra, dia nandà ny hametraka azy ho toy ny mpahay teolojia tena mahay indrindra sy ho olona tena lavorary tamin'ny vanim-potoany, ireo teo alohanareo. Nolavin'izy ireo ny antokom-pinoany mba tsy ho mira lenta amin'ireo antokom-pinoana efatra hafa, na dia nanana anjara toerana ambony tokoa aza izy teo amin'ny fahaizana sy fitiavam-bavaka, araka ny efa neken'ireo manam-pahaizanareo ireo ihany. Noho izy anisan'ny fianakavian'ilay Mpaminany[s.a.s] dia manan-jo izy mba hanana ny fialohavana manoloana ny rehetra.

Na dia teo aza izany rehetra izany, ireo manam-pahaizanareo mpitompo teny fantatra dia nampiseho ny habibiana tokoa mikasika an'ireo taranak'ilay Mpaminanin'izy ireo, ka ny sasany amin'ireo mpahay teolojia lehibe sy malaza toa an'i al-Boukhârî sy i Mouslim aza dia ninia nanadino nitantara afa-tsy hadith iray monja avy amin'ireo faqîh (mpahay lalàna) na Ahloul-Bayt[a.s] ireo. Ankoatr'izany, izy ireo dia tsy mba nanambara akory na dia hadith iray aza avy tamin'ireo Imâm[a.s] na ireo sampam-pianakaviany sahala amin'ireo 'Alawî, Housseinî, Abidî, Moussawî, Radhawî, na ireo manam-pahaizana sy mpahay lalàna toa an'i Zaïd Ibn 'Alî Ibn al-Houssein[a.s], ilay maritiora, i Yahyâ Ibn Zaïd, i Mouhammad Ibn Abdoullâh, i al-Houssein Ibn 'Alî, Yahyâ Ibn Abdoullâh Ibn al-Hassan sy ny rahalahiny Idrisse, i Mouhammad Ibn Ja'afar (Arizi)

sns, izay samy manam-pahaizana ambony sy mpahay lalàna ao anatin'ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s).

Etsy ankilan'izany, izy ireo dia nanambara ireo hadith avy amin'ireo olona toa an'i Abou Houraïrat izay fantatry ny rehetra ny toetoetrany, sy i 'Ikramah ilay Kharijite izay mpandainga gaigy lahy sy mpisoloky.

Ireo manam-pahaizanareo ireo ihany no nanambara ny haratsiam-panahin'ireto olona ireto, kanefa izy ireo dia manaiky ny hadith avy amin'izy ireo amin'ny fo madio tokoa! Ibn al-Bayyit dia nanoratra fa i al-Boukharî dia nanambara hadith miisa 1.200 avy tamin'ireo "Khârijites" sy ireo "Nâsibites" tahaka an'i 'Imrân Ibn Hattân, ilay mpankasitraka an'i Ibn Mouljim izay namono an'ilay "Lehiben'ireo Mpino", Imâm 'Alî(a.s). Ireo mpanara-dian'ny imâm al-A'zam (Abou Hanîfat), ny imâm Mâlik, ny imâm al-Châfi'î sy ny imâm Hanbal dia mihevitra azy ireo ho Silamo madio tsy manan-kilema na dia iray amin'izy ireo aza dia tsy misy ao anatin'ny taranak'ilay Mpaminany(s.a.s). Ny olona tsirairay ao amin'ireto antokom-pinoana ireto dia malalaka manatanteraka izay mifanaraka amin'ny heviny, na dia misy aza ireo tsy fitoviana lehibe eo amin'ireo foto-pinoana sy ny rantsany.

Tena mampalahelo izany fanaovan'izy ireo ho jentilisa an'ireo mpanara-dian'ny Imâm Ja'afar as-Sâdiq(a.s) izany! Ary any amin'ireto faritra rehetra izay hanjakan'ny "sunnisme", anisan'izany i Makkat izay nolazain' i Allâh anefa fa: "**Na iza na iza miditra ao aminy dia malalaka (mandry fahalemana)**", dia tsy mba malalaka maneho ny heviny na manatanteraka ny fivavahany akory ireo mpanara-dian'ireo Ahloul-Bayt(a.s).

Arak'izany, dia tokony hohainareo fa tsy izahay, Chiites, velively no mampisy fisaraham-bazana eo amin'ny Islâm. Tsy izahay mihitsy no mihantsy ny fampizarazarana eo amin'ireo samy Silamo. Fa ny zava-misy, dia avy andaniny aminareo no ahitana ny fampisaraham-bazana lehibe. Ianareo no mihevitra an'ireo Silamo miisa 100 tapitrisa ho jentilisa na dia mpino tahaka anareo tokoa aza izy ireo.

**Hâfiz** : Manaiky aho fa misy ireo faniratsirana avy amin'ny fitompoana teny fantatra. Te hilaza tsy misy fihambohamboana na fandroboroboana aho fa nahazo tombony betsaka tamin'izao fifanakalazon-kevitra ataontsika izao ary betsaka ny fianarana voaraiko avy taminao. Nefa raha sitrakao, dia aoka aho hilaza zavatra iray izay fanoherana ataon'ity antokom-pinoana mahery fo ity ho fiarovan-tena. Azonao lazaina amiko ve nahoana ireo mpitory teny sy ireo manam-pahaizana tahaka anao no tsy manara-maso ireo filazana diso ataon'ny ankamaroan'ny olona ao aminareo, izay mitondra mankany amin'ny mahajentilisa? Vokatr'izany dia indreo ireo hafa fa manararaotra ny miantso azy ireo ho tsy mpino. Ny olona iray no azo iantefan'ireo fitsikerana satria izy no nanao ny filazana diso. Arak'izany, dia tsy tokony ireo Sunnites no iantefan'ireo fitsikerana nataonao. Ireo Chiites dia manambara ireo zavatra izay manafintohina ny fon'ireo Sunnites, koa mba valin'izany dia endrikendrehiny ho jentilisa izy ireo.

**Chîrâzî** : Azoko ho fantarina ve fa filazana na fihetsika manao akory no mahatonga azy ireo hino anay ho jentilisa?

**Hâfiz** : Ireo Chiites dia mitsikera an'ireo Sakaiza manana ny voninahiny sy ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s), madio tsy manan-tsiny. Izany dia mazava ho azy fa asan'olona tsy mpino. Ireo sakaiza ireo anefa dia nitolona mafy tokoa nanohitra an'ireo tsy mpino nandritra ny taona maro. Mazava arak'izany fa ireo asan'izy ireo dia lavitry ny fitondrantena tsy mendrika. Izy ireo dia mendrika ny Paradisa tokoa, indrindra moa fa ireo izay nomen'i Allâh fankasitrahana ao amin'ny Kor'âny masina milaza manao hoe:

« **Nankasitrahan'i Allâh tokoa ireo mpino , tamin'izy ireo nanao fianianana taminao teo ambodihazo** »[74]

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanaja azy ireo. Izay mandà ny fahamendrehan'izy ireo dia ao anatin'ny fahadisoana taneraka. Fa hoy ny Kor'âny hoe:

---

[74] Kor'âny 48/18

« **Izy dia tsy miteny araka ny sitrapony, fa izay fanambarana tonga taminy ihany no teneniny** »[75]

Ny olona mitsipaka ireo tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny Kor'âny tahak'izany dia tena jentilisa tsy mpino tokoa.

**Chîrâzî** : Raha ny amiko ny lohahevitra tahak'izany dia tsy tokony hatao imasom-bahoaka. Ny valinteniko manko dia mety hiantefa any amin'ny olona tsy dia ampy fahalalana loatra ka manjary miteraka fampielezana fankahalana. Koa tsara kokoa ny hiresahantsika izany hevitra izany mitokana. Amin'ny andro hafa ianareo no antsoiko dia hiarahantsika samy isika mamaha izany olana izany.

**Hâfiz** : Malahelo aho fa ny ankamaroan'ireto olona manatrika ireto dia tsy manaiky raha tsy horesahina mandritra izao faramparan'ireo alim-pivoriana izao izany lohahevitra izany. Hatramin'izao ireo resaka nataonao dia araka ny marina avokoa. Koa raha maharesy lahatra ny valinteny homenao dia tsy hisy akory izany fanaratsiana izany. Fa raha tsy izany dia hanan-kevitra momba izany izahay.

**Nawwâb** : Marina izany. Izahay rehetra dia mila izany olana izany horesahina eto androany.

**Chîrâzî** : Milefitra amin'izany fanirianareo izany aho. Arak'ireo fanazavana rehetra izay efa natolotro nandritra ireo alim-pivoriana teo aloha mikasika ny mahajentilisa anefa dia tsy ampoiziko ny olona manan-tsaina tahaka anareo no mbola hihevitra an'ireo "Chiites" ho jentilisa. Efa nanolotra porofo feno taminareo aho fa ireo "Shian Ithnâ 'Ash'ariyat (Chiites mpanaraka an'ireo Imâm miisa 12) dia mpanara-dian'i Mouhammad sy ireo taranany masina. Misy hevitra maromaro no mbola asongadinareo. Hovaliako tsirairay misaratsaraka izany.

<u>Ny fitsikerana an'ireo Sakaiza dia tsy mira lenta amin'ny tsy finoana</u>

[75] Kor'âny 53/3-4

Voalohany, mihevitra ianareo fa izay mitsikera an'ireo Sakaiza (Sahâbat) sy ny sasany amin'ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia jentilisa tsy mpino. Tsy mazava amiko avy amin'ny foto-kevitra manao ahoana no mahatonga izany fiheveranareo izany. Araka ny tokony ho izy, raha voaporofo ny fahamarinan'ilay tsikera dia azo atao izany. Ary na dia misy aza olona iray mampiely fanaratsiana diso, dia tsy hahatonga azy ho lasa jentilisa izany fa kosa mpanota fotsiny, sahala amin'izay rehetra misotro toaka na mijangajanga dia tsy mba jentilisa. Mazava ho azy aloha fa ireo fahotana rehetra izay manohitra ny lalàna masina dia tsy azo leferina.

**Ibn Hazm al-Andalousî** (teraka tamin'ny taona 456H), ao amin'ny bokiny fizarana fahatelo mitondra lohateny hoe **al-Fasl fil-Milal wan-Nihal**, pejy faha-257 dia nilaza hoe: "**Ny olona izay miteny ratsy an'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) nohon'ny tsy fahalalana dia tsy tokony homena tsiny. Fa raha nataony tamim-pahalalana izany dia mpanota ihany izy mitovy amin'ireo izay manolo-tena amin'ny fijangajangana, sy ny halatra, sns fa tsy jentilisa. Mazava kosa anefa fa raha ninia nanozona azy ireo izy amin'ny mahasakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) azy ireo, dia jentilisa izy satria ny fihetsika tahak'izany dia mampitombo ny fankahalana an'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s). Nefa kosa ny fitenenan-dratsy tsotra an'ireo Sakaiza noho ireo fitondrantena ratsy nataon'izy ireo dia tsy mahatonga ny mahajentilisa**".

Izay no nahatonga an'i Omar nangataka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) mba hamela azy hanapa-dohan'i Hâtib, ilay mpitsaravelatsihy na dia izy aza anisan'iray tamin'ireo sakaiza lehibe, izay Mouhâjir (mpifindra fonenana) nandray anjara tamin'ny adin'i Badr. Nefa i Omar dia tsy mba nolazaina ho jentilisa akory tamin'ny fanaratsiany sy fanendrikendrehany an'i Hâtib ho mpitsaravelatsihy. Koa nahoana àry ireo Chiites no lazaina fa jentilisa amin'ny fanaratsiana an'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) sasany, raha apetraka fa marina izany voalazanareo izany? Ankoatr'izany, ireo manam-pahaizana lehibe ao amin'ny antokom-pinoanareo dia mitsipaka izany fiheveranareo izany. Anisan'izy ireo, dia ahitana an'i al-**Qadhî Abdour-Rahmân al-Ayjî al-Châfi'î**, ao amin'ny bokiny

**Mouwafiq** dia manohitra ny fanazavan'ireo manam-pahaizanareo mpitompo teny fantatra mikasika ny mahajentilisa an'ireo Chiites.

**Mouhammad Ghazâlî** dia nanoratra fa ny miteny ratsy an'ireo sakaiza dia tsy mahajentilisa akory, eny fa na dia ny manozona an'ireo cheikh lehibe anankiroa ireo aza dia tsy porofo amin'ny mahajentilisa.

Moulla Sa'd Taftazânî dia nanoratra ao amin'ny Sharh 'Aqâ'id al-Nasffiyyat : « **Ireo mpitompo teny fantatra dia mikiribiby amin'ny hevitra fa ireo izay manozona an'ireo Sahâbat (Sakaiza) dia jentilisa. Sarotra anefa ny hanekena izany fiheverana izany. Ny mahajentilisa azy ireo dia tsy voaporofo amin'ny alalan'ny fiantohan'ireo manam-pahaizana sasany fotsiny an'ireo mpitompo teny fantatra fa tsy miraharaha akory ireo asa ratsin'izy ireo, ka mamoaka teny tsy am-pandinihana mba hanohanana azy ireo. Milaza izy ireo fa ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy manam-pahotana nefa dia mifanohitra amin'izany tanteraka ny zava-misy. Indraindray ireo Sakaiza ireo dia mifamono izy samy izy ireo. Ny fialonana sy ny fitsiriritam-pahefana no matetika mitarika azy ireo hanao asa ratsy. Eny fa na dia ireo sokajin'ireo Sakaiza manana ny lazany aza dia tsy afaka ny tsy hanana asa mahamenatra nataony. Arak'izany, ny olona mitsikera azy ireo miaraka amin'ny porofo dia tsy homelohina akory. Misy ireo izay manome tombony an'ireo Sahâbat sasany ka manafina ny asa ratsin'izy ireo. Fa ny sasany kosa dia habaribary ireo asa ratsin'izy ireo ary omena tsiny tanteraka** ».

Ankoatr'izany**, Ibn al-Athîr Jazarî**, tompon'ilay boky **Jâmi'oul-Ousoul** dia mandray an'ireo "**Chiites**" ho anisan'ireo antokom-pinoana islamika. Koa ahoana no ilazanareo azy ireo ho jentilisa? Hatrany amin'ny voalohan'ny fitondran'ireo khalîfat, dia efa nisy ireo sasany izay nanozona an'ireo Sakaiza nohon'ny asa ratsin'izy ireo. Na izany aza anefa ireo khalîfat ireo dia tsy mba nanameloka azy ireo ho faty tamin'ny tsy finoan'izy ireo.

**Al-Hâkim al-Nisâpourî** ao amin'ny bokiny **Moustadrak**, fizarana faha-IV, pejy faha-335-354, ny **imâm Ahmad Hanbal** ao amin'ny bokiny

**Mousnad** fizarana voalohany, pejy faha-9, **al-Zhahabî** ao amin'ny bokiny **Talkhîs al-Moustadrak**, **al-Qâdhî 'Ayyâdh** ao amin'ny bokiny **Kitâb al-Chifâ** fizarana faha-IV, toko voalohany sy ny **imâm al-Ghazâlî** ao amin'ny bokiny faha-II **Ihyâ al-'Ouloum**, dia nanamarika fa, tamin'ny fitondran'ny khalîfat Abou Bakr, dia nisy lehilahy iray tonga teo aminy ka nanonona teny faniratsirana sy nanozona azy izay nahatezitra ny naheno izany. Abou Barzah al-Asalmi nangataka alalana tamin'ilay Khalîfat mba hamono an'io lehilahy io nohon'ny fiheverany azy ho jentilisa. Nandà izany mafy i Abou Bakr no sady nilaza fa izany sazy izany dia tsy ampiharina afa-tsy amin'izay olona manaratsy ihany an'ilay Mpaminany(s.a.s) irery.

Tsy vitan'izany koa, fa raha ny fanozonana an'ireo Sahâbat no antony mahatonga ny olona ho jentilisa, dia nahoana no tsy ilazanareo an'i Mou'âwiyat sy ireo namany ho jentilisa? Izy ireo dia nanozona sy nampijaly an'ilay tena mendrika amin'ireo Sahâbat, i 'Alî(a.s) Ibn Abî Tâlib. Ny fanavakavahanareo mikasika izany dia manaporofo fa ianareo dia manana tanjona hafa. Voamarina fa ianareo dia mitady hanimbazimba an'ireo Ahloul-Bayt(a.s) sy ireo mpanara-dian'izy ireo. Raha ny fanozonana an'ireo Sahâbat no mahajentilisa, dia nahoana ny Oumm-oul-Mou'minîne, i 'Aïcha no tsy mba lazainareo ho jentilisa? Ireo mpahay tantara rehetra eo aminareo dia samy nitantara fa izy dia matetika nanaratsy an'ilay khalîfat Othmân sy niteny ampahibemaso hoe: "**Vonoy io anti-dahy adala io, fa tena marina nanjary jentilisa izy io**". Nefa raha vao "Chiite" iray fotsiny no manambara fa rariny raha i Othmân no novonoina satria izy dia jentilisa, dia angamba hitsangana avokoa ianareo hiady aminy. Fa raha i 'Aïcha no nanaratsy an'i Othmân ho "**na'thal**" sy ho jentilisa dia, tsy nisy khalîfat nandrara azy no sady tsy nisy Sahâbat nanameloka ary na dia ianareo aza dia tsy nanan-kambara momba izany akory.

**Nawwâb** : Andriamatoa hajaina, inona no tianao hambara amin'ny teny hoe "**na'thal**" ary nahoana ilay renin'ireo mpino no nanao an'i Othmân ho na'thal?

**Chîrâzî** : **Firouzâbâdî**, iray amin'ireo manam-pahaizanareo manana ny toerany ambony, no nadika ny hevitr'io teny io ho "**Anti-dahy**

**verivery saina, marary saina nohon'ny fahanterana**" ao amin'ny bokiny **Qâmous-oul-Loughat**. Ankoatr'izany koa, nisy jiosy iray lava somotra tao Madînat no nanana an'io anarana io ka nampitoviany amin'i Othmân izy io. Ilay mpivaofy ny Qâmous, al-'Allâmah al-Qazwînî dia nadika tahak'izany koa, ary nilaza izy fa Ibn Hajar ao amin'ny bokiny Tabsirat-oul-Mountahâ dia nanoratra toy izao: "**Na'thal, ilay jiosy lava somotra dia nonina tao Madînat, izy dia mitovy betsaka amn'i Othmân**".

Ho famintinana, raha izay manao ratsy amin'ireo Sahâbat no jentilisa, dia nahoana ilay khalîfat Abou Bakr, teo anatrehan'ireo Sakaiza nandritra ny fivorian'ireo Silamo, no niteny ratsy an'i 'Alî(a.s) Ibn Abî Tâlib? Ianareo dia midera ny fahamendrehan'i Abou Bakr na dia tokony hanameloka azy aza.

**Hâfiz** : Nahoana ianao no manendrikendrika azy am-pahadisoana tahak'izany? Noviana ilay khalîfat Abou Bakr no niteny ratsy an'i 'Alî?

**Chîrâzî** : Miala tsiny aho fa izahay dia tsy mitantara na inona na inona raha tsy efa avy nanao fikarohana lalina mikasika izany. Azonareo atao ny mijery ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** boky faha-IV, pejy faha-80 izay nitantaran'ilay mpanoratra fa i Abou Bakr, nahare ny toritenin'i Fâtimat-ouz-Zahrâ ka sosotra tamin'izany dia niteny ratsy an'i 'Alî(a.s) teo amin'ny polpitra tao amin'ny Moske nanao hoe: "**Izy (i 'Alî) dia amboadia ka ny porofon'izany dia fananany rambo. Izy dia mampiely korontana, manamaivana ny voka-dratsin'ny fikorontanana ary mitaona ny vahoaka mba hikomy. Izy dia mitady fanampiana avy amin'ny malemy sy mankasitraka ny fanohanan'ireo vehivavy. Izy dia tahaka an'i Oumm-out-Tihâl (vehivavy janga iray tamin'ny vanim-potoan'ny habadoana) izay nankasitrahan'ny fianakaviany ny fijangajangany**".

Ankehitriny, ianareo dia afaka mampitaha ny haratsiana nataon'i Abou Bakr tamin'i 'Alî(a.s) sy ny tsikera ataon'ireo Chiites amin'ireo Sahâbat (Sakaiza). Raha ny fitenenan-dratsy amin'ny Sahâbat iray no mahatonga ny olona ho jentilisa, dia midika izany fa i Abou Bakr sy ny

zanany vavy i ‘Aïcha, i Mou’awiyat sy ireo mpanara-dia azy dia tokony heverina ho jentilisa avokoa. Raha tsy izany dia tsy afaka ny hilaza an’ireo Chiites ho jentilisa ianareo miainga avy amin’izany foto-kevitra izany.

Ankoatr’izany, araka ireo lalàna avy amin’ireo mpahay lalàna lehibe eo aminareo sy ireo khalîfat, dia izay manozona an’ireo khalîfat dia tsy mba jentilisa velively. Manamarina izany, ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin’ny bokiny Mousnad, boky faha-III, Ibn Sa’dao amin’ny bokiny Kitâb al-Tabaqât, al-Qâdhî ‘Ayyâdh ao amin’ny bokiny Chifâ, fizarana faha-IV, toko voalohany, dia nanamarika avokoa fa ny governoran’i Koufa (tamin’ny fotoan’ny khalîfat Omar), Ibn Abdoul-‘Aziz dia nanoratra tamin’io khalîfat io mba hilaza mialoha fa lehilahy iray no niteny ratsy an’ilay khalîfat ka nangataka alalana izy mba hamono an’izany lehilahy izany. Namaly anefa i Omar fa tsy azo atao ny manapitra ny fiainan’ny Silamo iray nohon’ny antony fanaratsiany na fanozonany Silamo iray afa-tsy izay miteny ratsy an’ilay Mpaminany(s.a.s) ihany.

<u>Araka voalazan’i Abou al-Hassan al-Ash’arî, na dia ny fitenenan-dratsy an’i Allâh na ilay Mpaminany(s.a.s) aza dia tsy mahajentilisa</u>

Ireo sasany amin’ireo manam-pahaizanareo, toa an’i **Abou al-Hassan al-Ash’arî** sy reo mpanara-dia azy dia mihevitra fa raha misy olona iray manam-pinoana fa mampiseho ny mahajentilisa azy (amin’ny alalan’ny fanarahana ny Jodaisma na Kristianisma) na nandray fiadiana niady tamin’ilay Mpaminany(s.a.s) na niteny ratsy an’i Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s), na dia izany aza dia tsy azo ilazana azy ho jentilisa. Ny fananam-pinoana dia mitoetra ao am-po ary nohon’ny tsy fahafahan’ny olona mamantatra izay ao am-pon’ny olon-kafa, dia tsy misy olona afaka milaza fa ilay fisehoana ho jentilisa dia avy ao am-po tokoa na tsia. Ireo manam-pahaizana **Ash’arî** dia samy namelabelatra izany hevitra izany avokoa ao amin’ny bokin’izy ireo. **Ibn Hazm Andalousi** dia nanoratra lava mikasika izany ao amin’ny bokiny **Kitâb-oul-Fadhl** (fizarana faha-IV, pejy faha-204, 206). Arak’izany zava-misy izany, dia lalàna avy aiza no ahafahanareo milaza ireo Chiites ho jentilisa?

Ny ankamaroan'ireo Sakaiza dia mifaniratsira sy mifanaratsy fa tsy mba nolazaina ho jentilisa

Ao amin'ireo bokinareo lehibe, sahala amin'ny Mousnad bokin'i Ahmad Ibn Hanbal, boky faha-II, pejy faha-236, al-Sîrat al-Halabiyyat, boky faha-II , pejy 107, Sahîh al-Boukharî, boky faha-II, pejy 74, Sahîh Mouslim, Kitâb al-Jihâd wa Asbâb-oun-Nouzoul Wahidi, pejy 118, dia ahitana hadith maro maneho fa ny ankamaroan'ireo Sakaiza dia mifampiteny ratsy eo anatrehan'ilay Mpaminany(s.a.s). Nefa ilay Mpaminany dia tsy nanao azy ireo ho jentilisa. Fa nampitandrina fotsiny no nataony. (Ireo tantara mikasika ireo adiady sy fifankahalana ireo dia voarakitra ao amin'ireo bokin'ireo sunnites fa tsy hita ao amin'ny asa soratr'ireo chiites).

Vokatr'ireo fanamarihana ireo, dia manantena aho fa resy lahatra ianareo ankehitriny mikasika ny fanozonana na ny fitenenan-dratsy an'ireo Sakaiza ireo izay tsy porofo mahatonga ny olona ho jentilisa. Raha isika no manozona olona tsy misy antony dia lasa mpanota fotsiny isika fa tsy jentilisa akory. Ary ny fahotana tsirairay dia azo ibebahana.

Ilay Mpaminanin'ny Islâm dia mahalala ireo asa soa sy asa ratsy nataon'ireo Sahâbat (Sakaiza)

Faharoa, milaza ianareo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanaja sy nanome voninahitra an'ireo Sakaizany. Marina tokoa izany! Ankoatr'izany, ireo Silamo rehetra sy ireo olona manam-pahalalana dia manaiky fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nahalala ireo asa soa sy asa ratsy vitan'ireo vahoakany. Izy dia nankasitraka ny asa soa nataon'izy ireo. Vokatr'izany dia nankasitrahany ny fahamarinan'i Noushirwan sy ny fanomezana lehibe avy tamin'i Hâtam Ta'i. Raha nanaja olona iray Izy dia vokatry ny asa soa nataony izany. Nefa ny fankasitrahana omeny olona iray izay nanao asa soa dia tsy midika akory fa izany olona izany dia tsara fiafarana.

Any aoriana any izany olona izany dia mety mbola hanao asa ratsy. Raha toy izany àry ny zava-misy, ny fanomezan-tsiny mialoha dia tsy

marim-pototra, eny fa na dia efa fantatra mialoha aza fa hanao fahotana izy amin'ny ho avy. 'Alî(a.s) dia efa nahalala ny fahotana sy ny haratsiam-piafaran'i Abdour-Rahmân Ibn Mouljim ka imbetsaka izy no nilaza taminy fa izy tenany no olona hamono azy. Fa nisy fotoana izy niteny taminy mazava tsara nanao hoe: "**Tiako izy (Ibn Mouljim) mba ho velona, nefa izy dia voatendry mba hamono ahy ary ilay namany mpamitaka dia avy amin'ny fokon'i Mourad**". Ity tantara ity dia noraiketin'Ibn Hajar Makki ao amin'ny faramparan'ny fizarana voalohany ny boky al-Sawâ'iq, pejy faha-72. Na izany aza anefa i 'Alî(a.s) dia tsy mba nieritreritra ny hanasazy azy. Noho izany, ny hadith iray izay midera manokana ireo fahamendrehan'ny asa iray, dia tsy voatery hanan-kery foana any amin'ny andro hafa manaraka.

## Fizarana faharoa

### Ny voninahitr'izay nanao ny Bay'at al-Ridhwân

Fahatelo, nilaza ianareo fa noho ireo Sahâbat izay nanatrika ny fanaovana Bay'at al-Ridhwân sy nanao fanekem-pankatoavana an'ilay Mpaminany(s.a.s), dia tsy manan-tsiny izy ireo, fa kosa mendrika ny hoderaina satria ilay andininy (**Kor'âny 48/18**)[76] izay novakinareo teo dia milaza mikasika azy ireo. Ireo mpikaroka tahak'ireo manam-pahaizana dia niady hevitra lava tokoa mikasika an'io lohahevitra io ka ny vokatr'izany dia ny fankasitrahan' i Allâh voalaza ao amin'io andininy io dia tsy miantefa afa-tsy amin'izany asa izany ihany dia ny asa fanaovana ny Bay'at (fianianam-pahatokisana) fa saingy tsy haharitra mandrakizay.

Ianareo ihany no mahalala fa tamin'ny fotoan'ny Bay'at Houdaibiyyat, dia Silamo miisa 1.500 tao anatin'ny vahoaka no nanatrika izany, anisan'izy ireo dia nahitana ihany koa an'ireo izay voalazan'ireo "andininy mikasika ny fitsarambelatsihy". Allâh dia nanomana ny Afobe ho azy ireo mandrakizay. Moa ve mety amin'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s) no hankasitraka ireo olona nefa ny sasany amin'izy ireo

---

[76] « **Nankasitrahan'i Allâh tokoa ireo mpino , tamin'izy ireo nanao fianianana taminao teo ambodihazo** ».

dia hiafara any amin'ny Afobe mandrakizay? Midika izany fa ny fankasitrahan'i Allâh dia tsy miantefa any amin'ny fanaovana ny Bay'at al-Shajarat (fianianana teo ambodihazo) irery fotsiny, fa kosa dia miankina ihany koa amin'ny fananam-pinoana amin'ny fo madio sy fanaovana ireo asa soa. Ireo izay nino an'i Allâh Tokana sy ilay Mpaminany(s.a.s) ary izay nanao fianianam-pahatokisana no mendrika ny fankasitrahan'i Allâh. Izy ireo no olon'ny Paradisa. Fa ireo izay nanao fianianam-pahatokisana tsy amin'ny fo na izay nandà izany fianianam-pahatokisana izany dia mendrika ny Hatezerany. Marina fa ireo fihetsika mendri-piderana nataon'ireo Sahâbat (toy ny fanaovana ny fianianana teo ambodihazo) dia tsy maintsy hankasitrahana. Nefa raha ny mpino iray na Sahâbî (Sakaiza) izy na tsia, ka nanao hadisoana, dia azo tsikeraina.

Ireo "Chiites" dia mankasitraka ny voninahitr'ireo Sahâbat

Ny antokom-pinoana "chiite" dia mitantara lalandava ireo asa soa vitan'ireo Sahâbat. Tsy vitan'izany, fa ankasitrahany ihany koa ireo asa soa nataon'ireo izay niharan'ireo tsikera mahery vaika. Ohatra amin'izany, ny antokom-pinoana "chiite" dia midera ny fanaovan'izy ireo ny fianianana teo ambodihazo, ny fiarahan'izy ireo tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) nandeha nifindra monina, ny nandraisan'izy ireo anjara tamin'ireo ady, fa kosa tsikerainy sy nomelohiny ihany koa ireo asa ratsy nataon'izy ireo.

**Hâfiz** : Mahagaga ahy ny maheno anao milaza fa ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nahavita haratsiana. Ilay Mpaminany(s.a.s) anefa dia nanendry azy ireo tsirairay ho toy ny mpitari-dàlana sy lehiben'ny vahoaka. Ao amin'ny hadith malaza iray, dia hoy Izy hoe: "**Marina dia marina fa ireo Sakaizako dia tahak'ireo kintana; aoka ianareo hanaraka ny iray amin'izy ireo dia ho voatari-dàlana ianareo**". Ny fomba finoanao dia tsy mba fampiasa andavanandro loatra ka tsy afaka ny hanaiky izany izahay.

Fandinihana ny hadith mikasika an'ireo "Sakaiza Mpanara-dia"

**Chîrâzî** : Voatery aho hanazava amin'ny antsipiriany ny endrik'io hadith io mialohan'ny hamaliako anareo. Mazava ho azy fa isika tsy hiresaka ny loharano niaviany, ny fahamarinany na ny fahamaivanan'io hadith io fa hanalavitra antsika amin'ny foto-kevitra izany. Ny ady hevitra ataontsika dia mikasika ny heviny.

Ireo olona nahazo fanambinana manokana nahafantatra an'ilay Mpaminany(s.a.s) na izay nitantara an'ireo hadith avy Aminy no antsoina hoe Sahâbat sy As'hab (ireo Sakaiza) – indrindra fa ireo izay nifindra monina (Mouhâjir) avy tao Makkat sy ireo izay namonjy (Ansâr) nandray azy ireo tao Madînat sy ireo hafa. Ny tena lehibe mahatonga ny tsy fahazoan-teny misy eo aminareo, dia nohon'ny antony avy amin'ny fitiavanareo diso tafahoatra an'ireo Sakaiza; ianareo mihevitra azy ireo ho tsy manan-kilema mihitsy nefa ireo zava-niseho dia manaporofo ny mifanohitra amin'izany.

Amin'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo dia misy olon-tsara sy olon-dratsy, izay efa fantatr'i Allâh sy ilay Irany(s.a.s) ny mikasika azy ireo. Izany dia azo porofoina amin'ny alalan'ny sourâte Mounâfiqoune (Mpitsaravelatsihy) sy ireo andininy hafa ao amin'ireo sourat sasantsasany toy ny Tawbat (Fibebahana) sy ny Ahzâb (Ireo antokon'olona) izay nampidinina mba hanamelohana an'ireo mpitsaravelatsihy sy ireo mpanota.

Ilay manam-pahaizanareo lehibe malaza, i Hicham Ibn Mouhammad Sa'yib Kalbî, dia nanangona ao amin'ny boky iray ireo haratsiana sy fahadisoana vitan'ireo Sahâbat. Ireo mpitsaravelatsihy izay nomelohin'i Allâh (ao amin'ny Kor'âny masina) sy ilay Mpaminaniny(s.a.s) dia manana endrika anankiroa no sady Silamo amin'ny endrika ety ivelany fotsiny. Ny fon'izy ireo dia maloton'ny faharatsiana sy ny fankahalana, na izany aza anefa izy ireo dia anisan'ireo Sakaiza ihany. Koa amin'ny fomba ahoana no ahafahana mitia an'ireo Sakaiza rehetra toy izany? Amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika matoky fa ny fanarahana na iza na iza amin'izy ireo dia miantoka amin'ny fahazoana ny fanavotana? Moa ve tsy zava-nitranga tao amin'ny raharahan'i 'Aqabah, ny fisian'ireo Sakaiza

izay lazaina fa mpino kanefa hentitra tamin'ny fikasana ny hamono an'ilay Mpaminany(s.a.s)?

## Ny raharahan'i 'Aqabah sy ny firaisana tsikombakomba mba hamono an'ilay Mpaminany(s.a.s)

**Hâfiz** : Ny sasany amin'ireo manam-pahaizana dia milaza fa ilay raharahan'i 'Aqabah dia lovan-tsofina noforonin'ireo "Chiites".

**Chîrâzî** : Tsy rariny raha ianareo no mametraka fahatokisana amin'ireo finoana misy ao aminareo izay manakaiky ny finoan'ireo Khârijites sy ireo Nâsibites. Izany raharaha izany dia tena malaza tokoa ka na dia ireo manam-pahaizanareo ihany aza dia manaiky izany. Aoka ianareo hijery ao amin'ny **Dalâ'il-oun-Noubouwwat** bokin'i **al-Hâfiz Abou Bakr Ahmad Ibn Houssein al-Baihaqi al-Châfi'î**, izay anisan'iray amin'ireo manam-pahaizanareo lehibe sy mpahay lalàna. Noraiketiny an-tsoratra ilay tantaran'ny **Batn 'Aqabah** tamin'ny alalan'ny fitanisana an'ireo mpitantara azo itokisana. Torak'izany koa i **Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny faramparan'ilay bokiny **Mousnad** faha-V araka ny notantarain'i **Abou Toufail**, sy **Ibn Abî al-Hadîd** dia miresaka mikasika izany ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** ary ireo manam-pahaizana rehetra dia mahalala fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanozona vondron-tsakaiza iray tamin'izany alina izany.

**Nawwâb** : Inona no antony nahatonga izany ary iza avy ireo nikasa hamono an'ilay Mpaminany(s.a.s)?

**Chîrâzî** : Ireo manam-pahaizana lehibe ao amin'ireo antokom-pinoana roa tonta dia samy nanoratra fa tamin'ny fiverenan'ilay Mpaminany(s.a.s) avy niatrika ny adin'i Tabouk, dia nisy mpitsaravelatsihy miisa efatra ambin'ny folo no nanao tetika mba hamonoana Azy. Ny tetik'izy ireo tamin'izany dia ny handatsaka ilay ramevany ao amin'ny hantsana iray rehefa Izy mandalo miampita an'i al-'Aqabah amin'ny alina, làlan-tery iray izay tsy azo lalovana afa-tsy olona iray ihany indray mandeha. Raha mbola teo am-piezahana nanatanteraka ny fikasany izy ireo, dia ilay Anjely Gabriel no nilaza nialoha tamin'ilay Mpaminany(s.a.s)

mikasika izany. Nirahin'ity farany i Houzhaifat Nakha'i mba hiafina ao ambadiky ny havoana iray. Rehefa tafavory ireo mpiray tsikombakomba ratsy ireo mba hiresadresaka dia tsikariny avokoa ny endrik'izy ireo. Fito tamin'izy ireo dia avy amin'ny foko Banî Oumayyat. Houzhaifat niverina teo amin'ilay Mpaminany[s.a.s] ka nanambara ny anaran'izy rehetra. Niangavy azy ilay Mpaminany[s.a.s] mba tsy hampiely na amin'iza na amin'iza ny teti-dratsin'izy ireo sy nilaza taminy fa i Allâh no hiaro Azy.

Nony tonga ny alina, niainga ilay Mpaminany nanohy ny diany, narahin'ireo miaramilany. 'Ammâr Ibn Yâssir no nitarika ilay rameva eo aloha ary i Houzhaifat no mitondra azy avy aoriana. Rehefa tonga teo amin'ilay làlan-tery izy ireo, dia natsipin'ireo mpitsaravelatsihy nanoloana an'ilay rameva ireo kitapon'izy ireo feno fasika (na ny tamabohan'izy ireo) tao anatin'ny horakoraka mankarenin-tsofina mba hampitahotra an'ilay biby ka handatsaka an'ilay Mpaminany[s.a.s] any ambanin'ny hantsana. Nefa i Allâh Ilay Mahery Indrindra no niaro azy ary lasa nandositra ireo mpiray tsikombakomba ratsy.

Ireto olona ireto ve tsy anisan'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany[s.a.s]? Marina ve fa ny fanarahana azy ireo dia mitondra mankany amin'ny làla-mahitsy? Nahoana loatra isika no tsy maintsy manakipy ny masontsika eo anatrehan'ireo fahadisoan'izy ireo?

Tamin'ireo alim-pivoriana teo aloha aho dia efa nitantara mikasika ny toetoetran'i Abou Houraïrat fa nokaravasian'ilay khalîfat Omar izy nohon'ny filazany zavatra diso avy amin'ilay Mpaminany[s.a.s]. Moa ve tsy anisan'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany[s.a.s] ihany koa izy? Moa ve tsy betsaka ireo hadith namboamboarina notantarainy? Ankoatr'izany, ireo Sakaiza hafa, toa an'i Soumra Ibn Jounda moa ve tsy anisan'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany[s.a.s]? Ilay Mpaminanin[s.a.s]'i Allâh ve no naniraka ny vahoakany mba hanaraka an'ireo mpandainga sy mpisoloky? Raha azo itokisana ny voalazan'io hadith nambaranareo io, fa mitondra antsika amin'ny làla-mahitsy tokoa ny fanarahana an'ireo Sakaiza ireo dia mba ampahafantaro anay, azafady, iza no tokony harahinay raha toa ka ireo Sakaiza anankiroa no mandeha amin'ny làlana samy hafa? Na raha

misy ny andaniny sy ny ankilany amin'izy ireo no miady na mifanditra, dia iza no tokony hotohananay?

**Hâfiz** : Voalohany indrindra, ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo dia tsy mba nifankahala mihitsy izy samy izy ireo. Ary na dia ny iray aza mifanditra amin'iray hafa, dia anjarantsika ny mijery an'izay mba manana ny marina. Izay mba manana ny marina kokoa sy manana hevitra lojika kokoa no tokony harahina.

**Chîrâzî** : Izay indrindra, araka izany voalazanareo izany, dia ilaina ny fandinihantsika an'ireo Sakaiza ireo mba hanavahantsika izay madio fo sy mandeha amin'ny làla-mahitsy amin'izay maloto fo sy mandeha amin'ny làlana diso, koa amin'izay fotoana izay io hadith io very hasina, tsy marim-pototra tanteraka satria tsy mitombina mihitsy ny fisian'ireo Sakaiza tsy mifanara-kevitra ka samy hitarika antsika any amin'ny làla-mahitsy avokoa!

## Fifanoheran'ireo Sakaiza tao amin'i Saqifah

Raha marina kosa io hadith io, amin'izay fotoana izay dia nahoana ianareo no manome tsiny an'ireo "Chiites" izay manaraka vondron-sakaiza iray toa an'i Salmân, i Abou Zharr, i al-Miqdâd, i 'Ammâr Ibn Yâssir, i Abou Ayyoub al-Ansârî, i Houzhaifat Nakha'î ary i Khouzaimah Zhou-Shahâdatain, ... sns, arak'izay efa nambarako nandritra ireo alim-pivoriana teo aloha? Ireto olona ireto dia tsy mba nanao fanekem-pankatoavana tamin'i Abou Bakr mihitsy. Arak'izany, amin'ireo vondron-tsakaiza anankiroa izay nifanohitra ireo, dia izay amin'izy ireo no ao amin'ny làla-mahitsy? Mazava ho azy aloha fa ny vondrona iray amin'izy ireo dia tsy maintsy ao amin'ny làla-diso, nefa ilay hadith izay nambaranareo dia milaza fa isika dia afaka manaraka na iza na iza avy amin'ireo Sakaiza ireo fa ho voatarika amin'ny fahitsiana foana isika.

## Fifanoheran'i Sa'd Ibn 'Oubaida tamin'i Abou Bakr sy i Omar

Sa'd Ibn 'Oubaida ve tsy anisan'ireo Sakaiza izay nandà ny hanao ny fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr sy an'i Omar ihany koa? Ireo

mpahay tantara “chiites” sy “sunnites” dia samy nitantara avokoa fa nifindramonina tany Syrie izy ka nanorim-ponenana tao hatramin’ny fisasahan’ny fotoana nitondran’ny khalîfat Omar izay fotoana namonoan’olona azy. Nefa ny fanarahana azy hanohitra an’i Abou Bakr sy i Omar dia mitondra any amin’ny làla-mahitsy hatrany, arak’io hadith nambaranareo io ihany!

## Fizarana fahatelo

Talhah sy Zoubayr ary ilay adin’ny rameva

Talhah sy Zoubayr ve tsy mba anisan’ireo Sakaiza ihany koa izay nanao fianianam-pahatokisna teo ambodihazo? Nefa moa ve tsy izy ireo no nanohitra an’ilay mpandimbin’ny Mpaminany(s.a.s) ara-dalàna, dia ilay nankasitrahanareo ho khalîfat fahefatra? Tsy ireto Sakaiza ireto ve no tompon’andraikitra tamin’ny nahafaty an’ireo Silamo maro dia maro? Lazao ahy ankehitriny, iza tamin’ireo vondrona anankiroa nifamono ireo no tena ao anatin’ny làla-mahitsy? Ary aoka tsy hiteny mihitsy fa izy roa tonta dia samy ao anatin’ny làla-mahitsy avokoa! Tsy mitombina velively raha ny andaniny sy ny ankilany izay mifanohitra dia samy ao anatin’ny fahitsiana daholo. Raha tsaraina dia ireo Sakaiza izay nanohana an’i ‘Alî(a.s) no tsy iadian-kevitra fa ao amin’ny làla-mahitsy.

Ilay vondrona mpanohitra no ao amin’ny fahaverezana ary izany dia mbola mitsipaka ihany koa ny filazanareo fa ireo Sakaiza rehetra izay nanatrika tamin’ny fanaovana ny Bay’at al-Ridhwân, teo ambodihazo, dia ao anatin’ny fahitsiana avokoa. Anisan’izy ireo tamin’izany dia nahitana an’i Talhah sy i Zoubayr izay samy nanohitra an’ilay khalîfat(a.s) ara-dalàna. Izy ireo dia nitsipaka tanteraka ny tenin’ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza hoe: “**Ry ‘Alî, izay miady manohitra anao dia miady manohitra ahy**”. Sa moa ve izy ireo tsy nitsangana akory nanohitra an’ilay Mpaminanin(s.a.s)’i Allâh? Arak’izany, dia amin’ny fomba ahoana no ahafahanareo milaza fa ny voninahitra maha-Sahâbat na ilay fiatrehana teo “ambodihazo tamin’ilay fianianam-pahatokisana” dia miantoka amin’ny fahazoana ny fanavotana mandrakizay?

Mou’awiyat sy ‘Amr nanozona sy niteny ratsy an’ny Imâm ‘Alî(a.s)

Mou’awiyat sy ‘Amr Ibn al-‘Âs dia mbola anisan’ireo Sakaiza ihany koa kanefa dia nanohitra an’ilay khalîfat mpandimby an’ilay Mpaminany(s.a.s), dia i ‘Alî(a.s) izay nozonina sy nitenenan’izy ireo teny ratsy ampahibemaso tao anatin’ny fivoriam-bahoaka, eny fa na dia mandritra ny toriteny izay ataon’izy ireo aorian’ireo fivavahana isaky ny andro Zoma (Joum’at) ihany koa aza. Izany no ataon’izy ireo na dia teo aza ny filazan’ilay Mpaminany(s.a.s) imbetsaka nanao hoe: “**Izay miteny ratsy na manozona an’i ‘Alî dia miteny ratsy ahy. Izay miteny ratsy ahy dia miteny ratsy an’i Allâh**”; (izany dia hadith notantarain’ireo manam-pahaizana ambony avy ao amin’ny antokom-pinoanareo).

**Taftazânî** dia nitantara antsipiriany mikasika izany lohahevitra izany ao amin’ny bokiny **Sharh al-Maqâsid**. Hoy ny fanazavany hoe: “Koa satria ireo Sakaiza dia mifankahala izy samy izy ireo, dia midika izany fa misy amin’izy ireo no miala ao amin’ny làla-mahitsy. Ny sasany, nohon’ny fialonana na nohon’ny fitsiriritana ny fiainana eto an-tany, dia mivarilavo amin’ny fanaovana ireo karazan’asa ratsy rehetra. Mazava arak’izany fa ny ankamaroan’ireo Sakaiza dia tsy mba mety tsy hanao fahadisoana fa izy ireo dia tena nahavita nanao ireo asa manala-baraka. Fa ireo manam-pahaizana sasany nohon’ny tombontsoan’izy ireo manokana dia niezaka nanafina izany faharatsian’izy ireo izany”.

Ireo loharano niavian’ilay hadith hoe: “**Ireo Sakaizako dia tahak’ireo kintana**” dia tsy marim-pototra

Maro ireo porofo mazava mba tsy hanekena ny fahamarinan’io hadith voalaza io. Tsy isalasalana fa io hadith io dia noforonina tanteraka amin’ny lafiny rehetra.

Maro amin’ireo manam-pahaizanareo no naneho ny fisalasalana amin’ny fahamarinan’ny loharano niaviany. Taorian’ny fanambarany an’io hadith io ao amin’ny bokiny **Sahrh-oush-Shifa’** faha-VII, pejy faha-91, **al-Qâdhî ‘Ayyâdh** dia nilaza mazava fa araka ny nosoratan’i **Dârqoutnî** ao amin’ny bokiny **Fadhâ’il** sy **Ibn Abdoul-Birr**, io hadith io

dia tsy marina. Nazavainy ihany koa araka ny nosoratan'i **Abd Ibn Hamîd** ao amin'ny bokiny **Mousnad** fa i **Abdoullâh Ibn Omar** sy **al-Bazzar** dia samy nandà ny fahamarinan'io hadith io. Ankoatr'izany dia nambarany fa **Ibn Adi** dia nitantara ao amin'ny bokiny **al-Kâmil** araka ny voalazan'i **Nâfi'** avy tamin'i **Abdoullâh Ibn Omar** fa ireo loharano niavian'io hadith io dia tsy marim-pototra. Nisy koa nitantara avy tamin'i **Baihaqî** fa tsy misy ny tsy mahafantatra an'io hadith io amin'ny ankapobeny saingy ny loharano nipoirany no tsy mazava.

Anisan'ireo nitantara an'io hadith io, dia nahitana an'i **al-Hârith Ibn Ghazîn** izay tsy fantatra ny toetrany, sy i **Hamza Ibn Abî Hamza al-Nousairî** izay fantatra fa olona mpandainga. Misongadina arak'izany ny fahalemin'io hadith io. **Ibn Hazm** dia nilaza ihany koa fa io hadith io dia noforonina ka tokony holavina.

Isika koa dia tsy afaka hatoky ny hadith iray izay mampisalasala ny fomba nahazoana azy. Ary na dia apetraka ho marina aza io hadith io, dia tsy azo ampiharina amin'ny hevitra ankapobeny; tsy tanteraka izy io raha tsy amin'ny alalan'ireo Sakaiza vontom-pinoana sy mpankato izay mifanaraka amin'ireo baikon'ilay Mpaminany(s.a.s), manaja ireo fampianaran'ilay Bokin'i Allâh sy ny taranaka masin'ilay Mpaminany(s.a.s).

Izany no ilazana fa raha izaho no mitsikera ny sasany amin'ireo Sakaiza, dia tsy tokony hanadiso ahy ianareo. Fa izy ireo dia mba olombelona ihany izay afaka manao ireo hadisoana.

<u>Ireo Sakaiza dia tsy mba tonga lafatra</u>

**Hâfiz** : Izahay koa dia mino fa ireo Sakaiza ireo dia tsy lavorary kanefa ny malaza dia olo-marina izy ireo. Tsy nisy hadisoana na iray aza no nataon'izy ireo.

**Chîrâzî** : Mikiribiby foana ianareo amin'ny filazana azy ireo ho olo-marina avokoa tsy manana fahadisoana na dia maro amin'ireo bokinareo azo itokisana izay nosoratan'ireo manam-pahaizanareo aza no

mitantara ny mifanohitra amin'izany. Araka ny voalazan'izy ireo dia hatramin'ireo Sakaiza lehibe no nanao hadisoana.

**Hâfiz** : Tsy fantatray ny tantara manambara izany. Azafady mba tantarao aminay mba ho fantatray.

**Chîrâzî** : Raha tsy hilaza ny nataon'izy ireo tamin'ny vanim-potoan'ny habadoana ( vanim-potoana talohan'ny Islâm) isika, dia maro ireo fahotana vitan'izy ireo eny fa na dia taorian'ny nanarahan'izy ireo ny Islâm aza izany. Ampy atao ohatra amin'izany ny filazana ny zava-nitranga iray. Ireo manam-pahaizanareo malaza no nanoratra fa tamin'ny fanafahana an'i Makkat (tamin'ny taona 8H), ny sasany tamin'ireo lohandohan'ny Sakaiza no nivarilavo tamin'ny filibana sy fakana fahafinaretana nandritra ny fetin-danonana izay nanaraotan'izy ireo nisotro toaka tamin'ny mangingina.

**Hâfiz** : Izany dia zavatra tsy maintsy noforonin'ireo mpanohitra etsy andaniny indray. Ny fisotroana toaka dia efa voarara tamin'izany, ka ireo Sakaiza manan-kaja ireo dia tsy mba nivarilavo tamin'izany karazan-danonana izany ary indrindra moa fa ny fisotroan-toaka rahateo.

**Chîrâzî** : Tsy zavatra noforonin'ireo mpanohitra anareo akory izany. Raha noforonina izany tantara izany, dia ireo manam-pahaizanareo ihany izany no namorona azy.

**Nawwâb** : Raha nisy tokoa izany fetin-danonana izany, dia tokony ho voalaza ihany koa ny anaran'ireo vahiny sy olona nasaina tamin'izany. Afaka milaza izany ve ianao?

<u>Ny fisotroan-toaka nataon'ireo Sakaiza tamin'ny mangingina</u>

**Chîrâzî** : Eny. Ireo manam-pahaizanareo dia nilaza izany lava dia lava. **Ibn Hajar** dia nanoratra ao amin'ny **Fat'h-oul-Bârî**, boky faha-X, pejy faha-30 toy izao: Abou Talhah Zaïd Ibn Sahl dia nanomana lanonana izay nizarana toaka tao an-tranony ary nanasa olona folo izy. Nisotro

daholo izy rehetra ary i Abou Bakr dia namaky tononkalo ho fahatsiarovana an'ireo jentilisa maty tamin'ny adin'i Badr.

**Nawwâb** : Ireo anaran'ny nasaina ve mba voalaza ihany koa? Raha eny, dia hambarao aminay izay avy izy ireo, azafady.

**Chîrâzî** :

1) Abou Bakr Ibn Abî Qahâfa,
2) Omar Ibn Kattâb,
3) Abou Obaidah Ibn al-Jarrah,
4) Oubai Ibn Ka'b,
5) Sahl Ibn Baidhâ',
6) Abou Ayyoub al-Ansârî,
7) Abou Talhah (tompon-trano),
8) Abou Dajjânah Samâk Ibn Kharshah,
9) Abou Bakr Ibn Shaghoub,
10) Anas Ibn Mâlik, izay vao 18 taona no mpizara ilay toaka.

Al-Baihaqî ao amin'ny bokiny Sounan faha-VIII, pejy faha-29 dia nitantara ihany koa araka ny voalazan'ny tenan'i Anas mihitsy, fa izy no farany zandriny tamin'izy ireo sy nizara ilay toaka.

(*Ireo tenin'i Chîrâzî ireo dia tena nampitabataba an'ireo mpivory*)

**Cheikh** : Ianiavako amin'i Allâh fa io tantara io dia noforonin'ireo fahavalonay!

**Chîrâzî** : Entim-po loatra ianareo ka lasa mametaveta an'i Allâh! Nefa izany dia tsy fahadisoanareo akory. Ny fahalalana misy aminareo dia tsy ampy. Raha mbola mamaky boky hatrany ianareo, dia hahay fa ireo manam-pahaizanareo ireo ihany no nanoratra izany. Ankehitriny anefa dia ianareo indray no mitady famelan-keloka avy amin'i Allâh.

Adidiko ankehitriny ny manazava ireo zava-nitranga araka ny tantara nolazain'ireo manam-pahaizanareo ihany. **Mouhammad Ibn Ismâ'il al-Boukhârî** ao amin'ny bokiny **Sahîh** (manazava ny **Ayat-al-**

**Khamr**, ilay “andininy mikasika ny toaka” ao amin’ny sourat al-Mâ’idat 5/91), i **Mouslim Ibn Hajar** ao amin’ny bokiny **Sahîh** (Kitâb al-Ashribah wa al-At’imah Bâb Tahrîm al-Khamr), ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin’ny bokiny **Mousnad**, boky faha-XXX, pejy 181 sy 227, **Ibn Kathîr** ao amin’ny bokiny **Tafsîr**, faha-XI, pejy faha-93, i **Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî** ao amin’ny bokiny **al-Dourr al-Manthour**, faha-II, pejy 321, **al-Tabarî** ao amin’ny bokiny **Tafsîr** faha-V sy faha-VII, pejy 24, **Ibn Hajar al-‘Asqalânî** ao amin’ny bokiny **Isâbah**, faha-IV, pejy faha-22 sy **Fat’houl-Bârî**, faha-X, pejy faha-30, i **Badr-oud-Dîne al-Hanafî** ao amin’ny bokiny **‘Oumdat-oul-Qârî**, boky faha-X pejy faha-84, **al-Baihaqî** ao amin’ny bokiny **Sounan**, pejy 286 sy 290 ary ireo hafa ankoatr’ireo dia mbola nanoratra izany tranga izany ihany koa miaraka amin’ny fanazavana antsipiriany.

**Cheikh** : Angamba izany tranga izany dia mety niseho talohan’ny nandrarana ny fisotroan-toaka?

**Chîrâzî** : Ny azontsika tsoahina avy amin’ireo famakafakana sy ny tantara, dia ny sasany tamin’ireo Silamo sy ireo Sakaiza izay mbola nanohy ny fisotroan-toaka foana na dia efa nisy aza ny fandrarana izany.

Mouhammad Ibn Jarîr al-Tabarî dia nitantara ao amin’ny al-Tafsîr al-Kabîr, boky faha-II, pejy faha-203 araka ny voalazan’i Abî Qâmous Zaïd Ibn ‘Alî nanao hoe: Allâh dia namerimberina ny fandrarana ny fisotroan-toaka in-telo.

Ny andininy voalohany dia milaza hoe:

« **Manontany anao ny mikasika ny toaka sy ny filokana izy ireo. Koa lazao hoe : “Samy mitahiry fahotana lehibe izy roa ireo na dia misy ampahan-tombontsoa amin’ny olona aza, fa ny fahotana aterak’izy roa ireo no lehibe kokoa noho ny tombontsoa mety ho azo avy aminy** »[77]

---

[77] Kor’âny 2/219

Nefa ireo Silamo dia tsy mbola niala tamin'ny fisotroan-toaka teo noho eo. Fa rehefa nisy olona anankiroa no mamo teo am-panatanterahana ny salât ka niteniteny fahantany, dia nidina ihany koa ilay andininy milaza hoe:

« **Ô ianareo mpino! Aza manakaiky ny fivavahana ianareo rehefa ao anatin'ny fahamamoana, mba hahafantaranareo izay lazainareo** »[78].

Na dia teo aza izany dia mbola nanohy ny fisotroan-toaka hatrany izy ireo fa saingy fotsiny tsy nanao ny fivavahana izy ireo raha mbola tao anatin'ny hamamoana.

Indray andro, nisy lehilahy mamo iray (**araka ny voalazan'i al-Bazzâr sy Ibn Hajar ary Ibn Mardawiyya, dia tsy iza izany lehilahy izany fa i Abou Bakr**) no nanao tononkalo ho fiderana an'ireo jentilisa maty tamin'ny adin'i Badr. Rehefa nahita izany ilay Mpaminany(s.a.s) dia tezitra. Tonga niditra tao amin'ny fivoriana Izy nikasa mba hikapoka azy. Niteny anefa ilay lehilahy nanao hoe: "**Mangataka fiarovana avy amin'i Allâh aho mba tsy hianjeran'ny hatezeran'i Allâh sy ilay Irany. Aoka i Allâh ho vavolombelona fa tsy hisotro toaka intsony aho**". Tamin'izay indrindra no nidina ilay andininy milaza hoe:

« **Ô ry mpino! Ny toaka, ny loka, ireo vatolahy (fanaovana fanompoan-tsampy) , ireo zana-tsipika fanandroana (karazana sikidy), dia tsy inona fa haratsiana avy amin'ny asan'ny Devoly. Koa iatahanareo lavitra izany mba hahazoanareo ny fahombiazana** »[79].

Amin'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia ahitana ny olon-tsara sy ny olon-dratsy sahala amin'izany koa izy ireo dia misy ny tena mpino sy Silamo fotsiny. Izay tena mankato an'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s) amin'izy ireo ihany no manana toeram-boninahitra ambony. Izay mivarilavo amin'ny rendrarendram-piainana eto an-tany kosa dia latsa-boninahitra eo anatrehan'ny hafa. Arak'izany, izay manome tsiny an'ireo

[78] Kor'âny 4/43
[79] Kor'âny 5/90

Sahâbat sasany liam-pahefana ireo dia manana porofo mikasika izany. Ireo asa ratsin'ireo Sahâbat sasany izay voarakitra ao amin'ireo boky azo itokisana nangonin'ireo manam-pahaizanareo ireo dia nohamarin'ny Kor'âny masina ihany koa ny mahameloka azy ireo. Ireo "Chiites" dia manameloka azy ireo araka ny fanambaran'izany Kor'âny izany. Fa raha misy valiny lojika afaka mamaly izany fanazavako izany, dia vonona izahay ny hanaiky izany.

## Ny tsy fanajan'ireo Sakaiza ilay fifanekena

Mahagaga ahy ny mbola angatahanareo amiko hanambara ny faharatsian'izy ireo, taorian'ny nandrenesanareo ny sasany tamin'izy ireo (fa ny sasantsasany ihany tamin'ireo maro no nambarako taminareo). Tiako ny hanolotra ho anareo ohatra iray hafa mikasika ireo asa ratsin'izy ireo izay voatantara ao amin'ireo bokin'ireo antokom-pinoana roa tonta, dia ny tsy fanajana ilay fifaneken'izy ireo. Allâh dia nanao antery ny fanajana ireo fampanantenana. Hoy Izy hoe:

« **Aoka hitazona ny fifanekenareo amin'i Allâh ianareo rehefa nanao izany ary aza mandika ny fiananareo ianareo rehefa nanao azy ampahibemaso** »[80]

Tsy vitan'izany fa i Allâh dia nanozona an'ireo izay manapaka ny fifanekena. Hoy Izy hoe:

« **Fa ireo izay mandika ny fifanekeny tamin'i Allâh rehefa avy nanaiky izany, sy manapaka izay nodidian'i Allâh mba hitambatra ary manimba ny eny ambonin'ny tany, dia ho voaozona sy hahazo ny fonenena ratsy** »[81]

Mazava araka ny voalazan'ireto andinin'ny Kor'âny ireto sy ireo hadith maro fa ny fanapahana ny fifanekena dia fahotana lehibe, indrindra fa ny fifanekena teo anatrehan'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s). Ity

[80] Kor'âny 16/91
[81] Kor'âny 13/25

fahotana ity dia vao mainka mitombo ny havesarany raha ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) no manao azy.

**Hâfiz** : Inona no ilay fifanekena niarahana tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) ka notapahin'ireo Sakaiza? Ahoana no ahafahana milaza fa izy ireo no tian'ireo andinin'ny Kor'âny masina ireo hambara? Raha dinihinareo am-pitandremana tsara izany hevitra izany, dia inoako fa hanaiky ianareo fa ireo zava-drehetra ireo dia hafetsena noforonin'ireo "Chiites". Ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy manana toetra ratsy toy izany.

**Chîrâzî** : Imbetsaka aho no nilaza taminareo fa ireo "Chiites" dia manaja an'ireo lehiben'izy ireo ara-pinoana. Raha tsy izany izy ireo dia tsy azo holazaina ho "Chiites". Ny Kor'âny masina dia manaporofo ny fahamarinan'ny lehiben'izy ireo.

Ireo manam-pahaizanareo, toa an'ny **imâm al-Tha'labî** sy i **Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî** ao amin'ny **Tafsîr** bokin'izy ireo avy, **al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî** ao amin'ny bokiny "**Mâ Nazal minal-Qour'ân fî 'Alî**", **al-Khatîb al-Khawârizmî** ao amin'ny **Manâqib**, **Cheikh Soulaymân al-Bakhî al-Hanafî** ao amin'ny **Yanâbi'oul-Mawaddat**, toko faha-39, araka ny notantarain'i **Khawârizmî**, **al-Hâfiz Abou Nâ'im** sy i **Hamwaini** sy i **Mouhammad Ibn Youssouf al-Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny **Kifâyat-out-Tâlib**, toko faha-62 dia samy nitantara ireo tenin'ilay manam-pahaizana lehibe **Mouhaddith al-Cham** (mpitahiry lovan-tsofina tao Syrie) mikasika an'ilay andininy milaza manao hoe:

**« Ô ianareo mpino! Matahora an'i Allâh ianareo ary miaraha amin'ireo olo-marina »**[82]

Ireo "**olo-marina**" ao amin'io andininy io dia manambara an'i Mouhammad(s.a.s) sy i 'Alî(a.s). Midika izany fa ireo mpanara-dia azy ireo dia tsy tokony ho mpandainga na mpisoloky, satria ireo izay tsy mba miandany amin'izy ireo ihany no afaka handainga na hamorona angano.

[82] Kor'âny 9/119

Izay nolazain'ireo "Chiites" ireo dia avy tamin'ireo manam-pahaizanareo ihany. Tokony holavinareo aloha ireo tenin'ireo manam-pahaizanareo izay nanoratra ireo zavatra ireo. Raha ireo manam-pahaizanareo no tsy nitantara ny tsy fanajan'ireo Sahâbat ny fifanekena ao amin'ny bokin'izy ireo izay azo itokisana, dia tsy mba nilaza izany tato amin'ity fivoriana ity ny tenako.

**Hâfiz** : Iza amin'ireo manam-pahaizana "sunnites" no nanoratra fa ireo Sahâbat dia nanapaka ny fifanekena nataon'izy ireo? Ireo filazana tsotra dia tsy ampy.

**Chîrâzî** : Tsy filazana tsotra akory izany. Ireo teny nolazaiko dia tena misy porofo. Ireo Sakaiza dia imbetsaka no nanapaka ireo fifanakena nataon'izy ireo. Izy ireo dia tsy nanaja ny fahatokina izay nandidian'ilay Mpaminany(s.a.s) azy ireo tao amin'i Ghadir Khoum. Ny fianianana tamin'i Ghadir Khoum dia fifanekena goavana indindra izay tsy najain'izy ireo.

## Fizarana fahefatra

Ilay hadith tao amin'i Ghadîr sy ny mombamomba azy

Ireo manam-pahaizana "chiites" sy "sunnites" dia samy nitantara fa tamin'ny taona 10H, ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh, tamin'ny fiverenany avy namonjy ny fivahiniana masina farany, dia namory ireo Sakaizany tao amin'i Ghadîr Khoum ny faha-18 Zhoul-Hijjat. Nantsoina niverina ireo izay efa lasa aloha ary nandrasana kosa ireo izay mbola tratra any aoriana araka ny baikon'ilay Mpaminany(s.a.s). Ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo, ireo mpahay tantara sy ireo bokin'ireo "chiites" dia manome isa 70.000 olona no tafavory tamin'izany fa ireo manam-pahaizana hafa ao amin'ny antokom-pinoanareo toa an'i **al-Tha'labî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr**, i **Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin'ny **Tazhkirat Khasâ'is al-Oummah fî Ma'rifat-il-A'immah** sy ireo hafa dia milaza fa 120.000 olona. Niangavy ilay Mpaminany(s.a.s) mba hananganana polpitra. Nijoro teo Izy ary nanao toriteny lava be, ka ny ankamaroan'ny teny nolazainy dia fiderana ireo voninahitra sy fahamendrehan'ilay "Lehiben'ireo Mpino", i 'Alî(a.s). Novakiany ny ankamaroan'ireo andininy izay nampidinina ho

fiderana an'i 'Alî(a.s) ary nampitsahiviny tamin'ireo olona ireo ny voninahiny ambony amin'ny maha-khalîfat mpandimby sy "Lehiben'ireo Mpino" azy.

Avy eo ilay Mpaminany(s.a.s) niteny nanao hoe: "**Ry vahoaka! Moa ve izaho tsy manana fahefana lehibe eo aminareo mihoatra ny fahefana izay anananareo eo amin'ny tenanareo**?" Izany dia nosintominy avy tamin'ny ilay andininy milaza manao hoe:

**« Manana zo kokoa amin'ireo mpino ny Mpaminany, mihoatra ny zo hanan'izy ireo amin'ny tenany »**[83].

Niaraka namaly Azy ireo vahoaka maro nanao hoe: "Izay indrindra ry Irak'i Allâh!" Naheno izany ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara nanao hoe: "**Izay manaiky fa izaho no Mawlâ (lehibeny), dia i 'Alî ihany koa no Mawlâ (lehibeny)**". Avy eo dia nanandratra ny tanany ho ambony Izy ka nivavaka nanao hoe: "**Ry Allâh ô! Aoka Ianao ho naman'izay minamana aminy (amin'i 'Alî) ary aoka ho fahavalon'izay mifahavalo aminy. Tahio izay mitahy azy ary ilaozy izay mandao azy**". Avy eo dia nanome baiko ilay Mpaminany(s.a.s) mba hanaovana tranolay ary niangaviany i 'Alî mba hitoetra ao anatiny. Ny vahoaka rehetra dia nantsoina mba hanao fanekem-pankatoavana Bay'at an'i 'Alî(a.s). Nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) fa izany dia baiko avy amin'i Allâh. Ny olona rehetra dia samy nanatanteraka izany fanekem-pankatoavana izany nandritra ny telo andro (teo anatrehan'ilay Mpaminany(s.a.s)).

**Hâfiz** : Ianao ve dia afaka hino fa trangan-javatra goavana tahak'izany dia tsy mba nisy na dia iray tamin'ireo manam-pahaizanay no nitantara izany?

**Chîrâzî** : Tsy nampoiziko ho toy izany no tsikera ataonareo. Ny raharahan'i Ghadîr Khoum dia mazava toy ny rano madio mangarangarana ka tsy misy olona afa-tsy izay diso mpitompo teny fantatra izaitsizy no afaka handà ny fahamarinan'izany tranga izany.

---

[83] Kor'âny 33/6

Izany zava-niseho goavana izany dia voasoratr'ireo manam-pahaizanareo tia vavaka ao amin'ny bokin'izy ireo mahafatoky. Tiako ny manambara etoana ny sasantsasany amin'ireo mpanoratra sy ireo bokin'izy ireo mba hahafantaranareo fa ireo manam-pahaizanareo lehibe rehetra dia samy nitantara izany:

1. Ny imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî: **Al-Tafsîr al-Kabîr, Mafâtih al-Ghaib**.
2. Ny imâm Ahmad al-Tha'labî: **Tafsîr Kashf al-Bayân**
3. Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî: **Tafsîr al-Dourr al-Manthour**
4. Aboul-Hassan 'Alî Ibn Ahmad al-Wâhidî al-Nisâpourî: **Asbâb-oun-Nouzoul.**
5. Mouhammad Jarîr al-Tabarî: **al-Tafsîr al-Kabîr**.
6. Al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî: **Mâ Nazal Min-al-Qour'ân fî 'Alî sy ny Hilyat-oul-Awliyâ.**
7. Mouhammad Ismâ'il al-Boukhârî: **Târîkh** boky voalohany, pejy faha-375.
8. Mouslim Hajjâj al-Nisâpourî: **Sahîh** boky faha-2 pejy faha-325.
9. Abou Dâwoud Sijistânî: **Sounan**
10. Al-Hâfiz Ibn al-'Iqdah: **Kitâb-oul-Wilâyat**.
11. Ibn Kathir al-Châfi'î al-Damishqî: **Târîkh**.
12. Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal: **Mousnad,** boky faha-4 pejy faha-281 sy 371.
13. Abou Hâmid Mouhammad Ibn Mouhammad al-Ghazâlî: **Sirr-oul-'Âlamin.**
14. Ibn Abd-oul-Birr: **Al-Istî'ab**.
15. Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î: **Matâlib-ous-Sou'oul** p.16
16. Ibn Maghâzilî, ilay Faqih Châfi'ite: **Manâqib.**
17. Nour-oud-Dîne al-Sabbâgh al-Mâlikî: **Al-Fousoul-oul-Mouhimmat.**
18. Houssein Ibn Mas'oud Baghawî: **Masâbih-ous-Sounnat**
19. Abou al-Mou'ayyad Mouwafiq Ibn Ahmad al-Khatîb al-Khawârizmî: **Manâqib**
20. Majd-oud-Dîne al-Athîr Mouhammad Ibn Mouhammad al-Chaybânî: **Jâmi'oul-Ousoul.**

21. Al-Hâfiz Abou ‘Abdour-Rahmân Ahmad Ibn ‘Alî al-Nisâ’î: **Khasâ’is-oul-‘Alawî** sy ny **Sounan**.

22. Soulaymân al-Balkhî al-Hanafi: **Yanâbi’oul-Mawaddat**, toko faha-IV.

23. Shahâb-oud-Dîne Ahmad Ibn Hajar al-Makkî: **Al-Sawâ’iq-oul-Mouhriqat** sy ny **Kitâb-oul-Minah al-Malakiyyah**, indrindra fa ny **al-Sawâ’iq**, fizarana voalohany, pejy faha-25 (famoaham-boky al-Matba’ah al-Maymaniyyah tao Ezypta). Na dia tafahoatra aza ny fitompoany teny fantatra dia nanoratra ihany izy hoe: “**Izy io dia hadith marina; ny fahamarinany dia tsy azo lavina ary ireo loharano niaviany dia tena matanjaka. Izany no nahatonga an’i Tirmizhî, sy al-Nisâ’î sy i Ahmad ary ireo hafa nitantara azy, fa raha isika no mandalina azy dia tsapa fa matanjaka ireo loharano niaviany**”.

24. Al-Hâfiz Mouhammad Ibn Yazîd antsoina hoe Ibn Mâjah al-Qazwînî: **Sounan**.

25. Al-Hâfiz Abou Abdoullâh Mouhammad Ibn Abdoullâh al-Hâkim al-Nisâpourî: **Moustadrak.**

26. Al-Hâfiz Soulaymân Ibn Ahmad Tabrânî: **Al-Awsat**.

27. Ibn Athîr al-Jazarî: **Ousoud-oul-Ghâbah**.

28. Yousouf Sibt Ibn al-Jawzî: **Tazhkirat Khasâ’is al-Oummah** pejy faha-17.

29. Abou Omar Ahmad Ibn Abd Rabbih: **Al-‘Iqd-oul-Farîd**.

30. Al-‘Allâmah al-Samhoudî: **Jawâhir-oul-‘Iqdain**.

31. Ibn Taimiyyah Ahmad Ibn Abdoul-Halîm: **Minhâj-ous-Sounnah.**

32. Ibn Hajar Al-‘Asqalânî: **Fat’houl-Bârî** sy ny **Tahzhîb-out-Tahzhîb.**

33. Jâroullâh al-Zamakhsharî: **Rabî’oul-Abrâr**.

34. Abou Sa’îd Sijistânî: **Kitâb-oud-Dirâyah Fî hadîth al-Wilâyat**.

35. Oubaidoullâh Ibn Abdoullâh al-Haskânî: **Dou’ât-oul-Houdâ ilâ Adâ’i Haqqil-Mawalâ.**

36. Ibn Mou’âwiyat al-‘Abdarî: **Al-Jam’ou Bayn al-Sihâh al-Sittah**.

37. Ny imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî dia nilaza ao amin'ny bokiny **Kitâb-oul-Arba'în** fa ny vahoaka manontolo dia miara-manaiky an'io hadith io.

38. Al-Mouqbilî: **Al-Ahâdith-oul-Moutawâtirat**

39. Al-Souyoutî: **Târîkh-oul-Khoulafâ**

40. Atoa Sayyed 'Alî al-Hamadânî: **Mawaddat-oul-Qourbâ.**

41. Abou al-Fat'h al-Natanzî: **Al-Khasâ'is-oul-'Alawiyyah.**

42. Khwaja Parsa al-Boukhârî: **Fasl-oul-Khitâb**.

43. Jamâl-oud-Dîne al-Chîrâzî: **Kitâb-oul-Araba'în**.

44. Abdoul Ra'ouf-oul-Manawî: **Al-Faydh-oul-Qadîr fî Sharh al-Jâmi'ous-Saghîr.**

45. Mouhammad Ibn Youssouf al-Ganjî al-Châfi'î: **Kifâyat-out-Tâlib,** fizarana voalohany.

46. Yahyâ Ibn Sharaf al-Nawawî: **Tahzhîb-oul-Asmâ wal-Loughât.**

47. Ibrahim Ibn Mouhammad al-Hamwainî: **Farâ'id-ous-Simtayn.**

48. Al-Qâdhî Fadhl Ibn Rouzbahân: **Ibtâl-oul-Bâtil.**

49. Shams-oud-Dîne Mouhammad Ibn Ahmad Sharbînî: **Al-Sirâj-oul-Mounîr.**

50. Aboul-Fat'h-oul-Shahristânî al-Châfi'î: **Al-Milal wan-Nihal.**

51. Al-Hâfiz Abou Bakr al-Khatîb al-Baghdâdî: **Târîkh**.

52. Al-Hâfiz Ibn 'Asâkir Aboul-Qâssim al-Damishqî: **Al-Târîkh al-Kabîr.**

53. Ibn Abî al-Hadîd Mou'tazalî: **Sharh Nahj-oul-Balâghat**.

54. 'Alâ'-oud-Dîne al-Samnânî: **Al-'Ourwah li-Ahlil-Khalwah**.

55. Ibn Khaldoun: **Al-Mouqaddimat**.

56. Al-Mouttaqî al-Hindî: **Kanz-oul-'Oummâl**.

57. Chams-oud-Dîne Aboul-Khair al-Damishqî: **Asnâ-al-Matâlib**.

58. Sayyed al-Charîf al-Hanafî al-Jourjânî: **Sharh-al-Mawâqif**.

59. Nizâm-oud-Dîne al-Nisâpourî: **Tafsîr Gharâ'ib-oul-Qour'ân**.

Izay tsaroako ihany ireo notantaraiko ireo, fa miisa telon-jato mahery ireo manam-pahaizanareo ambony no nandrakitra an'io hadith-Ghadîr io sy ireo andininy "Balligh" (torio), Kamâloud-Dîne (Fahalavorariam-pinoana) ary ireo ady hevitra teo antokontanin'ilay Moske, teo ambany fahefan'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) miisa

telon-jato mahery. Ny lisitra feno mikasika an'ireo tantara ireo dia ahavitana boky iray. Fa ireo anarana izay nambarako ireo dia efa ampy hanaporofoana fa eken'ny be sy ny maro ny fahamarinan'io hadith io.

Ny sasany amin'ireo manam-pahaizanareo aza dia nanoratra boky iray mihitsy mikasika izany lohahevitra izany. Ohatra amin'izany, ilay mpanao tafsîr malaza sy mpahay tantara tamin'ny taon-jato fahefatry ny Hijrat, i **Abou Ja'afar Mouhammad Ibn Jarîr Tabarî** (nodimandry tamin'ny taona 310H), dia namelabelatra ilay Hadith-Ghadîr antsipiriany ao amin'ny bokiny **kitâb-oul-Wilâyah** ka notanisainy tamin'izany ireo mpitantara miisa fitopolo nampitampita an'io hadith io.

**Al-Hâfiz Aboul-'Abbâs Ahmad Ibn Sa'îd Abdoul-Rahmân al-Koufî,** fantatry ny maro an'isa amin'ny anarana hoe **Ibn Iqdah** (nodimandry tamin'ny taona 333H) dia nanambara an'io hadith io ao amin'ny bokiny **Kitâb-oul-Wilâyat** araka ny fitantaran'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) miisa 125.

Ibn al-Haddâd al-Hâfiz Aboul-Qâsim al-Haskânî (nodimandry tamin'ny taona 492H), ao amin'ny bokiny Kitâb-oul-Wilâyat dia nitantara antsipiriany ny tantaran'i Ghadîr mifandraika amin'ireo andinin'ny Kor'âny masina. Raha hafohezina, dia ireo manam-pahaizanareo mahafatoky sy ambony voninahitra (ankoatr'ireo antokon'olona mpanohitra vitsy an'isa) dia nanorina an'io hadith io tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nanambarany fa i 'Alî(a.s) no khalîfat mpandimby Azy, ny faha-18 Zhoul-Hijjat, tamin'ny fivahiniana masina farany nataony.

Izany dia zava-nitranga malaza ka nahatonga an'i Omar ho voalohany tamin'ireo Sakaiza naneho ny hafaliany tamin'izany fotoana izany. Teo am-pandraisana ny tànan'i 'Alî(a.s) izy no niteny hoe: "**Arahabaina ianao ry 'Alî! Nahazo fahasoavana lehibe ianao androany maraina. Ankehitriny ianao dia Mawlâ lehibeko sy Mawlâ lehiben'ireo mpino rehetra na lahy na vavy**".

Ilay mpahay lalàna al-Châfi'ite tamin'ny taon-jato faha-VIII taorian'ny hijrat, ny Sayyed 'Alî Hamadânî, iray amin'ireo manampahaizana mendrika hitokisana ao amin'ny antokom-pinoana misy anareo dia nanoratra ao amin'ny Mawaddat-oul-Qourbâ, (Mawaddat faha-V), fa maro dia maro tamin'ireo Sakaiza no nanambara tamin'ny fomba samihafa fa ny khalîfat Omar dia niteny hoe: « **Ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh dia nanendry an'i 'Alî ho lehibe, filoha sy mpitarika ny firenena. Nambarany teo imasom-bahoaka fa i 'Alî no Mawlâ (lehibentsika).**

**Taoriany nanomezany tso-drano ho an'ireo sakaizany sy nanozonany an'ireo fahavalony dia hoy hatrany Izy hoe: "*Ry Allâh ô! Aoka Ianao ho vavolombelona, fa izaho dia nahavita ny adidiko amin'ny maha-Mpaminany ahy*". Tamin'izay indrindra, no nisy tovolahy tsara tarehy iray izay nitondra hanitra namerovero tao amin'ilay efitra no nitoetra teo anilako. Hoy izy tamiko: "*Marina dia marina fa ilay Mpaminanin'i Allâh dia nanatanteraka fifanekena iray izay tsy misy afa-tsy ny mpitsaravelatsihy ihany no hanapaka izany, koa mitandrema ianao ry Omar sao dia hanapaka izany*". Notantaraiko tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) izany zava-niseho izany ka hoy Izy namaly ahy hoe: "*Izany dia tsy mba olona avy amin'ny taranak'i Adam, fa Anjely Gabriel izy io (izay niseho tamin'ny alalan'izany endrika tovolahy izany). Izy dia mila manamafy aminao ny zavatra nambarako mikasika an'i 'Alî(a.s)*"** ».

Koa aoka ianareo mba hitsara am-pahamariana ankehitriny, sy hilaza aminay raha toa ka azon'izy ireo atao ny manapaka ilay fifaneken'izy ireo teo anatrehan'ilay Mpaminanin'i Allâh tao anatin'ny roa volana monja taorian'izany tranga niseho izany? Azon'izy ireo atao ve ny miverin-dàlana amin'ilay fifanekena nataon'izy ireo tamin'i 'Alî(a.s) ampahibemaso, ny mandoro ny tranon'i Fâtimat, ny mandrangitra sabatra hanoherana an'i 'Alî(.a.s), ny miteny ratsy sy mitaritarika azy hatreny amin'ny Moske mba hanerena azy hanao fanekem-pankatoavana amin'i Abou Bakr?

**Hâfiz** :Tsy noheveriko ho Sayyed hajaina sy manam-pahaizana toa anao izao no manambanimbany sy mitsikera ny fomba fiainanan'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s), izay nolazainy fa izy ireo no mpanome hevitra ho an'ny vahoaka, araka ny teniny hoe: "**Ireo sakaizako rehetra dia tahak'ireo kintana; ka ny fanarahana iray amin'izy ireo dia hahavonjy anareo**".

**Chîrâzî** : Voalohany, dia tiako ianareo mba hitsahatra amin'ny famerimberenana hatrany an'ireo zavatra ireo imbetsaka. Efa nambaranareo io hadith io mba hiarovanareo ny hevitrareo ary efa nomeko valiny mikasika izany ianareo. Ireo Sakaiza ireo sahala amin'ny olon-drehetra dia tsy mba lavorary. Koa nahoana no ataonareo mahagaga ny fironan'izy ireo amin'ny fiainana eto an-tany rehefa ananana porofo izany?

Manarak'izany, mba hampazava ny sainareo, dia averiko ho valiana indray ianareo, amin'izay ianareo tsy hampiasa ny hadith tahak'io intsony any aoriana. Arak'ireo fikarohana nataon'ireo manam-pahaizanareo ihany, dia tsy azo antoka akory io hadith io araka ny efa noresahiko vao tsy ela akory tetsy ambony. **Al-Qâdhî 'Ayyâdh al-Mâlikî** dia manambara an'ireo manam-pahaizanareo izay nilaza fa noho ireo olona toa an'i **Harith Ibn Qadhîn**, olona tsy fantatra, sy i **Hamza Abî Hamza al-Nasîbî** izay voalaza fa olona mpandainga, izay anisan'ireo olona nampitampita an'io hadith io dia tsy manankery akory ity farany. **Al-Qâdhî 'Ayyâdh** ao amin'ny bokiny **Sharh al-Shifâ'** sy i **al-Baihaqî** ihany koa dia samy nilaza fa io hadith io dia noforonina sady tsy azo antoka ny loharano niaviany.

<u>Ireo Sakaiza sasany dia voatariky ny filàn-dratsin'izy ireo ka tafavily miala ao amin'ny fahamarinana</u>

Farany, izaho dia tsy nilaza tamin'ny teny tsy misy fanajana, fa izay notantarain'ireo manam-pahaizanareo ireo ihany no nambarako. Miangavy anareo aho mba hamaky ny boky **Sharh al-Maqâsid** nosoratan'i **Fâdhil Taftazânî** izay nitantarany mazava tsara fa ireo Sakaiza dia matetika mifankahala izy samy izy ireo, midika izany fa misy

ny sasany amin'izy ireo no manao fahotana sy heritsetra. Izany no mahatonga anay milaza fa ireo Sahâbat dia tsy tokony homem-boninahitra manokana noho izy ireo niaraka niaina fotsiny tamin'ilay Mpaminany(s.a.s). Ny voninahitra dia miankina amin'ny asa vitan'izy ireo sy ireo toetra amam-pitondrantenan'izy ireo. Raha izy ireo no tsy anisan'ireo mpitsaravelatsihy sy mpankato ary manaja an'ilay Mpaminany(s.a.s), dia mendrika ho azy ireo amin'izay fotoana izay ny homenay haja amam-boninahitra. Na dia ny vovoky ny dian-tongotr'izy ireo aza dia hahosotray amin'ny masonay.

Ary amin'ny fo tsy miangatra, ianareo ve dia hanaiky fa ireo hadith maro voasoratra ao amin'ireo bokinareo azo itokisana ireo mikasika ny ady atao amin'ny Amîr al-Mou'minîne, i 'Alî(a.s) (toy ny fanambaran'ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: "**Izay miady amin'i 'Alî dia miady amiko**") dia tsy marim-pototra? Sa moa ve tena ekenareo tanteraka ny fahamarinan'izy ireo? Moa ve izy ireo tsy voarakitra araka ireo loharano mendrika hitokisana ao amin'ireo bokin'ireo manam-pahaizanareo tena malaza? Tsy ilaina akory ny manambara fa ireo hadith ireo voatantaran'ireo manam-pahaizanay "chiites" tsy ankanavaka ao amin'ny bokin'izy ireo avy. Raha ankasitrahanareo ireo hadith ireo, dia tokony hanaiky ianareo amin'izay fotoana izay fa maro tamin'ireo Sakaiza toa an'i Mou'âwiyat, Omar Ibn Khattâb, Abou Houraïrat, Talhah, Zoubayr no nitsangana niady tamin'i 'Alî(a.s), (izay mitovy amin'ny niady tamin'ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy!) no nandika ireo lalàm-pinoana islamika sy nanao fahotana. Koa satria izy ireo dia nanohitra an'ilay Mpaminany(s.a.s) dia mazava ho azy fa niala ao anatin'ny làla-mahitsy izy ireo.

Koa raha milaza izahay fa ireo Sakaiza sasany dia voasariky ny filàn-dratsin'izy ireo, dia tsy mahadiso anay izany satria izany tokoa no zava-nisy. Ankoatr'izany, dia tsy izahay irery ihany no milaza fa ireo Sakaiza sasany dia mpanota, mpanao heritsetra sy mpandika lalàna. Izahay dia niantehitra tamin'ny tenin'ireo manam-pahaizanareo lehibe ireo.

<u>Ny fanambaran'ny imâm al-Ghazâlî mikasika an'ireo Sakaiza tsy nanaja ny fifaneken'izy ireo dia tanteraka tamin'ny andron'i Ghadîr-Koum</u>

Raha mamaky ianareo ny boky Sirr-oul-‘Âlamîn nosoratan’i Abou Hâmid Mouhammad Ibn Mouhammad a-lGhazâlî al-Tousî, dia tsy afaka ny hanohitra ny nolazaiko mihitsy ianareo. Tsy maintsy hambarako anareo ihany anefa ny ao amin’io bokiny io fizarana fahefatra mifandray amin’ireo hevitra nolazaiko: « Ireo zava-nitranga sy ireo porofo dia tena mazava. Ireo Silamo dia miara-manaiky avokoa mikasika ireo teny nolazain’ilay Mpaminany(s.a.s) tao Ghadîr Khoum nanao hoe: “**Izay manaiky fa izaho no Mawlâ (lehibeny), dia i ‘Alî ihany koa no Mawlâ (lehibeny)**”. Tsy tapitapitr’izay dia hoy i Omar hoe: “**Arahabaina ianao, arahabaina ianao ry Aboul-Hassan! Ianao dia lehibeko ary koa lehiben’ireo mpino rehetra na lahy na vavy**” »

Ny fiarahabana tahak’izany dia manambara tanteraka ny fankasitrahana ny baikon’ilay Mpaminany(s.a.s) sy fanekena an’i ‘Alî(a.s) ho khalîfat. Tsy ela akory taorian’izany anefa izy ireo dia voan’ny fakam-panahy amin’ny fitsiriritana ny fiainana eto an-tany. Ny hetahetam-pahefana sy ny fanjakana no nanaisotra ny fangoraham-pon’izy ireo. Nanapa-kevitra samirery izy ireo mba hanendry khalîfat iray tao amin’ny Banî Sa’id tao amin’i Saqîfa. Izy ireo dia te hanangana fanevan’ny taranak’izy ireo sy te handrakotra ny tany manontolo amin’izay ny anaran’izy ireo no ho voarakitra manadrakizay ao amin’ny tantara. Izy ireo dia mamonon-tena amin’ny fitiavam-pahefana. Hadinon’izy ireo ny fampianaran’ny Kor’âny masina sy ny baikon’ilay Mpaminany(s.a.s)! Natakalon’izy ireo amin’ny fiainana eto an-tany ny finoana. He izany asa ratsy nataon’izy ireo ho an’i Allâh! Na dia efa teo am-bavahaonan’ny fahafatesana aza ilay Mpaminany(s.a.s), dia mbola niangavy Izy mba homena zavatra ahafahany manoratra mba hanazavany ireo zavatra momba ny fandimbasana Azy. Nefa i Omar nanohitra izany nanao hoe: “**Avelaonareo io lehilahy io, fa mirediredy izy**” (Aoka anie i Allâh hamela ny heloko noho izany fitenenan-dratsy izany).

Koa satria ny Kor’âny sy ireo hadith na iray aza tsy nisy nanohana azy ireo, dia nionona tamin’izay antsoina hoe **Ijmâ**’ (fifanarahana iombonana) izy ireo. Nefa mbola tsy mitombina ihany koa izany satria i Abbâs sy ny taranany, i ‘Alî sy ny vadiny ary ireo taranak’izy ireo dia tsy mba niombon-kevitra tamin’ireo izay nanao fanekem-pankatoavana

tamin'i Aou Bakr. Avy eo koa ireo olona tafavory tao amin'i Saqîfa dia nandà ny hanao fanekem-pankatoavana amin'ireo Khazrajî, ireo Ansâr koa dia nandà azy ireo.

Ry vahoaka hajaina! Tsarovinareo tsara azafady, fa ireo "Chiites" dia tsy mba nilaza zavatra afa-tsy izay nolazain'ireo manam-pahaizanareo ihany. Nefa noho ianareo mankahala anay dia tadiavinareo mandrakariva hadisoina izay zavatra nolazainay, eny fa na dia tsy misy afa-tsy ny famerenana ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo ireo ihany no nataonay. Fa ianareo dia tsy mba mametra-panontaniana mikasika ny tenin'ireo manam-pahaizanareo akory nahoana izy ireo no nanoratra zavatra tahak'izany raha toa ka nahalala ny fahamarinana izy ireo.

**Cheikh** : Sirr-oul-'Âlamîn dia tsy mba nosoratan'ny imâm al-Ghazâlî. Manana ny toeram-boninahiny ambony tokoa izy ka tsy afaka ny hanoratra boky tahak'izany no sady koa ireo manam-pahaizana malaza dia tsy mino fa izy no nanoratra an'io boky io.

**Chîrâzî** : Maro amin'ireo manam-pahaizanareo no manaiky fa io boky io dia nosoratan'ny **imâm al-Ghazâlî**. **Yousouf Sibt Ibn al-Jawzî** izay saro-piaro tokoa tamin'ny fakana hevitr'ireo manam-pahaizana hafa (izy koa dia anisan'ireo mpitompo teny fantatra amin'ny finoany) dia nandray porofo miainga avy amin'io fanambaran'ny **imâm al-Ghazâlî** io indrindra ao amin'ny bokiny **Sirr-oul-'Âlamîn** ka nosoratany ao amin'ny bokiny **Tazhkirat Khawâs-oul-Oummah** amin'ny pejy faha-36.

Koa satria tsy mba nasiany tsikera ny mikasika an'ity fanambaran'i Ghazâlî ity, dia midika izany fa voalohany, nekeny ilay boky **Sirr-oul-'Âlamîn** ho nosoratan'ny **imâm al-Ghazâlî**, faharoa, nankasitrahany ny hevitra voalaza ao, izay ho fintimpintiniko eto ny mikasika izany na dia nolazainy antsipiriany aza izany. Fa raha tsy nanaiky izany izy, dia tsy mba nanazava ny heviny mikasika izany akory. Nefa mazava ho azy fa raha ireo manam-pahaizanareo mpitompo teny fantatra ireo no tojo fanambarana toy izany izay nohamarinin'ireo manam-pahaizana teo alohany ka tsy hitany izay hevitra lojika hanoherany izany, dia lazain'izy ireo fa izany boky izany dia tsy mba nosoratan'ilay mpanoratra nanoratra

azy na lazaina ihany koa fa noforonin'ireo "Chiites". Miafara hatramin'ny filazana an'ireto olona tsy manan-tsiny ireto ho mpanota sy jentilisa.

Mikasika ny nanjo an'Ibn 'Iqdah

Malaza fa maro amin'ireo manam-pahaizanareo no nenjehina nohon'ny antony nilaza ny fahamarinana fotsiny. Ireo mpitompo teny fantatra sy ireo tsy dia nahita fianarana ao amin'ny antokom-pinoanareo dia mihevitra fa tsy azo atao ny mamaky ireto boky tsy mifanaraka amin'ny fomba finoan'izy ireo ireto. Ireo mpanoratra ny boky toy izany aza dia hovonoina mihitsy: izany no nitranga tamin'i **al-Hâfiz Ibn 'Iqdah Aboul-'Abbâs Ahmad Ibn Mouhammad Ibn Sa'îd Hamadânî**, izay nodimandry tamin'ny taona 303H. Izy dia "'âlim" manam-pahaizana lehibe. Maro ireo manam-pahaizana avy amin'ny antokom-pinoanareo, toa an'i **al-Zhahabî** sy **al-Yâfi'î** no nanaja azy sy nanambara fa izy dia nahay tsianjery hadith miisa 300.000 miaraka amin'ireo loharano niaviany ary izy dia lehilahy iray nanam-pinoana lehibe tokoa.

Tamin'ny fivoriam-bahoaka tao Koufa sy Bagdad, tamin'ny taon-jato fahatelon'ny Hijrat, dia notantarainy ampahibemaso ireo asa ratsy nataon'ireo Cheikh anankiroa (Abou Bakr sy Omar) ireo. Noho izany dia noraisin'ireo olona ho Râfidhî (Chiite) izy ka nataon'izy ireo fady ny mitantara izany. Ibn Kathîr, al-Zhahabî sy al-Yâfi'î dia nanoratra ny momba azy toy izao: "Cheikh Ibn 'Iqdah dia nipetraka tao amin'ny Mosken'i Barâthâ (Bassora), Moske iray malaza miorina eo anelanelan'i Bagdad sy Kâzimayn, sy nanao ankamoaka ireo haitraitra sy asa ratsy nataon'ireo Cheikh anankiroa (Abou Bakr sy Omar) ireo teo amin'ny vahoaka. Izany no antony nitsipahana ireo hadith nolazainy. Ankoatr'izany, dia tsy isalasalana fa izy dia olona mpino sy mpandala ny fahamarinana. Izany no nahatonga an'i al-Khatîb al-Baghdâdî ho nidera azy ihany koa ao amin'ny bokiny Târîkh fa saingy nofaranany amin'ny teny hoe: "**...Fa noho izy naneho ireo fahadisoana sy asa ratsin'ireo Cheikh anankiroa ireo dia nanjary Râfidhî izy**".

Koa tsy tokony hino intsony ianareo fa ireo "Chiites" irery ihany no milaza ny marina mikasika an'io lohahevitra io. Ireo manam-

pahaizanareo lehibe toa an'ny imâm al-Ghazâlî sy Ibn 'Iqdah dia nanambara ny kileman'ireo Sakaiza lohandohany ireo.

## Mikasika ny nahafaty an'i Tabarî

Isaky ny vanim-potoanan'ny tantara dia misy maro foana ireo manam-pahaizana no ampijaliana sy enjehina nohon'ny fahasahian'izy ireo milaza na manoratra ny fahamarinana.

Ohatra amin'izany, ilay mpanao tafsîr malaza sy mpahay tantara i **Mouhammad Ibn Jarîr al-Tabarî**, izay reharehan'ireo manam-pahaizanareo, nodimandry tamin'ny taona 310H tao Bagdad fa nohon'ny fahatahoran'ireo manam-pahefana ny fitokonam-bahoaka, dia nolavin'izy ireo ny fitondrana ny razany any ivelany mandritra ny andro. Noho izany dia voatery izy nalevina tao an-tranony ihany nony alina ny andro.

## Famonoana an'i al-Nisâ'î

Ny famonoana an'ny imâm Abdoul-Rahmân Ahmad Ibn 'Alî al-Nisâ'î dia manamarina ihany koa ny fanenjehana izay nampiharin'izy ireo. Izy dia olo-marina sy noheverina ho anisan'iray amin'ireo imâm nanoratra ny "Sihâh al-Sittah" (ireo boky enina mahafatoky). Izy dia anisan'ireo manam-pahaizana ambony ao amin'ny antokom-pinoanareo tamin'ny taon-jaton'ny hijrat fahatelo. Indray andro, tonga tao Damas izy tamin'ny taona 303H ary tsapany fa nohon'ny asa ratsin'ireo "Omayyades" no nahatonga ireo mponina tao niteny ratsy ampahibemaso an'ny Amîr al-Mou'minîne, i 'Alî(a.s) Ibn Abî Tâlib isaky ny aorian'ny vavaka fanompoana, indrindra moa fa aorian'ny fotoam-pivavahana iombonana. Nampalahelo azy izany ka tapa-kevitra izy mba hanangona ireo hadith avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) izay midera an'ilay Amîr al-Mou'minîne sy ireo loharano nipoiran'izany. Nosoratany àry ilay boky antsoina hoe Khasâ'is-oul-'Alawî, mitory ny toerana avo sy ireo voninahitra ananan'i 'Alî(a.s). Fahazarany ny mamaky amin'ireo vahoakan'i Syrie ireo hadith izay nosoratany ao amin'ny bokiny ho fiderana an'ilay Imâm masina(a.s).

Indray andro, raha mbola teo ampitantarana ireo voninahitr'i 'Alî(a.s) izy, dia indreo nisy vondron'olona mpanakorontana sy mpitompo teny fantatra no nisambotra azy teo ambony polpitra ka nikapoka azy. Nokapohin'izy ireo teo amin'ireo atodiny sy filahiany, ary notaritarihina nivoaka ny Moske ary natsipin'izy ireo teo amin'ny arabe. Maty vokatr'izany fikapohana azy izany izy. Nentina tany Makkat ny fatiny mba halevina. Izany tranga izany dia vokatry ny fankahalana sy ny habadoana.

Ankehitriny, dia miala tsiny aminareo aho raha lasa lavitra loatra tamin'ny fanehoan-kevitra ny tenako. Fa ny tiako hambara dia ny voninahitra Wilâyat (fahefana) ananan'ilay Amîr al-Mou'minîn(a.s) dia tsy voarakitr'ireo manam-pahaizana "chiites" irery fotsiny. Ireo manam-pahaizanareo malaza ireo koa dia nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s), teo anatrehan'ireo Sakaiza maro miisa 70.000 na 120.000, dia nanandratra ny tanan'i 'Alî(a.s) ho ambony sy nanolotra azy ho Imâm mpitarika sy lehiben'ny vahoaka.

## Fizarana fahadimy

Ny fisalasalan'ireo "Sunnites" mikasika ny hevitr'ilay teny "Mawlâ"

**Hâfiz** : Mazava ho azy fa tsy misy mampisalasala ny amin'ny fotoana sy ny nanoratana an'ilay hadith nefa kosa, na izany aza dia tsy mifanaraka amin'ny heviny akory ny fanazavanao azy ao anatin'ny fahaizanao miresaka mahatolagaga.

Ankoatr'izany, dia misy mampisalasala ny amin'ny hevitr'io hadith io. Ohatra ny teny hoe "Mawlâ", araka ny voalazanao dia manambara "*olona iray izay manam-pahefana lehibe kokoa amin'ireo hafa*", nefa izahay rehetra kosa dia mahafantatra fa ny "Mawlâ" ao amin'io hadith io dia maneho ireo olona "*mafana fo, ireo mpanohana sy ireo namana*". Ilay Mpaminany(s.a.s) dia mahalala fa manana fahavalo betsaka i 'Alî(a.s). Izany no antony nandreseny lahatra an'ireo olona fa izay mitia Azy na minamana aminy dia tokony hitia sy hinamana amin'i 'Alî

ihany koa. Nitakiany ny fanaovana ny fanekem-pankatoavana amin'izay ireo olona tsy hanahirana an'i 'Alî intsony.

**Chîrâzî** : Izaho dia mahatsapa fa ianareo dia mampiasa matetika ireo haitraitra tsy misy dikany avy amin'ireo talohanareo. Raha ianareo no mamakafaka lalina ireo zava-niseho tamin'izany, dia hiseho ho azy ny tena marina.

**Hâfiz** : Inona avy ireo zava-nisy manaporofo ny hevitrareo? Ampahafantaro anay azafady.

<u>Ny "Mawlâ" dia midika ho "Mpitarika", "Lehibe" araka ny hevitr'ilay andininy "Yâ ayyouhar-Rassoul, Balligh..."</u>

**Chîrâzî** : Ny porofo voalohany dia ny Kor'âny masina sy ny hafatra ao amin'ilay andininy milaza hoe:

« **Ry Mpaminany! Ampitao izay nampidinina taminao avy tamin'Ilay Tomponao. Raha tsy ataonao izany dia tsy nahatafita ny Hafany ianao. Ary i Allâh no hiaro anao amin'ireo olona** »[84].

**Hâfiz** : Ahoana no hanaporofoanao fa io andininy io dia nidina tamin'io andro io sy tamin'io fotoana io?

**Chîrâzî** : Ireo manam-pahaizanareo rehetra dia mahay izany:

1-Jalâl-ud-Dîn al-Souyoutî: ***Al-Dourr-oul-Manthour,*** **boky faha-Il, pejy faha-298,**
2-Al-Hâfiz Ibn Abî Hâtam: ***Tafsîr al-Ghadîr****,*
3-Al-Hâfiz Abou Ja'afar al-Tabarî: ***Kitâb-oul-Wilâyat,***
3-Al-Hâfiz Abou 'Abdoullâh al-Mahâmilî: ***Al-Amâlî,***
4-Al-Hâfiz Abou Bakr Chîrâzî: ***Ma Nazala min-al-Qour'ân Fî Amîri al-Mou'minîn,***
5-Al-Hâfiz Abou Sa'îd Sijistânî: ***Kitâb-oul-Wilâyat,***

[84] Kor'âny 5/67

6-Al-Hâfiz Ibn Mardawayh: **Ao amin'ny bokiny *Tafsîr* mikasika an'io andininy io,**

7-Al-Hâfiz Aboul-Qâsim al-Haskânî: ***Shawâhid-ut- Tanzîl,***

8-Aboul-Fat'h al-Natanzî: ***Al-Khasâ'is-oul-'Alawiyyah,***

9-Mou'în-oud-Dîne Maiboudî: ***Sharh al-Dîwân,***

10-Al-Qâdhî al-Showkânî: ***Fat'h-oul-Ghadîr,* boky faha-III, pejy faha-57,**

11-Sayyed Jamâl-oud-Dîne al-Chîrâzî**:** ***Al-Arba'în,***

12-Badr-oud-Dîne al-Hanafi: ***'Oumdat-oul-Qârî fî Sharh Sahîh al-Boukhârî,* boky faha-8, pejy faha-584,**

13-Ahmad al-Tha'labî: ***Tafsîr Kashf-oul-Bayân,***

14-Ny imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî**:** ***Al-Tafsîr al-Kabîr,* boky faha-III, pejy faha-636,**

15-Al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî: ***Mâ Nazala min-al-Qour'ân fî 'Alî,***

17-Ibrâhîm ibn Mouhammad Hamwaini: ***Farâ'id-ous-Simtain,***

18- izâm-oud-Dîne al-Nisâpourî: ***Tafsîr,* boky faha-VI, p. 170,**

19-Sayyed Shahâb-oud-Dîne al-Alousî al-Baghdâdî: ***Rouh-oul-Ma'ânî,* boky faha-Il, p. 348,**

20-Nour-oud-Dîne Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî: ***Al-Fousoul-oul-Mouhimmah,* p. 27,**

21-'Alî Ibn Ahmad Wâhidî: ***Asbâb-oun-Nouzoul,* pejy faha-150,**

22-Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î: ***Matâlib-ous-Sou'oul,* pejy faha-16,**

22-Sayyed 'Alî al-Hamadânî al-Châfi'î: ***Mawaddat faha-V mikasika ny Mawaddat-oul-Qourbâ,***

23-Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî: ***Yanâbî'oul-Mawaddat,* took faha-39.**

Raha fintinina araka ny fahalalako azy, dia miisa telopolo amin'ireo manam-pahaizanareo no nandrakitra ao amin'ny bokin'izy ireo mikasika hadith azo itokisana sy ao amin'ny tafsîr nosoratan'izy ireo ihany fa io andininy io dia nidina tamin'ny andron'i Ghadîr-Khoum momba an'ny Amîr al-Mou'minîn, i 'Alî(a.s).

Na dia i **al-Qâdhî Fadhl Ibn Rouzbahân** aza, na dia teo ny fikasan-dratsiny sy ny fitompoany teny fantatra, dia nanoratra fa: « **Marina dia marina, voaporofo ao amin'ireo bokinay Sihâh (boky mirakitra hadith) mahafatoky fa rehefa nampidinina io andininy io, dia notantanan'ilay Mpaminany**(s.a.s) **ny tanan'i 'Alî**(a.s) **ary hoy Izy hoe: "*Izay manaiky fa izaho no Mawlâ (lehibe), i 'Alî ihany koa no Mawlâ*"** ». Mahagaga anefa fa mbola ny tenan'ity **al-Qâdhî** mpanimba ity ao amin'ny **Kashf al-Ghoummah** dia nitantara hafahafa avy tamin'i **Razîn Ibn Abdoullâh** milaza toy izao:

« Tamin'ny andron'ilay Mpaminany, izahay dia matetika mamaky ilay andininy hoe: "**Ry Mpaminany! Ampitao izay nampidinina taminao avy tamin'Ilay Tomponao.** Izany hoe i 'Alî dia lehiben'ireo Mpino. **Raha tsy ataonao izany dia tsy nahatafita ny Hafany ianao** ».

Izany tantara izany koa dia notantarain'i:

-**Al-Souyoutî** ao amin'ny bokiny **al-Dourr-oul-Manthour**, (avy tamin'ny voalazan'**Ibn Mardawiyya**),

-**Ibn 'Asâkir** sy **Ibn Abî Hâtam** (avy tamin'ny voalazan'i **Abou Sa'îd al-Khadrî** sy i **Abdoullâh Ibn Mas'oud** (iray amin'ireo mpanoratra ny Wahy, hafatra avy amin'i Allâh).

-**Al-Qâdhî al-Shoukânî** ao amin'ny **Tafsîr Fat'houl-Qadîr**.

Raha fintinina, ny fampitandremana ao amin'io andininy io: "**Raha tsy ataonao izany dia (sahala amin'ny) tsy nahatafita ny Hafany ianao...**" dia manaporofo fa tena zava-dehibe tokoa io fanambaran'ilay Mpaminany(s.a.s) io hafatra io. Miankina amin'izany ny fahatanterahan'ny iraka nampanaovina Azy amin'ny maha-Mpaminany Azy. Arak'izany dia tsy maintsy mikasika ny Imâmat no hevitra tian'io teny io hambara, dia ny fanomezam-pahefana ny olona iray izay hitondra ny vahoaka araka ny lalànan'ny Islâm aorian'ny fahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s).

Ny zava-nisy faharoa manamarina ny hevitro dia ilay fanambaran'ny andininy milaza hoe:

« **Ankehitriny dia nataoko feno tonga lafatra ny finoanareo ary notanterahiko aminareo ny fahasoavako. Ary ankasitrahako ho finoanareo ny Islâm** »[85].

**Hâfiz** : Zavatra mazava fa io andininy io dia nampidinina tamin'ny andron'i Arafat ary tsy mba nisy na iray aza amin'ireo manam-pahaizana no nilaza fa izy io dia nampidinina tamin'ny andron'i Ghadîr.

**Chîrâzî** : Miangavy anareo aho mba tsy ho maimaika ny handà izany. Mazava ho azy aloha fa izaho dia manaiky fa ny sasany amin'ireo manam-pahaizanareo no nilaza an'io andininy io ho nampidinina tamin'ny andron'i Arafat, nefa ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo lehibe ireo dia nanamarina ihany koa ny fidinany tamin'ny andron'i Ghadîr.

Arak'izany, i Sibt Ibn al-Jawzî dia nanoratra ao amin'ny bokiny Khawâs-oul-Oummah pejy faha-18 hoe: "**Azo inoana fa ity andininy ity dia nampidinina in-droa: tamin'ny andron'i Arafat sy tamin'ny andron'i Ghadîr-Khoum, sahala amin'ilay andininy "*Amin'ny anaran'i Allâh, Ilay Be Indrafo, Ilay Be fiantra*" nampidinina in-droa ihany koa : tao Makkat aloha izay vao tao Madînat**".

Fa kosa ireo manam-pahaizanareo mendrika hitokisana izay mitovy hevira aminay, ka manamarina fa io andininy (Kamâl-oud-Dîne) io dia nampidinina tamin'ny andron'i Ghadîr, dia ireto avy:

1-**Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî** ao amin'ny a***l-Dourr-oul-Manthour***, boky faha-II, pejy faha-256 sy ny ***al-ltqân,* boky-I, p.31,**

2-Ny **imâm-oul-Moufassirîn al-Tha'labî** ao amin'ny ***Kashf-oul-Bayân,***

3-**Al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî** ao amin'ny ***Mâ Nazala Min-al-Qour'ân fî 'Alî,***

4-**Aboul-Fat'h al-Natanzî** ao amin'ny ***Khasâ'is-oul-'Alawiyyah,***

5-**Ibn Kathir al-Shâmî** ao amin'ny ***Tafsîr,*** boky faha-II, p.41,

---

[85] Kor'âny 5/3

6-**Mouhammad Ibn Jarîr Tabarî,** manam-pahaizana mpanao tafsîr sy mpahay tantara tamin'ny taon-jaton'ny hijrat faha-3 ao amin'ny ***Tafsîr Kitâb-ul-Wilâyah,***

7-**Al-Hâfiz Abou-Qâsim al-Haskânî** ao amin'ny ***Shawâhid-out-Tanzîl,***

8-**Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin'ny ***Tazhkirat Khawâs-oul-Oummah,*** pejy faha-**18,**

9-**Abou Sa'îd al-Sijistânî** ao amin'ny ***Kitâb-oul-Wilâyat,***

10-**Al-Khatîb al-Baghdâdî** ao amin'ny ***Târîkh Baghdâd,*** boky faha-VIII, pejy faha-290,

11-**Ibn al-Maghâzilî** ilay faqîh **Châfi'ite** ao amin'ny ***Manâqib,*** toko faha-XIV sy ny ***Maqtal-oul-Houssein,*** toko faha-IV.

Izy rehetra ireo dia samy nanambara ny zava-nisy fa tamin'ny andron'i Ghadîr, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nametraka an'i 'Alî(a.s) teo amin'ny toeram-boninahitry ny Wilâyat araka ny baikon'i Allâh. Ilay Irak'(s.a.s)i Allâh dia nilaza tamin'ny vahoaka izay nodidian'i Allâh Azy mba holazaina, ary nampiakatra ny tanan'i 'Alî ho ambony ka tazana hatramin'ny hafotsin'ny heliny roa. Ary hoy Izy tamin'ireo vahoaka: "**Aoka ianareo iarahaba an'i 'Alî satria izy no Amîr (mpitarika) an'ireo mpino**". Nanaraka ny baikony daholo ny vahoaka. Mbola tsy tafasaraka akory izy rehetra no nidina avy hatrany ilay andininy.

Nahafaly an'ilay Mpaminany(s.a.s) tokoa io andininy io. Noho izany dia nitodika tamin'ireo vahoaka Izy no niteny hoe: "**Allâh no Lehibe Indrindra, Izy no nameno ny finoan'izy ireo mba ho tonga lafatra ho azy ireo sy nanome ireo fahasoavany ho an'ireo mpino. Nahafaly Azy ny maha-Mpaminany ahy sy ny maha-Mpitarka an'i 'Alî avy aoriako**".

Ny imam al-Haskânî sy ny imam Ahmad Ibn Hanbal naneho antsipiriany izany tantara izany.

Ry vahoaka hajaina! Raha havelanareo any amin'ny sisiny ireo hevitra izay itompoanareo rahateo mikasika izany zava-niseho izany, dia hotakatrareo avy hatrany fa ilay andinin-tsoratra masina sy ireo hadith izay

manaporofo ny teny hoe "**Mawlâ**" dia midika hoe "**walî**" (lehibe) izany hoe, ny olona manam-pahefana eo amin'ny hafa.

Fa raha ny "**Mawlâ**" na "**wali**" no tsy midika ho olona iray izay manam-pahefana amin'ny hafa, dia ilay teny amin'ny faran'ny hadith hoe "**avy aoriako**" dia lasa tsy misy heviny. Io teny io izay nolazain'ny vavan'ilay Mpaminany(s.a.s) imbetsaka dia maneho fa ny "**Mawlâ**" sy ny "**wali**" dia manondro "**olona iray manam-pahefana amin'ny hafa**" satria nolazainy ihany koa fa izy io dia toeram-boninahitra manokana natokana ho an'i 'Alî(a.s) avy ao aoriany.

Fahatelo, ianareo dia afaka maminavina ireo toe-draharaha niseho. Tao amin'ny tany efitra mafana izaitsizy izay tsy nahitana fialofana na dia iray, no namorian'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo vahoaka. Ireo olona dia nipetraka teo amin'ny alok'ireo rameva, ny tongotr'izy ireo dia main'ny hafanana tena manempotra. Ao anatin'ny toe-javatra toy izany no nanaovan'ilay Mpaminany(s.a.s) toriteny lava araka ny notantarain'i **al-Khawârizmî** sy **Ibn Mardawiyya** ao amin'ny **Manâqib** bokin'izy ireo avy sy T**abarî** ao amin'ny bokiny **Kitâb-oul-Wilâyat** sy ireo hafa. Mihevitra ve ianareo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nitaky an'ireo Silamo aman'arivony hitoetra mandritra ny telo andro any an'efitra mba hanao fanekem-pankatoavana amin'i 'Alî(a.s) fotsiny amin'ny mahanaman'izy ireo azy? Raha ny marina anefa dia tsy mba nisy vahoaka silamo ka tsy nahalala ny rohim-pihavanana akaiky misy eo amin'ilay Mpaminany(s.a.s) sy i 'Alî(a.s) na izay mbola tsy naheno ny resaka mikasika azy toy ny efa noresahiko teo aloha.

Ny fampidinana an'ilay andininy voalaza in-droa niatoana, tao anatin'ireo toe-draharaha samihafa sy narahin'ireo toromarika mazava ka nahatonga ireo mpanao fivahiniana masina ho nisavoritaka sy ny fahalianan'izy ireo mafy te halala ny zavatra hiseho, dia tsy afaka atao fotsiny nohon'ny antony hanambarana amin'izy ireo fa izy ireo dia tokony hinamana amin'i 'Alî(a.s). Na koa ny fihetsik'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tena manana ny lanjany na fihetsika tsy misy dikany. Nefa mazava ho azy fa, ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy mba manao fihetsika tsy misy dikany izany.

Arak'izany dia azo tsoahina fa ireo fihetsika mirindra ireo dia tsy natao fotsiny mba hilazana amin'ireo Silamo fa tokony hisakaiza amin'i 'Alî(a.s) izy ireo. Ny zava-niseho dia nanamarika ny fahalavorarian'ny asa faminaniana: dia ny fametrahana ny Imâmat, loharanon-kevitra hitondrana ny vahoaka aorian'ny fahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s).

Ny sasany amin'ireo manam-pahaizanareo dia manaiky ny voalohan'ny dikan'ny teny "**Mawlâ**" ho **lehibe** sy **tompom-pahefana**. Anisan'izy ireo, i **Sibt Ibn al-Jawzî** izay taorian'ny nanomezany ny dikan'io teny io miisa folo ao amin'ny bokiny **Tazhkirat al-Khawâs**, toko faha-II pejy faha-20, dia nanambara fa tsy misy azo ekena ny iray amin'ireo dikany ireo, afa-tsy ny dikany fahafolo izay mifanaraka amin'ny fanambaran'ilay Mpaminany(s.a.s), arak'izao nosoratany izao:

« **Io hadith io dia maneho hevitra manokana amin'ny fankatoavana; arak'izany, ny dikany fahafolo no dikany marina. Izany dia manondro ny fahefan'ny olona iray amin'ny hafa. Noho izany: "*Ho an'ireo izay nanaiky fa izaho no Mawlâ, i 'Alî ihany koa dia ekeny ho Mawlâ (i 'Alî no manam-pahefana aminy)*"** ».

Nanoratra toy izao i Sibt Ibn al-Jawzî:

« **Ny fanambaran'ilay Mpaminany dia milaza hatrany ny fahefan'i 'Alî, izy no lehiben'ny tenan'ireo mpino rehetra. Izany no manaporofo mazava tsara ny Imâmat sy ny fahefan'i 'Alî; ny fankatoavana azy dia tsy maintsy tanterahina** »

Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Matâlib-ous-Sou'oul eo ampovoan'ny fizarana faha-V, toko faha-1, pejy faha-16 dia nanazava toy izao:

« **Ny teny hoe "Mawlâ" dia misy dikany maro, toy ny hoe "lehibe", "mpanampy", "mpandimby", "olo-marina" sy "filoha". Io hadith io dia anefa dia mitaky fanazavana avy amin'ilay andininy mikasika ny Moubâhalat (Kor'âny 3/61). Ao amin'io andininy io, i Allâh dia mampitovy an'i 'Alî amin'ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s).**

**Tsy misy ny mahasamihafa ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ny tenan'i 'Alî(a.s) satria i Allâh dia nanambatra ny tenan'izy roa tonta tamin'ny alalan'ny mpisolo anarana iray ihany izay manondro an'ilay Mpaminany(s.a.s)** ».

Nanohy ny fanazavany hatrany i Mouhammad Ibn Talhah hoe:

« **Ao amin'io hadith io, ilay Mpaminany(s.a.s) dia manambara fa ireo adidy rehetra tsy maintsy atao aminy dia tsy maintsy atao koa amin'i 'Alî. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy isalasalana fa manam-pahefana amin'ireo mpino amin'ny lafiny rehetra; Izy no mpanampy sy mpitarika ary lehiben'izy ireo (araka ny hevitra rehetra fonosin'ilay teny hoe Mawlâ), toy izany koa no tiany hambara mikasika an'i 'Alî(a.s). Ary mazava ho azy fa izany dia anjara toerana avo, voninahitra tena ambony voatokana ho an'i 'Alî. Noho izany antony izany no nahatonga ny andron'i Ghadîr ho andro fety sy fifaliana ho an'ireo mitia sy naman'i 'Alî** ».

**Hâfiz** : Araka ny voalazanao, ny teny hoe "Mawlâ" dia manana ny heviny maro. Koa tsy mety ny fanomezana azy eto heviny mazava dia ilay fananam-pahefana ka hotsinontsinoavina ireo heviny hafa.

**Chîrâzî** : Ianareo dia mahay tsara ireo fitsipika momba ny foto-kevitry ny teny: na dia manana ny heviny maro aza ny teny iray, dia tsy maintsy misy heviny iray no fototra izany niavian'ireo sampany rehetra. Amin'ny fomba fiteny hafa, raha ny teny iray no manana ny heviny mivantana sy ny heviny ankolaka dia ilay heviny mivantana no laharam-pahamehana voalohany, afa-tsy hoe angaha misy teny hafa izay manery amin'ny hitazonana ilay heviny ankolaka.

Arak'izany, ny teny "**Mawlâ**" na "**wali**", ny foto-keviny (na ny heviny mivantana) dia ny hoe **lehibe**, **tompom-pahefana**. Ohatra ny teny hoe ilay wali amin'ny "nikâh" (fanambadiana) dia midika ilay olona izay mpisolontena na tompom-pahefana amin'izany raharaha izany. Ny wali ho an'ny vehivavy manambady dia ny vadiny na izay olona manan-jo aminy voalohany misolo toeran'ny vadiny; ny walî ho an'ny ankizy dia ny rainy,

izay manam-pahefana aminy tanteraka. Ny walî ho an'ny mpanjaka dia izay manan-jo hanjaka aorian'ny fahafatesan'ilay mpanjaka.

Ankoatr'izany, dia azo averina aminareo ny fitsikerana nataonareo: nahoana ny dikany no feranareo ho "**namana**" sy "**mpanampy**" foana eo anatrehan'ireo dikany maro? Ny famerana ny dikany toy izany tsy misy antony mazava dia zava-poana. Ireo dikany izay notazominay dia marim-pototra. Ireo andinin'ny Kor'âny masina, ireo hadith sy ny hevitr'ireo manam-pahaizana maro dia mifanaraka amin'ny dikany izay nambaranay. Tsy vitan'izany fa ireo porofo avy amin'ireo manam-pahaizanareo malaza toa an'i **Sibt Ibn al-Jawzî**, i **Mouhammad Ibn Abî Talhah al-Châfi'î** dia manamarina ihany koa izany dikany izany.

Manampy izany, hadith maro avy amin'ny bokinareo sy bokinay dia mitantara fa io andinin'ny Kor'âny masina io dia vakiana toy izao: « **Ry Mpaminanin'i Allâh! Ampitao izay nampidinina taminao avy tamin'Ilay Tomponao, mikasika ny Wilâyat fananan'i 'Alî fahefana amin'ireo mpino rehetra** », araka ny efa noresahintsika tetsy ambony.

Na izany na tsy izany, i **Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî** (izay tena hajainareo fatratra) dia nanangona an'ireo hadith ireo sy ireo hafa izay manambara fa io andinin'ny Kor'âny masina io dia maneho miharihary ny **Imâmat** fitarihan'ny Imâm 'Alî(a.s), ao amin'ny bokiny **tafsîr** malaza: **al-Dourr-oul-Manthour Fî Tafsîr al-Qour'ân bil-Manthour**. Ny famakiana izany dia ampy haharesy lahatra anareo.

<u>Ny porofo natolotry ny Imâm 'Alî(a.s) dia avy tamin'ilay hadîth-Ghadîr</u>

Raha io hadith io sy ilay teny "Mawlâ" no tsy manaporofo ny Imâmat fitarihany sy ny fananany fahefana amin'ireo mpino, dia tsy mba nolazainy matetika izany ho fiarovanay ny zony. Teo anatrehan'ireo komity enina fakan-kevitra izay najoron'i Omar Ibn al-Khattâb mba hanendrena ny olona handimby azy, dia nampiasainy io hadith io mba hanaporofoany ny Imâmat fitarihany; nitantara izany i:

- **Al-Khatîb al-Khawârizmî** ao amin'ny *Manâqib*, p.217,

- **Ibrahim Ibn Mouhammad Hamwaini** ao amin'ny *Farâ'id,* toko faha-58,

- **Al-Hâfiz Ibn 'Iqdah** ao amin'ny *Kitâb-oul-Wilâyat,*

- **Ibn Hâtam Damishqi** ao amin'ny *al-Dourr-oul-Nadhîm*

- **Ary Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny *Sharh Nahj-oul-Balâghat,* boky faha-Il.

Maro amin'ireo manam-pahaizanareo no nitantara ilay toriteny nataon'i 'Alî(a.s) teo anatrehan'ireo Silamo tao an-tokontanin'ny Mosken'i Koufa. Ireto ny sasany amin'ny lisitry ny anaran'izy ireo nitantara izany:

- Ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny *Mousnad,* fizarana faha-1, p. 129,

- **Ibn Athir Jazari** ao amin'ny *Ousoud-oul-Ghâbah,* boky faha-III sy boky faha-V, pejy 206 sy 276,

- **Ibn Qutaybah** ao amin'ny *Ma'ârif,* p. 194,

- **Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny *Kifâyat-out-Tâlib,*

- **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny *Sharh Nahj-oul-Balâghat,* boky voalohany, p. 362,

- **Al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî** ao amin'ny *Hilyat-oul-Awliyâ boky faha-V,* p. 26,

- **Ibn Hajar al-'Asqalânî** ao amin'ny *al-Isâbah,* boky faha-II, pejy faha-408,

- **Mouhibou al-Dîne Tabarî** ao amin'ny *Zhakhâ'ir-il-'Ouqbâ, pejy faha*-67,

- Ny **imâm Abdoul-Rahmân al-Nisâ'î** ao amin'ny *Khasâ'is-oul-'Alawî,* pejy faha-26,

- **Al-'Allamah Samhoudî** ao amin'ny *Jawâir-oul-'Iqdain,*

- **Chams-oud-Dîne al-Jazari** ao amin'ny *Asnâ al-Matâlib***,** pejy faha-3,

- **Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî** ao amin'ny *Yanâbî'-oul-Mawaddat*, toko faha-4,

- **Al-Hâfiz Ibn 'Iqdah** ao amin'ny *Kitâb-oul-Wilâyat.*

Araka ny tantara nolazain'izy ireto: i 'Alî(a.s) dia nijoro teo anatrehan'ireo vahoakan'i Koufa sy nangataka porofo izy ny amin'ny fisian'izy ireo tao Ghadîr Khoum sy izay zavatra nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s). Telopolo tamin'ireo Sakaiza, ka ny roa ambin'ny folo tamin'izany dia "Badri" (ireo nitolona tamin'ny adin'i Badr), no nitsangana sy niaiky fa tao Ghadîr Khoum, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanangana ho ambony ny tanan'i 'Alî(a.s) sy niteny tamin'ireo Silamo hoe:

"**Fantatrareo ve fa izaho no manam-pahefana lehibe amin'ireo mpino mihoatra ny fahefana ananan'izy ireo amin'ny tenany avy?**" Namaly ny rehetra hoe "**Eny**". Hoy àry ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: "**Izay manaiky fa izaho no Mawlâ (lehibeny), dia i 'Alî ihany koa no Mawlâ (lehibeny)**".

<u>Fiarovan-tena mampalahelo avy amin'ireo izay tsy mankasitraka an'ilay hadîth-Ghadîr</u>

Anisan'ireo olona nanatrika izany fivoriam-bahoaka (teo amin'ny tokontanin'ny Mosken'i Koufa) izany, dia nisy telo ireo Sakaiza no nandà hanamarina izany zava-nitranga izany. Ny iray amin'izy ireo dia i Anas Ibn Mâlik, izay nilaza ny tenany fa efa antitra ka nanadino izany. Nanozona azy telo ireo i 'Alî(a.s) sy niteny hoe: "**Raha mandainga ianareo, dia aoka i Allâh no hampahory anareo amin'ny habokana ka na dia ny fehilohanareo aza dia tsy afaka manafina izany**". Mbola tsy tafatsangana tamin'ny toerany akory i Anas dia rakotry ny habokana ny vatany iray manontolo. (Araka ny voalazan'ny tantara sasany dia lasa jamba sy boka izy).

Fahefatra, ny fomba fitantarana ilay hadith dia maneho ny hevitry ny "**Mawlâ**" ho "lehibe". Ilay Mpaminany(s.a.s) tao Ghadîr dia nanontany an'ireo Sakaizany hoe: "**Tsy izaho ve no manana fahefana lehibe kokoa eo aminareo mihoatra ny fanananareo izany amin'ny tenanareo?**" Izany dia mifanaraka amin'ilay andinin'ny Kor'âny masina hoe:

**« Manana zo kokoa amin'ireo mpino ny Mpaminany, mihoatra ny zo hananan'izy ireo amin'ny tenany »**[86].

Ankoatr'izany, dia misy hadith iray mahafatoky sy eken'ireo antokom-pinoana roa tonta izay nitenenan'ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: "**Tsy misy mpino iray ka tsy ananako fahefana lehibe tokoa eto an-tany sy any ankoatra, mihoatra ny fahefana ananany amin'ny tenany**".

Niray feo ny rehetra namaly fa Izy dia manam-pahefana lehibe tokoa eo amin'ny tenan'izy ireo mihoatra ny fananan'izy ireo izany amin'ny tenan'izy ireo. Ary nanohy ny teniny ilay Mpaminany hoe: "**Izay rehetra manaiky fa izaho no Mawlâ, i 'Alî ihany koa dia ekeny ho Mawlâ**".

Koa arak'izany firafitr'ilay teny izany, dia fantatra avy hatrany fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia miresaka momba ny fahefana sy ny zo ananany amin'ny hafa, tamin'ny fampiasana ny teny hoe "**Mawlâ**".

**Hâfiz** : Ao amin'ny ankamaroan'ireo bokinay dia tsy ahitana mihitsy ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) milaza hoe: "**Tsy izaho ve no manana fahefana lehibe kokoa eo aminareo mihoatra ny fanananareo izany amin'ny tenanareo?**"

**Chîrâzî** : Eo ampitantarana ny hadith-Ghadîr, ireo mpitantara dia mampiasa teny somary misy ny fahasamihafany kely fotsiny, fa mikasika ireo hadith ao amin'ireo "Chiites", ireo manam-pahaizana rehetra mpino Ithnâ Asharî dia samy miara-manaiky ny foto-kevitra sy ny fotoana nitrangan'ilay hadith-Ghadîr sahala amin'ny efa nolazaina teo aloha.

Ary ny ankamaroan'ireo manam-pahaizana "Sunnites", tahaka an'i **Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin'ny **Tazhkirat Khawâs-oul-Oummah** p.18, ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny **Mousnad**, i **Nour-oud-Dîne al-Sabbâgh al-Mâlikî** ao amin'ny **Fousoul-oul-Mouhimmat** sy ireo hafa maro izay nitantara ny hadith-Ghadîr dia nanambara ilay fehezanteny hoe

---

[86] Kor'âny 33/6

“**Tsy izaho ve no manana fahefana lehibe kokoa eo aminareo mihoatra ny fanananareo izany amin’ny tenanareo?**”

Ankehitriny dia mahafaly ahy, ny manolotra ny dikan’io hadith io, izay notantarain’ny imâm mpitahiry ireo lovan-tsofina, ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin’ny bokiny **Mousnad**, boky faha-IV, p.281, araka ny voalazan’i **Barâ’ Ibn ‘Azib** izay niteny hoe:

« Nanao dia lavitra niaraka tamin’ilay Mpaminany aho, ka tonga hatrany amin’i Ghadîr izahay. Fa hoy ilay Mpaminany: “**Mivoria ianareo mba hivavaka**”. Fomba mahazatra rehefa misy zava-dehibe hitranga dia mamporisika an’ireo Silamo hivory ilay Mpaminany mba hivavaka. Rehefa tafavory ny vahoaka ary vita ny fivavahana, dia nanao toriteny ilay Mpaminany. Toerana voatokana teo anelanelan’ny hazo anankiroa no nijoroan’ilay Mpaminany. Taorian’ny fahavitan’ireo tonombavaka, dia natsangan’ilay Mpaminany ho ambony nihoatra ny lohany ny tanan’i ‘Alî ka niteny tamin’ireo vahoaka nanao hoe: “**Tsy hainareo ve fa izaho no lehiben’ireo mpino ary izaho dia manan-jo kokoa eo amin’izy ireo mihoatra ny zo hananan’izy ireo amin’ny tenan’izy ireo?**” Namaly izy ireo hoe: “**Eny, hainay izany**”. Hoy indray Izy hoe: “**Tsy izaho ve no manan-jo lehibe kokoa eo aminareo mihoatra ny fanananareo izany amin’ny tenanareo?**” Namaly ny rehetra hoe: “**Eny, hainay izany**”. Avy eo ilay Mpaminany nanambara hoe: “**Izay manaiky fa izaho no Mawlâ (lehibeny), dia i ‘Alî ihany koa no Mawlâ (lehibeny)**”. Nony avy eo dia nivavaka tamin’i Allâh Izy nanao hoe: “**Ry Allâh ô! Aoka ianao ho naman’izay minamana aminy (minamana amin’i ‘Alî) ary hifahavalo amin’izay mifahavalo aminy**”. Tsy tapitapitr’izay, tonga i Omar Ibn Khattâb nanatona an’i ‘Alî ary niarahaba azy nanao hoe: “**Ry zanak’i Abou Tâlib, ianao ankehitriny no Mawlâ lehiben’ireo mpino lahy sy vavy rehetra**” ».

Torak’izany koa, **Sayyed ‘Alî al-Hamadânî al-Châfi’î** ao amin’ny **Mawaddat-oul-Qourbâ**, **Mawaddat faha-V**, i **Soulaymân al-Balkhî** ao amin’ny **Yanâbi’ou**, sy i **al-Hâfiz Abou Nâ’im** ao amin’ny bokiny **Hilyat** dia samy nanoratra an’io hadith io avokoa miaraka amin’ny fomba samihafa kely.

**Al-Hâfiz Aboul-Fat'h** sy **Ibn al-Sabbâgh** ao amin'ny **Fousoul-oul-Mouhimmah** bokin'izy ireo dia samy nitantara io hadith toy izao: "**Ry vahoaka! Allâh no Mawlâ (lehibeko) ary izaho dia manan-jo kokoa amin'ny tenanareo mihoatra ny fanananareo izany amin'ny tenanareo. Tokony hohainareo fa izay manaiky fa izaho no Mawlâ, dia i 'Alî ihany koa no Mawlâ (lehibeny)**".

Ibn Mâjah al-Qazwîni ao amin'ny bokiny Sounan sy ny imâm Abou Adoul-Rahmân al-Nisâ'î ao amin'ny bokiny Khasâ'is-oul-'Alawî (pejy 24-81-83-93) dia nitantara an'io hadith amin'ny fomba mitovy. Ary i Zaïd Ibn Arqam dia nanoratra ao amin'ny hadith faha-84 fa ilay Mpaminanin'(s.a.s) i Allâh dia niteny hoe: "**Tsy hainareo ve fa izaho no manam-pahefana lehibe kokoa eo amin'ireo mpino rehetra lahy sy vavy mihoatra ny fananan'izy ireo izany amin'ny tenan'izy ireo?**" Namaly ny rehetra hoe: "**Manaiky izahay fa ianao dia manam-pahefana lehibe kokoa amin'ny mpino tsirairay, mihoatra ny fananany izany amin'ny tenany".** Nilaza àry ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: "**Izay manaiky fa izaho no Mawlâ (lehibeny), dia indro ihany koa i 'Alî mba ekeny ho Mawlâ (lehibeny)**". Ary tamin'izay dia natsangany teny ambony ny tanan'i 'Alî(a.s).

**Al-Khatîb al-Baghdadî** (nodimandry tamin'ny taona 462H) ao amin'ny bokiny **Târîkh Baghdâd**, boky faha-8, p.289; 290 dia nitantara hadith iray avy tamin'i **Abou Houraïrat** izay nilaza fa na iza na iza no manao fifehezana (sawm) amin'ny andro faha-18 Zhoul-Hijjat (andron'i Ghadîr), dia hahazo valisoa ara-panahy mitovy amin'ny fifehezana natao nandritra ny enimpolo volana. Avy eo nambarany io hadith voalaza ambony io tamin'ny fomba mitovy.

Ny fahadimin'ny antony manaporofo ny Wilâyat fahefan'i 'Alî(a.s) dia ny famakian'i **Hassan Ibn Thâbit** araka ny fahazoan-dàlana avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) teo amin'ny fivoriam-bahoaka, izay nanambarana ny voninahitr'i 'Alî(a.s) ho khalîfat mpandimby. **Sibt Ibn al-Jawzî** sy ireo hafa dia nanoratra fa teo ampihainoana an'izany tononkalo izany, izay manamarika mazava tsara ny fametrahana an'i 'Alî ho Khalîfat notendrin'ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh, dia niteny ilay Mpaminany(s.a.s)

hoe: “**Ry Hassan! Hatramin’ny ela ianao no mbola manohy manampy anay sy midera anay amin’ny alalan’ny vavanao, koa ny Rouh-oul-Qouds, Fanahy Masina anie hanampy anao ihany koa**”. Izany tononkalo novakiana teo imasom-bahoaka, maneho mazava tsara ny fannendrena an’i ‘Alî ho Khalîfat mpandimby izany sy ilay fankasitrahan’ny Mpaminany(s.a.s) an’ilay poeta malaza tamin’io fotoana io, dia manaisotra tanteraka ny fisalasalana mikasika ny fisian’io fanoloram-pahefana io.

Ilay mpanao tafsîr malaza sy mpitantara hadith tamin’ny taon-jato fahefatry ny Hijrat, i **al-Hâfiz Ibn Mardawiyya** (nodimandry tamin’ny taona 352H) ao amin’ny bokiny **Manâqib**, ilay filohan’ireo imâm, i **Mouwafiq Ahmad al-Khawârizmî** ao amin’ny **Manâqib** sy **Maqtal-oul-Houssein**, fizarana faha-IV, i **Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî** ao amin’ny **Risâlat-oul-Azhâr fî mâ ‘Aqadahoush-Shou’arâ** sy ireo manam-pahaizana, mpitantara hadith, mpahay tantara, maro hafa, dia samy nitantara avy tamin’i **Abou Sa’îd Khadrî** fa tamin’ny andron’i Ghadîr Khoum, taorian’ny toritenin’ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny fanendrena an’i ‘Alî(a.s) ho khalîfat, dia niteny i Hassan Ibn Thâbit hoe: “**Avelanao ve aho mba hamaky tononkalo fohifohy amin’ity andro ity?**” Hoy ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: “**Eny, ataovy izany miaraka amin’ny fahasoavan’i Allâh**”. Koa nitsangana izy ary namaky tononkalo noforonina tampoka teo noho eo. Midika toy izao izany tononkalo izany:

Ny andron’i Ghadîr-Khoum, ilay Mpaminany namory ny Oumma ary reko ny antsony.

Ilay Mpaminany niteny tamin’ny vahoakany: “**Iza no Mawlâ sy wali eo aminareo?**” Namaly mazava tsara ny vahoaka hoe: “**Allâh no Mawlâ (Tomponay) ary ianao no wali (mpiahy anay), tsy nisy na iray aza nandà izany**”.

Niteny àry ilay Mpaminany(s.a.s) tamin’i ‘Alî(a.s) nanao hoe: “**Mitsangana ianao! Fa mahafaly ahy ny hanendry anao ho Imâm (mpandimby) sy Hâdî (mpitarika) avy aoriako. Koa izay manaiky fa izaho no Mawlâ (lehibeny), dia indro ihany koa i ‘Alî mba ekeny ho**

**Mawlâ (lehibeny). Noho izany, dia tokony hanampy azy amin'ny fo madio sy am-panajana ianareo rehetra**". Avy eo nivavaka tamin'i Allâh ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: "**Ry Allâh ô! Aoka Ianao ho naman'izay minamana aminy (amin'i 'Alî) ary aoka ho fahavalon'izay mifahavalo aminy**".

Izany tononkalo izany dia porofo miharihary fa tamin'io andro io ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanazava ny dikan'ny teny hoe "**Mawlâ**" ho toy ny "I**mâm**" sy "**Khalîfat**" avy aorian'ilay Mpaminany(s.a.s). Raha ny teny "**Mawlâ**" no tsy midika ho "**Imâm**" na "**Lehibe**" mpitarik'ireo hafa, dia avy hatrany ilay Mpaminany(s.a.s) ho tsy maintsy nampiato an'i Hassan Ibn Thâbit rehefa izy niteny hoe: "**Mahafaly ahy ny hanendry anao ho Imâm sy Mpitarika avy aoriako**", mba hanitsy azy fa ny tiany hambara mikasika an'i 'Alî(a.s) dia tsy ho Imâm sy mpandimby Azy akory fa kosa "**namana**" na "**mpanampy**" fotsiny. Nefa mifanohitra amin'izany, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nankasitra azy tamin'ny alalan'ny fitenenany hoe: "**Ny Fanahy Masina anie hanampy anao ihany koa**".

Fanampin'izany, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanazava tsara ny fipetraky ny Imâmat na ny Wilâyat izay hotazomin'i 'Alî(a.s), tao anatin'ilay toriteniny. Tokony hovakianareo izany toriteny nataony tamin'ny andron'i Ghadîr Khoum izany; i **Abou Ja'afar Mouhammad Ibn Jarîr Tabarî** (nodimandry tamin'ny taona 310H) ao amin'ny **Kitâb-oul-Wilâyat**, dia nitantara izany toriteny izany feno tanteraka. Nambarany fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: "**Aoka ianareo hihaino sy hankato. Marina dia marina fa i Allâh no Mawlâ eo aminareo ary i 'Alî no Imâm mpitarika anareo. Hatramin'ny Andron'ny Fitsarana, ny Imâmat dia avy amin'ny taranako, dia ireo taranak'i 'Alî**".

## Fizarana fahenina

<u>Tsy fanajan'ireo Sakaiza ny fifanekena nifanaovan'izy ireo tao Ouhoud sy Hounayn ary Houdaibiyat</u>

Ny fanazavana izay natolotrareo mikasika ny hevitry ny teny "Mawlâ", dia fantatra fa ireo Sakaiza dia nanao fifanekena tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'io andro io. Manaiky izany tranga niseho izany ireo antokom-pinoana roa tonta. Fa nahoana àry izy ireo no tsy nanaja izany fifanekena nataon'izy ireo izany? Raha heverina fa ny tian'ilay Mpaminany(s.a.s) holazaina amin'ny teny hoe "**Mawlâ**" dia "**namana**" na "**mpanampy**", dia azafady mba lazao aminay, raha toa ka porofon'ny fitiava-namana ny fandoroana ny tranony, ny fampihorohoroana ny fianakaviany sy ny fandrahonana azy amin'ny sabatra? Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanome toromarika mazava tsara mba hanao fanekem-pankatoavana amin'i 'Alî(a.s). Mihevitra ve ianareo fa Izy dia maniry ilay vinantony(a.s) mba hampihorohoroana toy izany? Taorian'ny nahafaty an'ilay Mpaminany(s.a.s), moa ve tsy notapahin'izy ireo ilay fifanekana nataon'izy ireo? Araka ny fiheveranareo dia nahafeno ny fepetran'ny fisakaizana ve izy ireo? Moa ve izy ireo mba namaky ihany ny Kor'âny masina toko faha-13 andininy faha-25?

« **Fa ireo izay mandika ny fifanekeny tamin'i Allâh rehefa avy nanaiky izany, sy manapaka izay nodidian'i Allâh mba hitambatra ary manimba ny eny ambonin'ny tany, dia ho voaozona …** »[87]

Tamin'ny adin'i Ouhoud sy Hounayn, rehefa nampanantena ireo Sakaiza fa tsy hitsoak'ady, dia moa ve izy ireo tsy nanao tongotra an-katoka nandositra tokoa? Izy ireo dia vaky lositra, namela irery an'ilay Mpaminany(s.a.s) niatrika ny fahavalo! Izany no voarakitr'ireo mpahay tantara eo aminareo toa an'i **Tabarî**, **Ibn Abî al-Hadîd** sy **Ibn A'tham al-Koufî**. Moa ve izany tsy midika ho tsy fanajana miharihary ilay fifanekena?

Ianianako amin'i Allâh fa ianareo dia manendrikendrika diso an'ireo "Chiites" kanefa izahay dia mamerina milaza fotsiny izay nolazain'ireo manam-pahaizana sy mpahay tantara malaza eo aminareo. Tsy mazava amiko fa nahoana ianareo no manenjika anay foana hatramin'ireo taranaka fara mandimby. Raha ianareo no manoratra dia

[87] Kor'âny 13/25

ekena, fa raha izahay no manoratra izay efa voasoratr'ireo manam-pahaizana "sunnites" teo alohanay dia lazaina fa jentilisa nohon'ny fitsikeranay fotsiny ny tsy rariny ataon'ireo Sakaizany sasany.

Koa raha ny fitsikerana an'ireo Sakaiza no midika ho "**Râfidhisme**" (fandavana ny "**sunna**"), dia midika izany fa "Râfidhites" ihany koa ireo Sakaiza rehetra satria izy ireo dia nifampitsikera ireo asa ratsy nataon'izy ireo. Anisan'izany Abou Bakr sy i Omar.

Ny sasany amin'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia mpino tena nanana ny fahatahorana lehibe an'i Allâh tokoa sy mendri-panajana. Ny sasany kosa dia nirona tamin'ny filàn-dratsin'izy ireo ka voahozona. Raha te hanaporofo ara-tantara ny fahamarinan'izany ianareo dia amporisihiko ianareo mba hamaky ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** bokin'**Ibn Abî al-Hadîd**, boky faha-IV, pejy faha-454;562 sy handinika tsara ny valinteny antsipiriany nomen'i **Zaïdî** tamin'ny fitsikeran'i **Aboul Ma'ali Jouwaini**, izay notantarain'i **Abou Ja'afar al-Naqîb**. Ho hainareo amin'izany ny mahagoavana ny fifandirana nisy teo amin'ireo samy Sakaiza izay nifanozona, mifanaratsy ho mpanota sy jentilisa.

Ao amin'ny tantarany mikasika ny raharahan'i **Houdaibiyat**, **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** sy ireo hafa amin'ireo mpahay tantara eo aminareo dia nanoratra ihany koa fa taorian'ny nanaovana ilay fanekem-pilaminana, ny ankamaroan'ireo Sakaiza, anisan'izany i Omar Ibn Khattâb, dia naneho hatezerana rehefa natao ilay fifanarahana. Nilaza tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) izy ireo fa tsy afa-po sy mbola te hiady. Namaly azy ireo ilay Mpaminany(s.a.s) fa malalaka izy ireo amin'izay tian'izy ireo hatao. Arak'izany dia notafihin'izy ireo ihany ny fahavalo. Nefa dia tra-paheresena mafy ireo Sakaiza ka lasa nandositra teny an-tampon'ireo havoana nifanakaiky ary tsy mba niverina mihitsy izy ireo mba hiaro an'ilay Mpaminanin'ny Islâm. Ity farany àry niangavy an'i 'Alî(a.s) mba hitazona ny sabany sy hanosika an'ireo Qouraych fahavalo. Teo anatrehan'i 'Alî(a.s) ireo Qouraych dia voatosika sy resy tanteraka. Avy eo ireo Sakaiza izay nandositra ireo no niverina, niala-tsiny teo anatrehan'ilay Mpaminany(s.a.s).

Fa hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "**Moa ve tsy haiko loatra iza ianareo?! Moa ve tsy ianareo ihany no nihorohoron'ny fahatahorana tamin'ny adin'i Badr mandra-pandefasan'Ilay Tsitoha ireo anjeliny mba hamonjy antsika? Moa ve tsy ianareo ihany no ireo Sakaiza izay nandositra teny an-tampon'ireo havoana ka namela ahy irery tsy hisy mpiaro tamin'ny adin'i Ouhoud? Na dia tsy nitsahatra niantsoantso anareo aza aho dia tsy nisy niverina akory ianareo**".

Nanohy nitanisa ny fahalemen'izy ireo ilay Mpaminany(s.a.s) fa izy ireo kosa dia naneho ny fanenenan'izy ireo hatrany tamin'ny asa ratsy nataon'izy ireo. **Ibn Abî al-Hadîd** dia namarana ny heviny tamin'ny filazany fa ireo tsiny ireo dia nalefa indrindra ho an'i Omar izay tsy nino mihitsy ireo fampanantenana avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s). Nolazainy koa fa arak'ireo tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo, mazava ho azy fa ilay khalîfat Omar dia nandositra ihany koa tamin'ny adin'i Ouhoud satria noraisin'ilay Mpaminany(s.a.s) ho porofo koa izany.

Ankehitriny àry dia ianareo ihany no afaka hitsara raha toa ka izahay izay mitantara izany zava-nisy izany (izay noraiketin'ireo manam-pahaizanareo ambony toa an'i **Abî al-Hadîd** sy ireo hafa) no avy hatrany dia henjehina satria izahay no niteny ratsy ny khalîfat, fa kosa tsy asiana olana akory ny amin'i **Abî al-Hadîd**. Ny tena marina anefa dia tsy mba manana fikasana ny hiteny ratsy na iza na iza akory izahay. Fa ireo zava-nisy ara-tantara fotsiny no tantarainay ary dia mijery ratsy anay noho izany ianareo. Tena tsy mahalala ireo zava-nisy ve ianareo sa mody tsy mahalala?

## <u>Ireo "Chiites" dia hitaky ny rariny any amin'ny Andro Fitsarana</u>

Ireo "Chiites" dia hanana fitoriana maro anareo manam-pahaizana any amin'ny Andro Fitsarana. Mbola ho avy ny andro farany ka tsy maintsy hovalianareo eo amin'ny Fitsaran'i Allâh ireo fampahoriana nataonareo.

**Hâfiz** : Lazao aminay inona ny fampahoriana hitakianareo ny rariny amin'ny Andro Fitsarana?

**Chîrâzî** : Afaka manome ohatra ho anareo ny tenako. Amin'ny Andron'ny Fitsarana dia tena hotakiako tokoa ny rariny.

**Hâfiz** : Miangavy anao aho mba tsy hikendry ny fangorahampon'ireo hafa. Lazao aminay fotsiny inona ny fampahoriana izay mampijaly anao?

**Chîrâzî** : Ny fampahoriana sy ny famoretana dia tsy vao nanomboka amin'izao fotoana iainantsika izao. Fa izany dia nanomboka nitranga raha vao niamboho ilay razanay, ilay Mpaminany(s.a.s). Ny zon'i Fâtimat al-Zahrâ(a.s) ilay renibenay voatsindrihazolena, izay nolovany avy tamin-drainy, ilay Mpaminany(s.a.s), mba hitaizany ireo zanany, dia nesorina taminy. Tsy nisy na iray akory aza no mba niraharaha ireo fitarainany sy ireo fitakiany. Nony farany dia maty tao anatin'ny fahatanorany izy, niaraka amin'ny fo feno ratra.

**Hâfiz** : Ianao dia mihatsy ireo olona tsy amin'antony. Lazao aminay inona ny zony izay nobaboina? Tsarovy fa raha ianao tsy afaka manamarina ny fitorianao, dia ho resy tanteraka ianao eo anatrehan'ny Fitsaran'i Allâh.

**Chîrâzî** : Ho avy ny andro iray, izay hijoroantsika manoloana ny Fitsaran'i Allâh. Raha ianareo no mba manaja ny fahamarinana na dia kely foana aza, dia hihaino ny fitoriako ianareo, tsy misy fiangarana, toy ny mpitsara tsy mizaha tavan'olona. Inoako amin'izay fotoana izay fa hiaiky ny fahamarinan'ny fitoriako ianareo.

**Hâfiz** : Mianiana aho fa tsy hiangatra no tsy hizirizіry amin'ny hevitro. Tsapanao tokoa angamba fa nandritra ireo alim-pivoriana ireo ny tenako dia tsy mba nikiribiby tamin'ny ady hevitra izay natao. Rehefa maheno ny porofo mifanaraka amin'ny saina aho dia manaiky izany tokoa. Ny fahanginako dia manambara ihany koa ny fanekeko. Ny toetrako dia tsy mba mitia ny mifanditra. Ekeko fa talohan'ny nihaonako taminao teto dia naniry ny mba handresy anao aho. Nefa akory ny hagagako mahita ny fahadiovanao, ny fahendrenao, ny fahalalam-pomba misy aminao, ny fahatsoranao sy ny hakingan-tsaina ananao izay mahatonga ahy hiondrika

eo anatrehan'i Allâh, manoloana ireo porofo lojika, na dia hiteraka ny fahakivian'ireo sasany aza izany. Minoa ahy ianao fa izaho dia tsy ilay olona tamin'ilay alim-pivoriana voalohany iny intsony. Tena lazaiko am-pahatsorana amin'ny fo madio aminao fa ireo porofo nentinao dia tena tafiditra lalina ao am-poko. Iriko indrindra ny mba ho faty ao anatin'ny fitiavana sy fankatoavana an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo taranany mba ahafahako hijoro am-pahasambarana sy amin'ny fahafaham-po eo anatrehan'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Chîrâzî** : Efa nandrasana fa tsy maintsy ny manam-pahaizana tahaka anao izao no hanana fahadiovam-po toy izany. Nahatalanjona ahy tokoa ireo fanamarihana nataonao teo ary dia miraiki-po aminao tanteraka aho. Tiako amin'izay ankehitriny ny hametraka fangatahana aminao. Antenaiko fa ankasitrahanao izany.

**Hâfiz** : Eny àry raha izany no sitrakao.

**Chîrâzî** : Anio alina aho dia te ho mpitsara ary ianareo kosa no ho vavolombelona mba ahafahanareo manapa-kevitra tsy mitanila, raha toa ka rariny ny fitarainako. Ny sasany amin'ireo mpino tsy ampy fahalalana dia mihevitra fa tsy ilaina ny miady hevitra amin'ny zava-nitranga efa ho 1.300 taona lasa izay.Tsy tsapan'izy ireo fa ireo resaka mifandray amin'ny fahalalana dia resahina foana isaky ny vanim-potoana tsirairay. Ny miady hevitra am-pahamaontinana dia mampiharihary ny fahamarinana ary araka ny lalàna, ny lova dia azon'ny mpandova ho takiana foana amin'ny fotoana rehetra. Koa satria iray amin'ireo mpandova aho, dia tiako ny hametraka aminareo fanontaniana iray. Aoka ianareo hanome ahy valiny marina sy amin'ny fo madio.

**Hâfiz** : Eny, mahafaly ahy ny hihaino ny teninao.

**Chîrâzî** : Raha, nohon'ny baikon'i Allâh, ny ray no nanome fananana ho an-janany ary raha, taorian'ny nahafatesan'ilay ray, nisy naka ny fananana tamin'ilay zanaka, nefa zavatra efa fananany izany, manao ahoana àry ny endriky ny fitakiana amin'izany?

**Hâfiz** : Ny fakana an-keriny toy izany dia tsy rariny tanteraka. Fa iza moa no ampitahainao amin'izany firesahanao ny mpanageja sy ny voageja izany?

<u>Fadak sy ny fakana azy an-keriny</u>

**Chîrâzî** : Rehefa babo an'ady ireo miaramilan'i Khaybar, dia tonga teo amin'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo andriana sy ireo mpanan-karena. Fadak dia velaran-tany iray tao an-dohasahan'i Madînat. Tany izay misy tanàna miisa fito mitomandavana hatreny amoron-dranomasina. Io tany io dia tena nahavokatra tokoa, nahitana ireo karazan-java-maniry eny an'efitra (oasis) saika nanerana azy. Fifanekem-pilaminana teo amin'ireo jiosy sy ilay Mpaminany(s.a.s) no nosoniavina ka nifanaiky ny andaniny sy ny ankilany fa ny antsasaky ny Fadak no ho azy ireo fa ny antsasany sisa kosa dia ho fananan'ilay Mpaminany(s.a.s). Izany moa dia notantarain'i:

-**Yâqout al-Hamawi**, tompon'ilay boky **Mou'jam al-Bouldah** ao amin'ny bokiny iray hafa: **Foutouh-oul-Bouldân**, boky faha-VI, pejy.343,
-**Ahmad Ibn Yahyâ al-Baiâthourî al-Baghdadî** (nodimandry tamin'ny taona 279H) ao amin'ny bokiny **Târîkh**.
-**Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî** ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** (natonta tao Ezypta), boky faha-IV, pejy faha-78, araka ny voalazan'i **Abou Bakr Ahmad Ibn Abdoul-Azîz al-Jawhrî**,
-**Mouhammad Ibn Jarîr al-Tabarî** ao amin'ny bokiny **al-Târîkh al-Kabîr** ary ireo mpitahiry lovan-tsofina sy mpahay tantara maro izay nitantara fa:

Rehefa teny an-dàlana nizotra nankany Madînat ilay Mpaminany(s.a.s), dia tonga nanambara taminy ity andininy ity i Gabriel:

« **Ary omeo ny havana akaiky ny tokony ho anjarany ary koa ny mahantra sy ny mpandeha lavitra. Ary aza mandanindany foana amin'ny tsy misy antony** »[88].

---

[88] Kor'âny 17/26

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia te hahafantatra ny tiana hambara amin'ilay teny hoe "**havana akaiky**" ka nanontany ny dikan'io fanambarana io Izy. Gabriel dia nampahafantatra Azy fa i Allâh dia nandidy hoe: "**Omeo an'i Fâtimat ilay Fadak**". Nantsoin'ilay Mpaminany avy eo i Fâtimat ary hoy Izy: "**Allâh dia nandidy ahy mba hanome anao ilay Fadak ho fanomezana**". Ary dia natolony an'i Fâtimat avy hatrany izany Fadak izany.

**Hâfiz** : Azafady lazao mazava ny fotoana nidinan'io andininy io. Moa ve voatantara ao amin'ireo bokin-tantara sy boky tafsîr an'ireo "Chiites" fotsiny izany sa novakianao ihany koa avy tao amin'ireo bokinay azo itokisana?

**Chîrâzî** : Araka ny nambarako, io tranga io dia notantarain'ny ankamaroan'ireo mpanao tafsîr sy manam-pahaizanareo, toa an'i:

-**Ahmad al-Tha'labî** ao amin'ny bokiny **Kashf al-Bayân**,

-**Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr** faha-IV, araka ny voalazan'i **al-Hâfiz Ibn Mardawiyyat**, ilay mpanao tafsîr malaza i **Ahmad Ibn Moussâ** (nodimandry tamin'ny taona 352H),

-**Al-Hâkim Aboul-Qâsim al-Haskânî**,

-**Ibn Kathîr al-Damishqî**, ilay **Faqih Châfi'îte** ao amin'ny bokiny **Târîkh** ary

-**Cheikh Soulaymân Balkhî al-Hanafî** ao amin'ny bokiny **Yanâbi'oul-Mawaddat** toko faha-39 araka ny **Tafsîr al-Tha'labî**, **Jam'oul-Fawâ'id** sy **'Ouyoun-oul-Akbâr**.

Izay samy nitantara avokoa fa rehefa ilay andininy "**Ary omeo ny havana akaiky ny tokony ho anjarany**" no nampidinina, dia nomen'ilay Mpaminany(s.a.s) an'i Fâtimat(a.s) ilay Fadak ho fanomezana. Arak'izany, hatramin'ny fahaveloman'ilay Mpaminany(s.a.s) ilay Fadak dia efa fananan'i Fâtimat(a.s) manokana. Fâtimat(a.s) nampanofa io tany io ka nahazoany vola in-telo mandrotsaka izany. Avy amin'izany vola izany no nakany ampahany mba hiveloman'ny fianakaviany ary ny sisa ambiny kosa dia nozarainy tamin'ireo mahantra avy amin'ireo Banî Hâchim. Taorian'ny nahafaty an'ilay Mpaminany(s.a.s), ireo manam-pahefanan'ny

khalîfat teo amin'ny fitondrana no nandroba ilay fananan'i Fâtimat(a.s). Manontany anareo ry vahoaka hajaina, mba hilaza amiko am-pahamarinana, manao ahoana ny fandraisanareo izany fihetsika izany?

**Hâfiz** : Sambany haneko ankehitriny fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanome ilay Fadak an'i Fâtimat(a.s) nohon'ny baikon'i Allâh.

**Chîrâzî** : Azo ekena raha ianareo no tsy nahafantatra izany tantara izany. Na izany anefa dia ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo dia samy nitantara an'io tranga io ao amin'ireo boky mahafatokin'izy ireo. Mba hinoanareo izany dia tarihiko ianareo ho any amin**'i al-Hâfiz Ibn Mardawiyyat, al-Wâqidi** sy **al-Hâkim** (vakio ny **Tafsîr** sy ny **Târîkh** nosaratan'izy ireo), **Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî** ao amin'ny **al-Dourr al-Manthour**, boky faha-IV , pejy faha-177, **Kanz-oul-'Oummâl** bokin'i **Moullah 'Alî Mouttaqî** sy ny fanamarihana fohy izay nosoratany ao amin'ny **Kitâb-oul-Akhlaq**, ao amin'ny **Mousnad bokin'i Ahmad Ibn Hanbal** mikasika ny resaka "**Silat-oul-Rahm**" (ny rohim-pihavanana) sy ny **Shahr Nahj-oul-Balâghat** bokin'**Ibn Abî al-Hadîd** boky faha-IV. Ireo manam-pahaizana rehetra ireo dia nanambara amin'ny fomba samihafa ny hadith avy tamin'i **Abou Sa'îd al-Khidrî** izay manamarina ny fanaomezan'ilay Mpaminany(s.a.s) (ilay Fadak) an'i Fâtimat al-Zahrâ(a.s) nohon'ny fanambaran'ilay andininy.

## Valintenin'i Abou Bakr avy amin'ilay hadith "Lâ nourith": "Izahay dia tsy mamela lova na iray aza"

**Hâfiz** : Ireo khalîfat dia naka ilay Fadak noho ilay hadith malaza ho azo itokisana izay notantarain'i **Abou Bakr** fa izy dia nahare ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza hoe: "**Izahay, Mpaminany rehetra, dia tsy mamela lova; fa izay harena navelay dia atao fanomezam-piantrana (izany hoe ho an'ny vahoaka)**"

## Ilay Fadak dia fanomezana fa tsy lova

**Chîrâzî** : Voalohany, izy io dia tsy lova fa kosa fanomezana. Faharoa io hadith io, dia tsy azo ekena ny fahamarinany.

**Hâfiz** : Inona ireo porofo hatolotrao tsy hanekena an'io hadith io?

**Chîrâzî** : Maro ireo antony tokony tsy hanekena an'io hadith io. Voalohany, ny olona izay namorona io hadith io dia tsy mba nandika tsara ireo teny izay nampiasainy. Raha mba nitandrina tsara izy dia tsy nilaza mihitsy hoe: "**Izahay, Mpaminany rehetra, dia tsy mamela lova**". Raha izy no nilaza hoe: **Izaho dia tsy mamela lova**" dia mba metimety kokoa io hadith noforoniny io. Nefa noho izy nampiasa mpisolo anarana maro (**Izahay, Mpaminany rehetra**), dia voatery izahay handà ny fahamarinanan'io hadith io, satria mifanohitra ankitsirano amin'ny voalazan'ny Kor'âny masina izany. Ary raha mamaky ny Kor'âny tokoa manko isika dia hahatsikaritra an' ireo andininy maro izay manambara amintsika fa ireo Mpaminany rehetra dia namela lova ho an'ireo taranany. Izanyno manaporofo avy hatrany fa tsy mitombina io hadith io.

Etsy andaniny izany, ny fanoherana nataon'ilay zanaka malalan'ilay Mpaminany(s.a.s), i Fâtimat al-Zahrâ(a.s) ny fanapahan-kevitr'i Abou Bakr haka ny fananany ilay Fadak sy ny porofo nanoherany izany tsy rariny izany, dia maneho porofo tsy azo lavina ny mahadiso an'io hadith io.

Ary koa, ao amin'ny **Kitâb al-Saqifat**, ilay mpitahiry lovan-tsofina, i **Abou Bakr Ahmad Ibn Abdoul-Azîz**, **Ibn Athîr** ao amin'ny bokiny **Nihâya**, **al-Mas'oudî** ao amin'ny **Akhbâr al-Zamân** sy ao amin'ny **Aswat**, **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-IV p.78, araka ny tantaran'i **Saqifat** sy **Fadak** an'**Ibn Abou Bakr Ahmad al-Jawharî**, dia nitantara amin'ny fomba samihafa sy avy amin'ny loharano maro, ka ny sasany dia nandray izany avy tamin'ny **Imâm fahadimy Mouhammad al-Bâqir(a.s)** araka ny tantaran'i **al-Siddîqah al-Soughrâ Zainab al-Koubrâ(a.s)** sy araka ny tantaran'i **Abdoullâh Ibn al-Hassan** avy tamin'i **al-Siddiqah al-Koubrâ Fâtimat al-Zahrâ(a.s)** sy araka ny tantaran'i **Oumm-oul-Mou'minîn Aïcha** avy tamin'i **Mouhammad Ibn Imran Marzabanî**, sy avy tamin'i **Zaïd Ibn 'Alî Ibn Houssein**(a.s), sy avy tamin'i rainy ka hatrany amin'ny **Imâm Houssein(a.s)** izay naheno izany avy tamin'ilay reniny henin-kaja, **i**

**Fâtimat al-Zahrâ(a.s)** ary koa ireo manam-pahaizana maro hafa avy ao amin'ny antokom-pinoanareo, ilay laha-tenin'i **Fâtimat(a.s)** teo anatrehan'ny fivorian'ireo Silamo maro dia maro. Ketraka naheno ny porofo maharesy lahatra izay natolony ireo mpanohitra ka tsy nahatohitra azy. Ny hany valinteny sisa nasetrin'izy ireo azy dia ny fambolen'izy ireo ny korontana.

Fitsipahan'ilay Masimbavy Fâtimat(a.s) ny hadith "Lâ nourith"

Iray amin'ireo porofo nanoheran'i Fâtimat(a.s) an'io hadith io dia, raha toa ka marina io hadith io, dia amin'ny fomba ahoana no mampisy andinin-tsoratra masina maro mikasika ny fampandovan'ireo Mpaminany ao amin'ny boky masina Kor'âny? Nilaza i Fâtimat(a.s) hoe: "**Ao amin'ny toerana iray ny Kor'âny masina dia nilaza hoe"**:

« **Ary nandova an'i Davida i Salômona** »[89]

Mikasika ny mpaminany Zakaria dia nilaza ny Kor'âny hoe:

« **Omeo taranaka avy Aminao aho izay handova ahy sy handova ny fianakavian'i Jakoba** »[90]

Miresaka momba ny vavaka nataon'i Zakaria ny Kor'âny masina dia nanambara hoe:

« **Ary i Zakaria … raha nitalaho tamin'ny Tompony izy nanao hoe : "Tompo ô! Aza avelanao irery aho! Ianao no tsara indrindra amin'ny mpampandova. Nekenay ny fangatahany, ka nomenay azy i Yahia** »[91]

Taorian'izany izy dia niteny hoe: "**Ry zanak'i Abou Qahâfat! Misy ao amin'ny bokin'i Allâh ve ny andininy iray, izay milaza fa ianao no mpandova ny rainao fa izaho dia tsy manan-jo handova ny**

[89] Kor'âny 27/16
[90] Kor'âny 19/5-6
[91] Kor'âny 21/89-90

**raiko? Ianao dia tena manao fanosoram-potaka. Moa ve niala tanteraka amin'ny bokin'i Allâh ianao sa nanadino izany? Moa ve tsy izaho no taranak'ilay Mpaminany? Nahoana no esorinao amiko ny zoko? Nahoana ireo andininy rehetra mikasika ny didim-pananana izay efa nambara mialoha ho an'ireo olombelona tsotra rehetra sy ho an'ireo Mpaminany manokana no tafiditra ao amin'ny Kor'âny masina? Moa ve ny voalazan'ireo andinin'ny Kor'âny masina dia tsy manam-piovana mihitsy mandra-pahatongavan'ilay Andron'ny Fitsarana? Tsy efa nilaza ve ny Kor'âny masina hoe**":

«**Kanefa ireo izay misy rohim-pihavanana no manana fialohàna amin'ny andaniny sy ny ankilany, araka ny Bokin'i Allâh**»[92]

« **Manoro hevitra anareo i Allâh ny amin'ny zanakareo: ny an'ny lahy mitovy fatra amin'ny anjaran'ny vavy anankiroa** »[93]

Ary "**ny lova dia voadidy ho anareo rehefa manakaiky anareo ny fahafatesana; raha namela fananana izy, dia aoka izy hampandova izany amin'ireo havany sy fianakaviany akaiky. Izany dia adidy ho an'ny rehetra izay matahotra an'i Allâh. Fa nahoana àry raha izaho manokana ihany no tsy mahazo mandova ny raiko? Moa ve i Allâh nampidina andinin-tsoratra masina manokana izay manaisotra ny raiko tsy hanana ny zony? Ianao ve no mahalala kokoa ny tian'ny Kor'âny hambara araka ny heviny mivantana sy ankolaka noho ny raiko, i Mouhammad sy i 'Alî zana-drahalahin'ny raiko?**"

Nohon'ny tsy fahafahana namaly ireo teniny sy porofo marina ireo, ny olom-panjakanan'ny khilâfat dia nanao famitahana sy fitenenan-dratsy taminy. Noho izany i Fâtimat(s.a.s) dia niteny mafy nanao hoe: "**Ankehitriny ianareo dia nandratra ny foko. Amin'ny Andro Fitsarana izaho dia hametraka fitoriana anareo eo anatrehan'ny Fitsaran'i Allâh ary Izy Ilay Tsitoha no hampihatra ny rariny tanteraka. Allâh no Mpitsara mendrika indrindra. Mouhammad no**

92 Kor'âny 8/75
93 Kor'âny 4/11

**lehibe sy tompo. Izany fotoana izany no andro Fitsanganana amin'ny maty. Andro izay haharesy an'ireo mpanao ratsy ary ny fifonanana ataonareo dia tsy misy vokatsoany aminareo. Ny zava-drehetra, dia samy manana ny fotoany avy, ary amin'izay fotoana izay dia ho fantatrareo iza no hisedra fahoriana mamirifiry**".

**Hâfiz** : Iza no mahasahy miteny ratsy ny sombin'ain'ilay Mpaminany[(s.a.s)], i Fâtimat al-Zahrâ[(a.s)]? Tsy afaka ny hino izany aho. Ny famitahana dia eo ihany fa ny fitenenan-dratsy dia tsy mitombina tanteraka. Aza miteny ny tahak'izany intsony ianao azafady indrindra.

**Chîrâzî** : Tsy misy manana fahasahiana ny hiteny toy izany afa-tsy ny khalîfat lehibenareo, i Abou Bakr. Tsy afaka nanohitra ny porofo tsy azo lavina nolazain'ilay Andriambavy[(a.s)] voatsindrihazolena izy, dia niakatra teo amin'ny polpitra haingana ka niteny ratsy an'i Fâtimat[(a.s)] sy ny vadiny, ilay anadahy malalany eo amin'i Allâh sy Mpaminaniny[(s.a.s)], dia ilay Amîr al-Mou'minîne, i 'Alî[(a.s)].

**Hâfiz** : Mino aho fa izany tantara manafintohina izany dia niely avy amin'ireo mpitompo teny fantatra.

**Chîrâzî** : Manadiso ahy ianao. Ireo tantara ireo dia tsy niely avy amin'ireo "Chiites" mpitompo teny fantatra velively. Ireo manam-pahaizanareo manana ny maha-izy azy ireo ihany no nitantara izany. Ireo manam-pahaizanay dia tsy mba mamorona hadith velively. Raha ianareo no mamaky ireo bokinareo azo itokisana ireo, dia hiaiky ianareo fa ireo manam-pahaizanareo ireo dia mahafantatra tsara ny momba izany. **Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî ao** amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-IV pejy faha-80, natonta tao Ezypta, dia nitantara antsipiriany ireo tenin'i **Abou Bakr** teo amin'ny polpitra tao amin'ny Moske, taorian'ireo fananarana nataon'i 'Alî[(a.s)] sy i Fâtimat[(a.s)].

Betsaka ireo manam-pahaizana no nanamarika fa rehefa avy niaro ny zony i Fâtimat[(a.s)], dia anjaran'i 'Alî[(a.s)] indray no nanome tsiny teo anatrehan'ireo vahoaka silamo, tao amin'ny Mosken'i Madînat. Nitodika tamin'i Abou Bakr izy ka niteny hoe:

“**Nahoana no tsy nomena an’i Fâtimat(a.s) ny lovany avy tamin’ny rainy, nefa dia efa izy no tompony sy fananany hatramin’ny fahavelon’ny rainy?**” Namaly i Abou Bakr hoe: “**Fadak dia harena babon’ireo Silamo. Raha i Fâtimat no afaka mitondra porofo mazava fa azy izany fananana izany dia homeko azy antsitrapo izany; fa raha tsy izany kosa dia tsy homeko**”. Namaly ilay Imâm(a.s) hoe: “**Izany ve tsy midika fa rehefa ianao no manao fitsarana ny raharahan’ireo Silamo amin’ny ankapobeny, dia mifanohitra amin’izany kosa ny fomba fitsaranao ny raharahany? Tsy efa niteny ve ilay Mpaminany(s.a.s) fa ny tokony hitondra porofo dia izay mpitory sy manolotra ny fiarovantena? Ianao dia mitsipaka ny fomba fitsaran’ilay Mpaminany(s.a.s) sady mifanohitra amin’ny lalàm-pinoana, ianao dia mitaky porofo avy amin’i Fâtimat(a.s) kanefa ilay Fadak dia efa fananany nanomboka ny fahavelon’ilay Mpaminany(s.a.s) ka hatramin’ny nahafatesany! Moa ve i Fâtimat(a.s) tsy anisan’ireo *As’hâboul-Kisâ* (*ireo olona nirakotra lambabe*), moa ve izy tsy anisan’ireo olona voalazan’ilay andininy mikasika ny Fahadiovana? Raha misy olona anankiroa tonga nitondra porofo fa i Fâtimat dia nanao asa ratsy, dia mba lazao ahy ahoana ny fitsaranao azy?**” Namaly i Abou Bakr hoe: “**Hosaziako tahaka ny vehivavy rehetra ihany izy**” Niteny ilay Imâm(a.s) hoe: “**Ny fanaovanao izany dia hahatonga anao ho jentilisa eo anatrehan’i Allâh satria ianao amin’izay fotoana izay dia mitsipaka ny fijoroan’i Allâh vavolombelona mikasika ny fahadiovan’i Fâtimat. Allâh dia nilaza momba izany nanao hoe**: ***Marina dia marina fa ny tian’i Allâh dia ny hanaisotra eo aminareo ny loto, ry “Ahloul-Bayt”, sy ny hanadio anareo tanteraka*****. Moa ve tsy nampidinina io andininy io mba ho fiderana anay?”** Fa hoy i Abou Bakr hoe: “**Fa ahoana izany?**” Namaly ilay Imâm(a.s) hoe: “**Moa ve mitombina fa i Fâtimat izay nohamarinin’i Allâh ny fahadiovany no mbola afaka hanao fisandohana amin’izay harena kely? Lavinao ny porofon’ny fahadihovany mba hanekenao ny porofon’ny arabo izay mipipy eo amin’ny tongony ihany!**”

Rehefa avy niteny izany ny Imâm(a.s) dia niverina nody an-tranony tamin-kasosorana. Ny fanoherany dia nahataitra ny vahoaka. Nihorakoraka ny tsirairay nanao hoe:

“**Ny fahamarinana dia miaraka amin’i ‘Alî sy Fâtimat. Ianiavana amin’i Allâh fa i ‘Alî no manana ny marina. Nahoana ny zanakavavin’ilay Mpaminany no vetavetaina tahak’izany?” Ibn Abî al-Hadîd** dia nitantara fa ireo olona dia tena nangoraka tokoa tamin’ny fanoheran’i ‘Alî sy Fâtimat ka nanomboka nanao fihetsiketsehana. Abou Bakr, taorian’ny nanamarinany fa efa nivoaka tao amin’ny Moske i ‘Alî sy Fâtimat, dia niakatra teo amin’ny polpitra ary niteny hoe: “**Ry vahoaka! Nahoana ianareo no manao toy izao? Nahoana ianareo no mihaino ny olon-drehetra? Noho izaho nandà ny porofon’izy ireo, dia lasa miteniteny foana izy ireo. Ny zava-misy toy ny amboadia voafitaky ny rambony. Mamorona karazana fanakorontanana izy. Tsy raharahainy akory ny fiantraikan’ny fikorontanana ka mamporisika ny vahoaka izy mba hampiely ny korontana sy tabataba. Mitady ny fanohanan’ireo malemy sy ireo vehivavy izy. Izy tahaka an’i Oumm-out-Tihal izay nankasitrahan’ireo fianakaviany ny fijangajangany**”.

Izany teny izany ve dia tsy fitenenan-dratsy sy tsy fanao? Izany ve dia mifanaraka amin’ny fiderana, ny fanajana,ny fitiavana sy fahatsorana tokony hatao amin’ireo fianakavian’ilay Mpaminany(s.a.s)? Hatramin’ny oviana no hijanonareo foana hosondriana ao amin’ity finoana sy fitompoan-teny fantatra ity? Hatramin’ny oviana no hanohizanareo foana ny fanenjehana an’ireo “Chiites” sy hanendrikendrehana azy ireo ho “Râfidhites” sy jentilisa noho izy ireo mitsikera ireo resaka sy ireo asa nataon’ireo Sakaiza izay voarakitra ao amin’ireo bokinareo ihany?

Diniho am-pahamarinana ireo zava-nitranga: ny avom-bavan’io Sakaiza mitovy taona amin’ilay Mpaminany(s.a.s) io ve azo hamarinina? Moa ve ireo teny vetaveta sy fihoaram-pefy nataon’i Mou’âwiyat sy i Marwân ary i Khalid dia tsy mahatsiravina sady tsy am-pahendrena ihany koa sahala amin’ireo teny navoaky ny vavan’ilay lehilahy antsoina hoe “*sakaizan’ilay lava-bato*”?

Andriamatoa isany hajaina! Izahay dia tsy teo tamin’izany andro izany. Izahay dia naheno fotsiny ny anaran’i ‘Alî(a.s), i Abou Bakr, i Omar, i Othmân, i Talhah, i Zoubayr, i Mou’âwiyat, i Marwân, i Khalid, ary i Abou Houraïrat, ...sns. Izahay dia tsy manam-pitiavana manokana na

mankahala azy ireo. Izahay dia tsy mijery afa-tsy zavatra anankiroa ihany dia: Ireo izay tian'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s) sy izay antery ny fanajana sy ny fankatoavana azy ireo. Ary izahay dia nandinika ny asan'izy ireo sy ny tenin'izy ireo. Avy eo izahay dia nandray fanapahan-kevitra tsy nisy fijerena tavan'olona. Izahay dia tsy manome vahana ny olona izay afaka hamitaka ny fitsaranay.

Fahatairan'Ibn Abî al-Hadîd teo anatrehan'ny fihoaram-pefy nataon'i Abou Bakr tamin'ny Imâm 'Alî sy Fâtimat

Tsy izahay irery no tafatohina amin'ny toetra toy izany. Eny fa na dia ireo manam-pahaizanareo aza dia taitra tamn'ny fahafantarana izany. **Ibn Abî Al-Hadîd** dia nanoratra amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-IV, p.80 fa ireo tenin'ilay khalîfat dia nahataitra azy fatratra. Nanontaniany ilay profesorany, i **Abou Yhaya al-Naqib Ja'afar Ibn Yahya Ibn Abî Zaïd-oul-Basrî** mikasika ny loharano nahazoana an'ireo tenin'ilay khalîfat ireo? Novaliany fa izany fanambarana izany dia tsy mba niolakolaka ary mazava ny loharano nahazoana azy. Niteny Ibn Abî al-Hadîd hoe: "**Raha izany no zava-nisy marina dia tsy nametraka fanontaniana taminao ny tenako**". Avy eo dia nihomehy izy sy niteny hoe: "**Ireo teny ireo dia mitifitra an'i 'Alî**". Namerina ireto teny ireto tamim-pahagagana Ibn Abî al-Hadîd hoe: "**Ireo teny rehetra ireo ve dia nolazaina hanoherana an'i 'Alî?**" Namaly ilay profesorany hoe: "**Eny anaka! Izany no fananam-pahefana!!**"

Mampijaly an'ny Imâm 'Alî dia mampijaly an'ilay Mpaminany

Ny fanaovana teny mihoa-pefy dia fomba iray ampiasain'ny olona tsy manana porofo. Izany rehetra izany no natao mba hanoherana an'i 'Alî(a.s). Ireo manam-pahaizanareo lehibe indrindra dia nanoratra izao tenin'ilay Mpaminany izao, ao amin'ny bokin'izy ireo mahafatoky: "**'Alî dia miaraka amin'ny fahamarinana ary ny fahamarinana dia miaraka amin'i 'Alî**". Manondro an'i 'Alî(a.s) sy Fâtimat(a.s), ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza fa izay miraharaha azy ireo dia miraharaha Azy ihany koa. Hoy Izy hoe: "**Izay mampahory azy ireo dia mampahory ahy, ary izay mampahory ahy dia mampahory an'i Allâh**". Voalaza

ihany koa ao amin'ireo bokinareo mahafatoky fa ilay Mpaminany dia niteny hoe: "**Izay miteny ratsy an'i 'Alî dia miteny ratsy ahy sy miteny ratsy amin'i Allâh**".

Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î ao amin'ny bokny Kifâyat-out-Tâlib toko faha-10, dia nitantara hadith iray avy tamin'Ibn Abbâs izay nilaza tamin'ireo vahoakan'i Syrie izay nanozona an'i 'Alî(a.s) ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: "**Izay manao ratsy anao (an'i 'Alî) dia manao ratsy amiko, ary izay manao ratsy ahy dia hatsipin'i Allâh avy hatrany ao amin'ny Afobe**". Taorian'io hadith io, izy dia mbola nitantara hafa izay manaporofo ny mahajentilisa an'izay manao ratsy an'i 'Alî(a.s) ao amin'ny toko fahafolon'ny bokiny mitondra lohanteny hoe "*Mikasika ny mahajentilisa an'izay manao ratsy an'i 'Alî*".

Torak'izany koa, i al-Hâkim ao amin'ny bokiny Moutadrak, boky faha-III, p.121, dia mitantara an'io hadith io ihany. Arak'ireo hadith rehetra ireo, dia izay manozona an'i 'Alî(a.s) dia voaozon'i Allâh sy ilay Irany(s.a.s). Izy rehetra (toa an'i Mou'âwiyat, ireo Banî Oumayyat, ireo Nâsibites, ireo Kharijites) dia voaozona avokoa. Ampy aloha izany ankehitriny. Fa mbola ho avy tokoa ny Andro Fitsarana. Ny razanay voatsindrihazolena dia naleony nangina fa napetrany any amin'io andro io ny fanapahan-kevitra, ary aleonay ihany koa ny hangina tahak'izany.

<u>Hadith milaza hoe: "Izaho no tanànan'ny fahalalana, i 'Alî no vavahadiny"; "Izaho no tranon'ny fahalalana, i 'Alî no varavarany"</u>

Ny antony faharoa handavana ilay hadith "*Izahay dia tsy mamela lova...*" dia noho ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza hoe: "**Izaho no tanànan'ny fahalalana ary i 'Alî no vavahadiny; izaho no tranon'ny fahendrena ary i 'Alî no varavarany**". Ireo antokom-pinoana roa tonta dia samy manaiky an'io hadith io. Mazava ho azy fa izay vavahadin'ny fahalalan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia mahatakatra tsara ireo hadith sy ireo fampianaran'ilay Mpaminany(s.a.s), indrindra fa ny mikasika ireo fandovana. Avy amin'izany mantsy no ahazoan'ny firenena iray fiadanana. Nanambara ihany koa ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: "**Izay maniry te hahazo fahalalana dia mankanesa eo amin'ny varavaran'i 'Alî**".

Raha ny fahalalany no tsy tontosa, dia tsy nandeha nanendry azy ho mpitsara mendrika indrindra eo amin'ny vahoaka ilay Mpaminany(s.a.s). Fa hoy Izy: "**'Alî no mendrika indrindra eo aminareo rehetra raha amin'ny lafiny fampiharana ny lalàna**". Io hadith dia voarakitra ao amin'ireo bokinareo mahafatoky. Ilay Mpaminany(s.a.s) ve hanambara ny fahambonian'ny olona iray amin'ny fampiharana ny lalàna raha toa ka izany olona izany tsy mahay ny fifandovana sy ny zon'olombelona? Iray amin'ireo tanjon'ilay Mpaminany(s.a.s) dia ny hanova ny fiaraha-monina eto an-tany mba hilamina sy hiadana. Ahoana no ahafahan'i 'Alî(a.s) ilay "**Lehiben'ireo Mpino**" hanatanteraka izany raha tsy nampitainy aminy ny fahalalana toy izany (fifandovana izany) izay mitondra mankany amin'ny filaminan'ny fiaraha-monina islamika?

**Cheikh** : Ny tsirairay amin'ireo fanambarana anankiroa ireo dia tsy voaporofo eo aminay. Ilay hadith voalaza teo aloha dia tsy eken'ireo manam-pahaizanay lehibe ary ny resaka mikasika ny fanendrena ny mpandimby sy ny khalîfat dia notsipahin'ireo manam-pahaizana manana ny maha-izy azy. **Al-Boukhârî** sy **Mouslim** sy ireo manam-pahaizanay malaza ankoatr'ireo, ao amin'ny bokin'izy ireo mirakitra ireo hadith, dia nitantara avy tamin'i Aïcha, Oumm-oul-Mou'minîne izay niondanan'ny lohan'ilay Mpaminany(s.a.s) teo ampialany aina, fa i Aïcha dia nilaza fa tsy nisy hafatra napetrany akory. Fa raha nametraka hafatra Izy, dia notantarain'i Oumm-oul-Mou'minîne izany ary voavaha ny olana misy.

**Chîrâzî** : Tsy rariny ny ataonareo raha mikasika ilay hadith. Efa nolazaiko taminareo teo fa ireo antokom-pinoana roa tonta dia samy manaiky azy io no sady voatantara araka ny fiampitampitan'ireo mpitantara tsy azo kianina. Ireo manam-pahaizanareo dia nilaza ny fahamarinan'io hadith io: Ny imâm al-Tha'labî, al-Firouzâbâdî, al-Hâkim al-Nisâpourî, Mouhammad al-Jazrî, Jarîr al-Tabarî, al-Souyoutî, al-Sakhawî, al-Mouttaqî al-Hindî, Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î, Talhah al-Châfi'î, Rouzbahân, al-Manawî, Ibn Hajar al-Mâlikî, al-Khâtib al-Khawârizmî, Soulaymân al-Qandouzî al-Hanafî, Ibn al-Maghâzilî al-Faqih al-Châfi'î, al-Dailamî, Ibn Talhah al-Châfi'î, Sayyaed 'Alî Hamadânî, al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî, Cheikh al-Islâm al-Hamwaini, Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî, al-Tibrânî, Sibt Ibn al-Jawzî sy al-Nisâ'î.

Mikasika ilay fanendrena ny khalîfat mpandimby dia maro ireo tantara marim-pototra manamarina ny fisian'ny hafatra napetrak'ilay Mpaminany(s.a.s). Tsy misy afaka mandà izany na iza na iza.

**Nawwâb** : Ilay khalîfat Abou Bakr dia mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany koa, fa izy no nitantana ireo raharahan'ilay Mpaminany(s.a.s) andavan'andro. Ohatra, izy dia nandoa vola ho an'ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s). Fa nahoana no mbola ilazanao fa i 'Alî no voatendry ho mpandimby?

**Chîrâzî** : Marina ny voalazanao. Mazava ho azy fa ny khalîfat dia mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s). Nandritra ireo alim-pivoriana teo aloha, ny tenako dia nanolotra porofo sy tantara marim-pototra mikasika ny resaka khalîfat. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanendry an'i 'Alî(a.s) ho khalîfat sy ho solontenany, izany dia zava-niseho marina tokoa. Raha variana tamin'ny raharaha politika ny sasany mba hifidy izay ho lehiben'izy ireo, ilay solontenan'ny Mpaminany(s.a.s) kosa dia teo am-pikarakarana ilay razana. Avy eo izy dia namerina amin'ireo tompony avy, ireo harena sy fananana napetrak'olona tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) fony fahavelony ary dia nanatontosa raharaha hafa izay nankinin'ilay Mpaminany(s.a.s) taminy koa ilay solontenany. Izany rehetra izany dia mazava ho an'izay mbola mitady porofo hafa. Ireo manam-pahaizanareo koa dia mifanaraka amin'izany hevitra izany.

## Hadith manambara fa ny Imâm 'Alî no Solontenan'i Allâh

Na izany aza anefa, mba hanaporofoana ny hevitro, dia hanambara ireo hadith hafa aho:

(1) Tamin'ny nanaovana ny fifampirahalahiana: Ny imâm al-Tha'labî ao amin'ny bokiny Manâqib sy Tafsîr, Ibn Maghâzilî ao amin'ny bokiny Manâqib sy Sayyed 'Alî Hamadânî ao amin'ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ (Mawaddat faha-VI) dia nitantara avy tamin'nilay khalîfat faharoa izay nilaza fa rehefa nanao ny fifampirahalahiana teo amin'ireo samy Sakaiza, ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: " **'Alî no rahalahiko eto an-tany sy any ankoatra. Amin'ireo taranako dia izy no khalîfat sy**

**mpandimby ahy eo amin'ny vahoakako. Izy no mpandova ny fahalalako, izy no mpandoa ny trosako. Izay miaraka aminy dia miaraka amiko ary izay miaraka amiko dia miaraka aminy ihany koa. Ny fifaliany dia fifaliako, ny alahelony dia alaheloko. Izay minamana aminy dia tena namako ary izay mifahavalo aminy dia tena fahavaloko**".

(2) Fanontanian'i Salmân (ho faly aminy anie i Allâh): Cheikh Soulaymân Balkhî al-Hanafî, ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat toko faha-15 dia nitantara hadith miisa roapolo manaporofo ny maha-khalîfat an'i 'Alî araka ny voalazan'ny imâm al-Tha'labî, i Hamwainî, i al-Hâfiz Abou Nâ'im, ny imâm Ahmad Ibn Hanbal, Ibn al-Maghâzili, i al-Khawârizmi, sy i Dailamî. Ny sasany amin'ireo no holazaiko aminareo eto. Voalaza ao amin'ny Mousnad bokin'i Ahmad Ibn Hanbal, (i Sibt Ibn al-Jawzî ao amin'ny bokiny Tazhkirat Khawâs-oul-Oummah p.26, sy Ibn Maghâzilî al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Manâqib dia nitantara an'ireo hadith ireo ihany koa) avy tamin'i Anas Ibn Mâlik izay nilaza hoe: "**Izaho niangavy an'i Salmân mba hanontany an'ilay Mpaminany izay wasî (solontenany). Napetran'i Salmân tamin'ilay Mpaminanin'i Allâh ny fanontaniana: Iza no mpandimby Anao? Namaly ilay Mpaminany hoe: Ry Salmân, iza moa no mpandimbin'i Salomôna? Hoy izy: Yahya Ibn Noun. Avy eo Izy niteny tamiko hoe: Ny mpandimby sy mpandova ahy izay hanefa ny trosako sy hanatanteraka ireo fampanantenako dia i 'Alî Ibn Abî Tâlib**".

(3) "Ny mpaminany tsirairay dia samy nanana ny mpandimby azy. Ary i 'Alî(a.s) no mpandimby ahy": Nisy nitantara avy tamin'i Mouwaffaq Ibn Ahmad araka ny voalazan'i Bouraida fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: "**Ny Mpaminany tsirairay dia samy nanana ny mpandimby sy mpandova azy avy, ary marina dia marina fa ny mpandimby sy mpandova ahy dia i 'Alî**". Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib, toko faha-62 p.131 dia nanambara an'io hadith io ihany koa izay notantarain'ny Mouhaddith avy ao Syrie ao amin'ny bokiny Târîkh.

(4) ‘Alî(a.s) no mpandimby farany: Cheikh al-Islâm Hamwainî dia nitantara avy tamin’i Abou Zharr al-Ghifârî izay nilaza hoe: “**Ilay Mpaminany dia niteny hoe: Izaho no farany amin’ireo Mpaminany ary ianao ry ‘Alî no farany amin’ireo mpandimby hatramin’ny Andro Fitsarana**”.

(5) “‘Alî(a.s) avy amin’ny taranako no mpandimby ahy”: Nisy nitantara avy tamin’i al-Khawârizmî izay nitantara izany avy tamin’i Oumm-oul-Mou’minîne, Oumm Salma: “**Niteny ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: Allâh nifidy ny mpandimby ho an’ny mpaminany tsirairay ary avy aoriako ny mpandimby ahy dia avy amin’ny taranako sy ny fianakaviako dia i ‘Alî**”.

(6) ‘Alî(a.s) nilaza ny voninahiny tao amin’ny toriteny: Nisy nitantara avy tamin’i al-Maghâzalî, ilay faqih Châfi’ite izay nitantara izany avy tamin’i Asbagh Ibn Noubouta, iray amin’ireo lohandohan’ny sakaizan’ilay Amîr-oul-Mou’minîn, i ‘Alî (Mouslim sy i al-Boukhârî dia nitantara izany ihany koa) fa i ‘Alî ilay lehibeny dia niteny hoe: “**Ry vahoaka! Izaho no Imâm mpitariky ny voahary manontolo, izaho no ilay mpandimby, izaho no rahalahin’ilay Mpaminany, mpandimby Azy, sakaizany mahafatoky sy namany. Izaho no lehiben’ireo mpino, izaho no lehiben’ireo izay manana endrika sy tanana aman-tongotra mamiratran’ny hazavana, izaho no lehiben’ireo mpandimby rehetra. Ny miady amiko dia miady amin’i Allâh, mihavana amiko dia mihavana amin’i Allâh. Mankato ahy dia mankato an’i Allâh, ny misakaiza amiko dia misakaiza amin’i Allâh. Ireo mpanara-dia ahy dia mpanaraka an’i Allâh ary ireo mpanohana ahy dia mpanohana an’i Allâh**”.

(7) “Nataon’i Allâh ho Mpaminany(s.a.s) aho ary i ‘Alî(a.s) nataony ho mpandimby”: Ibn al-Maghazâlî al-Châfi’î ao amin’ny Manâqib dia nitantara avy tamin’i Abodoullâh Ibn Mas’oud fa ilay Mpaminanin’(s.a.s)i Allâh dia niteny hoe: “**Ny hafatry ny faminaniana dia mifarana amiko sy amin’i ‘Alî. Izahay roa ireto dia tsy mbola niankohoka mihitsy teo anatrehan’ny sampy. Izany no antony nanaovan’i Allâh ahy ho Mpaminany ary i ‘Alî ho lefitro”**.

(8) “Ny fanekena ny maha-khalîfat an’i ‘Alî(a.s) dia tafiditra ao anatin’ny teny fanao amin’ny fanekem-pankatoavana an’ilay Mpaminany(s.a.s)”: Sayyed ‘Alî al-Hamadânî al-Châfi’î dia nitantara ao amin’ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ, Mawaddat faha-IV, avy tamin’i ‘Outbah Ibn Amîr al-Jahnî izay nilaza hoe: “**Izahay dia nanao fanekem-pankatoavana an’ilay Mpaminany tamin’ny fanekena fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh. Tokana Izy no sady tsy manam-paharoa ary marina dia marina fa i Mouhammad no Irany ary i ‘Alî no mpandimbiny. Araka’izany, raha isika no manadino ny fanononana ny iray amin’ireo andàlan-teny telo mikasika ny fanekem-pinoana ireo dia mahatonga antsika tsy ho mpino izany**”.

(9) “Izaho no niantso ny vahoaka ho amin’ny fahamarinana fa i ‘Alî no manazava azy”: Ao amin’ny boky Mawaddat-oul-Qourbâ ihany, dia voarakitra ao koa fa ilay Mpaminany dia niteny hoe: “**Marina dia marina fa i Allâh dia nanendry mpandimby iray ho an’ny Mpaminany tsirairay, i Seta mpandimbin’i Adama, i Josoa mpandimbin’i Mosesy, i Simona mpandimbin’i Jesosy ary i ‘Alî no mpandimbiko. Ny mpandimby ahy no lehiben’ireo mpandimby hafa rehetra. Izaho no miantso ny vahoaka ho amin’ny fahamarinana fa ‘Alî no manazava azy**”.

<u>“Allâh no nifidy an’ny Imâm ‘Alî tamin’ireo lehilahy rehetra mba ho solontenako”</u>

Ny mpanoratr’ilay boky “Yanâbi’ou” niresaka mikasika ny Manâqib nosaratan’i Mouwâfiq Ibn Ahmad al-Khawârizmî izay nitantara an’i Ayyoub al-Ansârî izay nilaza fa rehefa narary ilay Mpaminany(s.a.s), dia tonga nitsidika Azy i Fâtimat(a.s) ary nirotsaka nitomany. Nampitony azy ilay Mpaminany(s.a.s) tamin’ny fitenenana hoe: “**Ry Fâtimat, ianao dia nahazo fahasoavana manokana avy tamin’i Allâh, tamin’ny nanomezany anao vady izay voalohany tamin’ny Islâm, izay ambony fahalalana mihoatra ny hafa na iza na iza, izay manam-piaretana tafahoatra noho ny olona rehetra. Midika izany fa, Ilay Tsitoha, Allâh dia manome tombontsoa manokana ny olona sasany amin’ny olona**

**eto an-tany. Anisan'izany, dia nofidiny aho ary nontendreny ho Mpaminany sy Iraka. Avy eo dia nanome tombontsoa manokana anao Izy, ka nisafidy ilay vadinao teo amin'ireo olombelona. Ary nodidiany aho mba hampanambady anao azy sy hanendry azy ho mpandimby ahy**".

<u>Ireo Ahl-oul-Bayt dia manam-boninahitra fito tsy ananan'ireo hafa</u>

Taorian'ny nitantarany an'io hadith io tao amin'ny bokiny Manâqib, Ibn Maghazâlî ilay faqih Châfi'îte dia nitantara ireo tenin'ilay Mpaminany ireo ho fanampiny izany: "**Ry Fâtimat! Isika Ahloul-Bayt dia nomena voninahitra manokana miisa fito izay tsy misy na iray amin'ny olombelona na amin'ny taranany no homena izany. Ny tena be voninahitra amin'ireo mpaminany dia ato amintsika izay tsy iza izany fa ny rainao. Ny mpandimby ahy dia be voninahitra mihoatra ireo mpandimby teo aloha rehetra, tsy iza izany fa ny vadinao. Ny maritiorantsika dia be voninahitra mihoatra ireo maritiora hafa, dia tsy iza izany fa ilay rahalahin-drainao i Hamza. Ato amintsika dia misy olona notolorana elatra roa mba hitsidinany mankany amin'ny Paradisa raha tiany izany, izay tsy iza fa ilay anadahinao i Ja'afar. Ato amintsika no misy zanaka roalahy izay lehiben'ireo tanora any amin'ny Paradisa, dia tsy iza izany fa ireo zanakao roalahy ireo. Ary ambarako anao, ianiavako amin'i Allâh izay mitantana ny fiainako, fa ilay Mahdi ho an'ity firenena ity, izay hivavaka eo afarany i Jesosy zanak'i Maria, dia hipoitra avy amin'iray amin'ireo taranakao**".

## Fizarana fahafito

<u>Ny Imâm al-Mahdî(a.s) no hampanjaka ny filaminana sy ny fahamarinana eto an-tany</u>

Taorian'ny fitantarana an'io hadith io, dia nitantara ny fanampin'izany i Mouhammad Hamwainî Ibn Ibrahim. Rehefa avy niteny momba an'i Mahdi ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: "**Izy no hameno ny fahamarinana amin'ity tany ity, aorian'ny fahafenoan'ny tsy**

**rariny sy ny faharatsiana ao aminy. Ry Fâtimat! Aza malahelo ianao ary aza mitomany. Nohon'ny fitiavako sy fanajana anao, Ilay Tsitoha Allâh dia mitia anao fatratra no izaho. Izy dia nanome anao vady izay ny toe-panahiny ara-pinoana dia tena ambony indrindra, tena be voninahitra indrindra ao amin'ny fianakavianao, tena mahatehotia eo anatrehan'ny vahoaka, tena manao ara-drariny tokoa eo amin'ny raharahan'olombelona ary tena mitombina tokoa ny fanapahan-keviny**".

Heveriko fa izany dia ampy hahafa-po amin'ny fikarohan'i Nawwâb sy hampisinda ny fisalasalan'ny Cheikh Sahib.

<u>Tamin'ny nialany aina, ny lohan'ilay Mpaminany dia teo ampofoan'ny Amîr al-Mou'minîn, i 'Alî</u>(a.s)

Mikasika ny filazanao fa ny lohan'ilay Mpaminany(s.a.s) teo ampialan'aina dia teo amin'ny tratran'ny Oumm-oul-Mou'minîn, i Aïcha dia tsy marina. Ireo manam-pahaizanao dia milaza mazava tsara fa tamin'ny fotoana hahafatesany, ny lohan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia teo ampofoan'ny Amîr al-Mou'minîn, i 'Alî(a.s).

**Cheikh** : Boky inona no nanoratan'ireo manam-pahaizanay izany?

**Chîrâzî** : Vakionareo ny **Kanz al-Oummal**, boky faha-IV, p.55 sy boky faha-VI, p.392 sy p.400, ny **Tabaqât** nosoratan'i **Mouhammad Ibn Sa'd Katîb**, fizarana faha-II, p.51, **Moustadrak al-Hakim al-Nisâpourî**, boky faha-III, p.139, ny **Talkhîs al-Zhahab**, ny **Sounan** bokin'i **Shabih**, ny **al-Kabir** bokin'i **al-Tabrânî**, ny **Mousnad** bokin'ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal**, boky faha-III, ny **Hilyat-oul-Wilâya** bokin'i **al-Hâfiz Abou Nâ'im**. Na dia misy aza ny fahasamifana ny fomba fanoratra nampiasaina, ireo boky rehetra ireo dia mitantara avy tamin'ny **Oumm-oul-Mou'minîn**, i **Salma** sy **Jâbir Ibn Abdoullâh al-Ansârî** fa rehefa ho faty ilay Mpaminany(s.a.s) dia nantsoiny i 'Alî ary napetrany teo amin'ny tratran'i 'Alî ny lohany mandra-pialan'ny fofon'ainy. Ankoatr'izany tantara izany, dia misy tantara hafa avy tamin'ny tenan'ny **Amîr al-Mou'minîn** mihitsy izay noraiketin'**Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny bokiny

**Sharh Nahj-oul-Balâgaht**, boky faha-II, p.561 toy izao: "**Marina dia marina fa ny fanahin'ilay Mpaminany dia nandao an'ity tany ity ka tamin'izay fotoana izay ny lohany dia teo ambonin'ny tratrako, Izy dia niala fofon'aina farany teo ampelantanako roa. Avy eo dia nosafoiko tamin'ny tanako ny tarehiny**".

**Ibn al-Hadîd** dia nanamarika ao amin'ny bokiny voalaza teo aloha boky faha-II, p.562 fa raha mbola teo an-tratran'i 'Alî ilay lohan'ny Mpaminany(s.a.s) dia nisy teten-drà nivoaka ka nahosotr'i 'Alî teo amin'ny tarehiny. Ao amin'ny pejy faha-590 amin'io boky io ihany izay mitantara ny fandevenan'i Fâtimat, dia nolazainy fa niresaka tamin'ny fanahin'ilay Mpaminany(s.a.s) i 'Alî nanao hoe: "**Marina dia marina fa izaho no nanampatra anao tao am-pasana, ny fanahinao dia nivoaka teo analenalan'ny tendako sy ny tratrako**".

<u>Fangatahana eo noho eo mikasika ny ho mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s)</u>

Ireo tantara sy porofo marina rehetra ireo, dia mampiseho mazava tsara fa ilay fanambaran'i Aïcha dia tsy mitombina. Izany tranga izany dia manambara fa i Aïcha dia mankahala an'ny Amîr al-Mou'minîn i 'Alî(a.s) hatramin'ny voalohany. Raha sitrak'i Allâh, dia horesahiko aminareo ny momba izany raha mamela antsika amin'izany ny fotoana.

Ireo hadith ireo dia manambara mazava tsara fa i Allâh no nanendry an'ireo Mpaminany sy ireo mpandimby azy ireo. Arak'izany dia notendreny i 'Alî mba ho mpandimbin'ilay Mpaminany(s.a.s). Ankoatr'izany, ny "**mpandimby**" eto dia midika ho "**khalîfat**", fa tsy mpandimby eo amin'ny lafiny ara-pianakaviana fotsiny. Izany no antony nanomezana azy fahefana eo amin'ny isam-batan'olona sy ny firenena amin'ny sehatra rehetra, mitovy amin'ny fahefana nomena an'ilay Mpaminany(s.a.s).

Ireo manam-pahaizanareo dia miaiky izany adidy fiarovana ny firenena izany izay nomena an'i 'Alî(a.s). Tsy nisy nandà izany zava-misy izany, afa-tsy ireo olona izay mpitompo teny fantatra sy mpankahala, tsy

manaiky ireo voninahitra ambony ananan'ny Imâm 'Alî(a.s). **Ibn Abî al-Hadîd** dia nanoratra ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-I (natonta tao Ezypta): "**Araka ny hevitray, dia tsy misy mampisalasala fa i 'Alî no "wasî" solontenan'ilay Mpaminany(s.a.s). Araka ny hevitray, izay manohitra an'izany dia voatsapa fa manana fialonana sy fankahalana azy**". **Ibn Abî al-Hadîd** dia nanambara tononkalo vitsivitsy izay manamarina ny maha-khalîfat an'ny Amîr al-Mou'minîn(s.a.s). Anisan'izany, ireo tononkalon'i **Abdoullâh Ibn 'Abbâs** anankiroa izay milaza hoe: "**Ankoatry ny anisan'ireo Ahloul-Bayt, ianao dia wasî (solontena) ary raha nisy olona iray no nifanamby taminao eo an-tsahan'ady, dia ianao no mpiady mendrika indrindra**".

Nambarany ireo tononkalon'i Khazima Ibn Thabit: "**Ankoatry ny anisan'ireo Ahloul-Bayt fianakaviana masin'ilay Mpaminany, ianao dia mpandimby Azy ihany koa teo noho eo**". Avy eo koa ny tonokalon'ilay sakaiza, i Abou al-Hâkim Tihan izay nilaza hoe: "**Marina dia marina fa i 'Alî no mpandimbin'ilay Mpaminany teo noho eo, izy no Imâm mpitarika antsika sy lehibentsika. Ny voaly dia afaka ary ireo zava-miafina dia voambara**".

Ampy angamba izay. Raha mbola te hamaky tononkalo hafa milaza izany hevitra izany ianareo dia, afaka mijery ny ao amin'io boky io ihany. Araka ny voalazan'**Ibn Abî al-Hadîd**, fa raha tsy natahotra ny hanalava ny asany tafahoatra izy, dia nanoratra betsaka amin'ny pejy maromaro ireo tononkalo manamarina ny maha-khalîfat an'i 'Alî(a.s).

Na izany aza anefa dia nolazainy mazava tsara fa ny khilâfat "*fandimbiasana*" dia tsy ilay "*faminaniana*" akory. Fa izy io dia dingam-boninahitra ambony manaraka ny voninahitry ny faminaniana ary izany no tanteraka nohon'ny sitrapon'i Allâh.

<u>Ny hafatr'ilay Mpaminany(s.a.s) mikasika ny maha-khalîfat an'ny Imâm 'Alî(a.s) dia hita ao amin'ireo boky mahafatoky rehetra</u>

**Cheikh** : Raha marina ireo tantara ireo, dia nahoana no tsy misy ao amin'ireo bokinay ireo hafatra farany nataon'ilay Mpaminany, tahaka ny

misy eo aminay mikasika ny hafatra nataon'i Abou Bakr sy i Omar tamin'ny fotoana hahafatesan'izy ireo?

**Chîrâzî** : Ianareo dia afaka manadihady izany am-pahatsorana ao amin'ireo bokin'ireo "Chiites" mahafatoky, izay niara-nanoratra izany avy tamin'ireo Ahloul-Bayt(a.s). Nefa noho isika efa nifanaraka hatrany amin'ny alim-pivoriana voalohany, mba tsy hilaza afa-tsy izay hadith ao amin'ireo bokin'ireo "sunnites", dia voatery aho hanambara ny sasany amin'ireto hadith izay hita ao amin'ny bokinareo mahafatoky ireto ihany, tahaka ny **Tabaqât** bokin'**Ibn Sa'd**, boky faha-II, p.61, 63, ny **Kanz al-Oummâl** bokin'i **'Alî Mouttaqî**, boky faha-IV, p.54, sy boky faha-VI p.155, 393, 403, ny **Mousnad** bokin'ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal**, boky faha-IV, p.164 sy ny **Moustadrak** bokin'i **al-Hâkim**, boky faha-III, p.59, 111, i **al-Baihaqî** ao amin'ny bokiny **Sounan** sy **Dalâ'il**, **Ibn Abdoul-Birr** ao amin'ny bokiny **Isti'âb**, i **al-Tabrânî** ao amin'ny bokiny **al-Kabîr** sy **Ibn Mardawiyyat** ao amin'ny bokiny **Târîkh** ary ireo hafa maro ..., dia samy nanoratra amin'ny fomba fanoratra samihafa, ireo toromarika sy fampianaran'ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza hoe: "**Ry 'Alî! Ianao dia rahalahiko sy solontenako, ianao no handoa ny trosako. Ianao no hanatanteraka ireo fampanantenako sy hamita ireo andraikitro. Ianao no hampandro ny fatiko, hanefa ny trosako sy hametraka ahy ao am-pasana**". Ankoatr'ireto tantara mazava tsara ireto dia mbola misy maro ireo toromarika nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) mikasika izany.

<u>Nosakanana ilay Mpaminany(s.a.s) mba hanoratra ny hafany na dia efa teo ampialan'aina aza Izy</u>

**Cheikh** : Ny Kor'âny masina dia milaza hoe:

« **Voadidy ho anareo, fa rehefa manoloana ny fahafatesana ny iray aminareo, raha namela harena izy, dia tokony hametraka hafatra am-pahamendrehana ho an'ireo ray aman-dreny sy ireo havana akaiky azy** »[94]

---

[94] Kor'âny 2/180

Arak'izany, dia adidiny ny manatanteraka ny azy (ny hafatra) sy manendry ny mpandimby azy eo noho eo. Rehefa hitany fa manakaiky Azy ny fahafatesana, dia nahoana Izy no tsy nametraka hafatra sahala amin'ny nataon'i Abou Bakr sy i Omar?

**Chîrâzî** : Voalohany, ny teny hoe "**rehefa manoloana ny fahafatesana ny iray aminareo**", heverinareo ve fa izany dia midika ireo fotoana farany iainany? Amin'io fotoana io ny fanahy dia tsy afaka manatanteraka ny ao am-pony ao anatin'ny fahatsiarovan-tena. Arak'izany, io teny io dia manambara ny fotoana izay hisehoan'ny famantarana sy mariky ny fahanterana, fahalemena sy fisehoan'ny aretina. Faharoa, ity tantara ity dia mbola mandratra ny foko sy ahatsiarovako ilay loza izay tsy hay hadinoina. Ny razako, ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh dia nanamafy ny mahazava-dehibe ny fanoratana ny hafatra ho an'ireo Silamo. Hoy Izy hoe: "**Izay maty tsy mba nametraka hafatra, dia maty ao anatin'ny habadoana*** (*izay vanim-potoana talohan'ny Islâm)**, fa raha tsy misy ny hafatra dia mety hiteraka korontana eo amin'ireo mpandova izany**".

Nandritra ny 23 taona niainany, dia matetika Izy(s.a.s) no nampahafantatra ny mpandimby Azy, ilay notendren'i Allâh ho solontena. Koa na dia mbola teo ambavahaonan'ny fahafatesana aza Izy, dia te hamerina foana ilay efa nambarany matetika mba tsy hahavoafitaka ny vahoaka sy ho tafalatsaka ao anatin'ny ady fifandirana. Mampalahelo anefa fa ireo mpanao politika no nanohitra Azy sy nanakana Azy hanao ny adidiny ara-pinoana. Ny vokatr'izany, dia izao ianareo manontany ahy izao, nohon'ny fahanginany tamin'ilay hafatra tokony ho nataony.

**Cheikh** : Mino aho fa tsy marim-pototra ny fanambaranao. Mazava tsara manko fa tsy misy olona afaka manakana an'ilay Mpaminany(s.a.s) hanatanteraka ny adidiny. Ny Kor'âny dia milaza mazava hoe: "**Raiso izay omen'ilay Iraka ho anareo ; ary avelao izay andraràny anareo**" [95] Ankoatr'izany, dia voalazan'ireo andininy maro fa antery ny fankatoavana an'ilay Mpaminany(s.a.s). Ohatra ny fanambaran'i Allâh hoe:

[95] Kor'âny 59/7

“**Mankatoava ianareo an’i Allâh ary mankatoava ihany koa an’ilay Iraka**”. Mazava koa fa ny tsy fandavana hankato an’ilay Mpaminany(s.a.s) dia miteraka ny mahajentilisa. Noho izany, dia tsy mitombina raha ireo Sakaizan’ilay Mpaminany(s.a.s) indray no hanakana Azy hilaza ny hafany farany. Azo inoana izany fa resaka noforonina naelin’ireo tsy mpino.

**Chîrâzî** : Aza mody tsy mahalala ianareo. Izany dia tsy tantara noforonina velively. Fa tantara marina sy eken’ireo antokom-pinoana islamika rehetra. Eny fa na dia i **al-Boukhârî** sy i **Mouslim** izay nitandrina fatratra amin’ny resaka sahala amin’izany izay mety hanimba ny voninahitr’izy ireo aza, dia mbola nitantara izany ao amin’ny **Sahîh** bokin’izy ireo. Notantarain’izy ireo fa ilay Mpaminany(s.a.s), teo ambavahaonan’ny fahafatesana, dia nangataka zavatra hanoratany mba hahafahany mamela toromarika miaro amin’ny fahavarezana aorian’ny fahafatesany. Ireo sasany izay nanatrika dia narisiky ny mpanao politika iray, nitabataba izaitsizy ka nahatonga ilay Mpaminany(s.a.s) ho sorena mafy sy nandroaka azy ireo.

**Cheikh** : Ankehitriny aloha dia tsy mampino ahy izany! Iza moa ny olona na dia mpanao tsy rariny tokoa aza ka ho sahy hanohitra an’ilay Mpaminany(s.a.s) tahak’izany? Na dia olon-tsotra aza dia raha maniry ny hanoratra ny hafany, dia tsy hisy olona manakana azy amin’izany! Koa amin’ny fomba ahoana no ahafahan’ny olona iray hisakana an’ilay Mpaminany mba tsy hanoratra ny Azy? Tsy fankatoavana Azy dia midika ny mahajentilisa. Koa satria ny faniriany lehibe eo amin’ny vahoaka dia ny mba ahafahantsika handeha amin’ny fahitsiana dia tsy hisy olona afaka hisakana Azy hiteny. Ireo khalîfat roalahy i Abou Bakr sy i Omar dia nampiely ireo hafatr’izy ireo avy, fa tsy nisy nanakana azy ireo tamin’izany. Averiko indray, fa tsy afaka ny hino izany tantara izany aho.

**Chîrâzî** : Azonao ny atao ny mino izany na koa tsy mino. Ny azo hambara, dia ny olon-drehetra tsirairay dia samy tologaga naheno izany. Ny olon-drehetra tsirairay, na izy Silamo na tsia, dia narenina avokoa naheno izany zava-nisy izany.

Izany dia tsy zava-mampalahelo eo aminareo na eo aminay fotsiny. Ireo Sakaizan'ilay Mpaminany dia samy nangoraka ihany koa tamin'io zava-doza io. Al-Boukhârî, Mouslim sy ireo manam-pahaizana hafa avy amin'ireo antokom-pinoanareo dia samy nanambara fa i Abdoullâh Ibn Abbâs dia teo ampitomaniana no niteny matetika nanao hoe: "**Indrisy re ity andro Alakamisy! Endrey re izany Alakamisy mampalahelo!**" Avy eo izy nigogogogo nitomany ka nahatonga ny tany lasa mando. Ireo olona tonga nanontany azy ny amin'izay zava-niseho tamin'io andro Alakamisy io. Namaly izy fa ilay Mpaminany teo ambavahaonan'ny fahafatesana rehefa nangataka zavatra hanoratany mba hamelany hafatra farany sy mba hisakana antsika tsy ho very any aoriany, dia ireo sasany kosa izay nanatrika teo no nisakana Azy tsy hanao izany no sady nihevitra ihany koa an'ilay Mpaminany ho nirediredy (Hamela ny heloko ani i Allâh!). Io andro Alakamisy io dia tsy afaka hadinoina. Izy ireo dia tsy namela an'ilay Mpaminany hanoratra ny hafany sy nandratra ny fony tamin'ireo fitenin'izy ireo.

**Cheikh** : Iza no nanakana an'ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh mba tsy hanoratra ny hafany?

**Chîrâzî** : Ilay khalîfat faharoa, i Omar Ibn al-Khattâb.

**Cheikh** : Ankasitrahako ianao manao izay hahafa-po ahy. Ireo tantara ireo dia mahavery hevitra ahy tokoa. Izaho taloha teo dia te hiteny foana fa ireo tantara ireo dia noforonin'ireo "Chiites", nefa noho ianao dia naleoko ny nangina. Ankehitriny kosa aho dia hilaza aminao am-pahatsorana izay ato an-tsaiko. Mananatra anao aho mba tsy hampiely io karazana tantara noforonina io.

**Chîrâzî** : Mananatra anareo aho mba tsy hanaiky na hitsipaka zavatra tsy misy antony mazava toy izany. Maika loatra ianareo ny hanome tsiny an'ireo "Chiites" amin'ny zavatra nalain-tahaka. Ireo bokinareo ireo ihany anefa no namoaka ireo tantara ireo izay manohana izany hevitro izany. Raha ianareo no mamaky ireo bokinareo ireo, dia ho tsapanareo fa ireo manam-pahaizanareo malaza ireo ihany no nitantara izany zava-nisy izany. Ohatra amin'izany ireto:

- **Al-Boukhârî** ao amin'ny bokiny ***Sahîh,*** boky faha.II, p. 118,

- **Mouslim** ao amin'ny bokiny ***Sahîh*** (ao amin'ny faran'ilay bokiny ***Kitâb al-Wasiyyah***),

- **Al-Hamîdî** ao amin'ny ***al-Jâmi'ou Bain al-Sahîhain,***

- **Ny imâm Ahmad ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny ***Mousnad,*** boky faha-I, p. 222,

- **Ibn Abî al-Hadîd,** ao amin'ny bokiny ***Sharh Nahj-oul-Balâghat,*** boky faha-II, p. 563,

- **Al-Kirmânî** ao amin'ny bokiny ***Sharh Sahîh al-Boukhârî,***

- **Al-Nouwawî** ao amin'ny bokiny ***Sharh Mouslim,***

- **Ibn Hajar** ao amin'ny bokiny ***al-Sawâ'iq,***

- **Al-Qâdhî Abou 'Alî,**

- **Al-Qâdhî Rouzbahân,**

- **Al-Qâdhî 'Ayyâdh,**

- **Ny imâm al-Ghazâlî,**

-**Qoutb-oud-Dîne al-Châfi Mouhammad Ibn Abdoul-Karîm al-Shahristânî,** ao amin'ny ***al-Milal wal-Nihal***

- **Ibn Athir,**

- **Al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî,**

- **Sibt Ibn al-Jawzî** ary ireo manam-pahaizana hafa dia nanamarina an'ity sombin-tantara mampalahelo ity.

Izy ireo dia nanoratra fa ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'ny fiverenany nody avy nanao fivahiniana masina farany, dia narary. Rehefa tonga nitsidika Azy ireo vondron-tsakaiza iray, dia hoy Izy: "**Aoka ianareo hanome ahy ranomainty sy taratasy mba ahafahako manoratra ireo hafatro ary amin'izay ianareo tsy ho very any aoriako any**".

Ny **imâm al-Ghazâlî** dia nandrakitra ao amin'ny bokiny **Sirr-oul-'Alamîn**, Maqâlah IV, i **Sibt Ibn al-Jawzî** dia nitantara ihany koa ao amin'ny bokiny **Tazhkirat**, p.36, sy ireo manam-pahaizana ambony hafa dia samy nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nangataka tamin'ire olona mba hanome Azy zavatra hanoratana ary araka ny tantara sasany dia hoy Izy hoe: «"**Aoka ianareo hanome ahy ranomainty sy taratasy mba ahafahako manaisotra ao an-tsainareo ny fisalasalana rehetra mikasika izay ho khalîfat avy aoriako; amin'izay ahafahako milaza**

**aminareo izay mendrika ny ho khalîfat avy aoriako**”. Tamin’izay fotoana izay indrindra dia hoy i Omar hoe: “**Avelaonareo io lehilahy io fa miteniteny foana izy. Ilay bokin’i Allâh dia ampy ho antsika**”. Nisy tamin’ireo Sakaiza no nanaiky an’i Omar fa ny sasany kosa dia nanohana an’ilay Mpaminany(s.a.s). Niafara tamin’ny korontana sy tabataba izany ka nahatonga an’ilay Mpaminany niteny nony farany nanao hoe: “**Mandehana ianareo mivoaka, fa tsy mety ny mitabataba eto amiko**”».

Io no voalohany nampisy ny fikorontanana teo amin’ireo Silamo teo imason’ilay Mpaminany(s.a.s) nandritra ny 23 taona niasany mafy. Ny antony nahatonga izany dia avy tamin’i Omar izay namboly hevitra fanakorontanana teo amin’ireo Silamo. Vokany: ianareo sy izaho ankehitriny izay mpirahalahy ara-pinoana nefa ny andaniny sy ny ankilany dia mifanohitra!

**Cheikh** : Tsy noheverina mihitsy fa ny olona manana ny maha-izy azy toa anao no manao teny tsy amim-panajana amin’ny olona ambony toa an’ny khalîfat Omar.

**Chîrâzî** : Lazaonareo amiko, raha nisy teny tsy fanajana nataoko ankoatra ny filazako ireo tranga ara-tantara voarakitra ao amin’ireo bokinareo ireo ihany, ary ianareo ve tsy mba mihevitra an’i Omar ho nanatanteraka tsy fanajana tamin’ny fanakanany an’ilay Mpaminany(s.a.s) tsy hanoratra ny hafany? Moa ve fanajana ny fampahoriany Azy? Mpanao tononkalo iray no ninia nilaza hoe: “**Mahita ny tapak’ahitra amin’ny mason’ny namany izy fa tsy mahita ny tapa-kazo amin’ny azy**”. Tsy efa niteny ve Ilay Tsitoha hoe: « **Tsy rain’ny iray amin’ireo lehilahy ao aminareo velively i Mohammad; fa Irak’Andriamanitra ary farany amin’ireo Mpaminany izy** »[96] ? Ny anaran’ilay Mpaminany(s.a.s) dia tokony ho tononina foana am-panajana sy am-panetrentena. Tokony hantsoina Izy hoe: Mpaminanin’i Allâh na Mpaminany farany. Nefa i Omar dia tsy mba nanao fanajana izany akory, na dia eo aza io baikon’i Allâh io, tamin’ny alalan’ny fiantsoany an’ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: “**Io**

[96] Kor’âny 33/40

**lehilahy io**”. Lazaonareo amiko ankehitriny, azafady indrindra, raha izaho tokoa no nanao teny tsy fanajana na ilay khalîfat Omar?

**Cheikh** : Nahoana no ilazanao aloha, fa ny teny hoe “**hajar**” dia midika ho “**miteniteny foana**”?

**Chîrâzî** : Ireo mpanao tafsîr rehetra sy ireo manam-pahaizanareo dia milaza fa ny “**hajar**” dia midika hoe “**miteniteny foana”. Ibn Athîr** ao amin’ny bokiny **Jâmi’oul-Ousoul** sy **Ibn Hajar** ao amin’ny bokiny **Sharh Sahîh al-Boukhârî** ohatra, sy ireo mpanoratra boky mikasika hadith, dia manome dikany toy izany avokoa. Andriamatoa isany hajaina! Raha misy olona iray manondro an’ilay Mpaminany(s.a.s) amin’ny fitenenana hoe “**io lehilahy io**”, indrindra fa milaza Azy ho “**miteniteny foana**”, dia tsy mitsipaka ny fampianaran’ny Kor’âny ve izany olona izany? Ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy mbola latsa-boninahitra velively amin’ny maha-Mpaminany masina Azy. Ny filazana Azy ho “**miteniteny foana**”, izany ve tsy manaporofo ny tsy finoana an’i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s)?

**Cheikh** : Moa ve mba mendrika amin’ny voninahitra maha-khalîfat azy ny filazana azy ho tsy mpino?

**Chîrâzî** : Rehefa manaiky ianareo fa nisy ny faniratsirana an’ilay Mpaminany(s.a.s), dia tsy tokony hahita fanakianana intsony. Ary raha ny olona iray mitazona toeram-boninahitra ho khalîfat no voalazan’ireo manam-pahaizanareo maro fa naniratsira an’ilay Mpaminany(s.a.s), dia raha tokony hanome tsiny azy ianareo dia aleonareo ny manome tsiny an’ireo izay nitsikera ny toetrany tsy mendrika!! Fa ireo manam-pahaizanareo toa an’i **al-Qâdhî ‘Ayyâdh al-Châfi’î** ao amin’ny bokiny **Kitâb-oul-Chifâ**, i **al-Kirmânî** ao amin’ny bokiny **Sharh Sahîh al-Boukhârî** sy i **al-Nawawî** ao amin’ny **Sharh Sahîh Mouslim**, no nanoratra fa izay olona iray mampiasa io teny io dia tsy manam-pinoana tanteraka an’ilay Mpaminany(s.a.s). Ary na iza na iza no manohitra an’ilay Mpaminany(s.a.s), indrindra fa mampiasa teny tafahoatra na manala baraka dia tsy mino tanteraka an’ilay Irak’i Allâh arak’izany toetra izany! Koa iza àry no tena tsy mpino: ilay maniratsira an’ilay Mpaminany(s.a.s) sa ireo mitsikera

an'ilay (Sakaiza iray) izay naniratsira Azy? Sakaiza iray ve dia manam-boninahitra ambony kokoa noho ilay Irak(s.a.s)'i Allâh?!?

Nanontany ahy ianareo nahoana aho no manome tsiny azy ho nanakorontana ny vahoaka. Ireo manam-pahaizanareo ihany no manaiky izany zava-nisy izany. Fa ilay manam-pahaizanareo lehibe i Houssein Meiboudî dia nilaza ao amin'ny bokiny Sharh al-Dîwân fa ny "fitna" (korontana) voalohany teo amin'ny Islâm dia nitranga teo anatrehan'ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy tamin'ny fotoan'ny fialany aina teo am-pandriany. Ny tabataba dia nanomboka niseho rehefa i Omar no nanakana an'ilay Mpaminany(s.a.s) mba tsy hanoratra ny hafany.

**Al-Shahrastanî** dia nilaza ao amin'ny bokiny mitondra lohateny hoe **al-Milal wal-Nihal**, Mouqqadamah IV, fa ny voalohan'ny fifanoherana teo amin'ny samy Silamo dia niatomboka tamin'i Omar nandà ny hanome ranomainty sy taratasy ho an'ilay Mpaminany(s.a.s). **Ibn Abî al-Hadîd** dia nanamarina izany ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-II, p.563.

**Cheikh** : Raha ilay khalîfat Omar no nanao izany teny izany tokoa dia tsy hitako ny tsy fanajana mikasika izany. Ny olona rehefa marary mafy dia mety hirediredy tokoa. Raha tsy mifandray ny hevitra izay teneniny dia lazaintsika fa miteniteny foana ny olona manao izany. Mikasika io tranga io dia tsy misy mahasamihafa an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny olona tsotra.

**Chîrâzî** : Ianareo dia mahay tsara fa ireo Mpaminany(s.a.s) rehetra dia tsy manan-kilema ary izany dia mandra-pahafatiny. Ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s) dia tsy manan-tsiny mihitsy tamin'ny filazany fa te hiaro ny vahoakany tsy ho very aorian'ny fahafatesany. Ireo andinin'ny Kor'âny masina dia manambara fa : "**Izy dia tsy miteny araka ny sitrapony, fa izay fanambarana tonga taminy ihany no teneniny**"[97], "**Raiso izay omen'ilay Iraka ho anareo**"[98] , "**Ry ianareo izay mino! Mankatoava**

[97] Kor'âny 53/3-4.
[98] Kor'âny 59/7

**ianareo an'i Allâh sy ilay Iraka!**". Ianareo ihany no efa mahatsapa fa ny fandavana tsy hanome zavatra hanoratan'ilay Mpaminany(s.a.s), dia midika ho fanoherana an'i Allâh. Zavatra iarahana manaiky fa ilay teny nampiasain'i Omar hoe "miteniteny foana na miredíredy" dia miharihary fa faniratsirana ary ny fomba fiantsoan'ilay khalîfat amin'ny fiteny manesoeso hoe: "io lehilahy io" dia mbola teny manevateva tafahoatra!

Raha misy olona iray eo ampivoriana, no manondro anareo amin'ny tanana sady miteny hoe "io lehilahy io dia miteniteny foana", dia ahoana no fandraisanareo izany? Isika dia tsy tonga lafatra ary mety miteniteny foana isika, nefa ho lazainareo ve izany olona izany fa manam-pahendrena sa mpaniratsira? Raha ny fiteny tahak'izany no lazaina eto fa maniratsira, dia ny fahasahisahiana manohitra an'ilay Mpaminany(s.a.s) indray ve no tsy azo lazaina ho faniratsirana. Ary tsy misy afaka mandà fa adidin'ny Silamo marina ny manalavitra ny olona manana toetra manafitohina sy manala baraka an'ilay Mpaminany(s.a.s) izay voafidin'i Allâh ho Mpaminany farany toy izany. Avelao any aloha ny hambom-ponareo te hiaro tena fa mba lazaonareo aminay izay fiheveranareo ny olona izay tsy mametraka an'ilay Mpaminany ho farany amin'ireo Mpaminany sady milaza fa "io lehilahy io dia miteniteny foana".

**Cheikh** : Tsy maninona àry fa diso izy. Nefa amin'ny maha-khalîfat mpandimbin'ilay Mpaminany(s.a.s) azy, dia mba nanana ahiahy amin'ny ho avin'ilay Finoana sy ny lalàna ihany izy, saingy raha mba namoaka ny heviny manokana ny tenany dia nisy fahadisoana amin'ny maha-olombelona azy. Arak'izany dia tsy azo omen-tsiny izy.

**Chîrâzî** : Voalohany, ny filazanareo fa izy dia khalîfat mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s) ary izy dia mba nanana ahiahy ny amn'ny ho avin'ny Finoana dia tsy mitombina satria tamin'io andro io izy dia mbola tsy khalîfat. Ary angamba mbola tsy tao an-tsainy akory izany! Faharoan'izany, milaza ianareo fa izy dia naneho ny fiahiany ny Finoana, dia vao mainka hafahafa ihany koa izany. Mihevitra ve ianareo fa teo anatrehan'ilay baiko mazava tsy miolakolaka avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s), dia tsy nahitana izany fiahiana izany? Raha ny marina dia fahadisoana tsy azo leferina no nataony. Fahatelo, lazainareo fa nanao

izany izy nohon'ny fiahiany ny ho avin'ny Islâm. Tena hafahafa tokoa raha ireo manam-pahaizana toa anareo izao no tsy mahay mametra zavatra ara-drariny.

Andriamatoa isany hajaina! Iza no manana ahiahy kokoa mba hiaro ny Islâm, ilay Mpaminany(s.a.s) ve sa i Omar Ibn al-Khattâb? Ny sainareo tsy miangatra ve dia manaiky fa ilay Mpaminany(s.a.s) (araka ny fitenenany hoe: "**amin'izay ianareo tsy ho very any aoriako any**") dia tsy mahatsapa fa amin'ny alalan'ny fanoratany io hafany farany io, Izy dia hametraka ny Finoana ao anatin'ny fahapotehana; fa i Omar indray no mahatsapa kokoa noho Izy mikasika izany, koa dia nosakanany Izy hanoratra izany, mba ho fiarovany ny Islâm? Tsy azo inoana izany! Ianareo dia mahalala tsara fa ny fanimbana amin'ny fomba rehetra ireo foto-pinoana dia tena fahotana lehibe tsy azo leferina.

**Cheikh** : Tsy isalasalana fa nandinika ny toe-draharaha sy ireo zava-niain'ilay finoana i Omar ka nanapa-kevitra fa raha manoratra zavatra ilay Mpaminany(s.a.s) dia hiteraka fizarazarana sy korontana izany. Araka izany, ny tsy fanomezany ny ranomainty mba hanoratany dia ho fitsonjovany ny tombontsoa sy ny tanjon'ilay Mpaminany.

**Chîrâzî** : Arak'izany voalazanareo izany, ilay Mpaminany(s.a.s) izay tsy manan-kilema, izay nampianatra an'ireo vahoakany dia tsy nahatakatra akory ireo disadisa mety hitranga aorian'ny fahafatesany ka i Omar indray no nanoro hevitra azy amin'izany. Nefa ny Kor'âny masina dia nilaza hoe:

« **Tsy anjaran'ny mpino lahy na ny mpino vavy ny misafidy amin'izay fahatanterahan'ny zavatra iray, rehefa voatapak'i Allâh sy ilay Irany izany. Fa izay tsy mankato an'i Allâh sy ilay Irany, dia tena very lalana tokoa** »[99].

Miharihary ny tsy fankatoavan'i Omar ny baikon'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'ny nanakany Azy tsy hanoratra ny hafany.

[99] Kor'âny 33/36

Ankoatr'izay dia tena avom-bava ny fitenenana amin'ilay Mpaminanin'i Allâh fa miteniteny foana. Io fanalana baraka io dia nandratra ny fon'ilay Mpaminany tokoa ka nahatonga Azy niangavy ny rehetra mba hivoaka.

**Cheikh** : Nefa kosa ny fikasana tsara nananan'ilay khalîfat Omar dia hita taratra tamin'ny fitenenany nanao hoe: "**ny bokin'i Allâh dia ampy ho antsika**". (Izany hoe isika dia tsy tokony hiankina tanteraka amin'ireo tenin'ilay Mpaminanin'i Allâh).

**Chîrâzî** : Ireo teny ireo indrindra àry no mampiseho ny mahakely ny finoany sy ny habadoany. Raha nahay ny Kor'âny masina tokoa izy dia tokony ho nahalala fa tsy ampy hahatakarana ny hevitry ny Kor'âny raha izay fanehoan-kevitra ety ivelany fotsiny. Iaraha-mahalala fa ny Kor'âny amsina dia ahitana hevi-dehibe tokoa izay mitaky fanazavana sy famakafakana antsipiriany. Ny Kor'âny dia ahitana ireo andininy mpanafoana (nâsikh) sy ireo nofoanana (mansoukh), ireo andininy ankapobeny ('âm) sy ireo voatokana (khâs), ireo andininy feno (moutlaq) sy ireo takon'ila (mouqayyad), ireo andininy kisarisarin-teny (moutashâbih) sy ireo tsotra (mouhkam), ireo andininy milaza hevitra maro samihafa (moujmal) sy ireo milaza mihaihary mivantana (moubayyab).

Amin'ny fomba no ahafahan'ny olon-tsotra iray ny hahatakatra tanteraka ny voalazan'ny Kor'âny raha tsy misy ny fitahiani Allâh sy ireo fanazavana avy amin'ireo mpamakafaka izany? Raha ny Kor'âny irery fotsiny dia ampy ho any firenena dia nahoana no nampidinina ilay andininy milaza manao hoe: "**Raiso izay omen'ilay Iraka ho anareo ; ary avelao izay andraràny anareo**" [100]? Allâh dia nilaza ihany koa ao amin'ny Kor'âny masina nanao hoe:

« **Ary raha mitondra izany amin'ilay Iraka na koa amin'ireo tompom-pahefana eo aminy izy ireny, dia hahafantatra ny tena**

[100] Kor'âny 59/7

**marina** (avy amin'ny vavan'ilay Mpaminany sy ireo tompom-pahefana) **raha toa ka mitombina tokoa izany** »[101].

Midika izany fa ny Kor'âny irery dia tsy ampy hahatakarana ny tiany hambara raha tsy misy ny fanazavana izany avy amin'ireo mpamakafaka, dia ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s) sy ireo taranany madio ara-panahy. Mbola haveriko lazaina aminareo ihany ilay hadith eken'ny rehetra (izay efa nolazaiko teo aloha). Niteny ilay Irak'i Allâh hoe: "**Izaho dia mametraka ho anareo zava-tsarobidy anankiroa: dia ny bokin'i Allâh sy ny taranako. Ny fanarahanareo an'ireo zavatra roa ireo dia hahatonga anareo tsy ho very làlana mihitsy any aoriako any. Marina tokoa fa ireo zavatra roa ireo dia tsy azo sarahina mihitsy mandra-piverenan'Izy ireo any Amiko any amin'ny Loharanon'i Kawthar**". Ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh dia mahazo tsindrimandry avy amin'i Allâh. Tsy nilaza mihitsy Izy fa ny Kor'âny dia ampy hitondra antsika any amin'ny fahasambarana. Nodidiany isika mba hifikitra amin'ny Kor'âny sy amin'ireo Ahloul-Bayt(a.s), satria Izy ireo dia tsy afa-misaraka velively hatramin'ny Andro Fitsarana, fa Izy ireo no fototra sy loharanon'ny Islâm. Nefa amin'i Omar ny Kor'âny fotsiny dia ampy ho azy.

Izany dia tsy maneho fotsiny fa nitsipaka ny taranaka(a.s) masina izy fa mbola nitsipaka ihany koa ny toro làlan'ilay Mpaminany(s.a.s).

## Ny Kor'âny masina dia miantso antsika mba hiverina amin'ireo Ahloul-Zhikr, izany hoe ireo Ahloul-Bayt

Amin'izay fotoana izay dia an'iza no tokony harahina? Ny tenin'ilay Irak'i Allâh sa ny an'i Omar? Tsy hisy aloha olona hanao tsinontsinona ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) ka hanaraka an'i Omar. Nahoana ianareo no manaraka ny hevitr'i Omar ka tsy te halala ny baikon'ilay Mpaminany(s.a.s)? Raha ampy ho antsika ny Kor'âny masina, dia nahoana isika araka ny didin'i Allâh no mbola hiantehitra amin'ireo olona "tompom-pahalalana" (Ahloul-Zhikr). Hoy ny Kor'âny masina hoe:

[101] Kor'âny 4/83

« **Fa anontanio ireo tompom-pahalalana raha toa ianareo ka tsy mahalala** »[102].

Mazava ho azy fa ny Zhikr eto dia ilay Mpaminany(s.a.s) na ilay Kor'âny masina. Arak'izany ireo olon'ny Zhikr dia ireo fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s). Efa nazavaiko taminareo tao amin'ny alim-pivoriana tany aloha, niaraka tamin'ireo porofo matanjaka sy avy tamin'ireo bokin'ireo manam-pahaizanareo mahafatoky toa an'i Souyoutî sy ireo hafa, fa "ireo olon'ny Zhikr"dia tsy iza fa ireo "Ahloul-Bayt(a.s)" ihany.

**Qoutb-oud-Dîne Chîrâzî**, iray amin'ireo manam-ahaizanareo, dia nilaza ao amn'ny bokiny **Kashf-oul-Ghouyyoub** hoe: "**Ny olon-drehetra dia mahay fa tsy afaka mandroso isika raha tsy misy mpitarika. Koa mahagaga ny tenin'ilay Omar milaza fa isika dia tsy mila olona mba hitarika antsika satria efa manana ny Kor'âny masina. Izany dia sahala amin'ny fitenenana fa tsy ilaina intsony ny mpitsabo satria efa misy ny bokim-panafody. Mazava ho azy fa hevi-diso izany satria tsy misy olona afaka mitsabo ny tenany ara-pahasalamana amin'ny alalan'ireo bokim-panafody, fa tsy mainsy miverina mankany amin'ny mpitsabo izy. Tahak'izany ny Kor'âny masina. Ny olon-drehetra dia tsy afaka hahatakatra ny hevitry ny Kor'âny lalina sy hahalala ny dikany miafina. Tsy maintsy ilaina ny fiverenana amin'ireo izay manam-pahaizana amin'izany**".

Hoy ny Kor'âny masina hoe:

« **Ary raha mitondra izany amin'ilay Iraka na koa amin'ireo tompom-pahefana eo aminy izy ireny, dia hahafantatra ny tena marina ....** »[103].

Arak'izany, ny tena boky marina dia ny fon'izay olona nomena ny fahalalana, araka ny voalazan'ny Kor'âny hoe:

---

[102] Kor'âny 16/43
[103] Kor'âny 4/83

« **Mikasika ireo andininy mazava anefa izany, izay (voaaro) ao am-pon'ireo izay nomena ny fahalalana....** »[104].

Izany no nahatonga an'i 'Alî(a.s) niteny hoe:

« **Izaho no boky miteny avy amin'i Allâh ary ity Kor'âny ity no boky moana** ».

Omar dia nahavita fahadisoana! Tena tsy rariny ny fanakanana an'ilay Mpaminany mba tsy hanoratra ny hafany.

## Fizarana fahavalo

<u>Tsy nisy nanakana an'i Abou Bakr mba hanoratra ny hafany</u>

Mikasika ny filazanareo  fa tsy nosakanana i Abou Bakr sy i Omar hanoratra ny hafatr'izy ireo avy, dia manaiky ny fahamarinan'izany aho, ary haveriko aminareo indray izany fanontaniana izany ankehitriny. Fa mahatalanjona tokoa ilay khalîfat Abou Bakr, tamin'ny fotoana hahafetasany dia niangaviany i Othmân Ibn Affan mba handray an-tsoratra izay zavatra ho lazainy (ho lazain'i Abou Bakr). Izany moa dia ilay hafatra izay hapetrany. Nosoratan'i Othmân izay nolazain'i Abou Bakr taminy. Omar sy ireo olon-kafa dia samy nanatrika teo avokoa. Tsy nisy naneho fanoherana tamin'izany, ary i Omar dia tsy mba niteny akory hoe: "**ny bokin'i Allâh dia ampy ho antsika, tsy ilaintsika ny hafatr'i Abou Bakr**". Fa kosa tsy nomena alalana ilay Mpaminanin'i Allâh mba hanoratra ny azy!

Izany no manaporofo mazava tsara fa io toetra ratsy manakana an'ilay Mpaminany mba tsy hanoratra ny hafany io dia tsy misy afa-tsy teti-dratsy ara-politika fotsiny. Rariny Ibn 'Abbâs raha nitomany. Ny silamo eran-tany koa dia tokony handrotsaka ny ràn-dranomasony ihany koa. Raha navela ny hanoratra ny hafatra farany ilay Mpaminany(s.a.s) dia voavaha tanteraka ny olana mikasika ny khilâfat. Ireo fanambaran'ilay

[104] Kor'âny 29/49

Mpaminany[(s.a.s)] voalaza teo aloha dia tanteraka. Saingy ireto mpanao politika ireto dia nikomy taminy sy nitsangana tamin’ny fanoherana Azy.

**Cheikh** : Ahoana no ahafahanao milaza fa ilay Mpaminany dia te hilaza mikasika ny khilâfat ao amin’ny hafatra tiany hapetraka?

**Chîrâzî** : Nialohan’ny nahafatesan’ilay Mpaminany[(s.a.s)], dia efa voambara avokoa ireo lalàm-pinoana lehibe rehetra. Manaporofo izany ilay andininy mikasika ny “fahatontosan’ny finoana”. Mazava ho azy fa ny resaka momba ny khilâfat no tian’ilay Mpaminany[(s.a.s)] hazavaina amin’izany mba hisorohana ny disadisa. Ho lazaiko aminareo ny nambaran’ny imâm Ghazâlî ao amin’ny bokiny Sirr-oul-‘Alam (maqâlah IV) izay nitantara fa ilay Mpaminany[(s.a.s)] dia niteny hoe: “**Omeonareo zavatra aho hanoratako mba ahafahako manaisotra ao an-tsainareo ny fisalasalana rehetra mikasika ny Khilâfat sy mba ahafahako milaza aminareo indray izay mendrika amin’izany voninahitra izany**”. Toy izany koa ilay fehezanteny hoe “**amin’izay ianareo tsy ho very any aoriako any**” dia manambara fa Izy dia niahiahy amin’izay fitondrana ho avy aoriany.

Ankoatr’izany, izahay dia tsy voatery milaza fa ilay Mpaminany[(s.a.s)] dia te hiresaka momba ny khilâfat sy ny Imâmat. Fa ny azo antoka kosa dia te hanoratra zavatra Izy amin’izay ny vahoaka any aoriany mba tsy ho very. Nahoana àry Izy no nosakanana tsy hanoratra izany hafany farany izany? Raha heverina fa ny fanakanana Azy tsy hametraka ny hafany no tsara kokoa, dia mbola ilaina ihany koa ve ny faniratsirana sy fampahoriana Azy?

<u>Mazava fa ny Imâm ‘Alî[(a.s)] no mpandimby mivantana an’ilay Mpaminany[(s.a.s)]</u>

Miharihary mazava fa i ‘Alî[(a.s)] no mpandimby mivantana an’ilay Mpaminanin’[(s.a.s)] i Allâh. Na dia efa imbetsaka aza ilay Mpaminany no nanambara izany hatramin’izay, dia tiany ny amin’ity indray mitoraka farany ity ny hanoratra ireo hafany farany mba hanana antoka amin’ny fiadanan’ny firenena. Nefa ireo mpanao politika ireo no nahalala sahady

ny fikasany ka nanakana Azy tamin'ny alalan'ny faniratsirana. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza mandrakariva ao amin'ireo hadith maro nolazainy, fa Ilay Tsitoha dia nanendry hatrany ireo mpandimbin'ireo Mpaminany(a.s) rehetra: i Adam, i Noa, i Jesosy sy ireo hafa ary ny mpandimby notendreny ho Azy dia tsy iza fa i 'Alî(a.s). Nilaza koa Izy fa : "**i 'Alî no mpandimby Azy avy hatrany avy aoriany...**".

**Cheikh** : Ny hadith manendry an'i 'Alî(a.s) ho khalîfat mpandimbin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia hadith tsy "moutawâtir" (niampitampita avy amin'ireo mpitantara maro), izany hoe tsy fantatry ny be sy ny maro ka noho izany dia tsy azo iankinana.

**Chîrâzî** : Ny faneken'ny be sy ny maro ny resaka momba ny hafatr'ilay Mpaminany(s.a.s), eo aminay dia voaporofon'ireo fitantaran'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s). Avy eo dia mba tsarovy izay efa nolazaiko taminareo tamin'ireo alim-pivoriana tany aloha: ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo hajaina ireo dia manaiky fa ny hadith nipoitra avy amin'ny loharano tokana dia ara-dalàna. Ankoatr'izany, raha ireo manam-pahaizanareo no tsy manaiky ny fomba nanoratana an'io hadith io, dia manaiky tanteraka kosa izy ireo mikasika ny dikany akampobeny na ny hevitra fonosiny.

Ankoatr'izany ianareo dia adalan'ny fifikirana amin'ny mahazava-dehibe ny hamaroan'ireo mpitantara nampitampita ny hadith. Rehefa tsy manana porofo hanoherana anay intsony inareo dia miaro tena ao ambadiky ny mahazava-dehibe ny hamaroan'ireo mpitantara nampitampita an'ireo hadith foana! Moa ve ianareo mba afaka hanaporofo aminay ny mahamaro mpitantara (tawâtour) ilay hadith hoe "**Izahay, Mpaminany rehetra, dia tsy mamela lova...**"? Hainareo tsara fa ny mpitantara an'io hadith io dia tsy misy afa-tsy i Abou Bakr na i Aws Ibn Hadasan. Nefa an-tapitrisany ireo mpino sy ireo Silamo tsara sitrapo isaky ny vanim-potoana rehetra no tsy nanaiky an'io lazaina fa hadith io. Ny porofo tena mendrika mandiso an'io hadith io dia ny fitsipahan'ilay nantsoina'ilay Mpaminany(s.a.s) fa "Vavahadin'ny fahalalana", i 'Alî(a.s) sy ny taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) manontolo. Ireo olona ireo dia nanam-porofo fa io hadith io dia noforonina. Araka ny efa nolazaiko vao vetivety

teo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: "**Ny Mpaminany tsirairay dia manana ny solontenany sy ny mpandova azy; marina dia marina fa i 'Alî no solontenako sy mpandova ahy**".

Ny Khilâfat dia ho an'izay nandova ny fahalalana

Raha nilaza ianareo fa ny fandovana dia tsy manambara ny famindram-pananana fa kosa famindram-pahalalana fotsiny (na dia efa noporofoina aza fa izany dia midika ho famindram-panana ihany koa), dia vao mainka manazava ny hevitro izany. Ilay mpandovan'ny fahalalan'ilay Mpaminanin'i Allâh no mendrika kokoa ho eo amin'ny toeran'ny khilâfat noho ireo izay tsy manana izany.

Faharoan'izany, efa nolazaiko fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nametraka an'i 'Alî(a.s) ho mpandimby Azy sy ho mpandova Azy mivantana, araka ny hadith notantarain'ireo manam-pahaizanareo ireo ihany. Notendren'i Allâh amin'io toerana io izy! Koa moa ve ilay Mpaminany(s.a.s) indray no hanao tsinontsinona ny fanambarana izay mpandimby sy mpandova Azy? Ankoatr'izany, dia mahagaga fa amin'ny fitadiavam-bahaolana araka ny lalàm-pinoana eo amin'ny tranga iray dia manaiky ny vahaolana aroson'i 'Alî(a.s) ihany i Abou Bakr sy i Omar. Ireo manam-pahaizanareo sy mpahay tantara ireo dia nitantara ireo didim-pitsarana navoakan'i 'Alî teo anatrehan'ireo khilâfat fitondran'i Abou Bakr sy i Omar ary i Othmân.

**Hâfiz** : Tena mahagaga ny filazana fa ireo khalîfat ireo dia tsy mahay ny lalàm-pinoana fa i 'Alî(a.s) indray no matetika antsoin'izy ireo hanatanteraka didim-pitsarana?

**Chîrâzî** : Tsy mahagaga akory izany tranga izany. Tena sarotra tokoa manko ny hahafantatra ireo lalàna rehetra. Tsy hisy mihitsy ny olona iray ka hanana fahalalana feno tanteraka mikasika izany raha tsy hoe angaha, Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh izy na "vavahadin'ny fahalalany". Ireo manam-pahaizanareo lehibe dia nitantara izany ao amin'ny bokin'izy ireo azo itokisana.

Ny didim-pitsaran'ny Imâm 'Alî(a.s) mikasika ilay vehivavy izay niteraka zaza vao enim-bola monja tao an-kibo

Hilaza ohatra iray fotsiny aho amin'izay ireo olona tsy dia nahita fianarana mba tsy hieritreritra anay ho maneso azy ireo. Ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny **Mousnad**, ny **imâm-oul-Haram Ahmad Ibn Abdoullâh al-Châfi'î** ao amin'ny bokiny **Zhakhâ'ir-oul-'Ouqbâ**, **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** sy ny **Cheikh Soulaymân al-Hanafî** ao amin'ny bokiny **Yanâbi'oul-Mawaddat**, toko faha-56, dia samy nitantara izao tranga izao: Omar dia nikasa ny hitora-bato vehivavy iray noho izy niteraka zaza taorian'ny nitondrany vohoka azy enim-bolana fotsiny tao an-kibo. Nilaza anefa i 'Alî(a.s) fa ao amin'ny Kor'âny masina, ny fotoana fitondrana vohoka hatramin'ny fetra fampinonoana dia maharitra telopolo volana. Ny fotoana fampinonoana dia maharitra roa taona, midika izany fa ny fotoana fitondrana vohoka dia enim-bolana. Manaporofo izany fa mitombina ny fahaterahan'ilay zaza aorian'ny fitondrana vohoka azy nandritra ny enim-bolana. Arak'izany dia navelan'i Omar handeha ilay vehivavy sady niteny izy hoe: "*Raha tsy teo i 'Alî, dia levona i Omar*".

Ao amin'io toko io ihany, notantarainy avy tamin'i Ahmad Ibn Hanbal hoe: "*Rehafa i Omar no sendra raharaha sarotra izay tsy hainy vahàna, dia miantso an'i 'Alî izy mba hamaha izany*". Maro ireo zava-nitranga tamin'ny fitondran'i Abou Bakr sy i Othmân. Fa rehefa tojo zava-tsaro-bahàna izy ireo, dia mianatso an'i 'Alî(a.s) mba ho mpanelanelana. Izy ireo koa aza dia mampihatra izay hevitra avy aminy. Ankehitriny àry dia afaka manontany tena ianareo fa nahoana izy ireo no tsy mba nanaiky ny hevitr'i 'Alî(a.s) tamin'ny raharahan'ny Fadak? Naleon'izy ireo ny nanaraka ny sitrapon'izy ireo ihany ka namabo ny fananan'i Fâtimat(a.s).

Ny Hadîth "Lâ Nourith" dia tsy nampiharina tamin'ireo fananana hafa

Ny porofo fahatelo mba hanaporofoana ny mahadiso an'io hadith ("**Izahay, Mpaminany rehetra, dia tsy mamela lova...**") io, dia io tantara sy ny teti-dratsin'i Abou Bakr io ihany. Raha marina io hadith io, dia tokony nobaboina avokoa izay fananan'ilay Mpaminany rehetra, fa

ireo mpandova dia tsy manan-jo na dia iray aza amin'ireo fananana navelany. Nefa i Abou Bakr dia nanome ho an'i Fâtimat(a.s) ny tranony, toy izany koa dia nomeny an'ireo vadiny tsirairay avy ireo tranon'izy ireo avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s).

Naverin'i Abou Bakr tamin'i Fâtimat ilay Fadak saingy tsy nanaiky izany anefa i Omar.

Raha marina fa avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) tokoa io hadith io, dia nahoana indray i Abou Bakr no nanoratra didy mba hamerenana ilay Fadak amin'i Fâtimat(a.s) nefa dia efa nobaboiny izany teo aloha (izay nolazaina fa io tany io dia hatao fanomezana ho an'ireo Silamo)? Avy eo, nahoana i Omar no mitady hanakana izany didy izany?

**Hâfiz** : Izany dia hadith avy amin'ny loharano tokana. Tsy naheno mihitsy fa ilay Fadak dia naverina tamin'i Fâtimat(a.s). Taiza no nipoiran'izany tantara izany?

**Chîrâzî** : Hatramin'izao aho dia mbola tsy nilaza akory zavatra tsy misy porofo. **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** sy i **'Alî Ibn Bourhân-oud-Dîne al-Châfi'î** ao amin'ny bokiny **Târîkh al-Sîrat al-Halabiyat**, boky faha-III, p.391 dia nanoratra fa i Abou Bakr dia nalahelo tamin'ny laha-teny nataon'i Fâtimat(a.s). Nitomany izy nohon'ny fitarainan'i Fâtimat(a.s) ka nanoratra taratasy mifono didy mba hamerenana ny fananany. Nefa dia norovitin'i Omar izany taratasy izany. Ny mahagaga anefa dia i Omar izay nanakana ny famerenana ilay Fadak amin'i Fâtimat(a.s) tamin'ny fitondran'i Abou Bakr no namerina izany tamin'ireo mpandovan'i Fâtimat(a.s) rehefa izy no lasa khalîfat. Torak'izany koa ireo khalîfat Banî Oumayyat sy Banî Abbâs dia namerina izany koa tamin'ireo mpandovan'i Fâtimat(a.s).

**Hâfiz** : Tena mahavariana tokoa izany voalazanao izany. Amin'ny fomba ahoana moa ilay khalîfat Omar izay nanakana ny famerenana ny Fadak amin'i Fâtimat arak'izany lazainao izany, no avy eo, namerina azy indray amin'ireo mpandovany?

**Chîrâzî** : Tena mahatalanjona marina! Mamela ahy ianareo mba hilaza ireo tantara avy tamin'ireo manam-pahaizanareo malaza araka ny voalazan'ireo khalîfat izay namerina avy eo naka indray ilay Fadak.

## Fizarana fahasivy

Naverin'ilay khalîfat tamin'ireo taranak'i Masimbavy Fâtimat ilay Fadak

Ilay mpitahiry lovan-tsofina sy mpahay tantara nalaza tao Madînat, i **al-'Allamat al-Samhoudî** (nodimandry tamin'ny taona 911H), ao amin'ny bokiny **Târîkh-oul-Madînat** sy i **Yâqout Ibn Abdoullâh al-Roumî** ao amin'ny bokiny **Mou'jam-oul-Bouldân** dia nanambara fa, tamin'ny fitondrany i Abou Bakr dia naka ilay fananana Fadak. Omar kosa tamin'ny fitondrany no namerina izany tamin'i 'Alî(a.s) sy i Abbâs. Raha i Abou Bakr no nandray izany nohon'ny baikon'ilay Mpaminany(s.a.s), araka ny fiheverana azy ho fananan'ireo Silamo, dia amin'ny fomba ahoana no nanomezan'i Omar izany fananan'ireo Silamo rehetra izany ho an'ny olona tokana?

**Cheikh** : Ny nanomezany izany fananana izany ho an'ny olona iray dia angamba izy mieritreritra ny hiaro izany ho eo ambany fiarovan'ireo Silamo.

**Chîrâzî** : Matetika ny vavolombelona no matsilo saina kokoa mihoatra ilay mpitory izay ijoroany vavolombelona. Ilay khalîafat dia tsy mba nieritreritra toy izany. Fa raha ilay fananana no naverina ho toy ny zavatra ho an'ireo Silamo, dia tsy maintsy voalazan'ny tantara izany. Saingy ireo mpahay tantara rehetra dia nanoratra fa izany dia tena nomena an'i 'Alî(a.s) sy Abbâs ihany. Noraisin'i 'Alî(a.s) izany Fadak izany amin'ny maha-mpandova ara-dalàna azy fa tsy amin'ny maha-Silamo azy. Silamo iray dia tsy afaka homena ny fananana voatokana ho an'ny rehetra.

**Cheikh** : Avy tamin'i Omar Ibn Abdoul-Azîz angamba izany tantara izany.

**Chîrâzî** : 'Alî sy i Abbâs dia tsy niaina tamin'ny vanim-potoan'i Omar Ibn Abdoul-Azîz. Tantara hafa izany eritreretinao izany.

**Al-'Allâmat al-Samhoudî** ao amin'ny bokiny **Târîkh-oul-Madînat** sy **Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-IV, p.81 dia nitantara avy tamin'i **Abou Bakr al-Jauharî** fa rehefa i Omar Ibn Abdoul-Azîz no lasa khalîfat, dia nandefa taratasy tamin'ny governorany tao Madînat izy mba hamerina ilay Fadak amin'ireo taranak'ilay Fâtimat(a.s). Arak'izany, dia niantso an'i Hassan Ibn al-Hassan-oul-Moujtabâ izy (fa araka ny tantara hafa dia ny Imâm 'Alî Ibn al-Houssein no nantsoiny), ka naveriny taminy ilay Fadak. **Ibn Abî al-Hadîd** dia nanoratra mikasika izany ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** boky faha-IV, p.81 toy izao: "*Io no voalohany fananana izay nalaina an-keriny sy naverin'i Omar Ibn Abdoul-Azîz tamin'ireo taranak'i Fâtimat(a.s)*". Nijanona teo ampelantanan'izy ireo naharitra ela izy io hatramin'ny nakan'ilay khalîfat Yazîd Ibn Abdoul-Mâlik an-keriny izany indray. Anjaran'ireo Banî Oumayyat indray no nampiasa izany.

Nony azon'ireo Banî Abbâs ny fitondrana, ny khalîfat avy amin'ny Banî Abbâs voalohany nanome ilay Fadak tamin'ireo taranaky ny Imâm al-Hassan(a.s), izay nizarazara izany araka lalànan'ny fandovana tamin'ireo taranak'i Fâtimat(a.s), dia i Abdoullâh Saffa. Avy eo dia i Mansour no nanenjika ireo taranaky ny Imâm al-Hassan(a.s) ka namabo ilay Fadak. Rehefa ny zanany antsoina hoe i Mahdi no lasa khalîfat, dia namerina izany tamin'izy ireo. Nalain'i Hâdi an-keriny indray izany rehefa izy no tonga teo amin'ny fitondrana. Rehefa i Ma'moun al-Rachid no lasa khalîfat dia nanome baiko izy mba hamerenana ilay Fadak amin'ireo taranak'i 'Alî(a.s).Yaqout Hamawî dia nitantara ny baikon'i Ma'moun ao amin'ny bokiny Mou'ajam al-Bouldân. Nanome baiko ny governorany i Ma'moun nanao hoe: "*Marina fa ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh dia nanolotra ilay Fadak tamin'ilay zanany vavy, i Fâtimat(a.s). Izany no voasoratra sy malaza amin'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s)*". Ilay mpanao tononkalo malaza, i Di'bal al-Khouzâ'î dia nanatrika teo ihany koa tamin'izany fotoana izany. Nanoratra tononkalo iray izy ka ny andalany voalohany dia milaza hoe: "*Ankehitriny izahay dia sambatra sy ravoravo. Ma'moun namerina ilay Fadak amin'ireo Banî Hâchim*".

Ny porofo fa ilay Fadak dia naverina

Efa nolazaiko taminareo niaraka tamin'ny porofo tsy azo lavina fa ny Fadak dia natolotr'ilay Mpaminany(s.a.s) ho an'i Fâtimat(a.s). Nobaboina taminy tsy an-drariny anefa izany. Ireo khalîfat taty aoriana, nohon'ny antony te hanaja ny rariny na nohon'ny antony ara-politika, dia namerina izany tamin'ireo taranak'ilay andriambavy nampahoriana.

**Hâfiz** : Raha natao fanomezana ilay Fadak, dia nahoana izany no takiana ho toy ny lova, ary nahoana no tsy voalazan'ny tantara ny mahafanomezana azy?

**Chîrâzî** : Teny ampiandohana dia notakiany izy io amin'ny mahafanomezana azy. Nefa rehefa niangaviana izy mba hitondra vavolombelona hanapofoana fa izy no tompony, izay mifanohitra amin'ny fampianaran'ilay Mpaminany(s.a.s), dia natolony ireo vavolombelona. Nefa dia nolavina ireo vavolombelony. Noho izany izy dia voatery izy nitady fiarovana tamin'ny alalan'ny zo ananan'ny mpandova.

**Hâfiz** : Atahorako sao dia mba diso ianao amin'izany. Izahay dia tsy nahita tantara na dia iray aza ka milaza ny fitakian'i Fâtimat(a.s) ilay Fadak amin'ny mahafanomezan-drainy ho azy.

**Chîrâzî** : Tsia, tsy diso akory aho. Izany dia voarakitra, tsy ao amin'ireo bokinay ihany fa voalazan'ireo manam-pahazanareo ihany koa. **'Alî Ibn Bourhân-oud-Dîne al-Halabî al-Châfi'î** (nodimandry tamin'ny taona 1044H) dia nitantara izany ao amin'ny **al-Sîrat al-Habiyyat**, p.39: Fâtimat(a.s) dia nanomboka nanakiana mafy an'i Abou Bakr tamin'ny filazana fa ilay Fadak dia fananany ary izy io dia fanomezana avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s). Nohon'ny tsy fanekena ireo vavolombelony, dia voatery izy nitaky izany araka ny lalànan'ny fandovana. Ny **imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî** ao amin'ny **al-Tafsîr al-Kabîr** mikasika ny fitakian'i Fâtimat, **Yaqout al-Hamawî** ao amin'ny bokiny **Mou'ajam-oul-Bouldân**, **Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-IV p.80, i **Abou Bakr Jauhaî sy Ibn Hajar** ilay mpitompo teny fantatra, ao amin'ny **al-Sawâ'iq al-Mouhriqat**, p.21,

araka ny lohahevitra hoe **Shoubouhât al-Râfidhat**, **VII Shoubhat**, samy nitantara fa i Fâtimat(a.s) dia nanomboka tamin'ny fitakiany ilay fanomezany, ilay Fadak.

Rehefa nolavina ireo vavolombelona natolony, dia nalahelo mafy izy ary nilaza tamin'ny hatezerana fa tsy hiresaka intsony mihitsy amin'i Abou Bakr sy i Omar. Ary dia notanterahiny izany....Tsy nijery no sady tsy niresaka tamin'izy ireo mihitsy izy nanomboka tamin'io fotoana io. Rehefa nanakaiky ny hofaty izy, dia niangavy mafy mba tsy hisy amin'ireto olona voalaza ireto no hanatrika ny fivavahana amin'ny fatiny. Ny dadatoany i Abbâs no nanatanteraka ilay vavaka ary tamin'ny alina no nandevenana azy. Fa arak'ireo hadith "chiites" avy amin'ireo fitantaran'ireo Imâm(a.s) dia i 'Alî(a.s) no nanao ny vavaka tamin'ny fatiny.

<u>Ny filazana fa i Abou Bakr dia nampihatra ny lalàna araka ny voalazan'ilay andininy "mikasika fijoroana vavolombelona", dia tsy mitombina</u>

**Hâfiz** : Ekena fa tsy hananako fisalaslana ny fanoherana mafy nataon'i Fâtimat(a.s), nefa tsy hanomezan-tsiny an'i Abou Bakr raha izany foana. Voatery nampihatra ny lalàna anefa izy araka ny fitsipika miharihary mifehy ny finoana. Araka ny voalazan'ilay andininy "mikasika ny fijoroana vavolombelona", ny mpitory dia tokony hitondra vavolombelona roalahy na lehilahy iray sy vehivavy roa, na vehivavy efatra. Tamin'ity tranga ity anefa, dia tsy ampy ny isan'ireo vavolombelona, ilay khalîfat koa dia tsy afaka hanao fitsarana manome tombontsoa manokana ho an'i Fâtimat.

**Chîrâzî** : Nilaza i Hâfiz fa ilay khalîfat dia voatery nampihatra ny lalàna araka ny fitsipi-pifehezana ara-pinoana ary koa ny isan'ireo vavolombelona dia tsy ampy, ka tsy afaka ny hanao fitsarana mitanila izy. Miangavy anareo aho mba handinika tsara ny fanazavako.

<u>Ny fitakiana vavolombelona amin'ireo tompon'ny fananana dia tsy mifanaraka amin'ny lalàna</u>

Milaza aloha ianareo fa, “voatery” nanao izany i Abou Bakr araka ny “fitsipika miharihary mifehy ny finoana”. Lazao ahy azafady, lalàm-pinoana manao ahoana no mitaky vavolombelona avy amin’ireo tompon’ny fananana? Fâtimat(a.s) dia efa tompon’ilay Fadak hatramin’ny fahavelon’ilay Mpaminany(s.a.s), araka ny voalazan’ireo manam-pahaizana rehetra. Ny fitsaran’i Abou Bakr dia mifanohitra amin’ny lalàm-pinoana. Ny finoantsika ve tsy nanambara fa ny mpitory no tokony hitondra vavolombelona fa tsy ny voampanga? Faharoan’izany, dia tsy misy mandà ny dikan’ ilay andininy tsotra “mikasika ny fijoroana vavolombelona”, saingy io andininy io dia manana ny dikany manokana ihany koa.

**Hâfiz** : Inona no tianao ho lazaina?

**Chîrâzî** : Ny porofo dia ilay hadith voarakitra ao amin’ireo bokinareo mahafatoky mikasika an’i **Khouzaimat Ibn Thâbit** izay nijoro vavolombelona ho an’ilay Mpaminany(s.a.s) tamin’ny fivarotana soavaly iray. Nisy arabo iray nitory an’ilay Mpaminany(s.a.s) ary ny vavolombelony (i Khouzaimat) dia efa ampy. Arak’izany izy dia nomen’ilay Mpaminany anaram-boninahitra hoe “Zhou al-Shahâdatain” (olona manana vavolombelona roa), noho izy noheverina ho mitovy lanja amin’ny vavolombelona marina anankiroa.

Io ohatra io dia manambara fa ilay andininy “mikasika ny fijoroana vavolombelona” dia mifono fampiharana manokana amin’ireo toe-draharaha sasantsasany. Raha i Khouzaimat, iray amin’ireo Sakaizan’ilay Mpaminany aza, no noheverina ho olona iray miavaka manokana, dia i ‘Alî sy i Fâtimat izay tsy manan-kilema araka ny voalazan’ilay andininy “mikasika ny fahadiovana” indray ve no tsy mendrika kokoa hanana izany fiavahana manokana izany. Izy ireo dia olona tsy mba manao hadisoana. Ny fandavana ny fijoroan’izy ireo vavolombelona dia fandavana ny fijoroan’i Allâh vavolombelona (amin’ny fahadiovan’izy ireo ara-panahy). Ilay andriambavy Fâtimat(a.s) dia nitaky ilay Fadak izay natolotry ny rainy azy mba ho fanomezana ary nolazainy fa izy io dia fananany hatramin’ny fahavelon’ilay Mpaminany(s.a.s). Niangaviana anefa izy mba hitondra vavolombelona! Nentiny mba ho vavolombelony àry i ‘Alî(a.s) Ibn Abî Tâlib sy al-Hassan(a.s) ary i al-Houssein(a.s). Sangy tsy noraisina ireo

vavolombelony ireo. Moa ve tsy tsindrihazolena izany fihetsika izany? Karazan'olona manao ahoana loatra no afaka mitsipaka ny fijoroan'i 'Alî(a.s) vavolombelona? Allâh Ilay Tsitoha ao amin'ny Kor'âny masina dia milaza fa isika dia tokony hanaraka azy (an'i 'Alî). Torak'izany koa i Zaïd al-'Adl dia nampisongadina ny fahamarinana nohon'ny fahatsorany, ka nomen'i 'Alî anaram-bositra izy hoe "ilay olo-marina", ary hoy indrindra i Allâh hoe:

« **Ô ianareo mpino! Matahora an'i Allâh ianareo ary miaraha amin'ireo olo-marina** »[105].

"Ireo olo-marina" dia manondro an'ilay Mpaminany Mouhammad sy i 'Alî ary ireo Ahloul-Bayt.

## Ny "Ireo olo-marina" dia manondro an'ilay Mpaminany(a.s) Mouhammad sy ny Imâm 'Alî(a.s)

**Hâfiz** : Ahoana no hanaporofoan'io andininy io ny mahamarina ny hevitrao milaza fa isika dia tokony hanaraka an'i 'Alî(a.s)?

**Chîrâzî** : Ireo manam-pahaizanareo dia nanambara ao amin'ny bokin'izy ireo mirakitra ireo famoamboasan-tenin'ireo soratra masina (tafsîr), fa io andininy io dia nampidinina ho fiderana an'i Mouhammad(s.a.s) sy i 'Alî(a.s). Ny teny hoe "ireo olo-marina" dia manondro an'ireto olo-masina anankiroa ireto. Araka ny tafsîr sasany, io teny io dia manambara an'i 'Alî(a.s), ary ny hafa kosa milaza fa ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) no tiany hambara amin'izany.

Ny **imâm al-Tha'labî a**o amin'ny bokiny tafsîr, **Kashf-oul-Bayân**, i **Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî** araka ny tantaran'**Ibn Abbâs** ao amin'ny boky **Dourr-oul-Manthour**, i **al-Hâfiz Abou Sa'id Abdoul-Mâlik Ibn Mouhammad Khargoushî** araka ny tantaran'i **Asma'î** ao amin'ny boky **Sharaf-oul-Moustafâ** sy i **al-Hâfiz Abou Nâ'im al-**

---

[105] Kor'âny 9/119

**Isfahânî** ao amin'ny bokiny **Hilyat-oul-Awiliyâ**, dia nanambara fa ilay Mpaminany niteny hoe: "**Ireo olo-marina dia i Mouhammad sy i 'Alî**"

**Cheikh Soulaymân al-Qandouzî al-Hanafî** dia nanoratra ao amin'ny bokiny **Yanâbi'oul-Mawaddat**, toko faha-39, p.1191 araka ny tantaran'i **Ahmad al-Khawârizmî**, i **al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî** sy i **Mouwaffaq Ibn Hamwainî** araka ny tantaran'**Ibn Abbâs** fa ao amin'io andininy io "**ireo olo-marina dia i Mouhammad sy ireo taranany masina**".

**Cheikh-oul-Islam Ibrahim Ibn Mouhammad Hamwainî**, iray amin'ireo manam-pahaizanareo ambony, ao amin'ny bokiny **Farâ'id-ous-Simtain**, i **Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny bokiny **Kifâyat-out-Tâlib**, toko-62 sy **al-Mouhaddith** ao amin'ny bokiny **Târîkh** dia nanoratra hoe: "**Miaraha ianareo amin'ireo olo-marina, izany hoe i 'Alî Ibn Abî Tâlib**".

Allâh dia nanambara hoe:

« **Fa izay tonga miaraka amin'ny fahamarinana kosa sy izay manamafy izany, dia izy ireny no olona tia vavaka** »[106].

**Jâlal-oud-Dîne al-Souyoutî** ao amin'ny **Dourr-oul-Manthour**, i **al-Hâfiz Ibn Mardawiyat** ao amin'ny **Manâqib**, i **al-Hâfiz Abou Nâ'im** ao amin'ny **Hilyat-oul-Awliyâ**, **Mohammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny **Kifâyat-out-Tâlib**, toko faha-62 sy **Ibn 'Asâkir** ao amin'ny bokiny **Târîkh**, araka ny tantaran'**Ibn Abbâs** sy i **Moujahid**, dia nilaza hoe: "**Ilay tonga miaraka amin'ny fahamarinana dia i Mouhammad ary ilay nanamafy izany dia i 'Alî Ibn Abî Tâlib**".

Nilaza i Allâh ao amin'ny sourat al-Hadîd (ilay vy) ao amin'ny Kor'âny masina hoe:

[106] Kor'âny 39/33

« **Ireo izay nino an'i Allâh sy ireo Irany, dia izy ireny no tena olo-marina sady vavolombelona eo akaikin'i Allâh. Hahazo ny valisoany sy ny hazavany izy ireo...** »[107].

Ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny **Mousnad** sy i **al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî** ao amin'ny "**Mâ Nazala Min al-Qour'ân fî 'Alî**" dia nanambara araka ny tantaran'**Ibn Abbâs** fa io andinin-tsoratra masina io dia nampidinina ho fiderana an'i 'Alî(a.s) izay anisan'ireo olo-marina.

Ao amin'ny sourat al-Nisâ' (ireo vehivavy) i Allâh dia nilaza hoe:

« **Ary izay mankatoa an'i Allâh sy ilay Iraka dia izy ireny no miaraka amin'ireo izay nasoavin'i Allâh: avy amin'ireo Mpaminany sy ireo mpilaza ny marina sy ireo martiora sy ireo olo-mendrika ary ireo mpanara-dia tsara indrindra** »[108].

Ao amin'io andininy io ihany koa, ny mpilaza ny marina dia manondro an'i 'Alî(a.s). Misy hadith maro notantarain'ireo manam-pahaizanareo sy ireo manam-pahaizanay, no milaza fa i 'Alî(a.s) no tena olo-marina teo amin'ny vahoakan'ilay Mpaminany(s.a.s).

Ireo manam-pahaizanareo dia nanampita ao amin'ny bokin'izy ireo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara hoe:

"**Misy olo-marina lehibe anankitelo: Hizqîl, ilay mpino tamin'ny vahoakan'i Firaona. Habib al-Najjâr voalaza ao amin'ny sourat Yâsin ary i 'Alî Ibn Abî Tâlib no lehibe indrindra amin'izy rehetra**".

Io hadith io dia noraiketin'atoa isany:

---

[107] Kor'âny 57/19
[108] Kor'âny 4/69

-Ny **imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî** ao amin'ny bokiny **Tafsir Kabîr**,

-Ny **imâm al-Tha'labî** ao amin'ny **Kashf-oul-Bayân**,

-**Jalâl-oud-Dîne al-Souyutî** ao **al-Dourr-oul-Manthour**

-Ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny **Mousnad**,

-**Ibn Shirwaih** ao amin'ny **Firdaws**,

-**Ibn Abî al-Hadîd** ao amin'ny **Sharh Nahj-oul-Balâghat**, boky faha-II pejy faha-451.

-**Ibn al-Maghazâlî al-Châfi'î** ao amin'ny **Manâqib**,

-**Ibn Hajar al-Makkî** ao amin'ny **al-Sawâ'iq al-Mouhriqah** araka ny fitantaran'i **al-Boukhârî** izay nolazain'**Ibn Abbâs**, ankoatry ny farany amin'ilay fehezanteny.

**Cheikh Soulaymân Balkhi** ao amin'ny bokiny **Yanâbi'oul-Mawaddat** toko faha-42 avy tamin'ny **Mousnad** bokin'i **Ahmad Ibn Hanbal**, i **Abou Nâ'im Ibn Maghazâlî al-Châfi'î**, ilay mpikabary malaza **al-Khawârizmî** avy tamin'i **Abou Laila** sy **Abou Ayyoub al-Ansârî** ao amin'ny bokiny **Manâqib**, **Ibn Hajar** ao amin'ny bokiny **al-Sawâ'iq** (sy ireo mpahay tantara maro an'isa), dia nanambara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:

« **Anankitelo ireo olo-marina: i Habib al-Najjâr, ilay mpino voalaza ao amin'ny sourat Yâsin izay niantso hoe "*Ry olona! Aoka ianareo hanaraka an'ireo mpaminany*"; i Hizqîl ilay mpino tamin'ny vahoakan'i Firaona izay niteny hoe: "*Novonoinareo ve ny olona izay manompo an'i Allâh?*" ary i 'Alî Ibn Abî Tâlib izay tena be voninahitra amin'izy rehetra** »

Talanjona ireo olona mahita fa ny fomba fanazavanareo dia mifanaraka amin'ny faharatsianareo. Ianareo ihany no nanaporofo taminay tamin'ny alalan'ireo hadith maro izay mifanaraka amin'ny voalazan'ny Kor'âny masina, fa i 'Alî no manam-boninahitra tena ambony kokoa amin'ireo olo-marina nefa ianareo mbola milaza ireo hafa (Abou Bakr) ho "Siddiq" (olo-marina) na dia tsy misy na andininy iray aza no nidina mikasika ny fahamarinany!!

Tompoko ô! Aoka ianareo mba hitsara ara-drariny! Moa ve azo atao ny mitsipaka ny fijoroan'ny olona vavolombelona izay olona nolazain'i Allâh fa "Siddiq" ao amin'ny Kor'âny masina, ilay olona izay nandidiany antsika mba harahina?

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza hoe:

"'**Alî dia miaraka amin'ny fahamarinana lalandava ary ny fahamarinana dia mihodidina manodidina an'i 'Alî**".

Io hadith io notantarain'atoa isany:

-**Al-Khatîb Baghdadi** ao amin'ny bokiny ***Ta'rîkh***, boky faha-IV, pejy faha-321,
-**Al-Hâfiz Ibn Mardawiyyat** ao amin'ny ***Manâqib***,
-Ny **imâm Ahmad ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny ***Musnad,***
-Ny **imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî** ao amin'ny ***al-Tafsîr al-Kabîr*** boky voalohany, pejy faha-111,
-**Ibn Hajar al-Makki** ao amin'ny ***al-Jâmi*-ous-*Saghîr***, boky faha-II, pejy. 74,75, 140, sy ***al-Sawâ'iq al-Mouhriqat*** fizarana faha-2, toko faha-IX, hadîth faha-21 amin'ireo Hadîths miisa efapolo milaza momba ireo voninahitry ny Imâm 'Alî(a.s).
-Cheikh Soulaymân al-Hanafî al-Qoundouzî, ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, fizarana faha-65/85 (natonta tao Istâmboul) araka ny fitantaran'ny al-Jâm'i-ous-Saghîr bokin'i Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî, sy ao amin'ny fiazarana faha-20 araka ny fitantaran'ny Jam'oul-Fawâ'id sy ny al-Awsat ary ny al-Saghîr bokin'i Tabrânî, dia manambara ny fijoroan'i Oumm Salma sy Ibn Abbâs vavolombelona. Jereo koa ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat toko.65, p.185 araka ny fitantaran'ny al-Jâm'i-ous-Saghîr bokin'i Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî, sy ny Târîkh-oul-Khoulafâ, p.116, al-Faidh-oul-Qadîr boky faha-IV, p.358 araka ny fitantaran'Ibn Abbâs, ny Manâqib-ous-Sabi'în p.237 hadith faha-44 avy tamin'ny mpanoratry ny Firdaws, al-Sawâ'iq-oul-Mouhriqat toko.59 fiazarana faha-2, p.238 (mitantara ny fijoroan'i Oumm Salma vavolombelona) ary i Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î ao amin'ny Kifâyat-out-Tâlib, ka ny sasany amin'izy ireo dia milaza araka ny

fitantaran'i Oumm Salma, ny sasany avy amin'i Aïchâ ary ny hafa kosa dia mbola avy tamin'i Abou Bakr, izy rehetra ireo dia samy nanambara fa naheno an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny nanao hoe:

"**'Alî dia miaraka amin'ny Kor'âny ary ny Kor'âny miaraka amin'i 'Alî. Tsy misy mihitsy ny mahasamihafa azy roa, ny andaniny sy ny ankilany dia tsy afa-misaraka mihitsy mandra-pihaonan'izy ireo amiko any amin'ny reniranon'i Kawthar (any am-paradisa)**".

Ny sasany amin'ireo mpitantara dia nilaza an'izao teny izao:

"**'Alî dia miaraka amin'ny fahitsiana ary ny fahitsiana dia miaraka amin'i 'Alî. Miara-mihodidina ny andaniny sy ny ankilany**".

**Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin'ny **Tazhkirat Khawâs-oul-Oummah**, p.20 mifandray amin'ilay hadith mikasika ny Ghadîr dia mitantara an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe: "**Mandehana mankany amin'ny fahamarinana izay mihodidina manodidina an'i 'Alî na aiza na aiza ny toerana misy azy**". Naneho ny fanamarihany tamin'io hadîth io i Sibt nanao hoe: "**Ity hadith ity dia manambara fa raha misy ny tsy fitovian-kevitra eo amin'i 'Alî sy ireo Sakaiza hafa, dia any amin'i 'Alî no azo antoka fa misy ny fahamarinana**". Nisy nanoratra ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) milaza hoe:

"**Izay mankato an'i 'Alî dia mankato ahy tokoa ary izay mankat ahy dia mankato an'i Allâh tokoa; izay manohitra an'i 'Alî dia tena manohitr'ahy ary izay manohitr'ahy dia tena manohitra an'i Allâh**".

Aboul-Fat'h Moummad Ibn Abdoul-Karîm al-Shahristânî dia nitantara ao amin'ny bokiny al-Milal wa al-Nihal fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:

"**Marina dia marina fa i 'Alî dia miaraka amin'ny fahamarinana, izay manaraka azy dia miaraka amin'ny fahamarinana ihany koa**".

Arak'ireo hadith mazava tsara rehetra voarakitra ao amin'ireo bokinareo mahafatoky ireo, ny mandà tsy manaiky an'i 'Alî, moa ve izany tsy midika ho mandà tsy manaiky an'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany koa?

## Fizarana fahafolo

Ilay khalîfat Abou Bakr dia tsy nampihatra ny didy voalazan'ilay andininy "fijoroana vavolombelona" tamin'ny tranga sasany

Ny hevitra faharoa izay nolazainareo dia ilay Khalîfat izay voatery nampihatra ny fitsipika miharihary mifehy finoana. Arak'izany, nohon'ny tsy fahampian'ireo vavolombelona dia tsy azony natao ny nanome ilay "fananan'ireo Silamo" ho an'i Fâtimat(a.s) tamin'ny fitakiany samirery. Tao anatin'ny fahamalinana tokoa no nitakiany ireo vavolombelona afaka manaporofo ny maha-azy an'io fananana io, izay mifanohitra amin'ny fampianarana ara-pinoana! Voalohany dia efa nolazaiko taminareo fa ilay Fadak dia tsy fananan'ireo Silamo. Nomena an'i Fâtimat(a.s) izy io ho toy ny fanomezana avy tamin-drainy ary dia izy no lasa tompony.

Faharoa, raha te hanaraka tokoa ny lalàm-pinoana ilay khalîfat, dia tokony ho nampihatra izany tanteraka amin'izay tranga rehetra misy. Nahoana izy no manao politika amin'ny endrika roa samihafa? Matetika izy dia manome fananana ho an'ireo Silamo hafa nohon'ny fitakiana tsotra nefa tsy nitadiavany vavolombelona. Fa raha nitsara ny raharaha toy izany ho an'i Fâtimat(a.s) kosa dia  nanao izany ampahamalinana fatratra! Ibn Abî al-Hadîd dia nanoratra ao amin'ny bokiny Sharh Nahj-oul-Balâghat , boky faha-IV, pejy faha-25 fa izy dia nanontany ny hevitr'i 'Alî Ibn al-Fâriqî, profesora iray ao amin'ny Madrasat al-Ghabiyat, tao Bagdad raha mananjo amin'izany i Fâtimat rehefa mitaky an'ilay Fadak. "**Namaly izy hoe: Eny**". Nanontany azy indray aho hoe: "**Raha manana ny marina izy, dia nahoana ilay khalîfat no nandà ny hanome izany ho azy? Nitsiky vendrana i al-Fâriqî sady nilaza fa raha nanome ilay Fadak ho an'i Fâtimat izy tamin'io andro io, dia rahampitso indray i Fâtimat hitaky ny fitondrana al-khilâfat ho an'ny vadiny. Ary amin'izay fotoana izay ilay khalîfat dia voatery hamerina ihany koa ny fitondrana amin'ilay**

**manan-jo amin'izany, satria izy efa nanaiky ny zony mikasika ilay Fadak**".

Araka ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo ireo dia tena mazava ny miharihary ny hevitr'izy ireo. Hatrany am-piandohana izy ireo dia efa nahafantatra fa manana ny marina i Fâtimat fa saingy nohon'ny resaka ara-politika maloto no nanery azy ireo nandrava ny zony.

**Hâfiz** : Tamin'ny fotoana nanao ahoana ilay khalîfat no nanome fananan'ireo Silamo tsy nisy vavolombelona?

**Chîrâzî** : Rehefa i Jâbir nitaky tamin'i Abou Bakr ny anjarany tamin'ireo harena babo an'ady tao Bahrain izay efa nampanantenain'ilay Mpaminany(s.a.s) azy, dia nomena 1.500 dinars avy tao amin'ny Bayt-oul-Mâl (tahirim-bahoaka) izy nefa tsy nisy fanankianana na fitakiana vavolombelona natao taminy.

**Hâfiz** : Voalohany dia tsy nahita io tantara io aho. Angamba ao amin'ny bokinareo no ahitana izany? Avy eo dia, amin'ny fomba ahoana no ahafahanao milaza fa tsy maintsy ilàna vavolombelona izany tranga izany?

**Chîrâzî** : Mahagaga tokoa ny tsy ahitanareo izany. Ity tantaran'i **Jâbir Ibn Abdoullâh al-Ansârî** ity dia porofo matanjaka ahafahana milaza fa ny hadith iray notantarain'ny Sakaiza iray mahafatoky dia azo ekena. **Cheikh-oul-Islâm al-Hâfiz Abâ al-Fadhl Ahmad Ibn 'Alî al-Hajaral-'Asqalânî** dia nanambara ao amin'ny **Fat'houl-Barî fî Sharh Sahîh al-Boukhârî** hoe: io tantara io dia maneho fa ny hadith avy amin'ny Sakaiza iray mahafatoky dia azo ekena, eny fa dia miaro ny tombontsoany manokana aza ny fijoroany vavolombelona, noho i Abou Bakr izay tsy mba nitady vavolombelona akory tamin'izany.

**Al-Boukhârî** dia nanoratra io tantara io ihany fa antsipiriany ao amin'ny bokiny **Sahîh**. Ao amin'ny toko "**Qissat 'Oman wal-Bahrain**", dia nosoratany fa rehefa nentina tao Madînat ny harena babo an'ady, dia nampandre i Abou Bakr fa izay olona nampanatenain'ilay Mpaminany

homena vola na izay manana fitarainana dia tokony ho tonga haka ny zony. Tonga àry i Jâbir ka nilaza taminy hoe: "**Ilay Mpaminany dia nampanantena ahy fa rehefa resy an'ady i Bahrain, dia homeny valisoa amin'ny alalan'ny harena babo an'ady aho**". Teo noho eo i Abou Bakr dia nanome azy 1.500 dinars fa tsy mba nitady vavolombelona, akory ho fahatokisana ny fahamarianan'ny fitakiany.

**Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî** dia nanoratra ihany koa izany tantara izany ao amin'ny bokiny **Târîkh al-Khoulafâ** ao amin'ny toko mikasika ny khilâfat fitondran'i Abou Bakr.

Ry olona mpandala ny rariny! Lazao aminay, azafady indrindra, amin'ny anaran'i Allâh, raha ara-drariny tokoa ny fitsarana nampiharina tamin'i Fâtimat(a.s) sy i 'Alî(a.s)? Raha tsy nisy tokoa ny fiangarana, dia nahoana i Abou Bakr no nanao ara-dalàna ny fandikana ny didin'ilay andininy mikasika ny "fijoroana vavolombelona" ka nanomezany vola ho an'i Jâbir niainga avy tamin'ny fitakiany samirery fotsiny? **Al-Boukhârî** ao amin'ny bokiny **Sahîh** sy ireo manam-pahaizana maro momba ny lalàna dia manaiky ankitsirano ny fijoroan'ny Sakaiza iray mahafatoky vavolombelona. Nefa izy ireo dia mahita fa ny fitakian'i 'Alî(a.s) dia tsy azo ekena! Sa moa ve i 'Alî(a.s) dia olona tsy lavorary tamin'ireo Sakaiza? Raha dinihinareo tsara am-pahendrena izany zavatra izany, dia ho tsapanareo fa tsy vitan'ny fandavana ny fahamarinana ihany no zava-nitranga fa tena fisolokiana miharihary ihany koa.

**Hâfiz** : Izaho dia mihevitra fa i Abou Bakr dia tsy nitaky vavolombelona tamin'i Jâbir noho izy Sakaiza tena akaikin'ilay Mpaminany(s.a.s) tokoa. Inoana fa henony ihany koa ny fanambaran'ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: "**Na iza na iza milaza lainga amin'ny anarako dia hitoetra ao amin'ny Afobe mandrakizay**". Eo anatrehan'izany fampitandremana izany, dia mazava ho azy fa ny Sakaiza akaiky sy mpino tahak'azy dia tsy manana eritreritra mihitsy ny hilaza hadith diso na lainga amin'ny anaran'ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh.

**Chîrâzî** : Moa ve i Jâbir no akaikin'ilay Mpaminany kokoa noho i 'Alî(a.s) sy i Fâtimat(a.s) izay nahazo fanabeazana manokana avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s)?

## Ny Imâm 'Alî(a.s) sy Andriambavy Fâtimat(a.s) dia anisan'ny voalazan'ilay "andininy mikasika ny fahadiovana"

**Hâfiz** : Mazava ho azy fa i 'Alî(a.s) sy i Fâtimat(a.s) no tena akaikin'ilay Mpaminany(s.a.s) kokoa, noho izy ireo izay nobeaziny hatramin'ny nahaterahan'izy ireo.

**Chîrâzî** : Arak'izany dia tokony hanaiky ianareo fa izy ireo(a.s) no olona tena manam-pitandremana fatratra amin'izay fananaran'ilay Mpaminany(s.a.s). Izy ireo dia tsy afaka hanao fanambarana lainga mihitsy. Abou Bakr dia tokony hanaiky ny fitakian'i Fâtimat(a.s), satria ny voninahitra ananan'ireto olon-droa ireto dia tena ambony kokoa mihoatra an'i Jâbir (araka ny efa nolazainareo ihany). Arak'izany, ny voninahitr'izy ireo dia ambony kokoa mihoatra ny an'ireo Sakaiza rehetra. Izy ireo dia mendrika ny tsy manan-kilema araka ny voalazan'ilay "andininy mikasika ny fahadiovana". Io andininy io dia manambara ny fahadiovan'ireo olo-masina miisa dimy: i Mouhammad(a.s), i 'Alî(a.s), i Fâtimat(a.s), i al-Hassan(a.s), ary i al-Houssein(a.s). Ireo manam-pahaizanareo ambony dia manaiky ny fahadiovan'ireto olo-masina ireto.

Mikasika an'ny Amîr Mou'minîn i 'Alî(a.s) manokana dia efa notantaraiko taminareo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza fa i 'Alî(a.s) no olo-marina eo amin'ny firenena ary i Allâh dia nilaza azy ho olo-marina ihany koa ao amin'ny Kor'âny masina. Mikasika an'i Fâtimat al-Zahrâ(a.s), dia maro ihany koa ny hadith manambara izany. Iray amin'izany no notantarain'i **al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî** ao amin'ny bokiny **Hilyat-oul-Awliyâ** boky faha-II, p.42 araka ny voalazan'i Aïcha hoe: "**Izaho dia mbola tsy nahita olo-marina mihoatra an'i Fâtimat ankoatry ny rainy**".

**Hâfiz** : Ny fanambaranao fa io andininy io dia nampidinina ho fiderana an'ireto olona dimy ireto dia tsy azo ekena. Nandritra ny ady

hevitra tamin'ity lohahevitra ity ianao dia fahalalana midadasika tokoa no noporofoinao avy tao amin'ireo bokinay. Tokony hanaiky kosa ianao amin'ity tranga ity fa ho diso fiheverana. Mpanao tafsîr maro manko toa an'i **al-Qâdhî Baidhâwî** sy **al-Zamakhsharî** no nanambara fa io andininy io dia nampidinina ho fiderana an'ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s). Na dia misy loharano hafa aza no manambara an'ireo olona dimy ireo dia azo inoana fa loharano maivana izany. Ny antony dia noho ilay andininy milaza ny mifanohitra amin'izany. Ny foto-kevitr'ilay andininy mikasika ny fahadiovana dia miresaka momba an'ireo vadin'ilay Mpaminany koa midika izany fa tsy maintsy tafiditra ao anatin'ilay fahadiovana izy ireo.

<u>Ny porofo fa tsy midera akory an'ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) ilay "andininy mikasika ny fahadiovana"</u>

**Chîrâzî** : Maro ny hevitra tsy mampitombina ny fitsikerana nataonareo teo. Lazainareo fa ireo andininy eo aloha sy ny manarak'ilay andininy mikasika ny fahadiovana dia miresaka momba an'ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s). Noho izany dia tsy anisan'ny voalazan'ilay andininy ireo Ahloul-Bayt(a.s). Ny valinteny omeko dia sahala amin'ny mateti-pitranga mandritra ny resaka nifanaovantsika, afaka manalavitra ny lohahevitra iray isika mba hahatongavana amin'ny lohahevitra hafa, avy eo dia miverina amin'ny resaka niaingàna teo ihany.

Ao amin'ny Kor'âny masina dia maro ireo ohatra tahak'izany. Fa raha ianareo no mandinika tsara ny sourat al-Ahzâb (ireo antokon'olona), dia ho voamarikareo fa aorian'ny firesahana an'ireo vadin'ilay Mpaminany ireo, dia mifindra amin'ny firesahana an'ireo mpino; avy eo dia miresaka indray an'ireo vadin'ilay Mpaminany. Ny fotoana dia tsy mamela ahy hanolotra ho anareo porofo antsipiriany mba hanazavana ity lohahevitra ity. Faharoan'izany, raha io andininy io no miresaka momba an'ireo vadin'ilay Mpaminany ireo fotsiny dia tokony ho manondro vehivavy avokoa ireo mpisolo anarana nampiasaina. Nefa noho ireo mpisolo anarana manondro lehilahy, dia tsy azo lazaina ho miresaka an'ireo vadin'ilay Mpaminany izy io fa kosa ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Nawwâb** : Raha tafiditra ao anatin'ireo vondron'olona ireo i Fâtimat dia nahoana no tsy nampiasaina ny mpisolo anarana manondro vehivavy?

**Chîrâzî** : (*Nitodika nankany amin'ireo manam-pahaizana*): Tompoko, ao amin'io andininy io na dia voalaza ao anatin'izany aza i Fâtimat, dia ny mpisolo anarana manondro lehilahy ihany no nampiasaina satria ny lehilahy no mahery lanja kokoa. Izany hoe, ao anatin'ny vondron'olona mifangaro ahitana lahy sy vavy dia omena lanja kokoa ny lehilahy.

Ao amin'io andininy io, ny fampiasana ny mpisolo anarana manondro lehilahy dia porofo avy hatrany fa ilay tantara voalaza teo aloha dia tsy maivana velively fa kosa mazava miharihary. Ankoatra izany dia nohon'ny mahamaro an'isa ireo lehilahy ao amin'ireo olo-masina(a.s) dimy ireo izay ahitana vavy iray sy lahy efatra dia ny mpisolo anarana manondro lehilahy no nampiasaina. Mazava ho azy fa raha io andininy io no tsy miresaka afa-tsy ireo vadin'ilay Mpaminany ireo ihany, dia tsy mitombina mihitsy ny fampiasana ny mpisolo anarana lehilahy ho solon'ny mpisolo anarana vehivavy. Ankoatr'izany, ny hevitra azo tsoahina avy tamin'ireo hadith maro mahafatoky dia milaza fa io andininy io dia nampidinina ho fiderana an'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) fa tsy ireo vadiny.

Na dia "Sunnite" tena mpitompo teny fantatra izaitsizy aza **Ibn Hajar al-Makkî** dia nanambara ao amin'ny bokiny **al-Sawâ'iq al-Mouhriqat** fa io andininy dia nampidinina ho fiderana an'ilay Mpaminany(a.s), i 'Alî(a.s), i Fâtimat(a.s), i al-Hassan(a.s) sy al-Houssein(a.s).

## <u>Ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy anisan'ireo Ahloul-Bayt</u>

Ankoatr'izany, ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy tafiditra ho anisan'ireo Ahloul-Bayt.

Izany moa dia voalaza ao amin’ny **Sahîh Mouslim** sy **Jâmi’oul-Ousoul** fa i al-Hassan Ibn Samrat dia nanontany an’i Zaïd Ibn al-Arqam raha toa ka ireo vadin’ilay Mpaminany dia anisan’ireo Ahloul-Bayt. Namaly i Zaïd hoe: “**Ianiavako amin’i Allâh, fa tsia. Ny vady iray dia miaraka amin’ny lehilahy vadiny mandritra ny fotoana misy fetrany, fa rehefa misaraka aminy ilay lehilahy, dia miverina mody any amin’ny ray aman-dreniny izy ary dia tafasaraka tanteraka amin’izany vadiny izany izy. Ireo Ahloul-Bayt dia vondrom-pianakavian’ilay Mpaminany izay tsy azo omena ny fanomezana ara-pinoana. Izy ireo dia tsy afa-misaraka amin’ny Tranom-paminaniana na aiza na aiza no misy azy ireo**”.

Ankoatra ny hevitra hitambaran’ireo “Chiites” mpanaraka an’ireo Imâm miisa roa ambin’ny folo mikasika an’ireo taranaka masin’ilay Mpaminanin’i Allâh, dia betsaka ireo hadith voasoratra ao amin’ny bokinareo no mitsipaka ny filazana an’ireo vadin’ilay Mpaminany ho anisan’ireo Ahloul-Bayt[(a.s)].

Hadith maro no milaza an’ilay “andininy mikasika ny fahadiovana” ho nidina mba hiderana an’ireo olo-masina dimy

-Ny **imâm al-Tha‘labî** ao amin’ny ***Tafsîr al-Kashf-oul-Bayân***,
-Ny **imâm Fakhr-oud-Dîne al-Râzî** ao amin’ny ***al-Tafsîr al-Kabîr*** boky faha-VI, p. 783,
-**Jalâl-oud-Dîne al-Suyûtî** ao amin’ny ***al-Dourr-oul-Manthoûr*** boky faha-V, p.199 sy ny ***al-Khasâ'is-oul-Koubrâ*** boky faha-II, p.264,
-**Al-Nisâpourî** ao amin’ny bokiny ***Tafsîr*** boky faha-III,
-Ny **imâm Abd-our-Razzâq al-Ras‘ânî** ao amin’ny ***Tafsîr Roumouz-oul-Kounouz***,
-**Ibn Hajar al-‘Asqalânî** ao amin’ny ***al-Isâbah*** boky faha-IV, pejy faha-208,
-**Ibn ‘Asâkir** ao amin’ny ***Târîkh*** boky faha-IV, p. 204 sy 206,
-**Mouhib-oud-Dîne al-Tabarî** ao amin’ny ***al-Riyâdh-oun-Nadhirat*** boky faha-II, p.188,
-**Mouslim** ao amin’ny ***Sahîh,*** boky faha-II, p. 133 sy ny boky faha-VII, p. 140,

**-Al-Nabhânî** ao amin'ny ***al-Sharaf-oul-Mou'ayyad,*** *(*natonta tao Beyrouth) pejy faha-10,

**-Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î** ao amin'ny ***Kifâyat-out-Tâlib*** **toko faha-100,** miaraka amin'ireo hadith mahafatoky miisa enina sy

-Ny **Cheikh Soulaymân al-Balkhi al-Hanafi** ao amin'ny **Yanâbi'oul-Mawaddat**, toko faha-33, araka ny fitantaran'ny **Sahîh Mouslim** avy **tamin'i Oumm-oul-Mou'minîn Aïcha** sy ireo tantara miisa folo notantarain'i **Tirmizhî**, sy i **al-Hâkim 'Alâ-oud-Dawlat al-Semnânî**, sy **al-Baihaqî**, sy **al-Tibrânî**, sy i **Jarîr,** sy **Ahmad Ibn Hanbal**, sy **Ibn Abî Shaibah**, sy **Ibn Mounthir**, **Ibn Sa'd**, **al-Hâfiz al-Zarandî**, ary **al-Hâfiz Ibn Mardawiyyat**, araka ny voalazan'i **Oumm al-Mou'minîn Oumm Salama** sy ilay zanany i **Omar Ibn Oumm Salama** (izay notezain'ilay Mpaminany), sy araka ny voalazan'i **Anas Ibn Mâlik**, sy i **Sa'd Ibn Abî Waqqâs**, i **Wâthilah Ibn Asqa'** sy **Abî Sa'îd al-Khidrî**, izy ireo dia samy nilaza fa ilay andininy ayat-Tat'hîr (fahadiovana) dia nidina nohon'ny antony avy amin'i Mouhammad(s.a.s), 'Alî(a.s), Fâtimat(a.s), al-Hassan(a.s), ary al-Houssein(a.s).

Eny fa na dia **Ibn Hajar al-Makkî**, izay mpankahala ny "Chiisme" aza, dia nanaiky ny heviny tena izy amin'ny fomba fito samihafa. Nilaza izy ao amin'ny **al-Sawâ'iq al-Mouhriqat** fa io andininy dia nampidinina mba hiderana an'i Mouhammad sy i 'Alî sy i Fâtimat sy i al-Hassan ary i al-Houssein ary ireto olo-masina ireto ihany no voalaza ao amin'io andininy io.

**Sayyed Abou Bakr Ibn Shahâb-oud-Dîne al-'Alawî** ao amin'ny bokiny **Rashfat-ous-Sâdî Min Bahri Fadhâ'il Banî-Nabî-oul-Hâdî** (natontan'ny A'lamiyya Press, Ezypta 1303H), toko voalohany, p.14-19, araka ny fitantaran'i **Tirmizhî**, **Ibn Jarîr**, **Ibn Mounthir**, **al-Hâkim**, **Ibn Mardawiyyat**, **al-Baihaqî**, **Ibn Abî Hâtam**, **al-Tibrânî**, **Ibn Kathîr**, **Mouslim Ibn Abî Shaibah** sy **al-Samhoudî** niainga avy tamin'ny fikarohan'ireo manam-pahaizanareo fa io andininy io dia nampidinina ho fiderana an'ireo olo-masina dimy ireo.

Ao amin'ny **al-Jam'i-Bayn al-Sihah al-Sittah**, araka ny fitantaran'ny **al-Mawatta** bokin'ny **imâm Mâlik**, ireo **Sahîh** bokin'i **al-Boukhârî** sy **Mouslim**, **Sounan** bokin'i **Abou Dâwoud**, i **Sijistânî** sy i **Tirmizhî**, ny **Jâmi'oul-Ousoul** sy ao amin'ireo bokinareo maro hafa ihany koa, ireo manam-pahaizanareo sy ireo mpahay tantara dia manaiky amin'ny ankapobeny fa io andininy io nampidinina ho fiderana an'ireo olo-masina dimy voalaza teo aloha. Ary araka ny antokom-pinoanareo dia mpitantara maro no nampitampita an'io hadith io.

Hadith nolazain'i Oumm Salama mikasika ilay "Harrîrah" (Tsiranoka mamy) avy tamin'ilay Masimbavy Fâtimat(a.s) sy ny nidinan'ilay "andininy mikasika ny fahadiovana"

Mpitantara hadith maro no nanoratra ny raharaha mikasika ilay Harrîrah. Anisan'izy ireo dia ahitana an'ny **imâm Tha'labî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr**, ny **imâm Ahmad Ibn Hanbal** ao amin'ny bokiny **Mousnad** sy **Ibn al-Athîr** ao amin'ny bokiny **Jâmi'oul-Ousoul** avy tamin'ny **Sahîh** bokin'i **Tirmizhî** sy **Mouslim**, dia samy nitantara avy tamin'ilay vadin'ny Mpaminany, i **Oumm-oul-Mou'minîn Oumm Salama** izay nitantara hoe: "Ilay Mpaminany dia tao amiko no tonga i Fâtimat nitondra tasy misy harrîrah. Tamin'io fotoana io Izy nipetraka teo amin'ny alo-baravarana izay matetika fatoriany. Nisy lambabe Khaibarî teo amin'ireo tongony. Nanao ny fivavahako tao amin'ny efitranoko aho. Ilay Mpaminany dia niangavy an'i Fâtimat mba hiantso ny vadiny sy ireo zanany lahy. Tsy ela akory dia tonga i 'Alî sy al-Hassan ary i al-Houssein ary samy nozaraina tamin'ny rehetra ilay harrîrah. Niseho ilay Anjely Gabriel ka nanambara ity andininy ity tamin'ilay Mpaminany(s.a.s):

**« Ny tian'i Allâh dia ny hanaisotra eo aminareo ny loto, ry "Ahloul-Bayt", sy ny hanadio anareo tanteraka »**[109].

Tamin'izay indrindra dia norakofan'ilay Mpaminany tao anatin'ilay lambabeny izy ireo, ary nandratra ny tanany nitodika any

[109] Kor'âny 33/33

amin'ny lanitra Izy ka niteny hoe: "**Ry Allâh! Ireto no taranako. Esory amin'izy ireo ny loto rehetra ary diovy tanteraka izy ireo**".

Nilaza i **Oumm Salama** fa naniry fatratra mba ho anisan'izy ireo nanao hoe: "**Ry Mpaminanin'i Allâh, afaka ihany koa ve aho hiditra ao miaraka aminareo?**" Namaly azy ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: "**Tsia, mitoera ihany amin'izay misy anao. Ity dia voninahitra**". Izany dia manaporofo fa izy dia tsy afaka ny ho anisan'ireo Ahloul-Bayt sy hahazo ilay voninahitra na dia tena nanana ny finoana tokoa aza izy.

Ny imâm **Fakhr-oud-Dîne al-Râzî** ao amin'ny bokiny **Tafsîr** dia nanampy fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: "**Ireo fahotana rehetra nalavirina anareo ary nampitafiana anareo ireo robolavan'ny fahasoavana**".

Vao mainka mampitombo ny fahagagana avy amin'ireo manam-pahaizanareo izay nanoratra ao amin'ireo bokin'izy ireo mahafatoky fa i Fâtimat(a.s) sy i 'Alî(a.s) dia anisan'ny voalazan'ilay "andininy mikasika ny fahadiovana" nefa izy ireo dia mitsipaka ny Imâmat fitarihan'i 'Alî(a.s) sy mandà ny fijoroany vavolombelona tamin'ny fitakian'i Fâtimat(a.s) ilay Fadak!

Ankehitriny, dia hiverina amin'ny hevitra niaingana isika. Moa ve azo ekena sy mety ny fitsipahana ny fijoroan'i 'Alî(a.s) sy i Fâtimat(a.s) vavolombelona, mba hanalavirana azy ireo ny amin'ny zon'izy ireo, nefa ny fitakian'i Jâbir dia nekena tsy nisy fisalasalana, na dia olona Sakaiza akaiky fotsiny aza izy?

## Fizarana faha-11

**Hâfiz** : Tsy azo heverina ho khalîfat izay tena akaikin'ilay Mpaminany(s.a.s) no mora voan'ny fakam-panahy maka an-keriny ilay Fadak toy izany. Na izany aza anefa, ilay Fadak dia tsy zava-dehibe amin'ilay khalîfat satria izy dia efa manam-pahefana tanteraka amin'ny Bayt-oul-Mâl (Tahirim-bahoaka) an'ireo Silamo izay eo ambany fiadidiany.

**Chîrâzî** : Angamba tsy dia zava-dehibe aminy tokoa izany. Nefa ny antoko politika teo amin'ny fitondrana tamin'io vanim-potoana io dia mahita fa tena ilaina ny mamabo azy io mba hahatonga ireo fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) ho sahirana ara-pahavelomana. Izy ireo dia nampihatra tamin'ireto farany karazana fampijalina sy fampahoriana ary fampahantrana amin'izay izy ireo tsy afaka ny hieritreritra momba ny fitondrana. Ireo olona materialista dia manao izay fomba rehetra hampanan-karena azy eto amin'ity tany ity. Ireo mpanao politika ireo dia mihevitra fa raha ireo fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) no afaka mifehy ny harena, dia azo antoka fa ho voasarika hanarak'azy ireo ny vahoaka. Noho izany, dia nalain'izy ireo an-keriny ilay Fadak nohon'ny antony ara-politika no sady mba tsy hahazoan'ireo fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo vokatra avy aminy.

## Fakana tsy an-drariny ny Khoums

Anisan'ireo zavatra izay alain'izy ireo an-keriny dia ny Khoums, izay nolazain'ny Kor'âny masina mazava tsara mihitsy ny momba izany. Noho i Allâh izay nandrara ny fanomezana ara-pinoana ho an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo taranany(a.s), dia nosokafana ho azy ireo kosa ny fahazoan-dàlana hahazo ilay Khoums. Hoy Izy ao amin'ny Kor'âny masina hoe:

## Ny Khilâfat dia tsy afaka mandidy zavatra mifanohitra amin'ny lalànan'i Allâh sy ny fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s)

**Chîrâzî** : Mazava ho azy fa ny Moujtahid iray dia manan-jo hanatanteraka izay heveriny fa mety, nefa kosa tsy azony atao ny miala amin'ny didy efa mazava. Ankasitrahanareo ve ny nataon'ireo khalîfat (i Abou Bakr sy i Omar) teo anatrehan'ireo andinin'ny Kor'âny masina voalaza sy ny fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s)? Aoka mba ho marina ianareo, azafady, ary lazao aminay raha toa ka misy antony manokana no ambadik'izany rehetra izany. Ny olona izay manan-tsaina dia hahatakatra fa tsy raharaha tsotra izany, fa kosa fikendrena mba hampahantrana ara-bola ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s).

Ankoatr'izany, i Allâh dia nametraka an'i 'Alî[a.s] ho vavolombelon'ilay Mpaminany[s.a.s] araka ny voalazan'ny Kor'âny hoe:

« **Moa ve tsy izay miorina amin'ny porofo mazava, avy amin'Ilay Tompony sy novakian'ny vavolombelona anankiray avy Aminy, kanefa talohany dia nisy ny bokin'i Mosesy, no ho tari-dalana sy famindram-po…?** »[110].

**Hâfiz** : Raha azoko tsara ny tiany hambara dia ny, "***izay miorina* amin'ny porofo mazava, avy amin'Ilay Tompony**", no manondro an'ilay Mpaminany, ary ny "**sy *novakian'ny* vavolombelona anankiray avy Aminy**" dia manambara ny Kor'âny masina. Fa ahoana no ahafahanao milaza fa ny "**vavolombelona**" eto dia manondro an'i 'Alî[a.s]?

**Chîrâzî** : Izaho dia tsy hilaza ny hevitro manokana mikasika an'ireo andinin'ny Kor'âny masina. Fa araka ny voaranay avy tamin'ireo fianakavian'ilay Mpaminany[s.a.s], ny "**vavolombelona**" amin'io andininy io dia manambara an'i 'Alî[a.s].

Ireo manam-pahaizana sy ireo mpanao tafsîr dia mitovy hevitra amin'izany koa. Ireo manam-pahaizanareo tena malaza dia nandrakitra hadith miisa telopolo eo ho eo manohana izany hevitra izany. Ohatra amin'izany, ny imâm Abou Ishâq al-Tha'labî dia nitantara hadith telo mikasika izany ao amin'ny Tafsîr; i Jalâl-oud-Dîne al-Souyoutî ao amin'ny bokiny al-Dourr al-Manthour araka ny fitantaran'Ibn Mardawiyyat, Ibn Abî Hâtam sy Abou Nâ'im. Ibrahim Ibn Mouhammad Hamwaini ao amin'ny bokiny Farâ'id al-Simtain dia nitantara izany avy amin'ny loharano telo samihafa; i Soulaymân Balkhi al-Hanafi ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat toko faha-26 dia nitantara izany avy tamin'i al-Tha'labî, al-Hawmaini, al-Khawârizmi, Abou Nâ'im, al-Wâqidî sy Ibn Abdoullâh al-Ansârî al-Maghâzilî ary ireo hafa izay nitantara izany araka ny fanambaran'i: Ibn Abbâs, Jâbir Ibn Abdoullâh sy ireo Sakaiza hafa. Al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî, i Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-

---

110 Kor'âny 11/17

Châfi'î (jereo ny boky Kifâyat-out-Tâlib, toko.62), Ibn al-Maghazâlî ilay faqih Châfi'îte, Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî sy ireo manampahaizanareo hafa dia samy nitantara amin'ny fomba mitovitovy fa ny "**vavolombelona**" voalaza ao amin'ilay andininy etsy ambony dia manondro an'i 'Alî Ibn Abî Tâlib".

Al-Khatîb al-Khawârizmî nanoratra ao amin'ny bokiny Manâqib: « Nanontany an'Ibn Abbâs ireo Silamo mikasika ny tiana hambara amin'ilay hoe "*vavolomelona*". Fa hoy izy: "Izany manambara an'i 'Alî, izay vavolombelon'ilay Mpaminany" ». Noho izany, arak'ireo voalazan'ireo bokinareo azo itokisana ireo, ilay khalîfat (Abou Bakr) mpitondra ny vahoakan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tokony hanaiky ny fijoroan'i 'Alî(a.s) vavolombelona. Sahala amin'ny naneken'ilay Mpaminany(s.a.s), ny toetra miavaka nananan'i Khazîma Ibn Thâbit mikasika ny fijoroany vavolombelona ho mitovy lenta amin'ny an'ireo Silamo anankiroa ka nanomezana azy anaram-boninahitra hoe "Zhou-sh-Shahâdatain", Ilay Tsitoha dia nanaiky ihany koa ao amin'io andininy io ny voninahitr'i 'Alî(a.s) ka nanomezany anaram-boninahitra ho azy hoe "vavolombelon'ilay Mpaminany(s.a.s). Ny fanontaniana mipetraka dia fotokevitra ara-pinoana avy aiza no nahafahan'ireto olona ireto nandà ny fijoroan'i 'Alî(a.s) vavolombelona?

Azo ekena ve ny fitsaran'izy ireo izay mihevitra an'i 'Alî Ibn Abî Tâlib (izay mankahala ny harena mandalo sy manana toetra sy fitondrantena fakan-tahaka malaza amin'ireo namany hatramin'ireo fahavalony) ho olona materialista? Resaka tena sarotra izay tsy hambarako eto no nampiasaina amin'ny fanoherana azy. Izany dia voarakitra ao amin'ireo bokinareo. Ary mba hilazana fa ny "tombontsoany manokana no voakasika izany fitakiana izany", dia miezaka izy ireo ny mandresy lahatra an'ireo Silamo fa i 'Alî dia afaka ny hijoro vavolombelona lainga nohon'ny tombontsoan'ny vadiny sy ireo zanany. Moa ve tsy mahagaga ny mahita fa na dia i Allâh aza dia miantso azy amim-boninahitra ho "vavolombelona" mendri-kitokisana, fa ireto olona ratsy sitrapo ireto kosa dia nitsipaka ny fijoroany vavolombelona.

Na dia voalazan'ny Kor'âny aza ny fahalavorarian'i 'Alî(a.s), ity farany ity kosa dia niharitra ny mafy nohon'ny fanosoram-potaka ataon'ireto mpanao poltika ireto. Nilaza izy ao amin'ny toriteniny antsoina hoe **Shaqshaqiyyat** hoe: "**Izaho dia nitondra fahoriana fatratra, sahala amin'ny notsindromina tsilo ny masoko sy nokendaina**". Ireto teny ireto dia manaporofo mazava ny hamafin'ny fampahoriana natao tamin'ny Imâm(a.s). Hoy ihany izy hoe: "**Ianiavako amin'i Allâh fa ilay zanak'i Abou Tâlib dia mangetahetan'ny fahafatesana mihoatra ny zaza vao menavava mangetahetan'ny rononon-dreniny**". Rehefa i Abdour-Rahmân Ibn Mouljim (ozona anie ho aminy) no nikapoka tamin'ny alalan'ny sabatra misy poizina teo amin'ny lohan'ilay Imâm, dia hoy izy hoe: "**Ianiavako amin'Ilay Tompon'ny Ka'abat, fa avotra aho**" (izany hoe, maty maritiora aho).

Tompoko, ny zava-niseho dia tena zava-nisy tokoa. Nefa ankehitriny dia tsy mendrika an'ireo manam-pahaizana tahaka anareo izao no mbola hanohitra hatrany ilay malalan'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s) amin'ny alalan'ny fampielezana ireo teny tsy marim-pototra eo anatrehan'ireo Silamo izay tsy mahalala ny fahamarinana akory. Ianareo mahay tsara fa izay mampijaly an'i 'Alî(a.s) Ibn Abî Tâlib dia mampijaly ihany koa an'ilay Mpaminany(s.a.s).

Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, ny imâm al-Tha'labî ao amin'ny bokiny Tafsîr sy ny Cheikh-oul-Islâm Hamwaini ao amin'ny bokiny Farâ'id dia nitantara an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe: "**Izay manao tsy rariny amin'i 'Alî dia manao tsy rariny amiko. Ry vahoaka! Ireo izay manao tsy rariny amin'i 'Alî dia hatsangana amin'ny maty amin'ny Andro Fitsarana ho tahak'ireo jiosy na ire kristianina**".

Ibn Hajar al-Makkî ao amin'ny pejy faha-78, fizarana faha-II, toko faha-9, hadith faha-16 notantarain'i Sa'd Ibn Abî Waqqâs sy i Mouhaddad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib, toko faha-68, araka ny loharano mahafatoky, samy nilaza fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe: "**Izay manao tsy rariny amin'i 'Alî dia tena manao tsy rariny amiko tokoa**".

Mamelà ahy ianareo mba hilaza hadith iray hafa. Ny mitantara sy ny mihaino ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia fanompoana. Ity hadith ity dia voarakitr'i al-Boukhârî ao amin'ny bokiny Sahîh, ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny Mousnad, Sayyed 'Alî al-Hamadânîal-Châfi'î ao amin'ny Mawaddat-oul-Qourbâ, al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî ao amin'ny "Mâ Nazala Min al-Qour'ân fî 'Alî", al-Khatîb al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib sy Ibn Maghâzilî al-Châfî'î ao amin'ny bokiny Manâqib, al-Hâkim Aboul-Qâsim al-Haskânî no nitantara izany koa avy tamin'i al-Hakam Abou Abdoullâh al-Hâfiz izay nitantara izany avy tamin'i Ahmad Ibn Mouhammad Ibn Abî Dâwoud al-Hâfiz izay nitantara izany avy tamin'i 'Alî Ibn Ahmad al-'Ijalî izay nitantara izany avy tamin'i 'Oubbâd Ibn Ya'qoub izay nitantara izany avy tamin'i Arta' Ibn Habîb izay nitantara izany avy tamin'i Abou Khâlid al-Wâsitî izay nitantara izany avy tamin'i Zaïd Ibn 'Alî izay nitantara izany avy tamin'ny rainy i 'Alî Ibn al-Houssein izay nitantara izany avy tamin'ny rainy, i al-Houssein Ibn 'Alî izay nitantara izany avy tamin'ny rainy, i 'Alî Ibn Abî Tâlib.

Ireo mpitantara ireo tsirairay dia nilaza fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara no sady nampadihy ny volom-bavany, nanao hoe: **Ry 'Alî! Izay mikasika ny singam-bolonao iray fotsiny amin'ireo volonao dia mandratra ahy ary izay mandratra ahy dia tena mandratra an'i Allâh fa izay mandratra an'i Allâh dia voaozon'i Allâh**".

Sayyed Abou Bkar Ibn Shahâb-oud-Dîne al-'Alawî ao amin'ny bokiny "Rashfat al-Sâdî Min Bahri Fadhâ'il-il-Nabiyy-il-Hâdî" (natontan'ny A'lamiyya Press, tao Ezypta, taona 1303H) toko faha-IV, p.60, dia nitantara avy tamin'ny Kabîr bokin'i Tabrânî, namarinin'i al-Hâkim, araka ny fitantaran'ny Amîr al-Mou'minîn, i 'Alî, fa ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh dia nanambara hoe: "**Aoka anie ny ozon'i Allâh no hirotsaka amin'izay mampahory ireo taranako**".

Tompoko! Aoka ianareo handinika tsara ny zava-niseho. Ny fijoroan'i 'Alî(a.s) vavolombelona dia nolavina ampahibemaso, ny fananan'i Fâtimat(a.s) nalaina an-keriny. Izy moa dia tena nenjehina mafy tokoa ka nahatonga azy nandao an'ity tany ity tao anatin'ny hatezerana.

**Hâfiz** : Ekena fa tamin'ny voalohany i Fâtimat dia tezitra tokoa, fa avy eo izy dia nahatsapa fa marina ihany ny nataon'ilay khalîfat ka tsy tsy tezitra intsony izy. Ary nandao an'ity tany ity tao anatin'ny fahafaham-po sy fifaliana izy.

## Fâtimat(a.s) dia nanilika mandrakizay an'i Abou Bakr sy i Omar

**Chîrâzî** : Raha izany voalazanao izanyno marina dia nahoana ireo manam-pahaizanareo no manoratra ny mifanohitra amin'izany? Ohatra amin'izany, ireo manam-pahaizana mendri-kitokisana, i al-Boukhârî sy i Mouslim dia nanoratra ao amin'ny Sahîh bokin'izy ireo tsirairay fa i Fâtimat dia nitsipaka an'i Abou Bakr noho izy tezitra. Vokatr'izany hatezerany izany, dia tsy niresaka taminy mihitsy izy nandritra ny fiainany sisa. Nony nodimandry izy dia ilay vadiny, i 'Alî(a.s) no nandevina azy tamin'ny alina. Tsy azon'i Abou Bakr natao ny nanatrika ny fatiny na ny nanao fivavahana ho azy.

Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î dia nanoratra izany tantara izany ihany koa ao amin'ny bokiny Kifâyyat, Abou Mouhammad Abdoullâh Qoutaybah al-Dînâwarî ao amin'ny bokiny al-Imâmat was-Syâsat, p.14 dia nanoratra fa i Fâtimat(a.s) dia nilaza tamin'i Abou Bkar sy i Omar raha mbola narary mafy teo am-pandriana izy nanao hoe: "**Aoka anie i Allâh sy ireo Anjeliny no ho vavolombelona fa izaho dia tezitra aminareo roa. Rehefa mihaona amin'ny raiko, ilay Mpaminany aho, dia tena hitoriako aminy ianareo**". Ao amin'ireo boky ireo ihany, no nitantaran'izy ireo ihany koa hoe: "**Fâtimat dia tezitra amin'i Abou Bakr ka mandà ny hijery azy mandritra andro sisa iainany**".

Betsaka ireo hadith mitovitovy amin'ireo ao amin'ireo bokinareo azo itokisana.

## Mampijaly an'ilay Masimbavy Fâtimat(a.s) dia mampijaly an'i Allâh sy ilay Mpaminany

Misy hadith iray malaza no notantarain'ireo manam-pahaizanareo, toa an'imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, Soulaymân al-Qandouzî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, Sayyaed 'Alî al-Hamadânî ao amin'ny Mawaddat-oul-Qourbâ, Ibn Hajar ao amin'ny al-Sawâ'iq al-Mouhriqat, araka ny tantaran'i al-Tirmizhî, al-Hâkim sy ireo hafa (na dia misy aza ny fahasamihafana kely amin'ny fomba fanoratana) fa matetika ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh no nanambara hoe:

"**Fâtimat dia avy amiko, izy no fahazavan'ireo masoko, voankazon'i foko, fanahiko eo anivon'ny taolan-tehezako roa. Izay mampalahelo an'i Fâtimat dia mampalahelo ahy koa. Izay mampalahelo ahy dia mampalahelo an'i Allâh sy izay manao mahatezitra azy dia manao mahatezitra ahy ary izay mampijaly an'i Fâtimat dia mampijaly ahy**".

**Ibn Hajar al-'Asqalânî** ao amin'ny **al-Isâbah fî Tamyîz as-Sahâbat** dia milaza ao amin'ireo **Sahîh al-Boukhârî** sy i **Mouslim** fa ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh dia nilaza hoe:

"**Fâtimat dia avy amiko; izay mampalahelo azy dia mampalahelo ahy; izay misalasala ny momba azy dia misalasala ny momba ahy**".

**Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î** ao amin'ny bokiny **Matâlib-ous-Sou'oul**, **al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Isfahânî** ao amin'ny **Hilyat-oul-Awliyâ**, boky faha-II, p.40 sy ny **imâm Abdoul-Rahmân al-Nisâ'î** ao amin'ny bokiny **Khasâ'is al-'Alam**, dia nitantara an'ilay Mpaminany(s.a.s) izay niteny hoe:

"**Marina dia marina fa i Fâtimat, zanako, dia avy amiko; izay mampalahelo azy dia mampalahelo ahy; izay mampijaly azy dia mampijaly ahy**".

**Aboul-Qâsim Houssein Ibn Mouhammad** (**al-Râghib al-Isfahânî**) ao amin'ny bokiny **Mouhâdharât-oul-Oudabâ'** boky faha-II, p.204, dia mitantara avy amin'ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh niteny hoe:

“**Fâtimat dia avy amiko; koa izay mahatezitra azy dia mahatezitra ahy**”.

**Al-Hâfiz Anou Mousâ Ibn al-Mouthannâ al-Basrî** (maty tamin’ny taona 252H) ao amin’ny bokiny **Mou’jam**; **Ibn Hjar al-‘Asqalânî** ao amin’ny **al-Isâbah** boky faha-IV p.35, **Abou Ya’lâ al-Mousilî** ao amin’ny bokiny **Sounan**, **al-Tibrânî** ao amin’ny **al-Mou’jam**, **al-Hâkim al-Nisâpourî** ao amin’ny **Moustadrak**, boky faha-VII, p.154, **al-Hâfiz Abou Nâ’im al-Isfahânî** ao amin’ny **Fadhâ’il al-Sahâbah**, **al-Hâfiz Ibn ‘Asâkir** ao amin’ny **Târîkh al-Shamî**, **Sibt Ibn al-Jawzî** ao amin’ny **Tazhkirat** p.175; **Mouhib-oud-Dîne al-Tabarî** ao amin’ny **Zhakhâ’ir**, p.39, **Ibn Hajar al-Makkî** ao amin’ny **al-Sawâ’iq**, p.105; ary i **Aboul-‘Irfân al-Soubbân** ao amin’ny **Is’âf-our-Râghibîn**, p.171 dia samy nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niresaka tamin’ilay zanany vavy(a.s) toy izao:

“**Ry Fâtimat, marina dia marina, raha ianao no tezitra, i Allâh dia tezitra ihany koa, raha faly ianao dia faly ihany koa i Allâh**”.

**Mouhammad Ismâ’il al-Boukhârî** ao amin’ny bokiny **Sahîh,** ao amin’ny toko “**Manâqib Qarabat Rasouloullâh**”, p.71 dia nitantara avy tamin’i **Miswar Ibn Makhramah** fa ilay Iraka(s.a.s) dia niteny hoe:

“**Fâtimat dia avy amiko; na iza na iza manao mahatezitra an’i Fâtimat dia manao mahatezitra ahy tokoa**”.

Maro ireo hadith mitovitovy amin’izany voarakitra ao amin’ireo bokinareo mahafatoky, toy **ny Sahîh al-Boukhârî**, **Sahîh Mouslim**, **Sounan Abou Dâwoud**, **Sounan al-Tirmizhî**, **Mousnad Ahmad Ibn Hanbal**, **Sawâ’iq Ibn Hajar** sy ny **Yanâbi’oul-Mawaddat** bokin’ny **Cheikh Soulaymân Balkhi**. Ahoana no ahafahanareo mampifanaraka an’ireo hadith ireo amin’ny tantaranareo?

Mikasika ny hadith izay mitantara fa i ‘Alî dia nikasa hanambady ny zanakavavin’i Abou Jahl

**Cheikh** : Ireo hadith ireo dia marina avokoa, kanefa voalazan’ny tantara ihany koa mikasika an’i ‘Alî(a.s) fa rehefa nikasa ny hanambady ny zanakavavin’i Abou Jahl izy, dia tezitra ilay Mpaminanin’(s.a.s)i Allâh ka niteny taminy hoe:

“**Izay mampalahelo an’i Fâtimat dia mampalahelo ahy ary izay mampalahelo ahy dia ozonin’i Allâh**”.

**Chîrâzî** : Isika dia tokony hanaiky na hitsipaka zavatra amin’ny alalan’ny fampiasana ny saina sy ny fahendrena. Allâh dia milaza ao amin’ny Kor’âny masina hoe:

« **Lazao vaovao mahafaly ireo mpanompoko, dia ireo izay mihaino ny teny ka manaraka izay tsara indrindra amin’izany. Izy ireny no notarihin’i Allâh làlana, ary izy ireny no manan-tsaina !** »[111].

Izany tantara izany dia avy amin’ireo zokinareo. Ankehitriny ianareo dia manaiky ny tenin’izy ireo tsy misy fandinihana akory. Voatery aho hamaly anareo amin’ny teny fohifohy. Voalohany, ireo manampahaizanareo ihany no nanaiky fa i ‘Alî(a.s) dia anisan’ireo voalazan’ilay “andininy mikasika ny fahadiovana” ka noho izany dia madio taneraka izy. Faharoa, ao amin’ny andininy mikasika ny Moubâhalat, i Allâh dia nampitovy azy amin’ny tenan’ilay Mpaminany(s.a.s) (izay efa noresahintsika izany tany aloha). Noporofointsika ihany koa fa izy no vavahadin’ny fahalalan’ilay Mpaminanin’(s.a.s)i Allâh ka noho izany dia mahalala tsara ireo fampianarana sy ireo lalànan’ny Kor’âny masina izy. Hainy fa i Allâh dia nilaza ao amin’ny Kor’âny masina hoe:

«**Tsy tokony hanao izay hanahirana ny Irak’i Allâh ianareo**»[112]

[111] Kor’âny 39/19
[112] Kor’âny 33/53

Koa satria izany rehetra izany dia voaporofo ny fahamarinany, dia amin'ny fomba ahoana no ahafahan'i 'Alî(a.s) hanao na hiteny zavatra izay mahasostra an'ilay Mpaminany(s.a.s)? Ahoana no ahafahana mieritreritra fa ilay hatsaram-panahy miendrika olona (izany ilay Mpaminany) no afaka tsy faly amin'ity olona henin-kaja malalan'i Allâh ity? Ary amin'ny fomba ahoana koa no ahafahan'ilay Mpaminany tsy faly amin'ny asa izay nahazoan-dàlana avy amin'i Allâh izay niteny hoe:

« **Aoka ianareo hampakatra ho andefimandry ireo izay tsara aminareo amin'ireny vehivavy ireny, anankiroa, na anankitelo na koa anankiefatra** »[113]

Io lamina ara-panambadiana io dia ho an'ny rehetra sy miantefa amin'ny vahoaka rehetra tsy ankanavaka na ireo Mpaminany(a.s) na ireo mpandimby azy ireo.

Raha heverina fa nanana izany fikasana izany tokoa ny Amîr al-Mou'minîn i 'Alî(a.s), na izany na tsy izany dia zavatra azony atao izany! Ilay Mpaminany dia tsy afaka ny hisakana zavatra azo atao na hampiasa fiteny toy izany. Araka ny fandinihana lalina natao dia ho takatry ny olona manan-tsaina fa io io tantara io dia noforon'ireo "Oumayyades". Ireo manam-pahaizanareo dia manaiky izany.

## Fizarana faha-12

**Ibn Abî al-Hadîd al-Mou'tazalî** dia nanambara tantara iray avy tamin'ny lehibeny sy profesora, **Abou Ja'afar Iskâfi Baghdâdî** ao amin'ny bokiny **Sharh Nahj-oul-Balâghat** boky faha-I, p.358: Mou'âwiyyat Ibn Abou Soufyân dia nanomana vondron-tsakaiza iray sy Tabi'in (taranaka faharoa nanaraka avy hatrany an'ilay Mpaminany) mba hamorona hadith hanamelohana an'i 'Alî(a.s). Ny tanjona dia ny mba hahazoany tsiny amin'izay ireo Silamo miala manalavitra azy. Anisan'ireo mpamorona izany dia ahitana an'i Abou Houraïrat, i 'Amr Ibn 'As, i Moughirat Ibn Shaiba, i Orwa Ibn Zoubair, ....sns.

**Abou Ja'afar al-Iskâfî** dia nitantara ireo hadith sasantsany izay noforonin'izy ireo. Mikasika an'i **Abou Houraïrat**, dia nolazainy fa izy

[113] Kor'âny 4/3

no ilay olona izay nitantara hadith iray izay manambara fa i ‘Alî[(a.s)] dia nikasa hanambady ny zanakavavin’i Abou Jahl tamin’ny vanim-potoan’ilay Mpaminany[(s.a.s)]. Ary izany dia nahasosotra an’ilay Mpaminany izay niteny teo ambony polpitrany nanao hoe:

“**Ny sakaizan’i Allâh sy ny fahavalony dia tsy afaka mitambatra. Fâtimat dia avy amiko. Izay mampalahelo azy dia mampalahelo ahy ihany koa. Izay te hanambady ny zanakavavin’i Abou Jahl dia tsy maintsy misaraka amin’ny zanako vavy**”.

Taorian’ny nitantarana an’io hadith io, i Abou Ja’afar dia nilaza fa io tantara io dia fantatra ho toy ny **hadith Karâbîsî** (ara-bakiteny: mpivaro-damba iray); ireo hadith rehetra tsy marim-pototra dia antsoina hoe “**Karâbîsî**”. **Ibn Abî al-Hadîd** dia nanambara fa io hadith io dia voalaza ao amin’ireo **Sahîh** anankiroan’i **al-Boukhârî** sy i **Mouslim** izay nitantara izany avy tamin’i **Miswar Ibn Makhramah al-Zouhrî**. Ary **Sayyed Mourtadhâ ‘Alam-oul-Houdâ** izay iray amin’ireo manam-pahaizana “chiites” lehibe dia nilaza ao amin’ny bokiny **Tanzîh-oul-Anbiyâ wal-A’immat** fa io hadith io dia notantarain’i **Houssein Karâbîsî**, izay fantatra amin’ny fankahalany fatratra an’ireo Ahoul-Bayt. Izy io dia anisan’ireo **Nawâsib** (ireo mitonon-tena ho fahavalon’ireo Ahloul-Bayt), faratampony amin’ireo fahavalon’ireo Ahloul-Bayt. Ny tantarany dia tsy mba azo ekena. Araka ny hadith iray voarakitra ao amin’ireo bokinareo mahafatoky, ny fahavalon’i ‘Alî[(a.s)] dia Mounafiq (mpitsaravelatsihy). Ny Mounâfiq (mpitsaravelatsihy) araka ny voalazan’ny Kor’âny dia olon’ny Afobe. Noho izany dia tsy azo raisina mihitsy ny teniny.

Ankoatr’izany, ireo hadith izay manameloka ireo olona manao mahatezitra an’i Fâtimat dia tsy hita akory ao amin’ny tantaran’i Karâbîsî na ao amin’ny tantara noforonin’i Abou Houraïrat mikasika ny zanakavavin’i Abou Jahl. Misy maro ireo hadith hafa mitovy hevitra amin’izany. Anisan’izany, dia ahitana ny tantara nolazain’i Pârsâ avy tamin’i Boukhrara ao amin’ny bokiny Fasl-oul-Khitâb, voalazan’ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin’ny bokiny Mousnad sy voalazan’ny Sayyed ‘Alî al-Hamadânî al-Châfi’î ao amin’ny Mawaddat faha-XIII boky

Mawaddat-oul-Qourbâ, araka ny fitantaran'i Salmân al-Farsî, izay nitenenan'ilay Mpaminany nanao hoe:

"**Fitiavana an'i Fâtimat dia mahasoa anay amin'ny fandalovana sasany, toy ny fahafatesana, ny fasana, ny Mîzân (mizàna), ny Sirât (tetezana) ary ny fanontaniana fakana am-bava. Arak'izany, raha i Fâtimat zanako no faly amin'ny olona iray, dia faly aminy toy izany koa aho, ary raha izaho no faly amin'ny olona iray dia faly aminy toy izany koa i Allâh. Raha i Fâtimat zanako no mandà olona iray, dia laviko ihany koa izany olona izany, ary raha izaho mandà olona iray dia lavin'i Allâh dia mandà izany olona izanyihany koa. Lozan'izay olona manao tsy rariny amin'i Fâtimat sy ny vadiny. Lozan'izay olona manao tsy rariny amin'i 'Alî sy i Fâtimat ary ireo mpanara-dian'izy ireo**".

Ahoana ny hevitrareo farany mikasika ireo hadith mahafatoky ireo sy ireo hadith notantarain'i **al-Boukharî** sy i **Mouslim** mikasika an'i Fâtimat izay tezitra amin'i Abou Bakr sy i Omar mandra-pahatapitra ny fiainany?

<u>Ny fahatezeran'i Fâtimat dia nohon'ny antony ara-pinoana fa tsy nohon'ny antony ara-piainana eto an-tany</u>

**Hâfiz** : Ireo hadith ireo dia tena marina sy voarakitra antsipiriany ao amin'ireo bokinay. Arak'izany, dia mampisalasala ahy koa ny hadith Karâbîsî, izay milaza an'i 'Alî ho nikasa hanambady ny zanakavavin'i Abou Jahl. Tsy dia mino izany loatra aho ka isaorana ianao izay nanazava azy io tamiko.

Na izany aza anefa, mikasika ireo hadith izay milaza fa izay mampalahelo an'i Fâtimat dia mampalahelo an'ilay Mpaminany dia azo ekena raha toa ka manana endrika ara-pinoana ny alahelony fa tsy nohon'ny antony fiainana eto an-tany (tombontsoa manokana). Ary araka ny voalazanao, i Fâtimat dia nalahelo noho ilay Fadak izay tsy nomena azy. Noho izany, ny alahelony dia vokatry ny tombontsoa manokana eto an-tany fa tsy ara-pinoana. Ny tiako ho lazaina, dia i Fâtimat tsy tezitra

akory tamin'i Abou Bakr sy i Omar noho izy ireo nandika lalàm-pinoana. Mazava ho azy kosa fa na iza na iza nentin-katezerana toy izany, nohon'ny antony ara-pinoana, dia voaozon'ilay Mpaminany(s.a.s) tokoa.

Ny zava-nisy anefa, ny hatezeran'i Fâtimat dia avy amin'ny fiovan'ny toe-javatra izay mpahazo ny tsirairay rehefa tsy tratra ny tanjona nokendrena . Fâtimat dia nitaky ilay Fadak nefa nolavin'ilay khalîfat fangatahany. Koa marina raha nalahelo noho izany izy no sady tezitra tamin'io fotoana io. Taty aoriana, izany tsy fifaliana kely izany no nisinda tao am-pony ary dia nahafa-po azy ihany ny fanapaha-kevitr'ilay khalîfat. Ny porofon'ny fahafaham-pony dia ny fahanginany. Rehefa i 'Alî no tonga teo amin'ny fitondrana dia tsy mba nalainy akory ilay Fadak, na dia teo ampelantanany aza ny fahefana. Izany dia manaporofo ihany koa fa nahafa-po azy ilay fanapahan-kevitr'ireo khalîfat teo alohany.

Ilay Masimbavy Fâtimat(a.s) dia tsy mirona amin'ny fiainana eto an-tany

**Chîrâzî** : Voalohany, lazainareo fa ny hatezerani Fâtimat(a.s) dia tsy nohon'ny antony ara-pinoana fa nohon'ny fiainana eto an-tany. Milaza izany fomba fijery izany ianareo satria tsy mandalina tsara ireo zava-nisy. Araka ny voalazan'ny Kor'âny masina sy ireo hadith nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s), fa tsy misy mpino marina na dia iray aza no malahelo amin'ireo tombontsoan'ny fiainana eto an-tany! Aza miresaka an'i Fâtimat(a.s) izay ny fahamboniany dia efa voaporofo ao amin'ilay "andininy mikasika ny Fahadiovana", sy ny "andininy mikasika ny Moubâhalat" sy ao amin'ny sourate "Hal Atâ" Kor'âny (76:1).

Maro ireo hadith ao amin'ireo bokinareo sy bokinay no manambara fa i Fâtimat(a.s) dia mitazona toeram-boninahitra ambony tokoa eo amin'ny lafiny ara-pinoana ary ilay Irak'(s.a.s)i Allâh dia milaza mazava tsara mikasika azy hoe: "**Marina dia marina fa i Allâh dia nameno ny finoan'i Fâtimat manomboka amin'ny loha hatreny an-tongotra**".

Tsy hisy mpino iray (na lahy na vavy) afaka mahalala ny marina, no haneho hatezerana rehefa ara-drariny ny didy avoakan'ny mpitsara. Torak'izany koa, dia tsy hisy mpino no tsy hanam-piaretana ka ho tezitra

mandra-pahafatiny, sy mametraka hafatra fa izay olona tompon'antoka tamin'izany (fakana an-keriny ilay Fadak izany) dia tsy mahazo mivavaka ho an'ny fatiny.

Ankoatr'izany, i Fâtimat(a.s) izay ny tenan'i Allâh mihitsy no nijoro vavolombelona amin'ny fahadiovany dia tsy afaka hisandoka amin'ny fitakiany ka hahatonga ny mpitsara hitsipaka azy.

Faharoan'izany, raha ny hatezeran'i Fâtimat(a.s) dia avy amin'ny raharaha eto an-tany, araka ny fiheveranareo azy, raha toa izany ka vokatry ny hakiviana tamin'ny fandavana ny fitakiany, dia tokony nihena avy hatrany izany hatezerany izany, indrindra moa fa taorian'ny fanenenana nasehon'ireo khalîfat roalahy ireo. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara hoe: "**Iray amin'ireo famantarana ny mpino, dia ny tsy fitazomany lolom-po mifototra avy amin'ny fihetseham-po ara-piainana eto an-tany, na amin'iza na amin'iza**". Nilaza ihany koa ilay Mpaminany(s.a.s) hoe: "**Raha misy mpino iray nahavita fahadisoana tamin'ny mpino iray, ilay mpino voakasika dia tsy tokony hampiseho fankahalana an'ilay voalohany mihoatra ny telo andro**". Arak'izany, i Fâtimat(a.s), ilay Madio sy Marina, izay voalazan'ilay Mpaminan'(s.a.s)i Allâh, fa feno finoana manomboka an-doha ka hatrany an-tongotra, dia tsy mba tezitra amin'ny olona tsy misy antony. Iarahan'ireo antokom-pinoana roa tonta fa i Fâtimat(a.s) dia nandao ity tany ity, tao anatin'ny hatezerana an'i Abou Bakr sy i Omar. Midika izany fa ny hatezeran'i Fâtimat(a.s) dia tena nohon'ny antony ara-pinoana madiodio. Rehefa tsikariny fa ny didy mba hanesorana eo ampelantanany ilay fananany no navoaka, na dia teo aza ny didin'i Allâh sy ny rainy(s.a.s), dia tezitra mafy izy ary izany hatezerana izany mahatonga ny hatezearan'i Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s).

Fahatelo, nilaza ianareo fa ny fahanginany dia manambara ny fankasitrahany ny fitsaran'ilay khalîfat. Mbola diso hevitra koa ianareo amin'izany. Ny fahanginana dia tsy voatery maneho mandrakariva ny fanekena. Indraindray, dia ny herin'ny famoretana no miteraka ny fahanginana tsy fidiny. Fâtimat(a.s) dia tsy vitan'ny nalahelo fotsiny fa mbola nandoa an'ity tany ity tao anatin'ny hasosorana. Al-Boukhârî sy i Mouslim dia nanoratra hoe: "**Fâtimat dia sosotra mafy tamin'i Abou**

**Bakr. Izy dia nihataka lavitra azy ary tsy niresaka taminy intsony nandritra ny androm-piainany sisa**".

Fahefatra, satria hoy ianareo hoe, i 'Alî(a.s) dia tsy naka indray ilay Fadak mba homeny an'ireo taranak'i Fâtimat(a.s) nandritra ny fitondrany, dia manambara fa nankasitraka ny fanapahan-kevitr'ireo teo alohany izy. Mbola diso hatrany ianareo eto. Ilay Imâm(a.s) dia tsy nanam-potoana malalaka hanao izany nandritra ny fitondrany mba ahafahany manafoana ireo famoronana zava-baovao na mamerina ireo fananan-jo ireo. Isaky ny mikasa handray fanapahan-kevitra izy dia mirongatra foana ny fihetsika fanoherana azy. Raha namerina io Fadak io tamin'ireo taranak'i Fâtimat(a.s) izy dia ireo mpanohitra azy, indrindra moa fa i Mou'âwiyat sy ireo forongony, dia hitaky mafy mba hanarahana ny fomba amam-panaon'i Abou Bakr sy i Omar. Ankoatr'izan, mba ahafahana manome didy amin'ny raharaha toy izany, dia ilaina ny fananana fahefana sy fahaleovantena. Ireo Silamo tamin'ny vanim-potoany anefa dia tsy mba namela azy malalaka hampiasa izany fahefany izany. Izy dia tsy afaka manao zavatra izay mety mifanohitra amin'ireo didy sy fomba fanaon'ireo khalîfat teo alohany.

Ny fahalemen'i 'Alî(a.s) dia hita taratra amin'ny alalan'ireto ohatra anankiroa ireto. Ireo khalîfat teo aloha dia namindra ilay polpitra niala tamin'ny toerana nametrahan'ilay Mpaminany(s.a.s) azy; raha vao mikasa ny hamerina izany amin'ny toerany teo aloha anefa ny Imâm(a.s) dia sakanan'ireo vahoakan'i Madînat izay tsy milefitra mihitsy amin'izay fihetsika mifanohitra amin'ny fomba fanaon'i Abou Bakr sy i Omar, eny fa na dia mifanaraka amin'ny fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s) aza izany.

Torak'izany koa, rehefa ny Imâm 'Alî(a.s) no mitady hanakana ny fanaovana ny fivavahana Tarâwîh izay tanterahin'ny daholobe miaraka; dia mitsangana izy ireo manohitra izany sy manome tsiny azy ho te hanova ny fomba amam-panaon'ilay khalîfat Omar.

**Nawwâb** : Azafady! Inona izany fivavahana Tarâwîh izay tian'i 'Alî ho sakanana ny fanaovana izany miaraka?

**Chîrâzî** : Ara-bakiteny, ny **Tarâwîh** dia avy amin'ny teny manondro tokana hoe **Tarwiyah** izay midika hoe "**Miala sasatra**". Taty aoriana io teny io dia nentina nilazana ny fihetsika "**mipetraka mba hialana sasatra**" aorian'ny fivavahana Ichâ amin'ny volana masina Ramadhân. Avy eo, ny tarâwîh dia nanjary anarana fivavahana iray tsara atao misy **raka'ah** efatra. Ny lalàm-pinoana islamika dia mitaky mazava tsara fa ireo fivavahana tsy maintsy atao ihany no azo tanterahin'ny daholobe miaraka, fa ireo fivavahana tsara atao kosa dia voarara ny fanatanterahana azy miaraka. Ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no nilaza hoe: "**Marina dia marina fa ireo fivavahana nâfilah (tsara atao) ataon'ny daholobe miaraka isaky ny alin'ny volana Ramadhân dia zavatra noforonina. Ny fivavahana dhouhâ tanterahina amin'ny maraina dia fahotana. Ry olombelona! Aza manao ny fivavahana nâfilah amin'ny volana Ramadhân atao miaraka ianareo na ilay fivavahana dhouhâ. Tena marina, fa ny fanaovana asa fanompoana kely mifanaraka amin'ny sounna fanaoko dia tsara kokoa noho ny fanaovana asa lehibe kanefa izany dia noforonina. Aoka ho hainareo fa ny zavatra noforonina tsirairay dia fahaverezana ary ny fahaverezana tsirairay dia mitondra mankany amin'ny Afobe**".

Indray andro hariva, tamin'ny fitondrany ny taona 14H, i Omar dia niditra tao amin'ny Moske. Hitany ireo Silamo izay nivorivory tao. Nanontaniany ny zavatra ataon'izy ireo. Namaly izy ireo fa miaraka izy ireo manatanteraka ny fivavahana moustahab (tsara atao). Niteny àry i Omar hoe: "**Ity fomba ity dia noforonina, kanefa famoronana amin'ny hatsarana**". **Al-Boukhârî** dia nitantara ao amin'ny bokiny **Sahîh** avy tamin'i **Abdour-Rahmân Ibn 'Abd-oul-Qari** fa rehefa ilay khalîfat nahita ireo Silamo nanao fivavahany samirery avy, dia nodidiany fa ny fivavahana atao miaraka no tsara kokoa. Notendreny àry i Oubayy Ibn Ka'b mba hitarika ireo fivavahana ataon'ny daholobe miaraka.

Ny alina manarak'izany, nony niverina tao amin'ilay Moske izy dia nahita ireo olona nanao ny fivavahana tanterahina miaraka araka ny toroheviny. Dia hoy izy hoe: "**Endrey izany famoronana mahafinaritra!**" Izany dia lasa fomba fanao mahazatra hatramin'ny

fotoana nitondran'ny Imâm 'Alî(a.s), izay tiany hosakanana satria amin'ny alalan'ny fanazavany fa fomba tsy nisy tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s) izany, nefa tsy nisy ny nihaino azy, na dia nifanaraka amin'ny fomban'ilay Mpaminany(s.a.s) aza.

Rehefa nitsidika an'i Koufa izy dia niangavian'ireo vahoakan'i Koufa izy mba hanendry imâm hitarika azy ireo amin'ny fivavahana nâfilah mandritra ireo alin'ny volana Ramadhân. Nosakanan'ny Imâm(a.s) anefa izany fomba fiarahana mivavaka izany. Na dia teo aza izany fandrarana izany, dia mbola nanohy izany hatrany ireo vahoakan'i Koufa fa tsy niraharaha ny baikon'ny Imâm(a.s). Raha vao lasa nandeha ny Imâm(a.s) dia nifamory izy ireo mba hisafidy ny iray amin'ireo hitarika ilay fivavahana. Rehefa nahalala izany tranga izany ilay Imâm(a.s), dia niantso an'ny Imâm Hassan(a.s) zanany izy ka naniraka azy handray sabatra mba hanakana an-keriny ny fanaovana izany fivavahana moustahab atao miaraka izany. Tamin'izany indrindra, ireo vahoaka no nitabataba nanao hoe: "**Ry 'Alî! Al-Hassan dia tonga hanakana anay tsy hivavaka**". Na dia hain'izy ireo aza fa ny fanaovana fivavahana moustahab tanterahina miaraka dia tsy nisy tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s), fa dia tsy nankatoavin'izy ireo ny Imâm 'Alî(a.s).

Arak'izany, dia ahoana no ahafahan'i 'Alî(a.s) manome indray ilay Fadak amin'ireo taranak'i Fâtimat? Raha hazavainy fa ilay Fadak dia nalaina an-keriny teo ampelantanan'i Fâtimat(a.s), dia hilaza indray ireo vahoaka fa i 'Alî(a.s) dia mifikitra amin'ny tombontsoa eto an-tany ka mamabo ny fananan'ireo Silamo mba ho an'ireo taranany. Noho izany, dia naleony tanterakany ny niaritra. Ilay (Fâtimat al-Zahrâ) izay nitaky izany moa efa tsy eo intsony, dia nitsahatra tamin'ny fitakiana izy, fa navelany ny famerenana izany zo nalaina an-keriny izany ho eo ampelantanan'ilay Imâm, voafidin'i Allâh rehefa tonga ny fisehoany.

Ao anatin'izany toe-draharaha izany, ny fahanginan'ny Imâm(a.s) dia tsy midika velively ny fankasitrany an'ireo khalîfat teo aloha mikasika izany. Raha nekeny ny maha-ara-dalàna ireo asa nataon'ireo teo alohany ireo dia tsy mba naneho ny tsy fifaliany mihitsy izy ka niantso an'i Allâh mba hitsara.

Hita ao amin'ny Nahj-oul-Balâghat, taratasy iray nalefan'i 'Alî tamin'ny governoran'i Bassora, i Othmân Ibn Hounaif al-Ansârî : "**Anisan'ireo zavatra izay nalain'ireo olon-droa an-keriny, dia ilay Fadak izay efa fanananay. Nefa andian'olon-dratsy no namabo izany ka nahatonga an'i Fâtimat sy ireo taranany niala tamin'ny fitakiana ny zon'izy ireo. Allâh anie no mpitsara mendrika indrindra**".

Nilaza ianareo fa i Fâtimat(a.s) dia faly tamin'ny andro faramparan'ny niainany ka namela ireo izay tompon'antoka tamin'ny fahatezerany. Diso ianareo! Tsy isalasalana fa voaporofon'ireo hadith azo itokisana fa i Fâtimat(a.s), ilay voatsindrihazolena, dia tezitra foana mandra-pahafatiny. Hanamarinana izany, dia holazaiko anareo ny tantara voaray avy tamin'i **Abou Mouhammad Abdoullâh Ibn Mouslim Qoutaybah al-Dînawari** (nodimandry tamin'ny taona 276H) ao amin'ny bokiny **Târîkh al-Khoulafâ al-Râshidîn**, fantatra amin'ny anarana hoe **al-Imâmat was-Siyâsat** boky faha-I, p.14 sy **Ibn Abî al-Hadîd** : "Omar niangavy an'i Abou Bakr mba hiaraka aminy, hamangy an'i Fâtimat. (Araka ny tantara hafa dia i Abou Bakr no niangavy an'i Omar mba hiaraka aminy, izany no mba azo ekena kokoa). Ny azo lazaina dia niaraka izy roa nandeha teo am-baravaran'ny tranon'i Fâtimat(a.s) kanefa dia nolaviny mba tsy hiditra izy ireo. Rehefa niangavy an'i 'Alî(a.s) izy ireo mba hanelanelana, dia somary nangina izy avy eo dia dia namela azy ireo hiditra. Nony tafiditra tao an-trano dia noharabain'izy ireo i Fâtimat(a.s) izay tsy nijery azy ireo akory fa nahodiny nankany amin'ny rindrina ny fijeriny sady tsy namaly izy. Hoy i Abou Bakr hoe: "Ry Fâtimat, izay sombinain'ilay Mpaminany(s.a.s), ianiavako amin'i Allâh, fa izaho dia nanome voninahitra ambony kokoa ny ray aman-dreninao niaraka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) noho ilay zanako vavy, Aïcha niaraka taminy. Raha mba azoko natao moa ny tonga dia maty avy hatrany taorian'ny nahafatesan'ilay Mpaminanin'i Allâh (mba nisorohana nialoha ny fahatezeranao)! Izaho dia manaiky ny voninahitrao sy ny fahambonianao mihoatra ny hafa. Raha izaho no tsy nanome ny lovanao, dia tena marina nohon'ny antony avy amin'lay Mpaminany izay reko niteny hoe: "**Izahay, Mpaminany rehetra, dia tsy mamela lova; fa izay harena navelay dia atao fanomezam-piantrana ho an'ireo Silamo**".

Niangavian'i Fâtimat(a.s) i 'Alî(a.s) mba hampahatsiahy ho azy ireo ny hadith iray nolazain'ilay Mpaminany sy hampifanta azy ireo raha toa ka izy ireo tsy naheno izany avy tamin'ny vavan'ilay Mpaminany izay niteny hoe "**Izay manao mahafaly an'i Fâtimat dia manao ny mahafaly ahy. Manao mahatezitra an'i Fâtimat dia manao mahatezitra ahy. Izay mitia an'i Fâtimat zanako vavy dia mitia ahy ihany koa. Izay manome fahafamm-po an'i Fâtimat dia manome fahafam-po ahy ary izay manenjika an'i Fâtimat dia manenjika ahy**".

Niara-namaly izy roa hoe: "Eny, henonay izany teny izany avy tamin'ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh. Tamin'izay dia nanapaka ny tenin'izy ireo i Fâtimat(a.s) nilaza hoe: "**Izaho dia miantso an'i Allâh sy ireo Anjeliny mba hijoro vavolombelona fa ianareo roa ireo dia nanenjika ahy sy nampihatra ny tsy rariny tamiko. Rehefa mihaona amin'ilay Mpaminany aho dia tena hitoriako aminy ianareo**".

Very hevitra tamin'izany teny izany, i Abou Bakr dia nanomboka nitomany sy niteny hoe: "**Mitady fiarovana avy amin'i Allâh aho nohon'ny hatezeran'ilay Mpaminany**".

Nanomboka nitomany ihany koa i Fâtimat sady nilaza hoe: "**Mifanta amin'i Allâh aho fa izaho dia hanozona anareo ao anatin'ny fivavahako rehetra**".

Taorian'izany, Abou Bakr dia lasa nivoaka sady nitomany. Nivory nanodidin'azy ireo olona mba hampitony azy. Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "**Aoka ho voaozona ianareo! Ianareo rehetra dia faly eo anilan'ny vadinareo am-pilaminana; fa izaho kosa dia tojo izaho fahoriana izao. Izaho tsy mila akory ny fanekem-pankatoavanareo ahy. Ialanareo izaho! Ianiavako amin'i Allâh, fa araka ny hitako sy reko avy tamin'i Fâtimat, dia tsy tiako intsony ny hampitondra enta-mavesatra an'ireo Silamo rehetra amin'ny fanekem-pankatoavana ataon'izy ireo eo anatrehako**".

Ireo tantara izay voalazan'ireo manam-pahaizanareo manana ny maha-izy azy ireo dia manaporofo fa i Fâtimat(a.s) dia tezitra tamin'i Abou Bakr sy i Omar foana hatramin'ny faram-pofon'ainy.

## Ny fandevenana an'i Fâtimat(a.s) tamin'ny alina dia porofo fa izy dia mbola tezitra foana tamin'i Abou Bakr sy i Omar

Mbola porofo iray tena mazava mikasika ny fahatezerany tamin'izy ireo dia noho izy niangavy ny vadiny izao teniny izao: "**Tsy misy na iray aza amin'ireo olona izay nanao tsy rariny tamiko sy nandrava ny zoko no mahazo manatrika ny fandevenana ahy. Izy ireo dia tena fahavaloko sy fahavalon'ilay Mpaminany. Aza avela mihitsy izy ireo sy ireo mpanara-dia azy ireo ny hivavaka ho an'ny fatiko. Aleveno amin'ny alina aho, mandritra ireo olona matory**".

**Al-Boukhârî** dia nanoratra ao amin'ny bokiny **Sahîh** fa i 'Alî dia nanatanteraka ireo fanirian'i Fâtimat(a.s) ka nandevina azy tamin'ny alina tsy nisy ahiahy. Ireo olona dia niezaka nitady ny toerana nilevenan'i Fâtimat, fa dia ezaka very maina izany. Iarahan'ny rehetra manaiky kosa anefa fa araka ny hafatra farany napetrany, dia tamin'ny alina no nandevenana azy.

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia namela ny zanany vavitokana mba ho fahatsiarovana. Ireo manam-pahaizanareo dia samy manaiky fa Izy(s.a.s) dia niteny hoe: "**Fâtimat dia avy amiko. Izy no mpandovako no sady atokisako amin'ny lafiny rehetra. Aoka ianareo hanaja azy tahaka anareo manaja ahy. Aza manao zavatra mahatezitra azy mihitsy ianareo. Fa raha izy no tezitra aminareo dia mba tezitra tahak'izany koa aho**".

**Sayyed 'Alî al-Hamadânî ilay faqih Châfi'îte** dia nanoratra ao amin'ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny nanao hoe: "**Izay manao zavatra mampalahelo an'i Fâtimat dia manao zavatra mampalahelo ny tenako mihitsy any amin'ny Andro Fitsarana. Ny manao izay mahafaly an'i Fâtimat, dia manao izay**

**mahafaly ahy. Ny manao mahatezitra azy dia manao mahatezitra ahy. Voaozona anie izay olona notezerany**".

Na dia teo aza ireo fanambarana ireo, ny vahoakan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia, tsy vitan'ny fotsiny tsy mahalala azy fa mbola naka an-keriny ihany koa ny zony, tamin'ny alalan'ny fampahoriana nanala baraka azy. Endrey re izany halozana! Na dia mbola tanora aza izy tamin'izany fotoana izany dia nanambara hoe: "**Izaho dia tena niharan'ny fahoriana mafy izaitsizy, koa raha ny andro mazava aza no niharan'izany dia tena lasa nivadika ho andro maizina tokoa**".